REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

# LALANA LAHARANA 2007-033

## TAMIN'NY 14 DESAMBRA 2007

## MOMBA NY
## LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
## AMIN'NY TAONA 2008

**IMPRIMERIE NATIONALE**

**2007**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

# LALANA LAHARANA FAHA – 2007-033 TAMIN'NY 14 DESAMBRA 2007 MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2008

## FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Miditra amin'ny dingana fanafainganana sy fanatsarana ny asa fandrindràna ny fampandrosoana ara-toekarena i Madagasikara. Manomboka ny Taona 2007, ny Madagasikara Amperin'Asa (MAP) no drafitrasa misolo ny DSRP entina hanaovana dingana lehibe sady tsara eo amin'ny fampandrosoana. Voarakitra ao ireo paikady sy asa rehetra mifanaraka amin'ny tanjona enti-manatratra fitombon'ny toekarena ambony sy tsara fototra ary enti-mampihena ny fahantrana. Ny fanamby napetraka ao amin'ny MAP dia voafaritra ao anatin'ireo teny valo ifanomezana: Fitantanana tomponandraikitra, Fotodrafitrasa mifandray, Fanovàna ny fanabeazana, Fampandrosoana ny tontolo ambanivohitra, Fahasalamana sy fandrindràna ny fiainam-pianakaviana ary ady amin'ny VIH/SIDA, Fihariana heniky ny fitomboana, Tontolo iainana, Firaisankinam-pirenena, izay mifanaraka amin'ny vina « Madagasikara Voajanahary » sy ireo «Tanjon'ny Taona Arivo Fahatelo " eo amin'ny fampandrosoana.

Noho izany, ny MAP no lasitra entina hamolavolana ny Tetibolam-panjakana ho an'ny taona 2007-2011. Izy no mamaritra ny ho toetoetry ny fihariana amin'ny ankapobeny sy ny fampidiran-ketra mba hahatrarana ireo tanjona mikasika ny fampihenana ny fahantrana sy fampandrosoana ny firenena, izay fototra handrafetana ny tetibola. Ny taona 2007 no taona fahatelo hampiharana ny « Teti-bolam-pandaharan'asa» (Budget programme), ary taona voalohany hampiharana ireo fepetra rehetra raiketin'ny « Lalàna fehizoro mifehy ny Tetibolam-panjakana » (Loi Organique sur les Lois de Finances), miaraka amin'ny rijanteny fampiharana ny fehezan-dalàna vaovao mifehy ny «Tsenan-draharaha an'ny Fanjakana» (Code des Marchés publics). Ao anatin'ny fe-potoana antonon'ezaka, ny governemanta dia nametraka tanjona mikasika ny hetra sy ny fandaniana toy izao : (i) tratrarina tahan'ny tsindrin-ketra 11%, (ii) ferana ny fandaniam-bolam-panjakana mba hifanaraka amin'ny vola miditra novinavinaina ary tratrarina ny famatsiana vola ny fampiasam-bola mba hanodidina ny 30%-n'ny harikarena faobe amin'ny taona 2012, (iii) fehezina ny fatiantoky ara-teti-bola ho eo amin'ny 3%-n'ny harikarena faobe amin'ny faran'izany vanim-potoana izany.

Nisafidy paikady vavao ny governemanta mba hahatrarana ireo tanjona ao amin'ny MAP toy ny fitantanana mahomby sy ny fihariana haingam-pitombo. Araka izany, natomboky ny governemanta ny fampandrosoana eny anivon'ny faritra mba hampahomby ny fitantanana ny fandaniam-bolam-panjakana sy hampivaingana ny zava-bita amin'ny fampiasam-bolam-panjakana. Amin'ity taona ity, ny faritra tsirairay dia manomana tetibolam-panjakana mba hahafahana mampihatra izany amin'ny taona 2008. Io teti-bola io dia mifanaraka amin'ny laharam-pahamehana amin'ny faritra tsirairay ary hampiharin'ny faritra miaraka amin'ny minisitera teknika. Amin'ny alalan'izany no andrafetany ny Fandaharasan'ny Fampiasam-bolam-panjakana ary izy ireo ihany no hitantana izany.

Ity Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana 2008 ity dia midika ho fahavononan'ny Fitondram-panjakana hanohy ny fampiharana ireo paikady sy hanatanterahana ireo tanjon'ny MAP. Ny fandaniam-bolam-panjakana no hitarika ny fitomboan'ny toekarena amin'ny alalan'ny fandaharan'asan'ny fampiasam-bolam-panjakana sy amin'ny alalan'ny fametrahana tontolo hahafahan'ny fampiasam-bola hiroborobo. Ary ireo sokajin-pandaniana dia voarakitra ao amin'ny « Rafitra Fandaniana ivo ezaka » na ny Cadre de Dépense à Moyen Terme (CDMT) maharitra dimy taona 2007-2011, izay fe-potoana mifanandrify amin'ny fanatanterahana ny MAP.

## I- VOKATRA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA HO AN'NY TAONA 2007

### Famokarana

Ny tahatombon'ny harinkarena faobe amin'ny taona 2007 dia niakatra 6,3% raha novinavinaina ho 5,6% noho ny fitombon'ny fampiasam-bola nataon'ny tsy miankina ka ny lehibe indrindra amin'izany dia fampiasambola mivantana avy any ivelany. Vokatr'izany, ny fampiasam-bola amin'ny taona 2007 dia mahatratra 31,1%-n'ny harikarena faobe ka 9,3% avy any amin'ny sehatry ny fanjakana ary ny 21,7% avy amin'ny sehatra tsy miankina. Ny fanatanterahana ireo tetikasa goavana eo amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany (QMM, Sherrit International) sy fambolena (PIC, MCA) no nahatonga izany tahan'ny hana-pamokarana izany.

Ny seha-pamokarana faharoa no mitondra ny ampahany lehibe indrindra amin'ny fitombon'ny harinkarena faobe. 9% no tahapitomboan'io seha-mpamokarana io. Ny firoboroboan'ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany sy ny fahabetsahan'ny akora fanorenana no nitarika ny fitomboan'ny famokarana amin'io sehatrasa io. Izany fitomboana izany dia vokatry ny firoboroboan'ny tao-trano sy ny asa-vaventy ihany koa. Ny fanohizana ny fandaharanasa fanarenana ny JIRAMA sy ny fanamaivanana ny olana eo amin'ny sehatry ny angovo dia nanome vahana ny orinasa izay miantoka ny fampandrosoana io seha-pamokarana io.

Manarakaraka ny sehampamokarana faharoa kosa ny seha-pamokarana fahatelo izay ahitàna tahampitomboana 8,3 %. Ny fitomboana amin'io sehatrasa io dia niankina indrindra amin'ny firoborobon'ny sampana tao-trano sy asa vaventy, ny fivelaran'ny asa fitaterana noho ny fihatsaran'ny fotodrafitrasa ary ny fivoaran'ny sampana fifandraisan-davitra. Eo amin'ny fifandraisan-davitra, novinavinaina ny fampivelarana ny tambajotran' ny fifandraisana an-tariby sy ny fampifandraisana ny kaomina miisa 300 eto Madagasikara amin'ny alalan'ny zana-bolana. Taorian'ny Lalaon'ny Nosin'ny Ranomasimbe Indiana andiany fahafito tamin'ny volana aogositra, dia andrasana ny fitomboan'ny isan'ny mpiazahatany tonga izay mitarika ihany koa fitomboana eo amin' ny sampandraharanan'ny varotra, ny banky ary ny fiantohana.

Nahitana fitomboana 1,9% ny sehampamokarana voalohany na dia teo aza ny rivo-doza nitarika tondra-drano tamin'ny telovolana voalohany. Io fitomboana io dia miankina indrindra amin'ny voly fanondrana (kafe, jirofo, cacao), andaniny, ary avy amin'ny fiompiana sy ny jono izay miantoka 3,2% amin'io tahampitomboana io, ankilany. Na izany aza anefa, ny famakiana ny tsenan'ny voankazo sy ny legiona ao amin'ny Nosy Maorisy sy tombony azo avy amin'ny fanondranana vokatra an-dranomasina toy ny makamba aondrana any Etazonia sy any amin'ny vondrona eraopeana dia mampanantena vokatra tsara amin'ny faran'ity taona 2007 ity.

### Ny fisondrotry ny vidim-piainana

Ho an'ny taona 2007, vokatry ny fampiharana politika malina momba ny vola izay mifanaraka amin'ny politika momba ny tetibola voafetra ary koa vokatry ny fiovaovan'ny vidim-bary eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena izay vinavinaina ho 4,4% sy ny vidin'ny solika izay eo amin'ny -0,8% eo, dia nihena ny taham-pisondrotan'ny vidim-piainana raha oharina amin'ny taona 2006 ka 10,1% ny salan'izany taha izany. Na izany aza anefa dia mitoetra hatrany ireo antony mampiahiahy sasantsasany toy ny: fivoatry ny vidin'ny solika eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny loza voa-janahary, ny fiovaovan'ny vidin'ny akora fanodina, ny tsy fahampian'ny famatsiana herinaratra, ny toetoetry ny sandam-pifanakalozana ary ny tsy fanajàna ny fandaharam-potoana amin'ny famoaham-bola mikasika ny famatsiam-bola avy any ivelany.

### Ny sehatra ivelany

Novinavinaina hiakatra 8% raha kajiana amin'ny DTS ny fanondranana entana ho an'ny taona 2007. Ny fanafarana entana kosa dia nahitsy ho 49,8% noho ny Ariary nahazo lanja nandritry ny telo volana faharoa. Io fahazoan-dajan'ny Ariary io dia avy amin'ny fihenan-danjan'ny Euro eo amin'ny tsenam-bola iraisam-pirenena, raha oharina amin'ny dolara, nandritry ny telovolana faharoa. Nahitana fisondrotana eo amin'ny 26,3% eo koa ny fanana ara-bola any ivelany afa-karatsaka nandritry ny taona 2007.

Manodidina ny 884 tapitrisa DTS ny fatiantoka eo amin'ny toe-danja ara-barotra ivelany ka 50,7% no tahan'ny fanondranana entana amin'izany. Ny fizotry ny toekarena dia hita taratra amin'ny fitombon'ny fanafarana fitaovam-pamokarana ho an'ny fotodrafitrasa ara-teknika, ny fanafarana akora fanodina sy akora ilaina amin'ny asa tànana, amin'ny orinasa afak'haba, amin'ny orinasa mikasika ny fambolena sy fiompiana toy ny fanafarana omby vavy be ronono maro, ary amin'ny orinasa mpanodina vokatra. Ny vola miditra avy amin'ny fanondranana entana dia azo avy amin'ny vokatry ny asa tànana, ny entana vita amin'ny lamba avy

amin’ny faritra hafak’haba, ny voly fanondrana toy ny kafe sy ny jirofo, ny voakazo ary indrindra indrindra avy amin’ny fanondranana makamba mankany Etazonia sy mankany amin’ny vondrona eraopeana. Manampy an’ireo ny fidirana amin’ireo tsena ivelany vaovao taorian’ny fidirana ao amin’ny COMESA sy ny SADC. Ny fizahantany sy ny fitaterana ary ireo asa mpampidi-bola nateraky ny Lalaon’ny Nosin’ny Ranomasimbe Indiana natao teto Madagasikara dia antenaina hitarika ny fitomboan’ny vola miditra mandritry ny enim-bolana faharoa amin’ity taona 2007 ity.

Raha ny momba ny famindram-bola tsotra indray, nahazo ny fankatoavan’ny Banky Iraisam-pirenena ny CARP fahaefatra ho an’i Madagasikara ary io no hameno ny fanampiana ny tetibolam-panjakana tahaka ny fanampiana omen’ny Vondrona Eoropeana (UE) sy ny Banky Afrikana ho an’ny Fampandrosoana (BAD).

***Fitantanam-bolam-panjakana***

Mitohy hatrany ny fampivelarana sy ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny Rafi-pitantanam-bolam-panjakana mifandray tendro (SIGFP) izany dia tafiditra ao anatin’ny hetsika fanadiovana ny fitantanam-bolam-panjakana. Ny fandaharana ny teti-bola dia nampifandrindràna amin’ny fampiharana ny MAP ka ny rafitry ny fandaniam-bola ivo ezaka (CDMT) no fitaovana ampiasaina amin’izany mandritry ny taona 2007-2011, izany dia mba hahafahana miantoka ny firindran’ny politika momba ny teti-bola amin’ny fandaharanasa fampihenana ny fahantrana, sy fampiharana entitra ny fombafomba arahina amin’ny teti-bola. Noho ny fanafoanana trosa ivelany noho ny IPPTE sy ny fanafoanana “stock” araka ny IADM, dia afaka nanefa ampahany amin’ny trosa anatiny I Madagasikara izany hoe ny trosa noraiketin’ny Tahirim-bolam-panjakana tamin’ny banky foibe ny fanjakana malagasy ary afaka nanatevina ny tetibola mikasika ny fampiasam-bola. Ny tombony azo amin’ny IADM dia atokana hoan’ireo sehatrasa lahara-pahamehana amin’ny MAP.

Eo amin’ny fidiram-bola, mitohy hatrany ny fandraisana fepetra na eo anivon’ny sampandraharahan’ny hetra na eo anivon’ny sampandraharahan’ny ladoany. Ny tahan’ny tsindrin-ketra dia nahitsy ho 10,9% izany hoe Ar 1.492,8 miliara raha 11,2% no novinavinaina teny amboalohany. Na izany aza anefa dia Ar 1.521,1 miliara no tontalin’ny vola miditra izany hoe 11,1%-n’ny harinkarena faobe ho an’ny taona 2007. Mba hanatsarana ny zava-bita momba ny hetra, ny rafitra fampidiran-ketra dia nandraisana fepetra fanamafisana sy fanatsorana izay miara-dàlana amin’ny fanatevenana ny asa fizohiana sy fanarahamaso.

Ny fandaniam-bolam-panjakana dia nahitsy ho 20,7%-n’ny harinkarena faobe izany hoe Ar 2.846,7 miliara. Ny fandaniana andavanandro dia mahatratra Ar 1.566,5 miliara na 11,4%-n’ny harinkarena faobe ka ny Ar 721,1 miliara dia atokana handoavana ny karama. Ny fampiasam-bolam-panjakana kosa dia mahatratra Ar 1.279,9 miliara na 9,3%-n’ny harikarena faobe. Noho izany, ny fatiantoka ara-tetibola dia mahatratra Ar 645,9 miliara na 4,7%-n’ny harikarena faobe.

## ***II- VINAVINA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA HO AN'NY TAONA 2008***

***Ny tanjona eo amin'ny fitombon'ny harikarena sy ny fisondrotry ny vidim-piainana***

Ho an’ny taona 2008, ny tanjona dia ny hahatrarana tahampitomboana 7,3% izay azo avy amin’ny fivelaran’ny fampiasam-bola sy ny firoboroboan’ny fanondranana entana. Vinavinaina ho 33,9%-n’ny harinkarena faobe ny fampiasam-bola ka ny 24,7% dia ankinina amin’ny sehatra tsy miankina ary ny 9,2% amin’ny fanjakana. Io tahan’ny fampiasam-bola izay tena ambony io dia avy amin’ny ezaka ataon’ny fanjakana amin’ny fisarihana sy fampirisihana ireo mpampiasa vola tsy miankina vahiny sy teratany amin’ny alalan’ny asan’ny EBDM. Ny andraikitry ny EBDM dia ny hahatonga ny tontolon’ny fampiasam-bola hanintona ny orinasa tsy miankina amin’ny alalan’ny fandraisana fepetra fanavaozana ny rafitry ny fandoavan-ketra sy fanamorana ny fombafomba arahana ara-panjakana. Mba hahatrarana io tanjona io, ny piakadin’ny governemanta dia mikasika ny : (i) fampandrosoana ny sehatrasa mpitondra harena toy ny orinasa mpanodina lamba sy ny orinasa miankina amin’ny fambolena sy fiompiana amin’ny alalan’ny fidiran’i Madagasikara ao amin’ny faritry ny COMESA sy ny SADC sy amin’ny alalan’ny fanohizana ireo tetikasa sy fandaharanasa tahaka ny MCA sy ny PIC, (ii) Fametrahana maso ivohon’ny EBDM any amin’ireo tanan-dehibe stratejika : Taolagnaro sy Nosy Be (iii) fampiharana ny fandaharanasa fanarenana ny JIRAMA.

Ny fampiasam-bola ataon’ny tsy miankina, toy ny fampiasam-bola goavana amin’ny tetikasa Nickel-Cobalt ao Ambatovy sy ny fitrandrahana Ilménite any Taolagnaro dia hitohy amin’ny taona 2008. Eo amin’ny sehatry ny angovo, dia hisy zava-dehibe andrasana hafa manome fanantenana vaovao mikasika

fomba enti-mamokatra, ny fitrandrahana angovo fanampiny toy ny éthanol dia hatomboka amin'io taona io ao Mahajanga sy Ambilobe, ny angovo azo avy amin'ny rivotra izay efa tena hentitra ny fitrandrahana azy dia atsangana ao Antsiranana, ary ny biodiesel izay hanaovana tetikasa ao amin'ny faritry Boeny, Alaotra ary Vakinankaratra ka atomboka amin'ny fambolena jatropha izany. Araka ny voalaza ao amin'ny MAP, ny fampiasam-bola amin'ny taona 2008 dia mikendry ny fanohizana ny fananganana sy fanarenana ireo fotodrafitrasa fototra (làlana, sekoly, foibem-pahasalamana fototra, velaratany voatondraka)

Ho an'ny sehatrasa voalohany, ny tahatombo izay 3,2% dia ho azo avy amin'ireo asa ataon'ny governemanta izay manome vahana ny firoboroboan'ny sehatrasa fambolena sy fiompiana sy avy amin'ny tantsoroka ataon'ireo mpiray ombon'antoka ara-bola amin'io sehatra io (ny fandaharanasan'ny PAM taona 2005-2009, ny fifanarahana vaovao maharitra enin-taona amin'ny Vondrona Eraopeana momba ny jono lamatra…)

Eo amin'ny sehatrasa faharoa dia mbola hitohy ny fitomboana ka 6,6% no tahan'izany ny taona 2008. Io fitomboana io dia avy amin'ny fivoarana lehibe eo amin'ny orinasa mpitrandraka sy avy amin'ny sampanasa angovo. Zava-bita tsara hatrany ihany koa no andrasana amin'ny Faritra afak'haba vokatry ny fanalavana AGOA IV hatramin'ny taona 2015. Andanin'izany, ny governemanta dia hanamafy ny fampihombonam-pihariana amin'ny alalan'ny fampiroboroboana ny fambolena sy fanodinana hasy, mba tsy hiankinan-doha intsony amin'ny fanafarana akora fanodina. Fihatsarana azo tsapain-tànana ihany koa no andrasana amin'ireo sampanasa hafa toy ny orinasa miankina amin'ny fambolena sy fiompiana, ny orinasa mpamokatra sakafo, ny orinasa mpanodina lamba ary ny fitaovam-panorenana.

Eo amin'ny sehatrasa fahatelo, hitohy ny firoboroboan'ny sampanasa trano sy taozava-baventy noho ny fampiasam-bola na avy amin'ny fanjakana izany na avy amin'ny tsy miankina eo amin'ny sehatry ny fanatsarana ny fotodrafitrasa fototra. Ny asa mifandray amin'ny fizahantany, amin'ny fitaterana entana sy mpandeha ary amin'ny varotra dia hahazo vahana toy izany koa.

Vokatry ny fampiharana ny politika malina momba ny vola sy ny teti-bola sy ny fitomboan'ny vokatra anatiny, ny tahan'ny sondrom-bidy 7,2% tamin'ny taona 2007 dia hotazonina amin'ny 2008.

### *Vinavina eo amin'ny sehatrasa ivelany*

Amin'ny taona 2008, ny fanondranana entana dia ahitana fitomboana 3,2% raha oharina amin'ny taona 2007 izany dia vokatry ny asa notanterahan'ny mpitondra fanjakana foibe sy iraisam-pirenena. Raha ny eto an-toerana, ny asa notanterahana dia ny fanamaroana karazana ny vokatra fanondrana amin'ny alalan'ny fampiroboroboana sy fampivelarana ny fizahantany, ny ezaka fampanaraham-penitra ny vokatra mpampidi-bola maharitra, ny fanondranana harena an-kibon'ny tany sy solika azo avy amin'ny zava-maniry. Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, hiroborobo ny fanondranana entana noho ny fisokafan'i Madagasikara amin'ireo tsenam-paritra toy ny SADC. Izany dia fanairana ireo mpampiasa vola izay mety hanana lalam-barotra vaovao. Ankoatra izany, ireo firenena mpikambana ao amin'ny SADC dia manohana an'i Madagasikara ho lasa sompitra ara-pambolena sy fiompiana eto amin'ny faritra.

Hisy fiantraikany amin'ny fanondranana entana amin'ny taona 2008 ny fiakaran'ny sandan'ny Ariary tamin'ny taona 2007. Nefa hisy kosa fepetra horaisina mba hanarenana io toe-draharaha io toy ny : (i) fampihenana ny saram-pamokarana amin'ny alalan'ny fanafoanana ny haba alain'ny amin'ny akora ilaina amin'ny asatanana (ii) fanalavana ny AGOA IV hatramin'ny taona 2015 (iii) ny fampivelarana ny tamban-jotram-pifandraisana, noho izany ny fanondranana entana dia hitombo ho 725,1 tapitrisa DTS amin'ny taona 2008 raha 722 tapitrisa DTS izany ny taona 2007.Tena kely kosa ny fitombon'ny fanafarana entana raha oharina amin'ny taona 2007. Raha 49,8% ny tahatombon'izany tamin'ny taona 2007 dia tsy misy afatsy 16,4% izany ny taona 2008.

### *Tanjona amin'ny fitantanam-bolam-panjakana*

Ny fepetra raisin'ny governemanta mikasika ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny taona 2008 dia midika ho fahavononany hanohy sy hanamafy ireo fanavaozana efa natomboka taona vitsivitsy lasa izay. Ny ivon'ny paikady amin'ny fitantanam-bolam-panjakana voasoritra ao amin'ny Drafitrasa lahara-pahamehana (Plan d'Actions Prioritaire) mikasika ny fanavaozana ny fitantanam-bolam-panjakana antonon'ezaka dia tsy miova fa : (i) ny fanamafisana ny fandrindràna sy ny fahafaha-manatanteraka ny fandaharanasa fanarenana ny fitantanam-bolam-panjakana (ii) fanamafisana sy fanatsarana ny fahalavorarian'ny fombafomba arahina amin'ny fanomanana sy fanatanterahana ny tetibolam-panjakana ary koa fanohizana ny fanavaozana ny fanarahamaso ny teti-bola, (iii) fanaovana tatitra mikasika ny fanatanterahana ny teti-bola araka ny endrika sy fotoana efa voasoritra mialoha ary (iv) fanamafisana ny sampandraharanan'ny hetra sy ny ladoany.

Vinavinaina ho Ar 1.833,6 miliara na 11,6%-n'ny harikarena faobe ny vola miditra amin'ny fanjakana. Mba hahatrarana io tanjona io dia hisy fepetra fanavaozana tsy maintsy ho raisina mikasika ny politika fandoavan-ketra sy mikasika sampandraharaham-panjakana misahana ny hetra. Raha ny momba ny politika fandoavan-ketra indray, handray fepetra fanatsorana sy fanamorana ny rafitra fandoavan-ketra hoan'ny tombotsoan'ny mpandraharaha amin'ny sehatra tsy miankina ny governemanta toy ny : (i) fametrahana rafitra vaovao ifandraisana amin'ireo orinasa lehibe amin'ny alalan'ny fametrahana « standards modernes de gestion », fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa, fananganana « Centre d'appel d'assistance en ligne », ny fahafahana manao « télédéclarer », (ii) fampanarahana toetrandro sy fanitarana ny lasitry ny fomba fitantanana ny fifandraisana amin'ireo orinasa lehibe sy salantsalany ; fananganana « conseil de recours ». Hisy fepetra koa horaisina mba hampahomby kokoa ny sampandraharaham-panjakana momba ny hetra toy ny fanavaozana ny fitantanana ny mpiasa amin'ny alalan'ny fandrafetana sata ahitana fitsipi-pitondratena maha-mpiasa sy ny fanatsarana ny fitaovam-pitantanana (outils des pilotage), famporisihina ny tsirairay sy ny vondrona mpiasa sy fanaovana tomban'ezaka ny zava-bitany, fandaminana sy fandrindràna ny mpiasa araka ny isany. Hisy fepetra hafa koa horaisina mikasika ny mangarahara : fampitam-baovao voakendry sy famahoana ny hetra amin'ny alalan'ny fanaparitahana tahirin-kevitra efa misy, fampandrosoana ny tranokalam-pifandraisan'ny Foibem-pitondrana Ankapobeny momba ny Hetra, famolavolana fandaharanasa mampianatra mba hahatonga olom-pirenena ara-ketra, ny fametrahana « Centres de Gestion Agrées (CGA) ». Amin'ny lafiny ladoany indray, hitohy ny fametrahana paikady fanavaozana, ary tsindriana manokana amin'izany ireo fepetra ireto : sosokevitra momba ny fadin-tseranana tokana izay hodinihina sy handraisana fanapahan-kevitra amin'iny taona iny raha tratra, ny fanamafisana ny fahombiazan'ny fombafomba ara-padintseranana toy ny (i) fanohizana sy famaranana ny fametrahana ny SYDONIA++ amin'ireo biraon'ny ladoany 12, (ii) fanatsarana ny zava-bita amin'ny famoriana DTI eny anivon'ny banky tsotra, izay mifandray amin'ny fametrahana ny Sydonia ++ sy Tradenet amin'ireo biraon'ny faditseranana voakasik'izany. Hisy fanarahamaso nohamafisina sy mahomby apetraka miaraka amin'ny (i) fampiasana araka ny tokony ho izy ireo fitaovana fanarahamaso harifomba rehefa mamoaka entana eny amin'ny ladoany : Scanners, Profiler, Valunet, Résus izay apetraka any amin'ny ankamaroan'ireo biraon'ny ladoany, (ii) fanatsarana ny ady atao amin'ny hosoka sy ny fanamafisana ny fanarahamaso ny sisin-tany amin'ny alalan'ny fanamaroana isa ny « Brigade Mobile de Surveillance".

Eo amin'ny sehatry ny fandaniam-bolam-panjakana, ny paikady dia hikendry indrindra ireto tanjona manaraka ireto :

- firosoana lalindalina kokoa amin'ny fahafaha-maminavina sy ny mangarahara eo amin'ny fomba fanomanana ny teti-bolam-panjakana izay mametraka fandaharam-potoana hahafahana manamora ny fandraisana anjaran'ireo minisitera mpanatanteraka sy ny fanehoana « lettre de cadrage » milaza ny paikady nosafidiana ho an'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ho amin'ny taona 2008 ;
- fampiharana ny tetibolam-panjakana mirindra kokoa amin'ny alalan'ny : (i) fanofanana ny minisitera rehetra, (ii) fanohizana ny fanitarana ny SIGFP any amin'ireo minitera hafa sy fanofanana mifanentana amin'izany ;
- tsenan-draharaha amin'ny fanjakana manara-dalàna, mangarahara ary mahomby amin'ny alalan'ny fanohizana ny fanofanana mikasika ireo lalàna fampiharana ny Fehezan-dalàna mifehy ny tsenan-draharaha amin'ny fanjakana taona 2007-2009 eto amin'ny foibe sy any amin'ny faritra, fanamarinana ny fampiharana ireny lalàna ireny eo ambany fitarihan'ny ARMP eo anivon'ny Minisitera telo (Fampianarana, Taozava-baventy, Fambolena sy Fiompiana) mba hahafahana manao tomban'ezaka amin'ny fampiharana ireny lalàna vaovao ireny any amin'ireo minisitera ireo sy any amin'ny minisitera rehetra ny taona 2008-2009 ;
- fanamafisana ny fanarahamaso mba hahazoana antoka amin'ny fampiasana ara-drariny ny volam-panjakana : (ii) hampiharina ireo torolàlana tamin'ny fanamarinana ara-pandaminana sy ifotony ny Foibe fanarahamaso ny volam-panjakana mba hahafahana manamafy ny fanarahamaso ireo fandaniana efa noraiketina, (ii) fanohizana ny fanarahamaso ireo « postes comptables », ireo « régisseurs » ary ireo « agents comptables diplômatiques » izay efa natomboky ny Brigade du trésor ny taona 2007-2008 ; (iii) famokarana tatitra ataon'ny IGE momba ny santionan'ny asa vita izay mahatratra ny 20%-n'ny fandaniana mikasika ny fampandehanan-draharahan'ny minisitera ny taona 2007 ary 90% ny taona 2009 ;
- fanatsarana ny mangarahara amin'ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny alalan'ny : (i) fanaovana tatitra momba ny fanatanterahana ny tetibolam-panjakana ataon'ny minisitera rehetra isaky ny efa-bolana : tatitra mifototra amin'ny « classification fonctionnelle » izay atolotra ny filankevitry ny Governemanta, (ii) famokarana tsy tapaka sy ara-potoana ireo lalàna fandravonana ny fitantanam-bolam-panjakana araka ny fepetra apetraky ny LOLF : Lalàna fandravonana ny fitantanam-bolam-panjakana taona 2006, fivoriana voalohany amin'ny taona 2008 sy lalàna fandravonana ny fitantanam-bolam-panjakana, fivoriana faharoa amin'ny taona 2009.

Momba ny tontalin'ny fandaniam-bolam-panjakana, raha Ar 2.846,5 miliara izany tamin'ny taona 2007 dia hiakatra Ar 3.274,7 miliara kosa ho an'ny taona 2008, izany hoe fitomboana 13,1%. Ny fandaniana an-davan'andro ivelan'ny zana-bola sy ny fanadiana momba ny mpiasa dia hahatratra 10,8% sy 5,0% raha oharina amin'ny harin-karena faobe. Ny fampiasam-bola ataon'ny fanjakana dia mitontaly Ar 1.570,7 izany hoe 9,9%-n'ny harinkarena faobe. Ny fatiantoka ankapobeny (base caisse) dia Ar 772,3 Miliara izany hoe fatiantoka 4,9% raha oharina amin'ny harinkarena faobe.

### *A - <u>NY VOLA MIDITRA :</u>*

#### <u>NY HETRA</u>

HETRA ANATINY

Nisedra fiovana lalina noho ny antony maro ny tontolo ara-toekarena sy ara- piarahamonina izay ivoizan'ny fampidiranketra : fitombon'ny fifaninanana eo amin'ny fandraharahana, fandrosoan'ny fiarahamiasa eo amin'ny tsenamparitra, ady goavana amin'ny kolikoly, fisintonana ireo mpampiasa vola mivantana avy any ivelany, fanerena ho an'ny fangaraharana avy amin'ny vahoaka ,fanamatihanina ireo mpamory hetra.

Nampifandrindrana lalana ny fironana amin'ny fisondrontana goavan'ny harinkarena , ny fanetsehana bebe kokoa ny entimanana eto antoerana, amin'ny lafiny fanovana ny fitantanana ny hetra, mba ho tena loharanombola hanatratrarana ilay tanjona goavana sy matotry ny MAP. Mandroso miandalana araka ny tokony ho izy ny vola miditra, na dia misy aza ny fepetra ifotony fampidinana ireo hetra ankapobeny mba ahatratrarana amin'ny taona 2008 ny tahan'ny tsindrin'ny hetra 11,4% n'ny harinkarena faobe. Nisy fanovana tsy azo nialana tao anatin'io tetikasa io, toy ny fanohizana ny fampidinana ny hetra mba hanamafisana ny fahafahamifaninan'ireo orinasa, indrindra ireo salasalany.

Mizara telo ny tanjon'ny fanavaozana ny fitanatanana ny fampidiran-ketra :

- Fanatsorana, fanaovana izay mahatarika ary fampirindrana ny fampidiranketra ho an'ireo orinasa ;
- Fampiakarana ny fahefa-mividin'ny vahoaka mpandoa hetra sady fanafoanana ireo hetra tsy mamokatra loatra nefa mandany fotoana ny fitantanana azy ;
- Fanamafisana ny fidiram-bolan'ny vondromparitra mba hisian'ny tena fanapariahampahefana.

Harahina fanavaozana goavana ny rafitra sy ny fomba fitakian-ketra io fampidiran-ketra vaovao io mba ho tonga sampandraharaha mahomby sy mahafapo mamaly ny hetahetan'ny mpandoa hetra.

Nasiana fanovàna tanteraka ny Hetra amin'ny vola miditra. Natambatra ho hetra tokana amin'ny tahany tokana 25% nomena anarana hoe Hetra amin'ny vola miditra(IR) ny Hetra amin'ny tombombarotry ny sosaiety (IBS), ny hetra amin'ny fidirambolan'ny isam-batanolona (IRNS) ary ny hetra alaina amin'ny tombombarotra (IPVI). Miova arakaraka ny vola maty afakaba ao anatin'ny taona ny fomba famerana ny hetra: famerana araka ny tena zavabita ho an'ny mpandoa hetra manana vola maty afak'haba isantaona mitovy na mihoatra ny Ar 200.000.000; famerana araka ny tena zava-bita fa tsotsotra kokoa ho an'ireo izay mahavita vola maty afak'haba isantaona eo anelanelan'ny Ar 20.000.000 sy Ar 200.000.000; famerana amin'ny hetra tambatra isam-batanolona(IS) kosa ho an'ireo mahavita vola maty afakaba isantaona latsaky ny Ar 20.000.000 ary natokana ho an'ny tetibolan'ny Faritra ny vola azo avy aminy.

Nampitoviana amin'ny tahan'ny Hetra amin'ny vola miditra (IR) izay 25% ny tahan'ny hetra alaina amin'ny fitomboankarena avy amin'ny zanabola sy ny zanatombony (IRCM) ary manomboka izao dia tsy andoavana hetra intsony ny fananana mitera-bola.

Nofoanana koa ny hetra amin'ny fiara fivezivezen'ny orinasa (TSVTE), ny haba amin'ny asa amandraharaha(TP) ary haba alaina amin'ny famindram-bola(TFT).

Nampiakarina ho Ar 180.000 ny karama farany ambany tataovan-ketra amin' ny hetra amin'ny karama (IRSA) ary nasiana hetra fandoa farafahakeliny antanan-tohatra sy taha tokana 25% mba

hanatsorana ny fomba fikajiana azy.

Nisy fanamaivanana sy fanatsorana lehibe natao mikasika ny sara-panoratana : fameran-ketra amin'ny taha nahena mifanentana tokana ho an'ny sora-panekena mikasika ny famoronana sy fanalavam-potoana ny sosaiety ; fampidinana ny lazam-bidy ny sara-panoratana tamin'ny nanafoanana ny haba fanampin'ny sara-panoratana sy ny sara-panoratana amin'ny boky fananantany ; fanafoanana ny sara-panoratna ho an'ny fividianana fananana mifaka voatokana ho fambolena ; fanatsorana ny fombafomba sy fampihenana ny haba amin'ny fandovàna ; fanafoanana ny ankamaroan'ny hajia nefa koa fanitsiana ny lazam-bidy sasany.

Ho an'ny hetra ny fanjifàna, ny fepetra ankehitriny dia maminavina fampihenana lehibe ny isan'ny vokatra ampiharana ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniana, amin'ny fametrahana ivelan'ny sehatra fampiharana anisan'izany ny vokatra ilaina andavanandro toy ny siramamy, ny kobambarimbazaha, nefa koa ny ranomanitra mahery sy malefaka, rano mineraly sy rano misy gazy, kojakoja ho an'ny volo, ary koa, vokatry ny harena ankibon'ny tany sasany voatefy ampahany. Fombafomba vaovao sy fanarahamaso tsara kokoa no ampiharina amin'ny fameran-ketra mahefa any am-boalohany sy any am-parany amin'ny paraky sy ny vokatra misy alikaola. Farany, nahatra amin'ny fifandraisana rehetra ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniana, tafiditra ao anatin'izany ny tondromarika, ary hampiakarina ho 7% ny taha. Mikasika ny haba amin'ny vola maty, nofoanana ny haba amin'ny fifanakalozana. Nakarina ho 20% ny fetra ampiharana ny haba amin'ny sanda hary, mba hanonerana, amin'ny famindrana , ny fatiantoka amin'ny fidirambola afakaratsaka ho an'ny Faritra.

Momba ny hetra alaina amin'ny tany sy ny hetra amin'ny fananana trano miorina, mba anentanana fidirambola bebe kokoa ho an'ny Kaominina, dia misy fanatsorana sy fanoritana mazava mikasika ny fototra ikajiana sy ny fombafomban' ny famoriana hetra, indrindra tamin'ny fanafoanana ny raoly. Ankoatrizay, nofoanana ihany koa ny haba fanampiny amin'ny hetra trano. Voatokana tanteraka ho an'ny tetibolan'ny kaominina ny hetra amin'ny alàlana hivarotra alikaola sy vokatra misy alikaola.

Ny fepetra hafa rehetra, ankoatry ny fandrindràna ny sazy vola sy ny sazin-ketra ary fampidinana ny taha mifanaraka amin'izany dia mitondra fanadiovana, fanatsorana ny voambolana, fanavaozana ny sora-pizakana sy fanitsiana ny fahadisoana tsy nahy.

## NY FADITSERANANA

MOMBA NY FEHEZAN-DALAN'NY FADITSERANANA

Mba ho fandraisana anjara amin'ny fanatanterahana ny fitomboana lehibe eo amin'ny toekarena izay voafaritra ao amin'ny MAP, ny foibe-pitondran'ny Faditseranana dia mametraka ho lohalaharan'ny tanjona ny fanamorana ny fifandraisana ara-barotra ataon'ny malagasy amin'ny any ivelany. Na izany aza anefa, dia tsy maintsy sahaniny ihany koa ny fanaraha-maso mahomby sy ny fanajana ny lalàna manan-kery. Noho izany fomba fijery izany no hanasiam-panovana ny fehezan-dalàn'ny faditseranana.

Araka izany, ireo fepetra momba ny fombafomba mikasika ny famoahana entana dia asiam-panovana, ka ho an'ireo mpiantoka ny entana entin'ny sambo na fiaramanidina, dia azon'izy ireo atao ny mametraka ny fanambaràna ny entana entiny amin'ny alalan'ny zotram-pifandraisana elekitrônika, ary ho an'ny mpanao fanambaràna, dia azon'izy ireo atao ny mandrakitra ny fanambaràna ao aorian'ny fanaovana ny fanamarinana ny Filazana Tokana Ara-panjakana. Ankoatra izany, ilaina koa ny fanamboarana ny halavan'ny fotoana hanefana ny sara sy haba voaantoka amin'ny fampitrosana momba ny fakana ny entana ary mifandraika amin'izany dia raisina ny fepetra mikasika ny fampitrosana momba ny fakàna ireo entana ara-tsolika.

Ireo fepetra sasantsasany momba ny sata ara-toe-karena dia tsy maintsy asiana fanitsiana. Voakasik'izany ny fomba fiantohana fa ara-dalàna ny fanondranana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny vola miala ary koa, mikasika ny satan'ny fanodinana tsy andoavana haban-tseranana, ny fikajiana ny vidin'entana eo amin'ny faditseranana amin'ny fotoana hanambarana ny entana ho jifaina.

Ho fanampin'izany, mba hahombiazan'ny asan'ny Sampandraharahan'ny faditseranana eo anatrehan'ny fitsarana, dia hita fa tokony atao ny fanitsiana ireo fepetra ny fehezan-dalàna momba ny Vaomiera Fampifanarahana sy Fanombanana mikasika ny Faditseranana sy ny fampidirana ny Fifanarahana momba ny Zo ny Fananana Ara-tsaina mahakasika ny varotra nataon'ny OMC. Farany, mba hanamaivanana ny satan'ireo entana voarara, dia azo atao ny famotehana azy ireny eo anatrehan'ny Sampandraharahan'ny faditseranana raha toa ka tsy nobaboina ny entana.

MOMBA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADITSERANANA

Araka ny toro-làlana nomen'ny Vondrona Eran-tany momba ny Faditseranana (OMD), ny faditseranana malagasy dia efa nampihatra ny Rafitra Mirindra momba ny Fanondroana sy ny Fandaharana ny entana, taona 2007, nanomboka ny volana janoary ny taona 2007. Manomboka izao izany, ny lazam-bidy momba ny faditseranana eto amin'ny firenena dia efa narafitra hifanaraka amin'ny Fanondroana sy ny Fandaharana ny entana, taona 2007.

Na izany aza anefa, dia misy ireo fanitsiana tokony atao : ny sasany fanarenana avy amin'ny toro-lalàn'ny OMD, ny sasany kosa nateraky ny fivoaran'ny tontolo ara-barotra sy ara-teknolojia misy eto amin'ny firenena. Nisy noho izany ireo fampidirana, famoronana, fanitsiana, ary fanafoanana zana-tsokajy sasan-tsasany.

Ny fampidirana na fanafoanana zana-tsokajy dia avy amin'ny fanarenana natao teo amin'ny volavola niaingana teo amin'ny Rafitra Mirindra momba ny Fanondroana sy ny Fandaharana ny entana, taona 2007. Eto anivon'ny firenena, ny maha-zava-dehibe ny " logiciels ", ( fisehoan-javatra ankoatry ny sary sy ny feo), dia nitarika famoronana zana-tsokajy hafa, mba anavahana manokana io karazana entana io ; toy izany koa ireo asa atao amin'ny solosaina ka mandeha amin'ny tamba-jotra elektronika ( fanoratana rijan-teny, fanitsiana rijan-teny, asa sari-tany…). Ankoatra izany, mba hanamorana ny vidin'ny siramamy eny amin'ny mpanjifa sy hampiroboroboana ny fanondranana ny vokatra avy eto an-toerana mankany amin'ireo firenena manome vidiny manokana an'i Madagasiakara, ny tahan'ny haba ampiharina amin'ny siramamy dia hasiana fanitsiana sy hampitoviana

Manaraka izany, nasiana fanitsiana ny diso na fandinganana teo amin'ny fanondroana ireo zana-tsokajy sasan-tsasany.

Farany, ho fampiharana ireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna Ankapobe momba ny Hetra amin'ny taona 2008, ny tahan'ny TVA dia asondrotra ho 20%.

### ***B.- <u>NY FANDANIAM-BOLA</u>***

#### **1.- <u>Ny manodidina ny fandaniana</u>**

Raha ny momba ny fandaniana voalaza ao amin'ny tetibola ho an'ny taona 2008, ny tanjona fototra ho an'ny Governamanta dia ny fampiharana ireo fepetra manandanja enti-manarina ny firenena sy enti-manohana ireo paikadim-pampandrosoana maharitra mba hahafahana mampihena ny fahantrana.

Noho izany, ireto manaraka ireto ny laharam-pahamehana :

- Fampifanitsiana ny fandaniana noraiketina amin'ny fanamby napetraky ny Madagasikara Am-Perinasa (MAP) ;
- Fanamafisana orina ireo tombontsoa azo amin'ny rafitra vaovao momba ny teti-bola ;
- Fanatsarana ny fandaharan'asa fanavaozana ny fitantanam-panjakana amin'ny alalan'ny fampiharana ireo fepetra voalazan'ny Lalàna Fehizoro momba ny Lalàna mifehy ny fitantananam-bola, ny Fehezan-dalàna momba ny tsenan-draharaham-panjakana ary ireo rijan-teny mifanaraka amin'izany ;
- Fanamafisana ny fahaiza-manao momba ny fanaraha-maso ;
- Fampiharana ny politikam-panjakana momba ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana eny anivon'ny faritra izay miantoka ny fivoarana sy fifamatoran'ireo sehatrasa.

#### **2.- <u>Karama</u>**

Miohatra amin'ny teti-bola taona 2007 ny karaman'ny mpiasam-panjakana, dia misy taham-pitomboana 19,4% izany hoe : 763,36 Milliards Ariary.

Ireo fepetra manamafy izany fandaniana izany dia mifantoka amin'ireo laharam-pahamehana eo amin'ny fanatanterahana voalazan'ny fandaharan'asan'ny fanjakana mikasika ny :

- fampianarana ho an'ny rehetra mba hanatsarana ny famokarana arak'asa sy ny hitazonana ny fahafaha-mamokatra;
- fiadiana amin'ny tsy fandriam-pahalemana ara-batana sy ara-bola eo amin'ny fanamafisana ny rafitry ny fitsarana;

- fanamafisana ny fandriampahalemana amin'ny alalan'ny fampidirana mpianatra ho zandary sy polisy;
- fanamafisana ezaka hampidirana mpiasa vaova ao amin'ireo sehatra manana laharam-pahamehana toa ny fahasalamam-bahoaka sy ny fiarovana ny fianakaviana amin'ny alalan'ny fandrindram-piterahana ary ny ady amin'ny VIH/SIDA ; ny angovo amin'ny alalan'ny fanomezana rano fisotro madio ny eny ambanivolo ; ny fitantanam-bola amin'ny alalan'ny fitomboana lehibe eo amin'ny toekarena.

**3.- Ny fandaniana momba ny fampandehanan-draharaha**

Hahatratra 686,4 miliara Ariary ny fandaniana ho fampandehanan-draharaha (tambi-karama, fividianana kojakoja, famindram-bola) amin'ny taona 2008 raha toa ka 552,2 miliara Ariary izany tamin'ny taona 2007, izany hoe misy fitomboana 134,2 miliara Ariary.

Ireo fampitomboana ireo dia mikasika ny :

- fanohizana ny fanadiovana ny fitantanam-bolam-panjakana;
- fanatevenana ireo kaonty CRCM ary CPR hatramin'ny 85 miliara Ariary;
- fanadiovana sy fanarenana ny orinasa JIRAMA hatramin'ny 54 miliara Ariary;
- fanomezana ho an'ny vondrom-bahoaka ny haba amin'ny asa aman-draharaha : 20 miliara Ariary;
- ny fanokafana sora-bola ho an'ny fokontany hatramin'ny 7,5 miliara Ariary;

**4.- Ny fandaniana ho amin'ny famokarana**

NY FANDAHARAN'ASAN'NY FAMPIASAM-BOLAM-PANJAKANA (FFBP)

Ny Fandaharan'Asan'ny Fampiasam-Bolam-Panjakana (FFBP) dia mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny Madagasikara Am-Perin'asa. Ho an'ny taona 2008, ny sori-dalana lehibe ny FFBP dia mikasika ny fanohizana ny fanamboarana sy/na fanarenana ny fotodrafitrasa ilaina amin'ny sehatr'asa maro, ny fanohizana ireo asa misy fiantraikany mivantana eo anivon'ny vahoaka, ny fampaharetana ny fampiasam-bola natao, ny fametrahana ny politikan'ny fitsinjaraham-pahefana sy fanapariaham-pahefana, ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina izay tena hery lehibe manosika ny fampandrosoana ara-toekarena ary ny fanohizana ny fanjakana tsara tantana.

Ho an'ny taona 2008, ny fandaniana amin'ny fampiasam-bolam-panjakana dia mahatratra 1 624,2 miliara Ariary , izany hoe nahitana fitomboana 14,6% raha mitaha tamin'ny taona 2007. Ny 72,0 %-n'ny volan'ny FFBP dia famatsiam-bola avy amin'ny loharanom-bola ivelany.

Ao anatin'ny fanatsarana ny fitantanam-bolam-panjaka, ny fanefana ireo trosa avy amin'ny tataon-ketra (TVA) sy loharanom-bola anatiny (RPI) dia efa voatsinjo amin'ny taona 2008.

*Fampiasam-bolam-panjakana ao anivon'ny Faritra*

Ao anatin'ny politikam-pirenena momba ny fitsinjaram-pahefana sy ny fanapariaham-pahefana, ary hametrahana ireo faritra ho fototry iaingan'ny fampandrosoana sy ho fandraisan'izy ireo anjara andraikitra feno amin'ny fanatanterahana ny Madagasikara Am-Perinasa, dia sorabola mitentina 106,9 miliara Ariary no tantanina eny anivon'ny faritra hanatanterahana ireo tetik'asam-pampiasam-bolam-panjakana. Misy vola 16,5 miliara Ar sy 5,6 miliara Ar avy amin'ny Minisitera misahana ny Fambolena sy ny Minisitera misahan ny Asa Vaventy izay mahatratra 68%-n'ny sorabola avy amin'ny famatsiam-bola anatiny tantanin'ireo faritra dia atokana indrindra mba hanatanterahana ny fandaharan'asa fampitomboana avo roa heny ny vokatra ara-pambolena hatramin'ny taona 2009.

Ny tabilao manaraka dia mampiseho ny fitsinjarana sy fivoarana isaky ny sehatra ny FFBP ny taona 2006 ka hatramin'ny taona 2008.

**Ny fitsinjaran'ny fivoaran'ny FFBP taona 2006 ka hatramin'ny 2008**

*Arivo ariary*

| Sehatra/ Vola | (TBNP) 2006 | | 2007 | | 2008 | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | Ivelany | Anatiny | Ivelany | Anatiny | Ivelany | Anatiny |
| Fotodrafitr'asa | 461 989 000 | 115 214 514 | 460 176 303 | 113 744 312 | 540 363 680 | 127 279 525 |
| Sosialy | 236 616 126 | 109 999 743 | 278 929 875 | 135 958 865 | 278 419 500 | 103 495 881 |
| Famokarana | 200 375 166 | 47 657 543 | 219 622 583 | 45 101 760 | 226 160 320 | 85 744 588 |
| Fitantanan-draharaha | 156 019 708 | 55 689 721 | 99 071 239 | 64 895 063 | 124 166 500 | 138 600 006 |
| **Fitambarany** | **1 055 000 000** | **328 561 521** | **1 057 800 000** | **359 700 000** | **1 169 110 000** | **455 120 000** |

NY FFBP ISAKY NY KARAZANA SEHATRASA

**Sehatra Fotodrafitr'asa**

Sehatra laharam-pahamehana ary mahazo ny 41,1 % n'ny fitambaran'ny volan'ny FFBP.

Ny fandaharan'asa / tetik'asa mandrafitra azy dia manamafy hatrany ny vokatra azo teo aloha amin'ny lafiny fahafahan'ny vahoaka mampiasa ny fotodrafitr'asa amin'ny maha rantsana mangaika ny fampandrosoana azy. Azo tanisaina amin'izany ny asa fanamboarana sy ny fanarenana ny làlam-pirenena faha-6 (Bekoratsaka – Ambanja) sy faha-43 ( Sambaina – Faratsiho – Soavinandriana Itasy) ary koa ny làlam-pirenena faha-34 (Miandrivazo – Malaimbandy) sy faha-35 (Mahabo – Morondava), sns …..

Mitohy ny asa fikojakojana ny fotodrafitr'asa ao anatin'ny Sehatra ( Fandaharan'asam-pirenena fikojakojana ny làlana (PNER) , Fandaharan'asam-pirenena fikojakojana ny tetezana sy famohan-drano (PNOA ) izay ho tantanan'ny Faritra.

Ankoatra izay dia azo tanisaina ny sehatra hafa:

- fanatsarana ny fahafahana mandray sy ny famokaran' ny seranan-tsambo ( fanarenana ny seranan-tsambon'ny Morondava sy Antsiranana ary Mananjary), ary koa ireo momba ny seranam-piaramanidina (Fanajariana ny seranam-piaramanidin'Antsirabe sy Antalaha).
- fampitomboana ny taham-pandrakofana amin'ny lafiny fifandraisan-davitra ( Teknolojia fampahalalam-baovao sy fifandraisana )
- fampiroboroboana ny herin'aratra eny ambanivohitra sy an-tanan-dehibe (Tobim-pamokarana fahatelo ao Andekaleka, fanarenana sy fanovan-drafitra eo anivon'ny JIRAMA, Foibe famokarana herin'aratra avy amin'ny rano ao Volobe sy Maevatanana)
- fametrahana ny Ivo-toeran'ny fampandrosoana (PIC)
- fampiroboroboana ny fanajariana ny tany ( Fametrahana ny politika nasionaly mikasika ny fanajariana sy ny trano fonenana)
- fampitomboana ny taham-pahafahan'ny vahoaka mahazo rano fisotro madio (Fandaharan'asa Famatsiana rano fisotro madio eny ambanivohitra).

Ny fananganana Toeram-pivoriana Iraisam-pirenena iray sy Trano Fandraisam-bahiny iray misalotra ny kintana 5 dia tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asa taona 2008 mba handraisana ny fivoriamben'ny Firaisambe Afrikana amin'ny taona 2009.

**Sehatra Sosialy**

Ny Sehatra Sosialy dia fitambaran'ireo hetsika rehetra mikasika ny Fanabeazana, ny Fahasalamana sy ny Fanatanjahantena ary ireo asa misy fiantraikany mivantana amin'ny mponina. Io sehatra io dia mahazo fanohanana 23,5 % ny volan'ny FFBP.

Ny ampahan'isa mafonja eo amin'ny lafin'ny Fanabeazana (11,1 %) dia mampiseho ny finiavan'ny Governemanta mba hanohy ny ezaka natao izay mikendry ny hanatsarana ny rafim-panabeazana : fanorenana/fanarenana efitrano fianarana, fampitaovana azy ireo, fanamafisana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa « Fandaharan'asa fanabeazana ho an'ny rehetra ».

Mikasika ny sehatra "Fahasalamana" ny fanorenana, ny fanarenana sy ny fampitaovana ireo tobim-pahasalamana maneho ny ezaka hanamafy orina hatrany io sehatra Fahasalamana io. Izany dia mikendry mandrakariva ny fanatsarana ny fahafahan'ny vahoaka mahazo fitsaboana tsara.

Ambonin'izany, ny fandaharan'asa amin'ny ady atao amin'ny areti-mifindra toy ny VIH/SIDA sy ny tsy mifindra dia mbola mijanona ho vaindohan-draharahan'ny Fanjakana .

Eo amin'ny lafin'ny fanatanjahantena, ny FFBP 2008 dia mitsinjo ny fanamafisana ireo fotodrafitr'asa ara-panatanjahantena any amin'ny Faritra.

Farany dia hamafisina ireo asa misy fiantraikany mivantana amin'ny mponina amin'ny alalan'ny Tetikasa Sosialy, toy ny « Foibem-pirenena Fanjarian-tsakafo » (O.N.N) sy ny « Tahiry ho amin'ny Fampandrosoana » (F.I.D).

**Ny Sehatra Famokarana**

Ny Sehatra Famokarana dia fitambaran'ny hetsika rehetra mikasika ny fambolena, ny fiompiana, ny jono, ny indostria, ny asa-tanana, ny harena an-kibon'ny tany, ny fizahantany ary ny tontolo iainana. 19,2 % ny sora-bola ao amin'ny FFBP no azon'io sehatra io.

Ny fanatanterahana ny fiovana maitso lehibe, ny famokarana foibe vaovao momba ny "agribusness", ny fanohizana ny politikan'ny fananantany sy ny fanamorana ny fahazoan'ny mpamokatra miditra amin'ny fisam-boram-bola no fototra matanjaka ijoroan'ny fampandrosoana maharitra ny eny ambanivohitra. Ny fandaharan'asa Sahandriaka sy Lemaka Voatondraka (BVPI), PSDR ary ny Fampiroboroboana ny Fidirambolan'ny Tantsaha dia mandray anjara amin'ny fampitomboana ny vokatra vary ho avo roa heny.

Hamafisina ny fanohanana ny zotram-pamokarana hena sy ronono ary ny fampiroboroboana ny famokarana an-dranomasina.

Ny asa eo amin'ny sehatry ny tontolo iainana dia mitodika amin'ny fampitomboana ny velaran'ny valanjavaboahary arovana, mifanaraka amin'ny fanambaran'ny Durban, ny fampiroboroboana ny fizahantany ary ny fambolen-kazo.

Hamafisina ny tantsoroka teknika eo amin'ny sehatra "harena an-kibon'ny tany" mba hitondra tombony sy hahomby ny fitrandrahana ireo loharanon-karena an-kibon'ny tany ireo.

**Ny Sehatra Fitantanan-draharaha**

Ny sehatra Fitantanan-draharaha dia voavatsy ara-bola eo amin' ny 16,2 % ny volan'ny FFBP.

Ny asa atao dia marolafy toy ny fanarenana sy fanorenana tranon-panjakana, ny fanohanana ara-drafitra ka ny asa atao amin'izany ady amin'ny kolikoly. Ny tanjona andrasana amin'izany dia mikendry indrindra ny fanantanterahana ny Fitantanana Tomponandraikitra, izay teny ifanomezana lohalaharana ao amin'ny Madagasikara Am-Perin'asa (MAP).

Ny tetikasa eo amin'ity sehatra ity dia manohy ny asa amin'ny lafiny fanadiovana ny fitantanam-bolam-panjakana amin'ny alalan'ny ny fanefana ireo trosam-panjakana tsy voaloa sy ny fampiharana ireo karazam-panavaozana ny rafi-pitantanam-bolam-panjakana.

Ny taona 2008 dia ahitana manokana ny fandraisana anjara feno ataon'ny Faritra isan-tokony, tompon'andraikitra amin'ny famolavolany, fandaharany ary ny fanatanterahany ny Teti-bolan'ny Faritra sy ny Tetibola-panjakana. Ao anatin'izany no handraisan'ny Sehatra Fitantanan-draharaha ny fampitana ny loharanom-bola, ny fitaovana ary ny fahaiza-manao ho amin'ireo vondro-paritra rehetra.

Ao anatin'ny Politikam-pirenenena momba ny fitsinjaram-pahefana sy fanapariaham-pahefana (PN2D), anisan'ny fanohanana ny Faritra ny fisian'ny tetik'asa vitsivitsy voasoratra ao amin'ny FFBP 2008 toy ny "Tahiry Fampandrosoana eo an-toerana, ny Fanohanana ireo vondrom-paritra itsinjaraham-pahefana", sns ….

Ankoatra izany ny minisitera dia mampiankina amin'ny Faritra ny fitantanana sy ny fampandehanana ireo tetik'asa fampiasam-bolam-panjakana. Ny Faritra tsirairay dia hitantana tetik'asa fampiasam-bolam-panjakana mihoatra ny folo amin'ny taona 2008.

## ***D- NY TROSAM-PANJAKANA***

**TROSA IVELANY**

Amin'ity taona 2008 ity dia hitohy hatrany ny fanalefahana trosa azon'i Madagasikara avy amin'ny IPPTE sy ny IADM nomen'ny IDA sy FAD.

Ny trosa dia aseho efa nialan'ny fanalefahana azo avy amin'ny firenena mpamatsy vola sy ny fikambanana iraisampirenena IADM voalaza etsy ambony. Ny vola haverina amin'ity taona 2008 ity dia ahatratra 69,2 miliara ka 36,9 miliara Ariary ny renivola ary 32,3 miliara Ariary ny zanabola. Tao aorian'ny fanalefahana vokatry ny IPPTE azo avy amin'ny mpamatsy vola iraisam-pirenena hafa, izay mitontaly 16,5 miliara Ariary, dia mihena 52,7 miliara Ariary ny renivola sy ny zanabola haverina.

Ny ampahany isan-taona tamin'ny IADM nomen'ny FMI dia mitentina 36,2 miliara Ariary.

**TROSA ANATINY**

Amin'ny taona 2008, ny zana-bola aloa amin'ny trosa anatiny dia ahatratra 160,6 miliara Ariary. Io tarehimarika io dia ambany kokoa raha oharina ny tamin'ny taona 2007 noho ny fidinan'ny tahan'ny zanabola fanefana ny "bons du Trésor par adjudication".

Ny zana-bola amin'ny trosa anatiny dia ahitana indrindra ny zanabola avy amin'ny "bons du Trésor par adjudication" izay mitentina 102 miliara Ariary, ny zanabola amin'ny famadihana ho taratasimbola ny trosan'ny Banky Foibe amin'ny Fanjakana mitontaly 43,1 miliara Ariary ary ny zanabola amin'ny avansy omen'ny Banky Foibe ny Tahirimbolampanjakana mahatratra 15,9 miliara.

***E- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAMPANJAKANA***

Ny ezaky ny Fanjakana amin'ny fampihenana ny fatiantoky ny kaontin'ny varotra dia mitohy hatrany, indrindra ny mikasika ny tahiry fandoavam-bolan'ny fisotroan-dronono. Noho izany, ny vola miditra sy ny vola mivoaka amin'ny kaontin'ny varotra dia mifandanja ka ahatratra 152,9 miliara.

Ny fandraisana anjara ataon' ny Fanjakana malagasy amin'ireo orin'asampanjakana sy ny fandraisana anjara any amin'ny Sampandraharaha iraisam-pirenena kosa dia mitontaly 12,7 miliara Ariary. Ho setrin'izany dia miandry ny famerenan'ny orinasam-panjakana ny vola nindraminy mitentina 17 miliara ny Fanjakana.

***E- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY***

Ny vola ateraky ny fanomezana sy ny fanampiana avy any ivelany (FCV) araka ny fifanarahana misy dia voavinavina ho 8,5 miliara Ariary. Ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha kosa dia noheverina hahatratra 3,0 miliara Ariary.

***G- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA***

Mba hamatsiana ny filàna ara-bolan'ny Fanjakana dia hivarotra "bons du Trésor par adjudication" eo amin'ny sehatry ny banky sy ny tsy banky ny Tahirimbolampanjakana. Amin'izany, ny vola ho azo, afa-karatsaka, ialàn'ny famerenam-bola dia hahatratra 77,2 miliara.

Ho an'ny taona 2008, ny fetran'ny avansy azon'ny Banky foibe omena ny Tahirim-bolampanjakana dia mitentina 149,3 miliara Ariary.

Ny famatsiana ho entin'ireo mpamatsy vola avy any ivelany, miendrika fampindramam-bola, dia hahatratra 685,4 miliara, izay ahitana ny fanampiana ny tetibolampanjakana ataon'ny Banky Afrikana sy ny Banky iraisam-pirenena mitentina isan'isany 41,6 miliara Ariary sy 71,8 miliara Ariary.

Toy izany sy toy izany no antonanton'izao Lalàna izao.

**LALANA LAHARANA FAHA–2007-033**

**MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA**

**AMIN'NY TAONA 2008**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

**FIADIDIANA NY REPOBLIKA**

# LALANA LAHARANA FAHA – 2007-033 TAMIN'NY 14 DESAMBRA 2007 MOMBA NY LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2008

Nolanian' ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha – 15 novambra 2007 sy ny faha – 28 novambra 2007.

**NY FILOHAN'NY REPOBLIKA,**

Araka ny Lalàmpanorenana;

Araka ny fanapahana laharana faha - 13 - HCC/D3. tamin'ny 13 desambra 2007;

**No mamoaka hampanan-kery ny lalàna izay toy izao ny andinindininy:**

## I FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2008, dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery.

### ANDININY VOALOHANY

Ovàna sy ampiana toy izao manaraka izao ny fepetra ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny Hetra :

**BOKY I**
**HETRAM-PANJAKANA**
**FIZARANA I**
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetran'ny Lohateny I ao amin'ny fizarana voalohan'ny boky I:

**LOHATENY I**
**HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA**
**ZANADOHATENY I**
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA**
**TOKO I**
**FOTO-KEVITRA**

**Andininy 01.01.01**
Noforonina ny hetra isan-taona amin'ny tombom-barotra sy ny vola miditra amin'ny olon-tsotra ary ny fikambanana voalazan'ny andininy 01.01.05.

Io hetra io dia atao hoe hetra amin'ny vola miditra ary arotsaka ao amin'ny Tetibolam-panjakana Ankapobe.

**TOKO II**
**SEHATRA FAMPIHARANA AZY**
**SOKAJY I**
**VOLA MIDITRA ITAKIAN-KETRA**

**Andininy 01.01.02**
Raha tsy sendra misy fanafahana manokana noho ny fifanarahana iraisam-pirenena ifanaovan'ny roa tonta na ny maromaro, na koa fanafahana voalaza mazava amin'ity fehezan-dalàna ity, dia tratry ny hetra amin'ny vola miditra ny vola azo rehetra eto Madagasikara, na inona na inona karazany, azon'ny olon-tsotra na fikambanana izay tsy niharan'ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy, ka ny vola matiny isan-taona afak'haba dia mihoatra na mira Ariary 20.000.000 na azon'ireo nisafidy ny famerana araka ny tena zava-bita.

**SOKAJY II**
**VOLA MIDITRA TSY VOAN'NY HETRA**

**Andininy 01.01.03**
Afahana amin'ny fandoavana ny hetra amin'ny vola miditra:
**1°** Ny zanabola narotsakin'ny Caisse d'Epargne de Madagascar.

**2°** Ny zanabola narotsaky ny Tahirim-bolam-panjakana mikasika ny fisamboram-bolam-pirenena.

**3°** Ny zanabola omena ao anatin'ny taratasy fandraisam-bola.

**4°** Ny vokatra sy ny tombon-tsanda avy amin'ny fivarotana petra-bola na anjara vola sosialy eo ampelatanan'ny sosaiety (par actions) fehezin'ny lalàna malagasy izay manana indrindra fenitra hotratrarina amin'ny fandraisana anjara kely amin'ny renivolam-pikambanan'ny orinasa an-dalam-piforonana na efa misy ;

**5°** Ny vola azon'ireo fikambanana ara-pinoana, ny fiangonana izay tafatsangana ara-dalàna araka ny fepetra voalazan'ny hitsivolana laharana faha-62-117 tamin'ny faha-1 oktobra 1962, ireo fikambanana ekena ho mahasoa ny besinimaro araka ny didim-panjakana sy ny Sampandraharaha mitovy aminy ka ny vola niditra dia tsy ampiasaina afa-tsy amin'ny famatsiam-bola ireo asa manana endrika fanabeazana ara-kolotoraly, ara-tsosialy na fanampiana ho amin'ny fampandrosoana ara-toe-karena.
Na izany aza, ny fanafahana ara-ketra dia tsy mihatra amin'ireo toeram-pivarotana entana na raharaha iandraiketan'ireo sampan'asa sy fikambanana voalaza etsy ambony.

**6°** Ny vola azon'ireo antokon-draharaha na fikambanana tsy manana tanjona ahazoam-bola izay manana tarigetra manokana amin'ny fampandrosoana ny orinasa madinika sy salatsalany.
Ireo antokon-draharaha sy fikambanana voalaza ao amin'ny paragrafy 5° sy 6° eo ambony dia tsy maintsy mametraka any amin'ny birao mahefan'ny hetra amin'ny faran'ny taom-piasana ny tatitra amin'ny zava-bita sy ny filazana toe-bola momba ny asa vita.

**7°** Ny saran'ny raharaha natao tany ivelany mikasika ny fiaramanidina na ny sambo an'ny sosaiety malagasy misahana ny fitaterana an'habakabaka na an-dranomasina izay tsy azo natao teto an-toerana ary koa ireo sara isan-karazany, haba, hetra tsy maintsy naloa tamin'ny fisidinana ny habakabaka, ny fandalovana amin'ny lakandrano, ny fampiasana ny fotodrafitr'asa ao amin'ny seranam-piaramanidina sy seranan-tsambo vahiny.

**8°** Ny zanabola narotsaky ny Tahirim-bolam-panjakana sy ny Banky Foibe ho an'ny firenena hafa na antokon-draharaha mpampidram-bola vahiny nanome fanampiana, miendrika fampindramam-bola amin'ny fanatanterahana ny fanamaintisamolaly eto Madagasikara.

**9°** Ny zana-bola azo avy amin'ny fisamboram-bola voalaza ao amin'ny andininy 01.04.02 sy 01.04.03.

**10°** Ny saran'ny raharaha mikasika ny serasera avy any ivelany nandalo satelita.

## SOKAJY III
## FETRAN'NY TANY AMPIHARANA NY HETRA

**Andininy 01.01.04**

Ho fampiharana ny fepetran'ny andininy 01.01.02 etsy ambony, dia heverina ho azo eto Madagasikara:

**1°** Ny vola niditra azon'ireo fikambanana manana ny foibeny eto Madagasikara, na avy aiza na avy aiza fiaviany;

**2°** Ny vola niditra na avy aiza na avy aiza fiaviany sy na inona na inona karazany, azon'ny olon-tsotra monina eto Madagasikara. Ny dikan'ny hoe Madagasikara eto dia ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny fari-drano ananany zo;

**3°** Ny vola niditra avy amin'ny fanànana zavatra na ny vola azo mifandraika amin'ireo fanànana ireo;

**4°** Ny vola niditra avy amin'ny asa fitadiavam-bola na raharaha manana endrika fitadiavana tombony natao teto Madagasikara ary koa izay rehetra mety ho loharanon-tombontsoa teto Madagasikara.

**5°** Ny vola azon'ireo olon-tsotra na fikambanana avy tamin'ny loharanom-bola malagasy, ka tsy manana ny foibeny na ny fonenany eto Madagasikara ankoatra ireo vola niditra avy tamin'ny sandan'ny fanànana izay efa voan'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena (IRCM).

## SOKAJY IV
## OLONA TRATRY NY HETRA

**Andininy 01.01.05**

**I –** Ireo fikambanana sy olon-tsotra mahafeno ny fepetra mifanentana amin'ny andininy 01.01.02 dia tratry ny hetra amin'izay vola rehetra niditra taminy.

**II –** Ny olona izay manana ny fonenana mahazatra ivelan'i Madagasikara dia tratry ny hetra amin'ny vola miditra azo avy amin'ny loharanom-bola malagasy araka ny hevitry ny andininy 01.01.04.

Heverina ho manana ny fonenana mahazatra eto Madagasikara:

**1°** Ny olona izay manana trano fonenana ka hananany zo maha tompony na mpisitraka na mpanofa eto Madagasikara.

**2°** Ireo izay tsy manana trano fonenana voafaritry ny 1° etsy ambony kanefa dia mivahiny mandritra ny fotoana maharitra eto Madagasikara;

Tratry ny hetra araka ny voafaritra amin'ity lohateny ity toa izany koa ny olona, na manana na tsy manana fonenana mahazatra eto Madagasikara ka mandray tombony na manana fidiram-bola ka ny famerana ny hetra dia natao teto Madagasikara avy amin'ny fifanarahana an'ny roa tonta na iraisam-pirenena mikasika ny fameran-ketra roa sosona.

**Andininy 01.01.06**

Ny mpiombon'antoka ao amin'ny fikambanan'olon-tsotra, ny mambra ao amin'ny fikambanana sy ny sosaiety ary koa ireo mpiombon-dova dia iharan'ny hetra tsirairay araka ny tombom-barotra azony avy ao anatin'ny fikambanana na vondrona, nefa tsy misakana ny fameran-ketra amin'ny vola miditra aminy avy amin'ny zavatra hafa.

**Andininy 01.01.07**

Ho an'ny olon-tsotra, ny mpivady tsirairay dia iharan'ny hetra arakaraka ny tombombarotra sy vola miditra aminy manokana.

Ny vola hamerana ny hetran'ny loham-pianakaviana dia ampiana ny an'ireo zanany izay mbola eo ambany fiantohany araka ny hevitry ny andininy 01.01.16 ato aoriana.

Na izany aza anefa dia afaka mangataka ny fameran-ketra mitokana ho an'ireo zanany izy raha toa ka efa manana fidiram-bola manokana avy amin'ny asany na fananana manokana izy ireo.

Ny vola miditra avy amin'ny fananana mifaka nikambanan'ny mpivady dia voan'ny hetra amin'ny anaran'ny loham-pianakaviana raha tsy hoe mivady araka ny fisaraham-pananana izy. Amin'izay fotoana izy dia ny tompony ihany no voan'ny hetra avy amin'ny fananany madiodio.

## TOKO III
## ZAVA-MITERAKA NY HETRA

**Andininy 01.01.08**

Ho an'ny tombom-barotra na ny vola rehetra niditra hafa tsy miendrika karama, ny hana ifotoran'ny fandoavana ny hetra dia noferana ho amin'ny vaninandro ifaranan'ny taom-piasana.

## TOKO IV
## FOTOTRA AMERANA NY HETRA

**Andininy 01.01.09**

Ny hetra dia ferana isan-taona amin'ny vokatra azo nandritra ny taom-piasana 12 volana nofaranana ny taon-dasa. Io taom-piasana io dia na tsy maintsy hifanitsy amin'ny taonam-bahoaka na itarina manomboka ny 1 jolay ny taona iray ka hatramin'ny 30 jiona ny taona manaraka.

Na manao ahoana na manao ahoana, raha tsy hoe misy fanomezan-dàlana manokana avy amin'ny Lehiben'ny Sampandraharaha misahana ny famerana ny hetra, ny orinasa vao niorina ihany no mahazo mametra ny fotoam-piasany voalohany ho tafahoatra na ho latsaky ny 12 volana ary tsy mahazo mihoatra ny 18 volana anefa. Amin'izay dia vokatr'io taom-piasana io no amerana ny hetra.

**Andininy 01.01.10**

Ny fototra hamerana ny hetra dia ny tombom-barotra afa-karatsaka azo avy amin'ny vokatra rehetra tamin'ny raharaha isan-karazany nataon'ny orinasa, ao anatin'izany ireo vokatry ny fivarotam-pananana sasantsasany nandritra ny taom-piasana na amin'ny farany ary ireo tombony na vola azo hafa.

Esorina amin'izany kosa ny fandaniana niantsorohana ka nenti-nanana ny fihariana sy ny fikajiana ny vola niditra ary tsy maintsy nilaina mba hampandeha ara-dalàna ny raharaha an'isany izany indrindra :

**1°** Ny fandaniana rehetra ankapobe na teto an-toerana na tany ivelany, ny karaman'ny mpiasa sy ny fandaniana natao mahazatra. Na izany aza anefa, ny hetra amin'ny vola miditra amin'olon-tsotra nefain'ny mpiasa iray na maro dia tsy azony esorina amin'ny tombom-barotra, kanefa dia tsy voakasik'izany ny fakana ny hetra mikasika io tombontsoa manokana io amin'izay olona nahazo azy. Ny karama mifanentana amin'ny asa natao sady tsy tafahoatra ny tokony ho izy raha jerena araka ny raharaha vita.

Na izany aza anefa dia tsy azo esorina ny karama na ampahan-karama sy tsy manana endrika fampitomboana be loatra mihoatra amin'ny karazany avy sy ny halehiben'ny raharaha natao.

Tsy azo ekena ny fanesorana:

- ny karama na ampahan-karama izay tsy nanaovana filazana ara-dalàna tany amin'ny CNAPS, sy tsy nandoavana hetra alaina amin'ny vola miditra an'olon-tsotra raha toa ka tsy anisan'ireo afahana amin'ny hetra.
- ny karama, ny vola noraisina na inona na inona iantsoana azy nomena ny mpamokatra na ny vadiny.

**2°** Ny fanavotam-bidy izay tena nataon'ny orinasa izay nampiasana ny taha farany ambony voafaritry ny fanapahan'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipaka momba ny hetra isaka ny karazan'entana sy karazan'asa, ao anatin'izany ny fanavotam-bidy izay efa nokajiana nandritra ny taom-piasana nahitana fatiantoka teo aloha raha toa izany ka tafiditra tao anatin'ny fandraisana an-tsoratra voalazan'ny andininy 01.01.19 manaraka eto. Na izany aza, ireo fiaramanidina nampiasaina ho an'ny filan'ny orinasa izay tsy nampanofaina na nanaovana asa fitaterana nitadiavam-bola, ny fanavotam-bidy faka isan-taona ekena ho esorina dia kajiana ho 50 isan-jaton'ny vidiny nividianana azy. Mikasika ireo fananana mifaka nampanofaina, ny fanavotam-bidy faka isan-taona dia tsy tokony hihoatra ny 15 isan-jaton'ny hofany ankapobe izay raisina isan-taona any amin'ireo fananana ireo.

Io fepetra io anefa dia tsy mihatra amin'ireo fananana mifaka ampanofaina sady fananan'ireo sosaity manao ny asa fampanofàna.
Io fanavotam-bidy io dia azo kajiana araka ny faharetan'ny fanavotam-bidy fahita manaraka ireto fepetra ireto :

- **a)** Ny fanavotam-bidy ampiharina amin'ny fananana fampitaovana ankoatr'ireo trano fonenana, toeram-panorenana na trano anaovana asa, dia azo kajiana araka ny fanavotam-bidy mihena an-dalana maharitra.
- **b)** Ampiharina ny taha tsy miova 30isan-jatony ho an'ny ambim-bidin'ny fananana.
- **c)** Ho an'ny fikajiana ny fotoam-paharetan'ny fanavotam-bidy ny nahazoana ny fananana dia kajiana ho tahaka ny herintaona feno ihany na dia azo tao anelanelan'ny taona aza.

**d)** Ny fanavotam-bidy izay tafiditra tao anatin'ny taom-piasana nahitàna fatiantoka dia azo ampidirina ao anatin'ny taom-piasana voalohany manaraka nahitan-tombony miampy izay afaka isan-taona mikasika io taom-piasana io.

**3°** Ireo vatsy vola fiandry nomanina mba hiatrehana ireo vesatra na fahaverezam-bidy izay efa nampahafantarina ny fisehoan-javatra nitranga raha toa ka tena hita tao amin'ny fitanana an-tsoratra sy tafiditra tao amin'ny vatsy voalazan'ny andininy 01.01.19 manaraka eto.
Na izany anefa, ny fahaverezam-bidy tamin'ny tahirin'entana sy mandritra ny fotoam-piasana ary ny vola nampisamborina mikasika ny fandraisan'anjara dia tsy azo ekena ho esorina.

Ny fahaverezam-bidy na vatsy rehetra na amin'ny ampahany izay nampiasaina amin'ny tsy tokony nanaovana azy na nanjary tsy nilaina amin'ny taom-piasana manaraka dia entina amin'ny vokatr'io taom-piasana io. Raha toa ka tsy nataon'ny mpandoa hetra ny tatitra momba izany, ny fanjakana dia afaka manao ny fanitsiana ilaina raha vao tsapany fa misy ireo tsy nampiasana azy. Amin'izay fotoana izay, ny vatsy sy fahaverezam-bidy, raha ilaina, dia ampidirina ho vola niditra ho an'ny taom-piasana taloha izay hahafahan'ny fanjakana mampiasa ny fahefany mandray izany.

Ny fomba fampiharana ny vatsy azo ampiasana ho an'ireo sehatra mpitrandraka harena ankibon'ny tany dia faritan'ny fanapahan'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra.

Ny fahaverezam-bidy amin'ny kaontin'ny mpividy dia azo esorina raha toa ka mifanaraka amin'ny fepetra takian'ny fahaverezam-bidy.

Ambonin'izany, ny vola nampisamborina dia tokony hazava tsara ary manaraka ny fombafomba fanaovana raharaham-pihavanana sy/na ara-pitsarana.

Na tsy raisina aza ny fepetry ny andalàna faharoa amin'io paragrafy io, ny fahaverezam-bidy amin'ny tahirin'akora ilaina amin'ny fambolena dia ekena esorina fa tsy mihoatra kosa ny 5 isan-jaton'ny vidiny tamin'ny faran'ny taom-piasana. Izany dia tokony hamafisin'ny taratasy maneho ny karazany, ny habetsahany sy ny vidin'ireo vokatra.

**4°** Ny zanabola naloa taman'olona. Na izany aza anefa, ny zanabola nomena ny mpiombon'antoka noho ny vola narotsany tao amin'ny kitapom-bola iraisana ambonin'izay anjarany ao amin'ny renivola, raha toa ka efa voarotsaka avokoa ny renivola, ny zanabola azo esorina dia voafetra amin'izay mifanaraka amin'ny fandraisana vola tsy mihoatry ny indroan'ny renivola araka ny taha izay tsy tokony hihoatran'ny any ny Banky Foiben'i Madagasikara izay tataovana isa roa.

Ho an'ireo orinasa an'olon-tokana, dia tsy azo esorina ny zanaky ny renivola napetraky ny tompon-draharaha na ny vadiny

**5°** Ny hetra aman-kaba isan-karazany mifandray amin'ny asa aman-draharaha ankoatra ny hetra amin'ny vola miditra, izay andraikitry ny mpandoa hetra sy tokony novoriana nandritra ny taom-piasana. Na izany aza anefa dia ampahan'ireo hetra mikasika ny raharaha natao teto Madagasikara ihany no azo esorina.
Raha misy fampihenana azo aty aoriana mikasika ny hetra efa nesorina, dia ampidirina ho isan'ny vola azo nandritra ny fotoam-piasana ny fampandrenesana ny fanapahana nahazoana izany.

Ankoatra izany, dia tsy heverina ho hetra, ka tsy azo esorina amin'ny tombom-barotra ameran-ketra ny fifanarahana, lamandy, ny famaboana ary ny sazy isan-karazany, nampiharina tamin'ilay mpandoa hetra noho ny fandikana ny lalàna amam-pitsipika mifehy ny vidin-javatra, ny famatsiana, ny fitsinjarana ny vokatra, ny famerana sy fandoavana ny hetra aman-kaba ary ny fitsipika mikasika ny takalo vola ivelany sy ny asa. Ny hasintanana sy ny vola hafa naloa mikasika ireo sazy voalaza ireo dia heverina ho mitovy karazana amin'izy ireo ihany, eo amin'ny lafiny mikasika ny hetra, ka noho izany dia tsy azo esorina amin'ny tombom-barotra koa.

**6°** Ny vola narotsaky ny mpandoa hetra ho an'ireo fikambanana misahana ny fanabeazana sy fampianarana sy ara-tsosialy, ny antokon-draharaha nankatoavina hanao fikarohana ara-tsiantifika na tekinika na fampandrosoana sy famoronana orinasa mandray anjara amin'ny tanjona voalazan'ny planina ara-toekarana sy sosialy, dia ekena ho esorina ao amin'ny tombombarotra izay tsy tokony hihoatra ny 5 isanarivon'ny vola maty tao anatin'ny taom-piasana iray.

**7°** Ny vola aloa any amin'ny renin'orinasa any ivelany izay tsy mihoatra ny 1 isan-jaton'ny vola maty eto an-toerana ho an'ireo orinasa vahiny eto Madagasikara.

**8°** Ny fanomezana natolotra na vola io na zavatra tamin'ny fisian'ny voina na loza voajanahary.

**9°** Ny vola fanomezana natolotra ho an'ny fikambanana niforona araka ny didim-pitondrana ho amin'ny tombontsoam-pirenena.

**10°** Ireo vola omena noho ny zaza velomina sy ny vola omena ho onitry ny fahavoazana nahazo ny olona omena azy ka misy taratasy fanamarinana ny nandoavana ireo.

**11°** Ny fatiantoka nandritra ny taom-piasana teo aloha ka tsy voaaisotra tamin'ny vokatra tamin'izany fotoana izany. Izany dia azo esorina ao anatin'ny dimy taona manaraka. Io fanesorana io dia atao alohan'ny fanesorana ny fanavotam-bidy nitarina ny fampiharana azy.

**12°** Ny vola lany tamin'ny fikarohana na fitiliana natao mba hanokafana sy hametrahana toeram-pivarotana any ivelany, ny orinasa mpanao fanadihadihana, ny orinasa mpanome toro-hevitra ary koa ireo vesatra iantsorohany mba hampandeha io orinasa io mandritra ny telo taona voalohan'ny taom-piasana.

Ny vola nesorina tamin'ny tombom-barotra araka ny fampiharana ny andalana eo ambony dia entina atao zara mitovy ao amin'ny tombom-barotra voan'ny hetra tao anatin'ny dimy taona nifanarakaraka manomboka ny taom-piasana fahadimy manaraka ny taona nifaranan'ilay toeram-piasana na birao.

Na izany aza anefa, ireo mpikambana ao amin'ny foibe-pitantanana dia mahazo fampienana 50 isan-jaton'ny fototra famerana ny hetra nefa tsy mihoatra ny Ar 8 000 000 raha toa ka mahafeno ireo fepetra voalazan'ny didy amam-pitsipika.

**<u>Andininy 01.01.11</u>**
Ampiharina ny fomba famerana hetra manokana azo isafidianana ho an'ny fampitambarana ny sosaiety. Io safidy io dia tokony ho voafaritra ao amin'ny ifanaraham-panambarana izay hakana ny fahazoan-dalan'ny Ministra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra amin'ny alalan'ny fanapahana.

Io fomba io dia manafaka ny hetra amin'ny vola miditra ho an'ilay sosaiety tafiditra anatiny, ny tombombarotra afakaratsaka azo avy amin'ireo fanana tsy mihetsika noho ny fampitambarana sy ny fiandry izay tsy misy ilàna azy ao amin'ny todikefa.

Ho takalon'izany, ny sosaiety nitroka dia miantoka ao anatin'ny taratasim-panambarana hampiditra ao anatin'ny vokatra ny tombom-barotra sy ny fiandrin'ilay sosaiety voatroka izay nahemotra ny fitakiana ny hetrany amin'ny taom-piasana nahavitana ny asa ary hampiditra ao anatin'ny tombombarotra voan'ny hetra ny tombombarotra azo avy amin'ny fitondrana ireo fanana azo anaovana fanavotam-bidy.

Io fampidirana io dia azo atao tsikelikely mandritra ny fotoana tsy mihoatra ny dimy taona ka isan-taona dia tsy tokony ho latsaky ny iray ampahadimin'ny tombombarotra.

Raha toa ka misy fivarotana atao ao anatin'ny dimy taona aty aoriana manaraka ny daty nanaovana ny fanambaràna, ny tombom-barotra voan'ny hetra dia kajiana araka ny vidin'entana tao anatin'ny bokin'ilay sosaiety voatroka.

Ireo fepetra ireo dia ampiharina ihany koa ho an'ny fizarazarana sy fitondrana vola amin'ny ampahany ataon'ny fikambanana.

## TOKO V
## TOERANA ITAKIANA NY HETRA

**<u>Andininy 01.01.12</u>**
Ny toerana itakiana ny hetra dia ao amin'ny misy ny foibe na ao amin'ny toeram-ponenana na raha tsy izany dia ao amin'ny misy ny toerana itantanana izay toeram-piasana lehibe indrindran'ny fikambanana.

Na izany aza, raha toa tsy ny foibe na ny toerana itantanana no manana ny fitanan-kaonty, ny toerana itakiana ny hetra dia amin'ny toerana hanaovana ny todikefa rehetra an'ny mpandoa hetra.

## TOKO VI
## FOMBA FAMERANA NY HETRA

**<u>Andininy 01.01.13</u>**
**I –** Ho an'ireo olona manana vola maty sy/na vola miditra mihoatra na mira Ariary 200.000.000 sy ho an'ireo nisafidy ho amin'ny haba amin'ny tataom-bidy (TVA) araka ny voalazan'ny andininy 06.01.04, ny fomba famerana ny hetra dia araka ny vokatra marina.

Amin'ny famerana ny hetra amin'ny vola miditra efain'ny orinasa miankin-doha na afa manara-maso orinasa any ivelan'ny Madagasikara, dia ampidirina anisan'ny vokatra asehon'ny bokin-draharaha ny tombom-barotra naondrana an-kolaka amin'ireny orinasa any ivelany ireny na tamin'ny alalan'ny fampakarana na fampijotsoana vidin'entana, na amin'ny alalan'ny fanomezana karama mihoampampana, na amin'ny fomba hafa rehetra.

Toraka izany koa no hatao amin'ireo orinasa miankin-doha amin'ny orinasa na fivondronan'orinasa izay afa manara-maso orinasa any ivelan'i Madagasikara.
Ny fitanan-kaonty tazonin'ny sosaiety vahiny izay manana sampana na masoivoho iray na maro et Madagasikara dia tsy azo enti-miady amin'ny Sampandraharahan'ny hetra raha tsy mampiseho ny tombom-barotra azo teto an-toerana avy amin'ireo sampana na masoivoho ireo.

Raha tsy misy zavatra mazava azo raisina ho enti-mametra ny tombom-barotra ireny orinasa ireny, na ho enti-manao ny fanitsiana voalazan'ity andininy ity, dia ampitahaina amin'ny vokatra azon'ny orinasa tantanina amin'ny fomba mahazatra eto Madagasikara ny tombom-barotra hamerana ny hetra.

**II –** Ho an'ireo olona manana vola maty na manana vola miditra eo anelanalan'ny Ariary 20.000.000 sy Ariary 200.000.000, ny famerana ny hetra dia kajiana araka ny tena zava-bita notsorina.

**TOKO VII**
**FIKAJIANA NY HETRA**

**Andininy 01.01.14**

**I -** Ny tahan'ny hetra dia ferana ho 25 isan-jatony.
Rehefa mikajy ny hetra, dia boriboriana ho eo amin'ny zato ariary ambaniny ny tarehimarika ny tombom-barotra hamerana azy.

Ny hetra nokajiana araka ny fepetra aloha io dia mihena amin'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fanànana, rehefa misy fanamarinana, raha toa ny tombom-barotra voan'ny hetra ka misy vola niditra izay efa nandoavana hetra ka tsy niteraka famerenana hetra.

Kanefa, na eo aza ny zava-boalazan'ny andininy 01.01.02 etsy aloha, dia misy hetra farafahakeliny tsy maintsy takiana amin'ny olona rehetra tafiditra ao amin'ny sehatra ampiharana ny hetra na manao ahoana na manao ahoana vokatra azony raha mbola mijoro koa izy tamin'ny voalohan'ny volana janoary amerana ny hetra.

Heverina indrindra ho toy ny mijoro ny olona/fikambanana mbola tsy namono anarana tao amin'ny rejistry ny varotra, ary na dia efa voavono anarana tao aza, ka mbola tsy nametraka ny sora-pandravana sy fizaram-pananana na filazam-pijanonan'asa ao amin'ny birao na foibe ara-ketra mahefa.

Kanefa, ny hetra kajiana amin'io taom-piasana io dia tsy tokony ho latsak'izay hetra farany ambany voafaritra manaraka eto :

- Ariary 100.000, tataovana 5 isan'arivon'ny vola maty isan-taona afak'haba tamin'ny taom-piasana ho an'ireo fikambanana miasa ho an'ny fambolena, fitrandrahan-karena, tao-zavatra, indostria, ankibon'ny tany, mikasika ny trano fandraisam-bahiny, fizahan-tany na ny fitaterana.
- Ariary 320.000, tataovana 5 isan'arivon'ny vola maty afak'haba isan-taona ho an'ireo orinasa hafa tao anatin'ny taom-piasana.

Na izany aza, io hetra farany ambany io dia 1 isan'arivon'ny vola maty afak'haba tao anatin'ny taom-piasan'ireo mpandoa hetra mpivarotra solika atsinjarany.

Ireo rafi-pitantanana asa momba ny famatsiambola madinika ifampitsinjovana dia afahana amin'ny hetra amin'ny vola miditra sy ny hetra fandoa fara-fahakeliny mandritra ny dimy taona voalohany niasany nanomboka tamin'ny vaninandro niforonany tanteraka, ary nahazo tombon-tsoa fampihenan-ketra 50 isan-jato hatramin'ny taonan'ny taom-piasana fahafolo.

Ireo rafi-pitantanana asa momba ny famatsiambola madinika tsy ifampitsinjovana, dia afahana amin'ny hetra amin'ny vola miditra sy ny hetra fara-fahakeliny ho an'ny taom-piasana dimy taona voalohany manomboka amin'ny vaninandro niforonany tanteraka.

**II –** Ho an'ireo olona voatondron'ny andininy 01.01.05 **II**, dia ampiharina ny taha 10% amin'ny vola naloa ho an'ny olon-tsotra, sosaiety na fikambanana tsy manana fananan-draharaha mifaka eto Madagasikara ho saran'ny asa isan-karazany natao miharihary na nampiasaina tanteraka teto Madagasikara.

Ny hetra dia sahanin'ny olona mpisitraka ny vola miditra. Izy io dia tanana ary arotsaka any amin'ny mpamory hetra mahefa ara-paritra ataon'izay nanaovana ny asa mihitsy sady novitaina miharihary tao anatin'ny fe-potoana iray volana aorian'ny volana nanaovana ny fitazonan-ketra.

## TOKO VIII
## FANDOAVANA NY HETRA

### AMPAHAM-BOLA NAROTSAKA MIALOHA

**Andininy 01.01.15**

Ny hetra amin'ny vola miditra amin'olon-tsotra amin'ny taona itsahina, kajiana amin'ny haba naloa tamin'ny taon-dasa ka aloa mialoha araka izay fepetra raisin'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra.

Ho an'ny tompon-tsenan-draharaha amin'ny Fanjakana, dia akana dimy isan'arivo ny sora-bola, aloa mialoha amin'ny fotoana firaiketana am-boky ny fifanarahana.

Ny mpandoa hetra izay mahatsapa fa ny fitambaran'ny ampaham-bola narotsany mialoha dia mitovy na mihoatra noho ny vola tokony haloany amin'ny taona itsahina, dia afaka tsy mandoa vola mialoha intsony, ka amin'izany dia manao fanambaràna voasonia sy misy daty any amin'izay tompon'andraikitra amin'ny famorian-ketra tamin'ny taon-dasa, mialoha ny daty voalaza handrotsaha azy.

Raha hita fa ny haba tokony ho naloany dia kely noho ny vola naloany mialoha araka ny fepetra voalaza eo ambony, ny vola naloa mihoatra ny tokony ho izy, dia ahazoany sora-bola andoavana haba, izay hamarinin'ny fandraharahana momba ny hetra ary azony esorina amin'ny haba sy ny toa azy aloany aoriana.

## TOKO IX
## FAMPIHENAN-KETRA NOHO IREO OLONA LOLOHA

**Andininy 01.01.16**

Ny olona voan'ny hetra amin'ny vola miditra dia manana zo fampihenan-ketra efa-jato sy roa arivo ariary isan-taona isam-batan'olona loloha.
Atao hoe olona loloha ireo olona tsy manana fidiram-bola hafa hamerana ny hetran'ny mpandoa hetra iray.

**1°** Ny zanany sy ny an'ny vadiny, ao anatiny koa ny zanaka natsangana ara-dalàna, latsaky ny iraika amby roapolo taona amin'ny voalohan'ny volana Janoary ny taona hamerana ny hetra na manan-kilema latsaky ny dimy amby roapolo taona raha mbola manohy ny fianarany.

**2°** Ny Ray aman-dreniny sy ny an'ny vadiny tsy manana loharanon-karena voajanahary.
Ny fampihenan-ketra noho ny olona loloha dia omena ny iray amin'ny mpivady izay mandray vatsim-bolam-pianakaviana.

## TOKO X
## ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA

**Andininy 01.01.17**

Ny olona voan'ny hetra dia tsy maintsy manao filazana isan-taona ny vola niditra araka izay voafaritra ao amin'ny andininy 01.01.09 hatramin'ny 01.01.11 eo ambony, ny vola niditra tamin'ny taona teo aloha araka izao fe-potoana izao :

**1°** ho an'ny olona manana taom-piasana ara-pitatanan-kaonty mifanandrify amin'ny taom-bahoaka : alohan'ny 16 may-n' ny taona manaraka.

**2°** Ho an'ny olona manana ny taom-piasana ara-pitatanan-kaonty mifarana ny 30 jiona: alohan'ny 16 novambra io taona io.

**3°** Ho an'ny olona manana taom-piasana hafa noho ireo ao amin'ny 1° sy 2° eo ambony: ao anatin'ny efa-bolana nifaranan'ny taom-piasana, tataovana dimy amby roapolo isan-jaton'ny hetra aloa amin'ity farany ity.

Ny Filazana izay voasonia dia omena ny Inspecteur na controleur-n'ny hetra mahefa eo amin'ny toerana hamerana ny hetra araka izay voalazan'ny andininy 01.01.12 eo ambony, ka omeny tapakila naharaisany azy izy amin'izany.

Ho teteza-mita, ny mpandoa hetra izay manana manokana taom-piasana mihoatra ny roa ambin'ny folo volana, ho fampiharana ny fepetra voalazan'ity andininy ity, dia tsy maintsy manao filazana vonjimaika ny

vokatra nandritra ny roam-polo volana isaina manomboka ny nametrahany todikefa farany raha mihoatra ny valo ambin'ny folo volana ny taom-piasana. Io filazana io dia tsy maintsy atao ao anatin'ny telo volana manaraka ny nifaran'ny roambinifolo volana voalaza.

**Andininy 01.01.18**

Ny sosaiety manana andraikitra voafetra sy ny fiaraha-monin'olon-tsotra voan'ny Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena, ka manana endrika na toetry ny sosaiety manana andraikitra voafetra dia tsy maintsy manome filazana misy:

**1°** Ny anarana, fanampin'anarana, fonenan'ny mpiombon'Antoka sy ny mpiombon'antoka mitantana;

**2°** Ny sora-bola narotsaka ho an'ireo mpiombon'antoka mpitanatana na mpiombon'antoka tsirairay mandritry ny fotoana raikitra amerana ny hetra alaina amin'ny karama, tambin-karama, ny famerenana amparitra ny sara sy sandan'ny karaman'izy ireo ao anatin'ny sosaety ary koa ny taona nandrotsahana izany vola izany.

**3°** Ny isan'ny anjara na tompony na mpisitraka ny mpiombon'antoka tsirairay.

**Andininy 01.01.19**

Ny olon-tsotra voan'ny famerana araka ny tena zava-bita sy ny sosiaiety na ohatrinona na ohatrinona ny vola maty dia tsy maintsy mitana kaonty ara-dalàna ary andraikiny koa ny mandrotsaka miaraka amin'ny filazana voalazan'ny Andininy 01.01.17 eo aloha – dika mitovy ny todikefa,

- Kaontin'ny vokatra  isaky ny asany
- Kaontin'ny vokatra  isan-tsokajiny
- Tabilaon'ny fizotry ny rakibola
- Sarim-piovaovan'ny renivola madiodio
- Tovan'ny filazana ny toe-bola
- Filazana amin'ny an-tsipiriany ny fandaniana azo esorina eo amin'ny tarehimarika telo araka ny drafi-pitantanan-kaonty manan-kery , dikan'ny fanavotam-bidy sy vola vatsy izay nalaina tamin'ny tombom-barotra ka voatondro mazava ao ny anton'ny fanavotam-bidy sy ny vatsy, ny filazana ahitana ny anarana sy adiresin'ireo mpandray tombontsoa amin'ny zana-bola na reni-vola voasoratra ho fandaniana ny sora-bola noraisin'ny tsirairay avy. Ny orinasa mpampisambotra anefa dia tsy voatery hanana ny filazana ireo mpandray tombontsoa amin'ny zana-bola sy ny taratasim-bola ao aminy.

**Andininy 01.01.20**

Ny fitanan-kaonty ara-dalàna voalazan'ny andininy eo aloha dia ny fitanan-kaonty mifanaraka amin'ny drafi-pitan tanan-kaonty 2005 navoakan'ny Didim-panjakana laharana faha-2004-272 tamin'ny 18 febroary 2004, ka tsy maintsy misy ny boky voadidin'ny lalàna tsy maintsy tànana araka ny voalazan'ny andininy faha 8 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan-dalàna mifehy ny varotra ; ary ny boky be voadidin'ny didim-panjakana eo ambony. Ireo boky ireo dia voa-isa sy voarangom-pohy ny manampahefana voatondron'ny Fehezan-dalàna mifehy ny varotra na ny Inspecteur na ny Cntrôleur-n'ny hetra. Ny raharaha rehetra dia voasoratra ao isan'andro isan'andro, tsy misy fotsy na hosoka.

- Ny boky voalazan'ity andininy ity, ary koa ireo taratasy fanamarinana ny asa natao dia tsy maintsy tehirizina mandritry ny fetra 10 taona manomboka ny voalohan'ny volana janoary manaraka ny taona naha-tapitra ny boky na nanaovana ny taratasy fanamarinana.
- Ny orinasa mivarotra amin'ny antsinjarany ka tsy afa-manome faktiora misy ireo fepetra rehetra ilaina, isaky ny varotra vita dia omen-dàlana hanao isam-bolana ny taratasy fanamarinana ahitana ny varotra natao mandritry ny fotoana voalaza, ary tsy maintsy tehirizina mandritry ny fe-potoana raikitra voalaza eo ambony izany taratasy izany.
- Ny orinasa izay mividy entana amin'olona na amin'orinasa voatondron'ny andininy 01.02.02 amin'ity fehezan-dalàna ity dia omen-dàlana hanome taratasy fanamarinana ho solon'ny faktiora amin'ny mpivarotra, raha toa ka entana hamidy ireo novidiany ireo, ka ny taratasy fanamarinana dia ahitana ny anarana sy adiresin'ny mpivarotra, ny karazan'entana amidy, ny vidiny singany iray, ary ny totalim-bidy ka voamarin'ny mpivarotra, ao amin'ny taratasy ny fahamarinana izany.

**Andininy 01.01.21**

Ny orinasa an'olon-tsotra, sy ny olon-tsotra ampiharana ny famerana ny hetra araka ny zava-bita notsorina voafaritry ny andininy 01.01.13 II dia tsy maintsy mitana kaonty araka ny rafitra kely indrindra ahafantarana ny vola kirakirainy, sy ny ambim-bava vokatry ny asa, miampy :

- Ny filazana ireo fandaniana tamin'ny fandraharahana ;
- Ny tabilaon'ny fanavotam-bidy ;
- Ny filazana ny vola enti-miomana sy ny fatiantoka amin'ny sanda.

Ho fampiharana ny lalàna momba ny hetra, izy ireo dia afaka tsy manome ireo antontan-taratasy ara-kaonty voatondron'ny andininy 01.01.19 sy 01.01.20, fa tsy maintsy kosa mitàna ny rejistry ny vola miditra sy ny vola mivoaka, io rejistra io dia voaisa ary voarangompohin'ny Inspecteur na Contrôleur-n'ny hetra mahefa alohan'ny ampiasana azy.

Ny Filazana voasonia dia alefa any amin'ny Inspecteur na Contrôleur-n'ny hetra ao amin'ny toerana hamerana ny hetra, omeny tapakila amin'izany.

## TOKO XI
## FEPETRA SAMIHAFA

**Andininy 01.01.22**

Raha toa ka namidy na natsahatra manontolo na amin'ny am-pahany ny orinasa dia ferana avy hatrany ny hetra mbola tsy voaloa.

Ka ferana araka izay voalaza ao amin'ny andininy 01.01.09 ka hatramin'ny 01.01.11 ny vola aloa amin'izany.

Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy mampilaza ny Contrôleur, na ny Inspecteur-n'ny hetra mahefa izany fivarotana na fitsaharana izany ao anatin'ny folo andro araka izao voatondro izao, raha misy dia, ny anarana, ny fanampin'anarana sy adiresin'ny mpividy. Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy manome ireo zavatra ilaina eo ambony ireo ary ny ankoatra izany. Ny filazana ny vola miditra tamin'izy ireo miaraka amin'ireo taratasy voatondron'ny andininy 01.01.19 eo ambony miaraka amin'ny fitanisana amin'ny antsipirihany ny fananana enti-miasa tamin'ny datin'ny fitsaharana na fivarotana io. Manomboka mihatra ny fe-potoana folo andro :

- Manomboka amin'ny andro namoahana ho fanta-bahoaka an-gazety ny filazana araka ny lalàna fivarotana, raha toa ka tokotanim-barotra ilay fananana;
- manomboka amin'ny andro nandraisan'ilay namindrana ny fitantanan-draharaha, raha orin'asa hafa na afindra tanàna;
- manomboka amin'ny andro nikatonan'ny trano fiasana raha fijanonan-draharaha no atao.

Ferana avy hatrany tsy misy fierana araka ny fepetry ny andininy 20.03.01 sy ny manaraka azy ny hetran'izay tsy nanome ireo dinidinika voalaza ao amin'ny andalana voalohan'ity andininy ity, na nangatahana ny fanamarinana ilaina momba ny filazana ny vola miditra, kanefa nihenahena tsy nanome izany tao anatin'ny folo andro manaraka ny nandraisany ny filazana izay nalefa taminy.

Ferana araka ny lalàna manan-kery amin'ny voalohan'ny volana janoary amin'ny taona anaovana ny famindran-tanana na ny fijanonana ny hetra mikasika ny vola miditra voalazan'ity andininy ity.

Takiana avy hatrany manontolo ny hetra noferana araka izany.

**Andininy 01.01.23**

Na maimaim-poana na nandoavam-bola ny famindran-tanana, ary na an-tsitrapo na an-tery, dia miombona andraikitra amin'ilay namindra ilay namindrana mikasika ny fandoavana ny hetra tamin'ny vola niditra azon'iry voalohany nandritra ny taona na taom-piasana nisian'ny famindrana mandram-pahatongavan'ny vanin'andro nanaovana azy, ary koa izay mikasika ny tombom-barotra azo tamin'ny taona na taom-piasana talohan'io, raha toa ka tao anatin'ny fe-potoana fanaovana filazana no nisian'ny famindran-tanana, ka mbola tsy nanaovan'ilay namindra filazana talohan'io famindran-tanana io ireo tombombarotra.

Na izany aza anefa, dia tsy tompon'andraikitra amin'ny vola mihoatra ny vidin'ilay harem-barotra ilay namindrana, raha namidy ny harem-barotra, na izay tombam-bidy namerana ny saram-pamindrana amin'ny samy velona, raha natao maimaim-poana ny famindrana. Tsy azo arahina koa izy afa-tsy mandritra ny fe-potoana enim-bolana manomboka amin'ny andro nanaovana filazana voalazan'ny andininy 01.01.22 etsy ambony, raha vita tao amin''y fe-potoana ara-dalàna io filazana io, ary manomboka amin'ny fahataperan'io fe-potoana io kosa, raha toa tsy vita ny filazana.

**Andininy 01.01.24**

Raha misy ny fahafatesan'ny mpandoa hetra amin'ny vola miditra dia mihatra ny fepetry ny andininy 01.01.22.

Ny vola niditra tamin'ny maty manomboka tamin'ny faran'ny taom-piasana hatramin'ny daty nahafatesany dia iharan'ny hetra araka ny fepetra mihatra tamin'ny volana janoary ny taona nahafatesany. Toraka izany ihany koa ny vola niditra izay ny fizarana na ny fandoavana azy dia vokatry ny fahafatesan'ny mpandoa hetra ka tsy mbola voan'ny hetra tany aloha sy ireo izay azo fa tsy teo am-pelatanana alohan'ny nahafatesany.

Ny filazana ny vola niditra voafaritry ny andalana eo aloha dia tokony omen'ireo nandova ny maty ao anatin'ny enim-bolan'ny daty nahafatesany. Io filazana io dia iharan'ny fitsipika sy ny sazy voatondro amin'ny fanaovana filazana isan-taona.

Amin'ny ilàna azy, ny latsakemboka mikasika izany dia asiana tatao araka ny voalazan'ny andininy 20.01.56.1.

Ireo hetra voakajy sy izay rehetra hetra tokony ho nefain'ny mpandova ny loham-pianakaviana maty dia lasa trosa azo esorina amin'ny fananana lovaina izay angalana ny saram-pamindran-tompo amin'ny fahafatesana. Izany anefa dia tsy azo esorina amin'ny vola niditra tamin'ny mpandova rehefa mametra ny hetrany.

**Andininy 01.01.25**

Ny olon-tsotra izay nifindra monina ho any ivelan'i Madagasikara dia tsy maintsy manefa ny hetra amin'ny vola miditra mikasika ny vola azony nandritra ny taona nandaozany an'i Madagasikara sy ireo izay azony tao aorian'ny taom-piasana farany efa notakiana hetra taminy, ao anatin'izay ireo vola azony nefa mbola tsy voarainy talohan'ny nandehanany.

Ny vola miditra voalaza amin'io andalana ambony io dia akana hetra araka ny lalàna manan-kery amin'ny voalohan'ny janoary amin'ny taona niaingan'ilay mpandoa hetra.

Ao anatin'ny telopolo andro mialoha ny vanin'andro heverin'ny mpandoa hetra fa hialany eto Madagasikara no tsy maintsy hametrahany ny filazana vonjimaika ny vola miditra tokony hakana hetra araka ny voalazan'ity andininy ity ao amin'ny biraon'ny hetra mahefa. Voafehin'ny fitsipika sy ny sazy fanao amin'ny filazana isan-taona koa izany filazana izany, ary raha ilaina, dia azo fenoina mandram-pahatapitry ny volana roa voalohany amin'ny taona manaraka ilay niaingana. Raha tsy misy fanitsiam-pilazana ao anatin'io fe-potoana io dia heverina ho toy ny nohamafisin'ny mpandoa hetra ny filazana vonjimaika nataony.

## ZANADOHATENY II
## SARA SY HETRA MIVANTANA ALAINA AMIN'NY SOLIKA (IDH)

**Andininy 01.01.26**

Ireo sosaiety izay manao asa fitiliana, fitadiavana, fitrandrahana, famokarana, fitaterana sy fanadiovana solika eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy fari-dranomasiny, izay asa voafaritry ny Fehezan-dalàna momba ny solika, noho ny asany sy ny vokatry ny asany dia iharan'ny hetra izay voafaritr'ity zanadohateny ity.

### TOKO I
### SARA

**Andininy 01.01.27**

Ireo sosaiety voalaza ao amin'ny andininy 01.01.26 etsy ambony dia tokony hanefa ny sara alaina amin'ny fitrandrahana tamin'ny solika voatrandraka teny amin'ny faritra ka hananany boky fanamarinana ny maha-tompon'ny tany fitrandrahana sy famokarana.

Ny sara alaina amin'ny fitrandrahana dia ferana araka ny taha manaraka eto sy kajiana miainga avy amin'ny vidiny voafetra ara-ketra heverina ho vidiny eo amin'ny tsena iraisam-pirenena eo amin'ny toeram-panondranana analana ny vidin'ny sara-pitaterana avy amin'io toerana io ka hatrany amin'ny toeram-pitrandrahana.

Ny tahan'ny sara amin'ny fitrandrahana dia:

**1°** Hoan'ny solika tsy voavoatra:

- 8 isan-jaton'ny famokarana mitovy na ambanin'ny 25.000 barila isan'andro ;
- 10 isan-jato ho an'ny ampaha-pamokarana ambonin'ny 25.000 barila ary mitovy na ambanin'ny 50.000 barila isan'andro ;
- 12 isan-jato ho an'ny ampaha-pamokarana ambonin'ny 50.000 barila isan'andro ary ambany na mitovy amin'ny 75.000 barila isan'andro ;
- 15 isan-jato ho an'ny ampaha-pamokarana ambonin'ny 75.000 barila ary ambanin'ny 100.000 barila isan'andro ;
- 17 isan-jato ho an'ny ampaha-pamokarana ambonin'ny 100.000 barila isan'andro ary amban'ny 130.000 barila isan'andro ;
- 20 isan-jato ho an'ny ampaha-pamokarana ambonin'ny 130.000 barila isan'andro.

**2°** Ho an'ny entona voajanahary :
- 5 isan-jato ho an'ny vokatra latsaka na mira 12.000.000 metatra toratelo isan'andro;
- 7,5 isan-jato ho an'ny ampaham-bokatra ambonin'ny 12.000.000 metatra toratelo isan'andro ary latsaky ny 24.000.000 metatra toratelo isan'andro;
- 10 isan-jato ho an'ny ampaham-bokatra ambonin'ny 24.000.000 metatra toratelo isan'andro.

**3°** Ho an'ny menaka mavesatra sy ny tara:
Ny tahan'ny sara amin'ny menaka mavesatra na ny tara azo avy amin'ny vato tara dia tokony ho voafaritry ny fifanekena

**Andininy 01.01.28**
Tsy voakasika, ny fikajiana ny sara, ny fahabetsahan'ny solika na nampiasaina amin'ny filan'ny famokarana na mivantana, na naverina tany amin'ny toby, na very na tsy nampiasaina, ary koa ireo vokatra mifanaraka aminy.

**Andininy 01.01.29**
Ny sara dia aloa, amin'ny zavatra na amin'ny vola, araka ny safidin'ny Governemanta Malagasy araka ny tolo-kevitry ny fikambanana teknika manana fahaizana manokana.

**Andininy 01.01.30**
Ny hetra amin'ny vokatra ara-tsosialy vokarin'ny orinasa dia hotsinjaraina toy izao:
- 50 isan-jatony ho an'ny OMNIS ;
- 50 isan-jato ho an'ny fanjakana sy ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana.

Didim-pitondrana avy amin'ny Minisitra misahana ny fandraharahana ara-ketra no manondro ireo fikambanana misahana ny fandraisana ny sara naloan'ny sosaiety teratany na orinasa avy any ivelany ananan-trosa ary mametraka ny fitsinjarana ary koa ny anjaran'ny fikambanana tekinika manana fahaizana manokana izay tsy tokony ho ambanin'ny 50 isan-jaton'ny fitambaram-be tokony hozaraina.

## TOKO II
## HETRA MIVANTANA AMIN'NY SOLIKA

**Andininy 01.01.31**
Tsy miankina amin'ny sara voalaza ao ami'ny toko teo aloha, ny saosiety voalazan'ny andininy 01.01.26 eo ambony dia mandoa ny hetra mivantana amin'ny solika (IDH), mahasolo sy manafaka ara-pototra ny hetra amin'ny vola miditra sy ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola.

Nefa, mitoetra amin'ny fomba fameran-ketra an'ny daholobe ho an'ny hetra rehetra, haba sy sara.

**Andininy 01.01.32**
Ny hetra mivantana amin'ny solika dia alaina amin'ny tombony afakaratsaka momba ny sosaiety voalaza amin'ny andininy 01.01.26 etsy ambony nalaina tamin'ny fitambaran'ny asa fitrandrahana sy fizahantaratra ny tobin-tsolika ao amin'ny faritra fitrandrahana, ary koa ny fitaterana ny vokatra manerana ny tanin'ny Repobilikan'i Madagasikara.

**Andininy 01.01.33**
Ny iray amin'ny kaontin'asa voalaza aminy andininy 01.01.32 etsy ambony dia ho tanana amin'ny taona sivily ahafahana mametraka ny filazana toe-bola mifanaraka amin'ny drafi-pitanan-kaonty manankery ka mamoaka ny vokatry ny asa natao sy ny singa enti-miasa sy ny trosa sy ny sisa.

**Andininy 01.01.34**
Ny vokatra afa-karatsaka dia voafetra tamin'ny alalan'ny vokatry ny asa rehetra nataon'ny sosaiety na inona na inona karazany, tafiditra amin'izany ny fivarotana ny singa enti-miasa na eo am-perin'asa na eo am-pamaranana fitrandrahana ny tombony, ny vola azo isan-karazany.

**Andininy 01.01.35**
Ny hetra mivantana amin'ny solika dia alaina amin'ny vokatra azo mandritra ny taona sivily. Raha manomboka eny antenatenan-taona ny asa fitrandrahana, ny taom-piasana voalohany asa voalohany dia tokony hifarana ny 31 desambra amin'io ihany mba ahafahana mikajy ny hetra mivantana momba ny solika.

**Andininy 01.01.36**
Mba hamerana ny tombony afakaratsaka momba ny hetra mivantana amin'ny solika, dia raisina ny vokatra na inona na inona karazany, famarotana solika voatrandraka, famarotana ny vola enti-mihetsika indrindra

ireo vokatra kojakoja sy samihafa ankoatra ny vokatra azo avy amin'ny famarotana ny ampahany amin'ireo anjaran'ny mpifanaiky ankilany.

Nesorina tao anatin'ny totalin'ny vokatra ireo vesatra ilaina amin'ny asa momba ny solika;

- Ny saran'ny akora, entana sy angovo nampiasaina na novidiana;

- Ny saran'ny enti-miasa tafiditra amin'izany sara ankapobe rehetra, ny vola lany amin'ny mpiasa, sy ireo latsakemboka sosialy

- Ny saran'ny fisahanan-draharaha avy amin'ny olon-kafa sy ny orinasa renin'ny mpifanaiky noho ny filan'ny fandraharahana ara-tsolika;

- Ny sara fanofàna fananana tsy mifaka sy mifaka ka hofain'ny orinasa;

- Ny latsakemboka fiantohana;

- Ny saran'ny banky sy ny vidin'ny taratasim-bola ary ny tombony mifanaraka amin'ny trosa nifaneken'ny orinasa fampandehanana ny asa aman-draharaha ny solika;

- Ny fanavotam-bidy entina ao amin'ny kaontim-bolan'ny orinasa dia voafetran'ny habetsahany ambony indrindra manaraka toy izao:

.Fandaniana momba ny fizahan-taratra 100 p 100 isan-taona ;

.Fampiasam-bola amin'ny fitaovana enti-miasa sy fitaovana entina mandroso sy fitrandrahana 25 isan-jatony isan-taona.

- Ny vola enti-manana ho entina miatrika ny fatiantoka na vesatra voasoritra mazava sy ny tranga mety hiseho akoatrin'ny vola voaomana amin'ny fahasimban'ny tahirin'entana sy zara-petra-bola;
- Ny vola fiandry hanamboarana indray ny toby fitrandrahana eto Madagasikara ary ny fampiasana azy dia voafetra ao anatin'ny efa-taona. Raha tsy nisy fiharenan-doha ao anatin'ny fe-potoana, ho entina hatramin'ny fahadimy taona manomboka amin'ny daty fanorenana;

- Ny hetra sy ny haba manana endrika matihanina izay naloa nandritra ny taom-piasana mifanaraka amin'ny vokatra azo voakasika ny fameran-ketra ankoatra ny hetra mivantana momba ny solika;

- Ny sara amin'ny vokatra voaloa tao anatin'ny fepetra voalaza amin'ny andininy 01.01.27 hatramin'ny 01.01.30 voalaza etsy ambony.

Ny fameram-bidy ny solika, aminy fikajiana ny hetra mivantana voalaza etsy ambony, dia voafetra amin'ny vidin'ny tsena iraisam-perenana mihena amin'ny sarany fitaterana eo anelanelan'ny toeram-pitsinjarana sy ny toeram-panondranana.

**Andininy 01.01.37**

Tsy voakasiky ny fanalana, ireo fifanakalozana, sazy, fitazonana sy ireo sazy fahatarana samihafa rehetra, dia lasa vesatry ny mpandika lalàna araka ny fepetra mifehy ny vidiny, ny famatsiana, fototra hamerana ny famorian-ketra, ny fitsipika mifehy ny fanakalozam-bola tahiry sy ny asa ary ireo vola rehetra naloa momba ny fandikana ny fitsipika mifehy ny fehezan-dalàna momba ny solika sy ny rijan-teny na fifanekena enti-manatanteraka ny asa.

**Andininy 01.01.38**

Ireo fanalana ny fatiantoka na ireo vesatra voatanisa ao amin'ny andininy 01.01.36 etsy ambony dia tsy voakasik'ireo fanalana voalazan'ny fehezan-dalana momba ny hetra.

**Andininy 01.01.39**

Ny fikajiana ny hetra mivantana amin'ny solika dia voafaritra ao amin'ny andininy 01.01.14 ao amin'ity fehezan-dalàna ity.
Ny famerana ny vidin-tsolika mba hahafahana mikajy ny hetra mivantana mikasika ny solika dia ho ferana amin'ny vidiny ao amin'ny tsena iraisam-pirenena hanalana ny saram-pitaterana eo anelanelan'ny toeram-pitsinjarana sy ny toeram-panondranana
Ny tombony hakana hetra dia boriboriana eo amin'ny an-jatony ariary ambanin'ny tarehimarika.

**Andininy 01.01.40**
Ny fantiatoka zakaina, ary ny fanavotam-bidy, azo avy amin'ny asa fitrandrahana dia azo esorina amin'ny tombony azo nandritra ny taom-piasana hatramin'ny fanavotam-bidin'ny vola lany rehetra amin'ny fitrandrahana.

Ny fatiantoka zakaina, ny fanavotam-bidy ao anatiny mandritra ny taom-piasana dia azo esorina amin'ny tombony azo mandritra ny fito taona manaraka.

**Andininy 01.01.41**
Ireo orinasa iharan'ny faka ampahany IDH dia tsy maintsy manao filazana isan-taona ny vokatra azony tamin'ny taon-dasa toy ny voalaza amin'ny toko II eo mbony ao anatin'ny fe-potoana manaraka toy izao :

- Farafahatarany ny 15 may amin'ny taona manaraka ho amin'ny taom-piasana ara-pitantanana kaonty izay mifandraika amin'ny 31 desambra.
- Farafahatarany ny 15 novambra io taona io ihany ho an'ny taom-piasana ara-pitantanana mifanaraka ny 30 jiona.
- Efa-bolana aorian'ny fiafaran'ny taom-piasana ara-pitantanana ho an'ny tranga hafa. Ankoatra izany, voatery izy ireo hanaraka ireo fepetra voalaza ao amin'ny andininy 01.01.12 hatramin'ny 01.01.25 amin'ity fehezan-dalana ity.

**Andininy 01.01.42**
Ireo sosaiety avy any ivelany izay nanao fifanekena atahorana miaraka amin'ny orinasa mpandraharaha ara-tsolika teratany dia voatery mandoa ny hetra mikasika ny vola miditra noho ny asa ny vokatra azony avy amin'ireo, ny tatao amin'izay dia mifanaraka amin'ny orinasa mpanao taozava-baventy izay voalazan'ny andininy 01.01.14 izay maneho ny hetra fetotra momba ny solika (IDH) izay voalazan'ny andininy 01.01.31.

**Andininy 01.01.43**
Momba ny fahafantarana ny tombom-barotra rehetra voan'ny hetran'ny sosaiety voalazan'ny andininy 01.01.42 eo ambony ny fetotra hamerana isan-taonan-ketra dia hitovy amin'ny vidin'ny solika voarain'ny sosaiety amin'ny fameram-bola azony sy ny karamany, efa nialan'ny sarany sy ny fandaniana naverina tamin'io sosaiety io tamin'iny taona iny ihany araka ny fifanarahana asa nataony.

Ny vidin'ny vokatra ara-tsolika voalaza etsy ambony dia hoferana amin'ny fetotry ny vidiny voafetra araka ny didim-panjakana n° 81-24 ny 28 oktobra 1981, izay efa nalaina tamin'ny vidin'ny fitaterana eo anelanelan'ny fiaingana ifotony sy ny toeram-panondranana ho an'ny tsy voavoatra namidy tany ivelany, andaniny, ny fiaingana ifotony sy ny toeram-pitsinjarana eto Madagasikara, ho an'ny tsy voavoatra natao ho an'ny tsena anatiny, ankilany.

**Ovaina toy izao manaraka izao ny fepetry ny LOHATENY II:**

**LOHATENY II**
**HETRA TAMBATRA**
**TOKO I**
**FOTO-KEVITRA**

**Andininy 01.02.01**
Nisy hetra tokana antsoina hoe "hetra tambatra" mahasolo sy manafaka ny hetra amin'ny vola miditra ary ny haba amin'ny vola maty ka voriana ao amin'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana, ka ny vokatra dia natao ho an'ny faritra ny 40 isan-jatony ary ho an'ny kaominina ny 60 isan-jatony .

**TOKO II**
**SEHATRA AMPIHARANA AZY**
**SOKAJY I**
**OLONA VOAN'NY HETRA**

**Andininy 01.02.02**
Voakasiky ny hetra tambatra, ireo olon-tsotra na fikambanana sy ireo orinasan'olon-tokana izay manao asa tsy miankina raha ny vola matiny isan-taona, vola miditra ankapobeny na ny vola azony tsy misy hetra, farafahakeliny na mira Ariary 20.000.000

- Ny mpamboly, mpiompy ary mpanjono;
- Ny mpamokatra ;
- Ny mpanao asa-tanana;
- Ny mpivarotra;
- Ny mpisahan-draharaha isan-karazany;
- Ireo olona mpanao asa-tena;
- Ny mpanakanto sy ny momba azy;
- Ny mpanao hani-masaka miaraka na tsy misy trano;

- Ny tompon'ny fiara iray, ka izy ihany no mitondra azy ary farafahakeliny misy toerana sivy handoavambola raha ohatra ka fitateran'olona; na manana tanjaka ambanin'ny 10 CXB fitaterana entana, ary koa ireo orin'asam-pitaterana mampiasa fiara tsy mandeha amin'ny milina. (sarety, posy, lakana sns...);

Ny sampandraharahan'ny hetra dia manam-pahefana hametraka ny mpandoa hetra ho amin'ny fomba fameran-ketra ho an'ny daholo be, raha araka ny singa voaray, tsy mahafeno ny fepetra voalaza etsy ambony ny mpandoa hetra.

**SOKAJY II**
**TOERANA AMERANA NY HETRA**

**<u>Andininy 01.02.03</u>**
Ny hetra dia aloa eo amin'ny toerana misy ny asa atao, na raha tsy misy toerana voafaritra, eo amin'ny toerana hipetrahana.

**TOKO III**
**FOTOTRA AMERANA NY HETRA**
**SOKAJY I**
**FOTOTRA HAKANA NY HETRA**

**<u>Andininy 01.02.04</u>**
Ny fototra akana ny hetra dia feran'ny sampandrarahan'ny hetra mahefam-paritra amin'ny vola maty, sy ny vola miditra ankapobe na tombom-barotra azo isan-taona araka ny:
- Ny singa nambaran'ny mpandoa hetra ;
- Ny singa azo na voasoratra eo an-toerana nataon'ny Sampandraharahan'ny hetra indrindra : ireo fitaovam-pamokarana, ny toerana iasana, ireo entana novidiana, ny isan'ny mpiasa, ny halehiben'ny tany trandrahana, ary koa ireo singa rehetra miditra ao anatin'ny famerana ny hetra sy ny haba izay voalaza ao anatin'ny andininy 01.02.01 amin'ity lohateny ity.

Na inona na inona, ireo mpikambana ao amin'ny foibem-pitantanana voan'ny hetra tambatra dia mahazo fampidinana 30% n'ny fototra amerana ny hetra nefa tsy mihoatra ny Ar 500.000 raha toa ka mahafeno ireo fepetra voalazan'ny didy amam-pitsipika.

**SOKAJY II**
**TAHAN'NY HETRA**

**<u>Andininy 01.02.05</u>**
Ny tahan'ny hetra dia ferana ho enina isan-jato ny fototra angalana hetra. Na misy inona dia tsy tokony ha latsaky ny Ariary 16.000 io.
Ny hetra dia manankery ao anatin'ny taona iray.

Raha tsy misy fanovana ao anatin'ny fepetra fanatanterahana ny asa, ny hetra voafetra teo aloha dia ampiharina amin'ny taona manaraka.

**TOKO IV**
**FAMORIAN-KETRA**

**<u>Andininy 01.02.06</u>**
Ny hetra tambatra dia kajiana sy vorian'ny Sampandraharaha-paritry ny hetra mahefa.

Didiana izany alohan'ny asa atao.

Ireo mpandoa hetra maniry hanohy ny asany dia tsy maintsy mandoa ny hetra alohan'ny 31 marsa aminy taona handoavan-ketra eo amin'ny Biraom-paritra mahefa.

Homena an'ireo mpandoa hetra ny karatra manamarina fa voaloany ny hetra mikasika azy amin'ny hetra tambatra.

**TOKO V**
**ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

**<u>Andininy 01.02.07</u>**
Ny mpandoa hetra tambatra dia tsy maintsy mitahiry mandritra ny telo taona ireo atonta-taratasy ary mampiseho aminy Sampandraharahan'ny hetra isaky ny mitaky izany ireo fanamarinana sy ireo vola miditra sy vola mivoaka, indrindra fa ireo fakitiora sy sara rehetra nividianana ny entana.

**<u>Andininy 01.02.08</u>**
Tsy voakasik'izany ireo fepetra voalazan'ireo andininy 01.02.06 sy 01.02.07. Amin'ity fehezan-dalàna ity, fa ny mpandoa hetra izay mandoa izany hetra izany dia tsy maintsy misoratra ao amin'ny lisitry ny fanisana ao

amin'ny kaominina ao amin'ny toerana anaovana ny asa na ipetrahana alohan'ny faha-15 desambra isan-taona.

Ny fanovana ao anatin'ny asa atao na ny fanajanonana amin'ny asa dia tsy maintsy hanaovana filazana ao anatin'ny 20 andro.

**TOKO VI**
**FIFANOLANANA ARA-KETRA**

**Andininy 01.02.09**

Ny fifanolanana ara-ketra izay iharan'izany fepetra izany amin'ny fehezan-dalàna dia ireo mikasika ny toetoetra. Ny fitarainana dia alefa ao amin'ny lehiben'ny Sampandraharahan'ny hetra amin'ny fari-piadidiana mahefa.

**TOKO VII**
**FEPETRA SAMY HAFA**

**Andininy 01.02.10**

Ny fanampaha-kevitry ny Minisitra izay mikasika ny fandraharahana ara-ketra no hametra ny fomba fampiharana ity lohateny ity raha ilaina.

**LOHATENY III**
**HETRA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)**
**TOKO II**
**SEHATRA HAMPIHARANA**
**SOKAJY I**
**FIDIRAM-BOLA HANDOAVAN-KETRA**

**Andininy 01.03.02**

Ampio tsipika aorian'ny tsipika 1 mirafitra toy izao:

"Ny vola miditra amin'ny mpiasa sy ny miaraka aminy, amin'ireo olona monina na tsia, fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana sy iraisam-pirenena, masoivohom- pirenena, konsily, orin'asa mpanao fanadihadihana na tetikasa na inona na inona loharanom-bolan'izy ireo"

**SOKAJY II**
**VOLA AFAHANA AMIN'NY HETRA**

**Andininy 01.03.03**

"Vonoy ao amin'ny 6° ny vondron-teny "voalazan'ny andininy 01.02.02. amin'ity fehezan-dalana ity".

**SOKAJY IV**
**IREO OLONA VOAKASIKY NY HETRA**

**Adininy 01.03.05**

Soloy ao amin'ny 1° ny vondron-teny "andininy 01.02.05" ho "andininy 01.01.05"

**TOKO IV**
**FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

**Adininy 01.03.08**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohan'io andininy io:

" –ho an'ny fiarakodia, 30 isan-jaton'ny tontalin'ny fandaniana isam-bolana nataon'ny orinasa amin'ny fanomezana fiarakodia ampiasain'ny mpiasa tsirairay."

b) Ovàna toy izao manaraka izao ny tsipika fahefatr'io andininy io:

"- ho an'ny tombotsoa hafa dia 3 isan-jaton'ny tena vidin'ny zavatra rehetra nomen'ny mpampiasa ho an'ny mpisitraka tsirairay isam-bolana".

d) Foanana ao amin'ny andalana faran'io andininy io ny teny "isan'amparitra".

**TOKO V**
**FEPETRA FAMERAN-KETRA**
**FAKA IFOTONY**

**Adininy 01.03.10**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany sy faharoa ao amin'io andininy io:

"Ny hetra dia alain'ny mpampiasa na ny antokon-draharaha mpandoa karama ifotony isaky ny fandoavana azy. Ny sazy voalazan'ny andininy 20.01.53 dia iantsorohany raha misy izany.

- Raha toa ka misy vola raisin'ny mpikarama ao anatin'ny volana iray na inona na inona ilazana azy, ny famerana ny hetra amin'ireo vola ireo dia azo atokana raha angatahana any amin'ny Sampandraharaha mpitantana ny antontan-taratasiny ara-ketra izany."

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity :

"Na izany aza anefa, ny fikambanana mpandoa vola omen-dalana handrotsaka isan-telo volana raha toa ka:

- ny totaliben'ny vola alaina dia tsy mihoatra ny Ar 5000 isam-bolana
- sy/na ao amin'ny famerana am-paritra amin'ny karazan-ketra mikasika ny vola miditra voalazan'ny andininy 01.03.13 II.

Ny fandrotsaham-bola dia tsy maintsy vita ao anatin'ny 15 andro voalohan'ny volana manaraka ny fahataperan'ny telo volana raisina. »

**Andininy 01.03.14**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Raha ivelan'ny firenena no misy ny mpampiasa na ny mpandoa vola, ny mpandoa hetra, araka ny fombafomba sy ny fe-potoana voalazan'ny andininy 01.03.11 sy 01.03.12 etsy ambony, dia tsy maintsy izy ireo ihany no mametra sy mandrotsaka na amin'ny alalan'ny solotenany mipetraka eto Madagasikara eken'ny Mpitantana ny Hetra, ao amin'ny Mpitambolam-panjakana lehibe indrindra na ny mpiasa mpamory hetran'ny Sampandraharahan'ny Hetra misahana ny toeram-ponenany, ny hetra mifandraika amin'izay karama rehetra raisina mandritry ny volana ekena ».

## TOKO VI
## FAMERANA NY HETRA

**Andininy 01.03.16**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rafi-mariky ny IRSA ao amin'ny A- Lalàna mifehy ny akapobem-bahoaka :

« Ny famerana ny hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy dia atao araky ny rafi-marika manaraka eto, ny fototra dia boriboriana ho eo amin'ny zato ariary ambanin'ny tarehi-marika :

- Hatramin'ny Ar. 100.000,00 ………………………..Ar 200,00
- Hatramin'ny Ar. 140.000,00 ………………………. Ar 500,00
- Hatramin'ny Ar. 160.000,00 ………………………. Ar 2.000,00
- Hatramin'ny Ar. 180.000,00 ………………………. Ar 4.000,00
- Ampahany mihoatra ny Ar. 180.000,00 .25 isan-jato

## TOKO IX
## ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA SY NY OLONA MANDROTSA-BOLA TATAOVAN-KETRA

**Andininy 01.03.21**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny mpampiasa na ny mpandoa vola dia tsy maintsy manao ny fandrotsahana voalazan'ny andininy 01.03.12 etsy ambony ao amin'ny Foibe ara-ketra mahefa ao an-toerana amin'ny alalan'ny taratasy voatontan'ny Fanjakana. Ny mpampiasa na ny mpandoa vola dia tokony hametraka ao amin'ny Foibe ara-ketra voatondro etsy ambony, ao anatin'ny volana izay manaraka ny volana nandoavana karama, taratasy misy anarana milaza ny vola naloany tamin'ny mpiasany, na dia tsy nisy tamin'ny karama narotsaka aza nahatratra ny fetra tokony handoava-ketra.

Foanana ny fepetry ny Toko X « SAZY MANOKANA ».

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetry ny LOHATENY IV ny BOKY I

## LOHATENY IV
## HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA, HETRA AMIN'NY ZANA-BOLA SY NY ZANA-TOMBONY (IRCM).
## TOKO I
## SEHATRA AMPIHARANA
## FOTOTRA

**Andininy 01.04.01**

Iharan'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola, hetra amin'ny zana-bola sy ny zana-tombony ary arotsaka ao amin'ny tetibola ankapobeny, ny fikambanana iharan'ny fakana ampahany amin'ny hetra alaina amin'ny vola miditra, ny sosaiety ivondronan'ny olona sy ny sosaiety isiana fandraisana anjara ary koa ny olon-tsotra.

## TOKO II

### A- VOLA MIDITRA ITAKIANA HETRA

**Andininy 01.04.02**

Ny hetra alaina amin’ny fitomboan-karena avy amin’ny fananana mitera-bola, hetra amin’ny zana-bola sy ny zana-tombony dia ampiharina amin’ireto:

1° ny zanabola, vola miditra sy ireo vokatra hafa ateraky ny andraikitra sy ny fampindramam-bola, ireo sosaiety, toy ireo orinasa ara-bola, indostrialy, ara-barotra na tsotra, manana ny foiben-toerany eto Madagasikara.

,

2° ny zanabolan’ny taratasim-bola apetraky ny orinasa fitrosana vola manana ny foiben-toerana eto Madagasikara na tsia ary ireo izay mahazo tombontsoa ka tsy nampahafatarina ny Fitondrana;

3° sora-bolan’ny anjara tsy voafetra, vola voafaritra raisina amin’ny fahatongavana, famerenana raikitra amin’ny sara sy ireo tombontsoa hafa natokana ho an’ireo manana andraikitra toy ny mpitantandraharaha manokana na ireo mpikambana ao amin’ny filankevi-pitantanana;

4° ireo zara sy valisoa amin’ny famerenana voaloa ho an’ireo tompon-trosa sy ireo mpitana ny taratasimbola notrosain’ireo soasiety sy orinasa ;

5° ireo vola miditra tamin’ny trosa, petra-bola, antoka ara-bola.

**Andininy 01.04.03**

Heverina ho iharan’ny hetra koa:

1°) ireo vola miditra amin’ny fametraham-bola ao anatin’ny andrim-pitantanam-bola, toy ny fametraham-bola any amin’ny banky, ny fametraham-bola any amin’ireo sosaiety momba ny fiantohana, ireo taratsim-bolan’ny tahirim-bolam-panjakana avy amin’ny fanomezana amin’ny alalan’ny tolo-bidy. (BTA) ;

2°) ny tombontsoan’ireo kaonty tsotra tsy ananan-trosan’ireo tompon’ny petra-bola na ny mpikambana.

### B- FIKAJIANA NY HETRA

**Andininy 01.04.04**

Mikasika ny fikajiana ny hetra, ny vola miditra iharan’ny hetra dia boriboriana amin’ny Ariary an-jatony ambany.

Ny tahan’ny hetra amin’ny fitomboan-karena avy amin’ny fananana mitera-bola, hetra amin’ny zana-bola sy ny zana-tombony dia voafetra ho 25 isan-jato.

Ny fandoavana ny hetra alaina amin’ny fitomboan-karena avy amin’ny fananana mitera-bola, hetra amin’ny zana-bola sy ny zana-tombony dia manafaka, amin’ny alalan’ny fanamarinana, amin’ny hetra amin’ny vola miditra amin’ny fikambanana sy ny olona tsirairay avy izay nahatonga fandrotsahambola amin’io hetra io.

### C- FOMBA FAMORIAN-KETRA

*I- Famerana ny vola miditra na karama*

**Andininy 01.04.05**

Ny vola miditra dia voafaritry ny :

1°) ho an’ny taratasim-bola notrosaina na fisamboram-bola, amin’ny alalan’ny zana-bola na ny vola miditra voatsinjara ao anatin’ny taona;

2°) ho an’ny anjara-fatra, dia avy amin’ny sora-bolan’io ihany;

3°) ho an’ny valim-pankasitrahana amin’ny famerenana, dia avy amin’ny elanelan’ny totalim-bola naverina sy ny taha-pamoahana ireo fitrosana;

4°) ho an’ny vola raisin’ny mpitantandraharaha manokana na ireo mpikambana ao amin’ny filankevi-pitantananan’ireo sosaiety, avy amin’ny fanapahanan-kevitr’ireo fivoriamben’ny tompon’ny petra-bola na ireo filankevim-pitantanana, ny tatitra na ireo antotan-taratasy hafa mitovy aminy;

5°) ho an’ny vola miditra voalazan’ny andininy 01.04.03 etsy ambony,araka ny filazàn’ireo tale-jeneraly, tale, mpitantana;

*II- Fomba fanombanana ny tahan'ny fampindramana*

**Andininy 01.04.06**

Rehefa ny taratasim-bola notrosaina sy izay taratasin-trosa rehetra, ny anjara sy ny valim-pankasitrahan'ny famerenana dia mandoa haba araka ny andininy 01.04.02 sy 01.04.03 eo ambony, atao amin'ny taha tokana, io taha io no ampiasaina ho fototra amin'ny fikajiana ny saran'ny valim-pankasitrahana.

Raha niova ny taham-pamoaham-bola, ho an'ny findramana tsirairay dia ferana amin'ny salanisa natao amin'ny fizarana araka ny isan'ny sora-pizakana mifanaraka amin'ilay findramana ny sora-bola rehetra, ka esorina ny tavela amin'ny fotoanan'ny varotra tsirairay.

Noho ny findramana izay tsy mbola vita ny famoahana amin'ny taha miovaova, ny salanisa dia havoaka arakaraka ny toetry ny findramana ny faha 31 desambra-n'ny taona nialohan'ny fisarihana.

Rehefa tsy voapetraka mifanaraka amin'ny paragrafy telo eo ambony ny taha, io taha io dia soloina renivola izay roapolo avo henin'ny zanabola isan-taona nekena tamin'ny fandefasana ho tombotsoan'ny tompon'ny sora-pizakana.

Raha tsy nisy fanekena zana-bola, dia efa manomana taha raikitra amin'ny famoaham-bola amin'ny alalan'ny filazana an-tsoratra voatombatombana vita araka izay voavinavinan'ny fitsipika mifehy amin'ny fanoratana.

*III- Toerana fandoavan-ketra*

**Andininy 01.04.07**

Ny hetra dia aloa any amin'ny birao mahefa ara-paritra ho an'ireo Sosaiety sy orinasa

*IV- Fomba fandoavan-ketra*

**Andininy 01.04.08**

Ny sora-bolan'ny hetra dia aloan'ireo sosaiety sy Orinasa mialoha ary azony atao koa ny manenjika ireo nandray tombontsoa ao aoriana.

**Andininy 01.04.09**

Ny hetra dia aloa avy amin'ny alalan'ny fametrahana filazàna any amin'ny Sampandraharahan'ny hetra mahefa ara-paritra farafahatarany ny 15 may ho an'ny vola nozaraina nifanandrify tamin'ny taom-piasan'olontsotra na farafahatarany ny 15 novambra ho an'ny vola nozaraina tao anatin'ny taom-piasàna mifarana ny faha-30 jona.

Ho fanamafisana ny fandrotsaham-bola, dia atolotra ny mpandray vola momba ny hetra ny lisitry ny mpikambana miaraka amin'ny isan'ny sora-pizakana na ny anjara zakain'izy ireo tsirairay avy, ary dika mitovin'ny fitanana an-tsoratra iray momba ny an-tsapaka raha toa ka nisy izany sy ny filazana manondro :

a- ny isan'ireo sora-pizakana voaavo-bidy;
b- ny tahan'ny famoahana ireo sora-pizakana voafetra araka ny andininy 01.04.06, raha toa ka valim-pankasitrahana tamin'ny famerenana;
c- ny vidin'ny fividianana indray ireo sora-pizakana ireo, raha toa ka misy izany;
d- ny vidin'ireo toko sy ireo valin-kasasarana dia miverina ho amin'ny sora-pizakana voaavo-bidy;
e- ny vola nangalana ny haba tsy maintsy takiana;

Ho an'ny vola voafaritra raisina amin'ny fahatongavana sy ireo tombontsoa samihafa notsinjaraina ho an'ireo mpikambana ao amin'ny filankevi-pitantanan'ny sosaiety sy orinasa, farafahatarany ny 15 may ho an'ny vola nozaraina nifanandrify tamin'ny taom-piasan'olontsotra na farafahatarany ny 15 novambra ho an'ny vola nozaraina tao anatin'ny taom-piasàna mifarana ny faha-30 jona.

## TOKO III
## FANAFAHANA SY FEPETRA MANOKANA

**Andininy 01.04.10**

Ny fepetran' ireo andininy 01.04.02 sy 01.04.03 dia tsy mihatra:

- ho an'ny zanabola raisin'ny banky amin'ireo asa-marika momba ny fitrosana vola amin'ny banky ary koa ireo zanabolan'ireo petra-bola kirakira;
- ho an'ny zanabola raisina amin'ny fametraham-bola eo amin'ny Tahiry fampirimam-bola eto Magadasikara sy ireo Andrim-pamatsiam-bola madinika;

- ho an'ny zanabolan'ireo fisamboram-bola nifanarahana amin'ny fanatanterahana fampiasam-bola azo avy amin'ny antokon-draharaha misahana ny famatsiam-bola ivelany;
- ho an'ny fanefana ny trosan'ny taratasim-bolan'ny tahirim-bolam-panjakana amin'ny taha raikitra "FANAMBINA"

Tsy ampiharana ny hetra ihany koa ireo vokatra mifanaraka amin'ireo asam- mpitantana:

**1-** ny filohan'ny filan-kevim-pitantanana;
**2-** ny mpiandraiki-draharaha ara-panjakana mpanampy eo amin'ny filoha mitondra ny anarana tale jeneraly;
**3-** ny mpiandraiki-draharaham-panjakana vonjimaika solon-tena mahatapaka, mba hanantanteraka manontolo na amin'ny ampahany ireo asan'ny filohan'ny filan-kevim-pitantanana.

Na izany aza nefa, ny fanafahana momba ny hetra rehetra dia voafetra amin'ny totaly nomena ho hanalana amin'ireo tombom-barotra iharan'ny hetra amin'ny hetra avy amin'ny tombom-barotr'ireo fikambanana.

**Kaoperativa**

**Andininy 01.04.11**

Ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola, hetra amin'ny zana-bola sy ny zana-tombony dia tsy ampiharina amin'ireo fisamboram-bola na taratasim-bola notrosain'ireo sosaiety amin'ny endriny rehetra lazaina hoe fiaraha-miasa sy fikambanana isan-karazany na inona na inona tanjony sy iantsoana azy, ho foronon'ireo sosaiety kaoperativa irery ihany.

**Fampisamborambola iombonana sy fiaraha-miasa ara-pambolena**

**Andininy 01.04.12**

Ny fepetry ity toko ity mikasika ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola, hetra amin'ny zana-bola sy ny zana-tombony dia tsy mihatra:
1°) amin'ny ireo anjara zanabola, fitrosam-bola na taratasy fisamboram-bolan'ny sosaiety na firaisana sosaiety kaoperativa ara-pambolena, na tahirim-bola eo an-toeran'ny fampisamboram-bola ara-pambolena, fikambanana ara-pambolena;
2°) amin'ny fisamboram-bola nifanarahana tamin'ny tahirim-bola foiben'ny fikambanana fampisambora-mbola;
3°) amin'ny zanabola, trosa sisa tsy voaloa sy ireo vokatra hafan'ireo kaonty misokatra ao anatin'ny orinasa fampisamboram-bola amin'ny anaran'ny tahirimbolan'ny fikambanana fampisamborana ara-pambolena.

**Fikambanan'olona mifanampy amim-bola**

**Andininy 01.04.13**

Ny fikambanana izay manana tanjona manokana ny fanampiana ara-pitaovana izay tsy azo alahatra ao anatin'ny sokajin'ireo sosaiety tena izy, dia tsy tratry ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola, hetra amin'ny zana-bola sy ny zana-tombony afa-tsy ny mikasika ny fampisamborambola nataony ihany.

**Taratasin'antoka**

**Andininy 01.04.14**

Ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola, hetra amin'ny zana-bola sy ny zana-tombony dia tsy ampiharina amin'ny vola aloa mialoha ho an'ireo sosaiety amin'ny alalan'ny famindran-tompo na taratasin'antoka.

**Fanaovana ampahibemaso ny famoahana ara-bola**

**Andininy 01.04.15**

Ny famoahana, ny fampirantiana, ny fivarotana, ny fampidirana eo amin'ny tsenan'ny Madagasika ny petra-bola, ny taratasimbola notrosaina na ny sora-pizakana na inona na inona karazany na sosaiety frantsay na vahiny , mikasika an'ireo sora-pizakana atolotra ny vahoaka, dia manaraka ny fombafomba voadidin'ny lalàna manan-kery.

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny LOHATENY V -n'ny BOKY I:

## LOHATENY V
## HETRA ALAINA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRA (IPVI)

**Andininy 01.05.01**

Foronina ny hetra alaina amin'ny tombom-bidy, voriana ho an'ny Tetibola ankapoben'ny Fanjakana.

## SOKAJY II
## SEHATRA HAMPIHARANA

**Andininy 01.05.02**
Iharan'io hetra io ny tombom-bidy azon'ny olon-tsotra tamin'ny fivarotana misy setriny fananana mifaka.

Ny hetra dia tsy maintsy haloa na inona na inona karazana sy niavian'ny nahazoan'ny mpivarotra ireo fananana ireo.

**SOKAJY III**
**SEHATRA TSY HAMPIHARANA**

**Andininy 01.05.03**
Afahana amin'ny hetra ny hetra alaina amin'ny tombom-bidy:
1°) Ny vokatra avy amin'ny fivarotana fananana mifaka an'ny Fanjakana na an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana;

2°) sy ny vokatra avy amin'ny fakana fananana ho fanasoavam-bahoaka.

**SOKAJY IV**
**FAMERANA NY TOMBAM-BIDY**

**Andininy 01.05.04**
Ny tombom-bidy iharan'ny hetra dia azo avy amin'ny elanelan'ny:
- ny vidy nandefasana, vola na setrim-bidy nahazoana nivarotra ilay fananana
- ny masonkarena nofaritana manaraka ny andininy 01.05.05 sy 01.05.06 amin'ity Toko ity.

**Andininy 01.05.05**
Ny ao anatin'ny masonkarena dia:
1°) Ny vidy nahazoana azy.
Raha azo maimaim-poana ilay fananana, ny vidy nahazoana azy dia ny tombam-bidy noheverina tamin'ny vaninandro nahazoana azy. Na izany aza anefa, raha tahiny ka azon'ny mpivarotra avy tamin'ny fanomezana latsaky ny herintaona ilay fananana, ny tombom-bidy dia kajiana manomboka ny vaninandro sy ny vidy nahazoan'ny mpanome azy;

2°) Ny lany tamin'ny fahazoana azy, amin'ny sarany tena izy asehon'ny taratasy manana vaninandro hentitra. Raha tahiny tsy misy fanamarihana dia ferana isan'amparitra ho 16 isan-jaton'ny vidy nahazoana azy;

Raisina ho lany tamin'ny nahazoana azy:
- Ny saram-panekena;
- Ny karaman'ny naotera;
- Ny saram-pamindrana.

3°) Ny fandaniana amin'ny:
- fanamboarana lehibe;
- fanovàna;
- fanavaozana;
- fanatsaràna.

Ka voamarina tsara ny fanatanterahana azy. Ireo fandaniana ireo dia raisina amin'ny sandany tena izy miaraka amin'ny fanamarinana ny tena lany.

4°) Ny fandaniana amin'ny fanorenana na fanorenana indray amin'ny sandany marina miaraka amin'ny fanamarinana ny tena lany. Tsy ekena izany raha tsy ho an'ny asa nataon'ny mpivarotra aorian'ny nahazoany ny fananana.

Raha tsy afa-mitondra fanamarinana ny mpandoa hetra, dia tombanana isan'amparitra ireo fandaniana ireo ho:

- 80 isan-jaton'ny vidy nivarotana ho an'ny trano mihoatra ny folo taona;
- 60 isan-jaton'ny vidy nivarotana ho an'ny trano eo anelanelan'ny dimy ka hatramin'ny folo taona;
- 45 isan-jaton'ny vidy nivarotana ho an'ny trano eo anelanelan'ny roa ka hatramin'ny dimy taona;
- 30 isan-jaton'ny vidy nivarotana ho an'ny trano latsaky ny roa taona.

Ireo isan-jato ireo dia mihatra amin'ny vidy nivarotana nampihenana ny vidy nividianana ny tany efa nomen-danja

5°) Ny zana-bolan'ny fisamboram-bola natao tamin'ny nahazoana, ny fanorenana na ny fanorenana indray.

**Andininy 01.05.06**
Ny singa tsirairay amin'ny mason-karena dia asiana fatram-panavaozana izay faritana arakaraka ny taona nanatanterahana tokoa ny fandaniana.

Ny fatra ampiharina dia avoaka amin'ny alalan'ny fanapahan'ny Minisitra misahana ny didy amam-pitsipika ara-ketra.

Na izany aza anefa, io fepetra io dia tsy mihatra amin'ny:
1°) fandaniana amin'ny fanorenana sy fanorenana indray izay noraiketina isam-paritra manaraka ny fepetry ny andininy 02.09.05 4°;

2°) amin'ny zana-bolan'ny fisamboram-bola, natao ho an'ny fividianana, fanorenana, fanorenana indray.

## SOKAJY V
## FIKAJIANA NY HETRA

**Andininy 01.05.07**
Kajiana ny hetra amin'ny alalan'ny fampiharana ny taha 25 isan-jato amin'ny tombom-bidy iharan'ny hetra.

**Andininy 01.05.08**
Ny hetra dia kajian'ny mpamory hetra miandraikitra ny fanoratana ny fanekena sy filazana famindran-tanana fananana mifaka amin'ny fotoana indrindra sy noho ny fombafomba arahina amin'ny fanekem-pivarotana.

Raha misy taratasy fivarotana tafiditra anatin'ny sehatra fampiharana ity lalàna ity kaa voarain'ny solom-pampanoa lalàna mpanamarina ny sora-panekena, izy ireo dia mandefa dika isain'ny fanekena any amin'ny mpamory ny hetra.
Kajian'ny mpamory ny hetra ny haba ary alefany any amin'ny mpandoa hetra ny filazana fandoavan-ketra. Raha toa ka tsy voaloa amin'ny fe-potoana ara-dalàna ny famorian-ketra dia atao toy ny amin'ny sora-panoratana.

## SOKAJY VI
## FAMORIANA NY HETRA

**Andininy 01.05.09**
Ny hetra aloan'ny mpivarotra ny fananana mifaka mahazo tombom-bidy dia aloany any amin'ny mpandray ny hetra, miaraka amin'ny sara-panoratana fanekena, na ataon'ny mpanao raharaham-panjakana tompon'andraikitry ny fandoavan-ketra, na ataon'ny olona mampiseho taratasim-panjakana ho amin'ny fomba fanao; afa-tsy raha hoe misy fanenjehana ataony amin'ny mpandoa hetra.

Omena azy ireo ny rosia misy sosony tsy asiana hajia amin'ny rosia sady averina aminy rahateo ny fanekena vita fanoratana.

**Andininy 01.05.10**
Ny hetra alaina amin'ny tombom-bidy nokajiana eo amin'ny fanekena, anisan'izany ny haba amin'ny famindrana dia zakain'ny tetibolam-panjakana na an'ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana na mizaka ny sara-pamindran-tanana, dia takian'ny mpandray volan'ny hetra mivantana amin'ny mpivarotra.

Tsy misy vola azo avoaka ho an'ny mpivarotra, raha tsy nanamarina mialoha ny nahaloavany hetra izy.

**Andininy 01.05.11**
Amin'ny tranga rehetra, raha tsy misy fanavahana voatondro amin'ny andininy manaraka, ny mpanao raharaham-panjakana sy ny mpiasam-panjakana nomena anjara raharaha mitovy laharana aminy, dia tanana ho tompon'andraikitra amin'ny fandoavana ny hetra asehon'ny taratasim-panekena voarainy na taratasy atovany na ampiasainy.

**Andininy 01.05.12**
Ny mpiraki-tsora-pitsarana an'ireo tribonalin'ny rafitra ara-pitsarana sy ny rafitra ara-pitantanan-draharaham-panjakana, ho an'ny didim-pitsarana avoaka amin'ny fotoam-pitsarana, dia afaka amin'io andraikitra io; raha tahiny ny mpandoa hetra niangavian'izy ireo hametraka ny sandan'ny hetra takiana miaraka amin'ny sara-panoratana nefa nanao tsirambina tsy nanome fahafaham-po.

Amin'io tranga io, ny famoriana ny hetra dia enjehin'ny mpandray vola mivantana amin'ireo izay tokony handoa izany. Noho izany, ny mpiraki-draharaha dia mandefa any amin'io mpiasam-panjakana io ny tsoatsoratra voamarin'izy ireo mikasika ny didim-pitsarana na taratasy hafa mampiseho ny toetra maha-tsy maintsy takiana ny hetra.

**SOKAJY VII**
**ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

**Andininy 01.05.13**
Ny sora-panekena na filazana famindran-tanana dia tsy maintsy maneho ny niandohan'ny fananana, ny filazalazana mikasika ny vaninandro sy ny fomba nahazoana azy toy izany koa ny vidin'ny fananana mifaka fony nividianan'ny mpivarotra azy. Ireo filazalazana ireo dia fenoin'ny vaninandro nanoratana ny sora-panekena, taratsy, didim-pitsarana na taratasy mikasika ny fananana mifaka, sy araka izay azo atao, fenoin'ny manodidina.

Foanana ny fepetry ny LOHATENY V ny BOKY I

**LOHATENY V**
**HABA AMPARITRA ALAINA AMIN'NY FANONDRANAM-BOLA**

Foanana ny fepetry ny LOHATENY VI ny BOKY I

**LOHATENY VI**
**HETRA TAMBATRA**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetry ny FIZARANA II ny BOKY I:

**BOKY I**
**HETRAM-PANJAKANA FOIBE**
**FIZARANA II**
**SARAM-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO**
**TOKO I**
**SEHATRA AMPIHARANA AZY SY FEPETRA ANKAPOBENY**

**Ankapoben-javatra**

**Andininy 02.01.01**
Ity lohateny ity no mifehy eo amin'ny lafiny ara-ketra ny fitambaran'ny sora-panekena sy ny famindran-tompo niseho teto Madagasikara na momba ny fananana eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**Andininy 02.01.02**
Ny saram-panoratana dia arotsaka ao amin'ny teti-bolam-panjakana ankapobe, araka ny fototra sy araka ny fitsipika voafaritry ny fepetra manaraka eto.

**Andininy 02.01.03**
Ny saram-panoratana dia isan'amparitra na mifanentana, araka ny sora-panekena na ny famindra-tompo izay iharany.

**Andininy 02.01.04**
Ny sarany raikitra dia ampiharina amin'ny sora-panekena tsy misy fifindran-tompo, na fizakam-bokatra na fahazakana ny fanaka, na fananana mifaka, na tondra ho amin'ny fanambadiana na tondra ho an'ny sosaiety, na fizarana fananana, ary amin'ny ankapobeny ho an'ny taratasy hafa rehetra na dia tsy tokony ho soratana aza kanefa naseho an-tsitrapo araka ny fomba arahina.

**Andininy 02.01.05**
Ny sara mifanentana dia natao ho an'ny famindran-tompo na fizakam-bokatra, na fahazakana ny fanaka, amin'ny samy velona na noho ny fahafatesana ary koa ireo sora-panekena milaza tondra ho amin'ny fanambadiana, tondra ho an'ny sosaiety, fizarana fanaka na fananana mifaka.

Ny sara dia ferana, na, araka ny vidiny voalaza miampy ireo fandaniana izay mety atambatra aminy na raha tsy misy ny vidiny na raha ny sandany marina dia mihoatra ny vidiny miampy ireo fandaniana, araka ny vinavinan'ireo mpifanaiky eo ambany fanaraha-mason'ny Fanjakana.

Momba ny fandraisana ny sara mifanentana, sy ny haba mifanentana isan-karazany voafaritr'ity fanasokajiana ity, dia tsy raisina ny ampaham-bola latsaky ny Ariary 100,00.

**Fepetra miankina sy tsy miankina**

**Andininy 02.01.06**
Momba ny famindran-tompo sy ny fifanarahana izay mbola misy fepetra tsy ampiharina avy hatrany, ny sanda ampiharina, ny fototra amerana ny haba dia raisina amin'ny fotoana ahatanterahan'ny fepetra.

**Andininy 02.01.07**
Rehefa ahitana fepetra roa manana sanda samihafa ny sora-panekena iray, kanefa noho ny fifandraisany, dia tsy tokony andraisana sara maro, ny fepetra izay andraisana ny fototra angalana ny sara dia izay sanda avo indrindra.

**Andininy 02.01.08**
Raha toa ao anatin'ny sora-panekena, na ifanaovan'ny olon-tsotra, na ara-pitsarana na ivelan'ny fitsarana, misy fepetra maro tsy mifampiankina na tsy misy ifandraisana, dia andoavana sara mitokana avy araka ny karazany. Ny sara tokony aloan'ny tsirairay dia voafaritry ny andininy ao amin'ity fisokajiana ity ahitàna ny fepetra misy azy sy izay mifanaraka aminy.

**Andininy 02.01.09**
Afahana amin'ny hetra maro voalazan'ny andininy eo aloha ao anatin'ny sora-panekena ifanaovan'ny olon-tsotra, ara-pitsarana na ivelan'ny fitsarana, ireo fepetra tsy mifampiankina sy tsy voan'ny sara mifanentana.

Raha toa ka misy fepetra tsy miankina maro ao anatin'ny sora-panekena ka ny sasany iharan'ny sara mifanentana, ny sasany iharan'ny sara raikitra, dia tsy akana na inona na inona ny fepetra farany raha tsy hoe angaha ampiharina ny sara raikitra ambony indrindra mba ho hetra farafahakeliny aloa raha toa ka kely ny sara mifanentana tokony ho naloa.

**Fanoratana soratra to, fanamarinan-ko mpamorona na matoan-tsoratra**

**Andininy 02.01.10**
Ny sora-panekena ifanaovan'ny olon-tsotra sy ivelan'ny fitsarana dia raiketina amin'ny boky, amin'ny soratra-to, birenty na matoa.

**Sora-panekena an'ny fanjakana, tena izy, voamarina ary natao an-trano**

**Andininy 02.01.11**
Tokony ho voasoratra:
I – Ao anatin'ny 15 andro manaraka ny daty nanaovana azy:
Ny fanomezam-pahefana rehetra, ny fanomezam-pitokisam-barotra, ny taratasy famindran-tompo ary amin'ny ankapobeny dia ireo sora-panekena rehetra miankina amin'ny asa fanelanelanana ny fivarotana na fividianana fananana mifaka na "tokotanim-barotra na ho an'ny efa tompony tamin'ny fividianana mahazatra ireo fananana mba hamidy na izy rehetra na amin'ny ampahany na amin'ny toko ho an'ireo tany an-drenivohitra na manodidina raha tsy hoe angaha sora-panekena nataon'ny notera.

II – Ao anatin'ny fe-potoana 1 volana manaraka ny daty nanaovana azy:
Ny sora-panekena natao tany amin'ny vaditany, commissaires priseurs sy ny hafa izay manana fahefana manao fitanana an-tsoratra na fikarohana.

III - Ao anatin'ny fe-potoana roa volana miainga amin'ny daty nanaovana azy.
1°) Ny sora-panekena natao teo anatrehan'ny notera, ny sora-panekena voamarina, ny sora-panekena teo anatrehan'ny mpiraiki-teny ankoatry ny didy miafina;
2°) Ny fitanana an-tsoratry ny fampihavanana nataon'ny mpitsara, ny filohan'ny fitsarana, ny fanapahana mila tanterahina avy hatrany, fanapahan'ny fitsarana, fifanarahana mitranga nandritra ny fomba-pitsarana, ny fanapahana didy amboalohany ka hatramin'ny farany ahitana fehi-kevitra raikitra.

3°) Ny sora-panekena misy famindran-tompo na fizakam-bokatra amin'ny fanaka mifaka, tokotanim-barotra sy ny momba azy, fiarakodia, na fivarotana zo amin'ny fifanaraham-panofana na tombony amin'ny fampanantenana fampanofana mikasika ny fananana amin'ny ampahany na manontolo;

4°) Ny sora-panekena misy famindran-tompo na fizakam-bokatra amin'ny fanaka;

5°) Ny sora-panekena misy famindram-pisitrahana amin'ny fanaka sy fananana mifaka;

6°) Ireo taratasy sy soratra milaza ny toetra, ny zava misy na ny vidin'ny fananana an'ny mpivady tsirairay nandritra ny fankalazana ny fanambadiana;

7°) Ireo taratasy rehetra misy fiforonana, fanalavana, fanaovana na faharavan'ny sosaiety iray, fitomboana, fanavotam-bidy na famerenana ny renivolany, ary koa ireo taratasy rehetra mikasika ny sosaiety sy ny soratra misy ny fanapahan-kevitry ny Fivoriamben'ny mpiombon'antoka sy ny mpikambana ny filan-kevitrim-pitantanan'ny sosaiety na fitantanana;

8°) Ny taratasy milaza fizarana fanaka na fananana mifaka, na amin'ny fomba toy inona na toa inona;

9°) Ny sora-panekena na antotan-taratasy rehetra izay natokana apetraka ao amin'ny fikajiana ny fananantany na ao amin'ny biraon'ny kadasitra ankoatr'ireo fangatahana titra na baorina sy fangatahana fanoratana taratasy;

10°) Ny fifanarahana sy ny fifanekena, amin'ny ankapobeny ireo taratasy mikasika ny fanomezana ny tsenam-panjakana isan-karazany ka ny fandoavana ny vidiny dia hiantsorohan'ny Fanjakana, ny vondrom-bahoakam-paritra sy antokon-draharaham-panjakana.

IV – Ao anatin'ny fe-potoana telo volana ao aorian'ny nahafatesan'ny mpanao didy miafina napetraka tany amin'ny notera sy mpiraki-teny na noraisin'izy ireo.

**Andininy 02.01.12**
Tsy misy ny fe-potoana hentitra ny fanoratana ireo sora-panekena afa-tsy izay voalazan'ny andininy eo aloha sy ireo fifanekem-pivarotana fitondrana trosa tany amin'ny banky sy ny tsena sy fifanarahana miendrika taratasim-barotra araka ny andininy 632, 633 sy 634 laharana 1 ao amin" Fehezan-dalana mikasika ny varotra, natao na nosoniavina tsy teo anatrehan'ny fanjakana.

### Fifanarahana am-bava

**Andininy 02.01.13**
Ny famindrana ny fananana voalazan'ny andininy 02.01.11 III 3° dia anaovana filazana amin'ny antsipirihany sy filazam-bidy ao anatin'ny 2 volana nahazoana azy raha toa ka tsy nisy taratasy fifanekena.

**Andininy 02.01.14**
Ny famindrana fizakana ny fananana mifaka dia anaovan'ny mpampanofa filazana ary apetraka ao anatin'ny 2 volana voalohany isan-taona raha tsy misy ny taratasy fifanekena.

Ny filazana dia atao araka ny taratasy manokana omen'ny Fanjakana. Ny filazana dia mihatra manomboka ny 01 janoary hatramin'ny 31 desambra ny taon-dasa.

**Andininy 02.01.15**
Ny famindram-pananana ary koa ny fanalavam-pifanarahana voasoratra na araka ny lalàna amin'ny fizakana ny tokotanim-bokatra dia anaovan'ny mpampanofa fanambaràna amin'ny antsipirihany ao anatin'ny 2 volana manomboka amin'ny nahazoana azy raha toa ka tsy misy ny fifanarahana an-tsoratra.

### Sora-panekena natao tany ivelany

**Andininy 02.01.16**
Ny fanoratana ny sora-panekena natao teo anatrehan'ny fanjakana na tsia sy ny fitsarana natao tany ivelan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy fifindran-tanana fananana mifaka, tokotanim-barotra na mpanjifa eto Madagasikara dia tsy maintsy angatahana ao anatin'ny 3 volana manomboka ny nahazoana azy ao amin'ny birao miandraikitra ny toerana misy ny fananana.

### Ny famindrana noho ny fahafatesana

**Andininy 02.01.17**
Ny fe-potoana fanoratana ny fanambaram-pananana ataon'ny mpandova sy ny mpandray fananana, ny mpandray ny tolotra noho ny fananana azon'izy ireo na noho ny fahafatesana dia:
- enim-bolana manomboka ny nahafatesany raha toa ka maty teto Madagasikara ny olona lovaina;
- herin-taona raha toa ka maty ivelan'i Madagasikara ilay olona.

**Andininy 02.01.18**
Raha toa ny mpandova ka nandray ny fananana talohan'ny fe-potoana enim-bolana farany voafetra hanaovana ny filazam-pananana dia tsy maintsy hatao ao anatin'ny enim-bolana nanomboka tamin'ny nandraisany ny fananana ny filazana.

**Andininy 02.01.19**
Ny mpandova, ny mpandray ny tolotra na izay rehetra manan-jo handova ny olona maty tsy hita popoka dia tsy maintsy manao fanambaràna ao anatin'ny enim-bolana aorian'ny nizakana vonjy maika ny fananana, izay tokony ho nataony ary mandoa ny hetra amin'ny vidin'ny fananana sy izay manandrify azy ireo.

**Andininy 02.01.20**
Ny fe-potoana fanaovana fanambaràna ny fananana tsy fantatra tompo dia herin-taona aorian'ny nandraisan'ny mpiahy ny fananana tsy hita tompo izany.

**Ny birao tsy maintsy hanaovana ny fanoratana**
**ny sora-panekena sy ny famindram-pananana**

**Andininy 02.01.21**

1 – Tsy afaka manao ny fanoratana mikasika ny sora-panekena natao ny notera afa-tsy ao amin'ny birao misy toeram-ponenany mahazatra.

2 – Ny vadintany sy ireo olona manana fahefana hanao taratasy na fitanana an-tsoratra dia manao ny fanoratana ao amin'ny fonenany mahazatra na any amin'ny birao na toerana nanaovana ny asa.

**Andininy 02.01.22**

Ny fitanana an-tsoratra ny varom-panjakana sy ny lavanty ho an'ny fanaka, kojakoja, entana, hazo, voankazo, vokatra sy ireo fanaka hafa rehetra dia tsy azo raiketina an-tsoratra afa-tsy ao amin'ny birao nanaovana ny fanambaràna voatondron'ny andininy 02.04.23.

**Andininy 02.01.23**

Ny fanoratana ny sora-panekena natao tsy teo anatrehan'ny fanjakana izay tsy maintsy manaraka ny fepetra araka ny fe-potoana voafetra dia atao:

- Ao amin'ny birao misy ny fananana na ao amin'ny birao misy ny fonenan'ny iray amin'ireo mpifanaiky ka omena sosony iray ny birao misy ny fananana amin'izay ho fampahafantarana no atao ny firaiketana an-tsoratra ho an'ny taratasy voafaritra ao amin'ny andininy 02.01.11 III 3° sy 5°;
- Ho an'ireo taratasy hafa rehetra dia ao amin'ny birao misy ny fonenan'ny iray amin'ireo mpifanaiky.

**Andininy 02.01.24**

Ny fanambaràna ny fifindran-tanana am-bava ny fananana mifaka, ny tokotanim-barotra sy ny mpanjifa ary koa ny fanambaràna famindran-tanana ny zo hanofa na fananana fanomezan-tokim-panofana amin'ny ampahany na manontolo ny fananana mifaka, dia tsy maintsy atao ao amin'ny birao misy ny fananana.

**Andininy 02.01.25**

Ny sora-panekena natao teo anatrehan'ny fanjakana tany ivelany dia heverina ho toy ny taratasy tsy vita sonia teo anatrehan'ny Fanjakana, toy izany koa ireo taratasy nataon'ireo Masoivohom-pirenen'ny Kaosily miasa eto Madagasikara.

**Andininy 02.01.26**

Ny didimpananana natao tany ivelany dia tsy azo ampiharina amin'ny fananana mitoetra eto Madagasikara raha tsy nosoratana tao amin'ny birao misy ny fonenan'ilay nanao izany raha toa ka nitazona sosony iray izy ; raha tsy izany dia tao amin'ny birao nisy ny fonenana farany nahafantarana azy.

Raha toa ka misy ny fepetra momba ilay fananana mifaka ao anatin'ilay didy miafina dia soratana ao amin'ny birao misy ireo fananana ilay didy miafina ary tsy handoavana vola intsony.

**Ny famindram-pananana noho ny fahafatesana**

**Andininy 02.01.27**

Ny famindram-pananana noho ny fahafatesana dia soratana ao amin'ny birao mpiandraikitra ny toeram-ponenan'ny maty na manao ahoana na manao ahoana ny vidin'ny fanaka na fananana mifaka hanaovana ny filazana.

Raha toa ka tsy manana fonenana eto Madagasikara ny maty dia atao ao amin'ny biraon'ny hetra an'Antananarivo ny filazana momba izany.

**Andininy 02.01.28**

Na izany aza sy ho fandinganana ny fepetry ny andininy eo aloha sy mandram-pisian'ny ivotoeram-pirenena mikasika ny fananana, ny filazana ny tombam-pananana dia azo atao ao amin'ny birao misy ny fonenana vaovaon'ny vady mbola velona sy ny mpiahy ny kamboty tsy ampy taona, na ao amin'ny fonenan'ny ray aman-drenin'ny maty raha toa ka hita ao ny filazana fananana amin'ny anaran'ny maty izay omen'ny mpikajy ny fananan-tany tao amin'ny fonenany farany.

**Andininy 02.01.29**

Amin'izany rehetra izany, ny foibe ara-ketra izay nanatontosa ny fanoratana dia tokony handefa sy hampahafantatra hatrany ny birao miandraikitra ny toerana misy ireo fananana mifaka tsirairay.

## TOKO II
## SANDA SY FIKAONTIANA NY HETRA

## SOKAJY I
## FEPETRA IRAISANA

**Andininy 02.02.01**
Ny vola raisina ho sara-panoratana ireo sora-panekena na famindran-tananana dia voafetra araka ny taha sy ny antontany sandaina araka ireto andininy manaraka ireto.

**Andininy 02.02.02**
Tsy azo atao latsaky ny Ariary 10.000 ny vola raisina raha toa ka tsy mahatratra Ariary 10.000 ny haba mifanentana.

## SOKAJY II
## SARANY RAIKITRA

**Andininy 02.02.03**
Soratana araka ny sara raikitra Ariary 2.000,00

1 – Ny didim-pitsarana sy didy maika, didy ampiharina tsy misy atak'andro ;

2 – Ny fitanana an-tsoratra momba ny fampihavanana nataon'ny mpitsara sy filohan'ny fitsarana, ny didim-pitsarana mila tanterahina avy hatrany sy ny fifanarahana natao nandritra na tao aorian'ny fomba arahina momba izany ;

3 – Ny didy avoakan'ny mpitandro ny filaminana ;

4 – Ny fifanekena fehivava ;

5 - Amin'ny ankapobeny dia ireo sora-panekena na fifanarahana ka tsy voalaza ao amin'ity fehezan-dalana ity ny sandany sy tsy voafetra ny fe-potoana hanoratana azy na koa ireo izay natao an-tsitrapo ny fanoratana azy.

Na izany aza ho an'ireo fitanisana ny fanaka sy ny entana mifandraika aminy, ny sora-pizakana sy taratasy dia andoavana sarany isaky ny fisahanan-draharaha. Na izany aza, ny fitanisam-pananana natao tao aorian'ny faha-bankirompitra dia ny sara raikitra ihany no ampiharina na firy na firy isan'ny fananana tsy fantatra tompo.

**Andininy 02.02.04**
Soratana amin'ny sara raikitra Ariary 4.000,00 :

1 – Ny didy navoakan'ny fitsarana tampony mikasika ny raharaham-panjakana;

2 – Ny didim-pitsarana navoakan'ny fitsarana ao amin'ny ambaratonga voalohany, na ny sampam-pitsarana ao amin'ny ambaratonga voalohany sy ny fitsarana any amin'ny Firaisam-pokontany na ny toerana ankoatra ny mpitandro ny filaminana ka misy fepetra raikitra ;

3 – Ny filazana na fifidianana olona na namana raha toa ka ny fahafahana mifidy olona dia ao anatin'ny sora-panekena mikasika ny tolo-bidy na ny fifanarahana ka ny filazana dia natao tamin'ny alalan'ny sora-panekena teo anatrehan'ny fanjakana sy nampahafantarina ny mpandray vola miandraikitra ny hetra ao anatin'ny telo andro nanaovana ny tolo-bidy na fifanarahana ;

4 – Ny fifanekem-panambadiana izay tsy misy afa-tsy ny filazana ny lalàna mifehy ny fanambadiana voafidin'ny ho mpivady na izay mirakitra fitondrana fananana ka ny sarany mifanentana dia latsaka noho ny voalaza ;

5 – Ny lavanty misy songom-barotra fananana-manaraka raha toa ka tsy mihoatra ny lavanty teo aloha ny vidiny ka voarakitra amim-boky.

**Andininy 02.02.05**
Soratana araka ny sara raikitra Ariary 8.000,00.

Ny didim-pitsarana navoakan'ny fitsarana ambony misy fepetra raikitra.

**Andininy 02.02.06**
Soratana araka ny sara raikitra Ariary 16.000,00.

Ny didim-pitsarana navoakan'ny fitsarana tampony ara-pitsarana.

## SOKAJY III
## HABA MIFANENTANA

### FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy 02.02.07**
Amin'ny tranga rehetra, raha toa ka, araka ny filàzana tombam-bidy ataon'ny mpifanaiky ny andoavana ny haba, dia tsy maintsy atao amin'ny antsipirihany ny filazana sy ny fanombanana.

Ny filazana toy izany dia ekena, hamarinina ary soniavina eo ambanin'ny fifanekena na ny didim-pitsarana alohan'ny fanoratana am-boky, raha toa ka tsy voalaza ao ny sora-bola natao hamerana ny haba mifanentana.

**Andininy 02.02.08**
I –Ny vidin'ny fananana madiodio sy ny fizakam-bokatry ny fanaka sy ny fananana mifaka dia faritana ho an'ny fikajiana sy fandoavana ny haba mifanentana araka izao manaraka izao:

1 – Ho an'ny famindram-pananana misy setriny ankoatra ny vola nampisamborina, ny fidiram-bola maharitra na fisondroan-dronono, amin'ny vidiny voalaza miampy ny fandaniana rehetra amin'ny renivola ;

2 –Ho an'ny fitondrana ireo fananana ireo ao amin'ny fanambadiana, ny vidin'ny fananana madiodio sy ny fizakam-bokatra dia faritana araka ny ampahan'ny vidin'ny fananana manontolo araka ny rafi-marika manaraka izao.

| Taonan'ny mpizaka vokatra | Vidin'ny fananana manontolo | |
|---|---|---|
| Latsaky ny: | Fizakam-bokatra | Fananana tsy arahim-bokatra |
| 20 taona katroka……………… | 7/10 | 3/10 |
| 30 taona katroka ……………… | 6/10 | 4/10 |
| 40 taona katroka ……………… | 5/10 | 5/10 |
| 50 taona katroka ……………… | 4/10 | 6/10 |
| 60 taona katroka ……………… | 3/10 | 7/10 |
| 70 taona katroka ……………… | 2/10 | 8/10 |
| Mihoatra ny 70 taona ………… | 1/10 | 9/10 |

3 – Ho an'ny vola nampisamborina tratry ny fetr'andro, ny fandraisam-bola mandramaty na tsia sy ny fisotroan'dronono natao na nafindra na inona na inona antony sy ho an'ny fanavotam-bidin'ireo fandraisam-bola maharitra na ny fisodroan-dronono amin'ny alalan'ny ampahan'ny vidin'ny fananana manontolo, natao araky ny fitsipika voatondro ao amin'ny paragrafy eo aloha, araky ny renivola voafaritry ny andininy 02.02.30 sy 02.02.31.

II –Tsy andoavam-bola ny fitambaran'ny fizakam-bokatra sy ny fananana tsy arahim-bokatra raha toa ka amin'ny fotoana fiafaran'ny fotoana rehetra haharetan'ny fizakam-bokatra na ny nahafatesan'ny mpizaka vokatra no nisian'izany fitambarana izany.

**Andininy 02.02.09**
Raha ny vidin'ny fananana madiodio na fizakam-bokatra voakajy araka ny fepetra raiketin'ny ao amin'ny 2° sy 3° ny paragrafy 1 ao amin'ny andininy eo aloha no amerana ny haba mifanentana, ny sora-panekena dia mampahafantatra ny daty sy toerana nahaterahan'ny mpizaka vokatra raha teraka tany ivelan'i Madagasikara raha tsy izany dia iharan'ny sazy voalazan'ity fehezan-dalana ity raha manao filazana tsy marina. Ankoatra izany dia hamarinina io daty io alohan'ny fanoratana am-boky fa raha tsy izany dia ny haba ambony indrindra no arotsaka ao amin'ny tahirim-bolam-panjakana, raha tsy hoe angaha nisy famerenam-bola naloa nihoatra amin'ny tokony ho izy ao anatin'ny fe-potoana roa taona nampisehoana ny sora-pahaterahana raha toa ka ivelan'i Madagasikara no nahaterahany.

**Andininy 02.02.10**
Ao anatin'ny sora-panekena na filazana rehetra izay mikasika na fivarotana fananana mifaka na fivarotana tokontanim-barotra na koa famindrana fizakam-panofana na fananana fanomezan-tokim-panofana amin'ny fananana manontolo na amin'ny ampahany, na fifanakalozana na fizarana mikasika fananana mifaka na tokontanim-barotra, ny mpivarotra tsirairay, ny mpividy, ny mpifanakalo, mpiara-mizara, ny vadiny, ny mpiantoka dia tokony hamarana ny fanekena sy filazana amin'ity fehezan-teny ity:
"Ho fampiharana ny andininy 366 amin'ny Lalàna famaizana, izahay manao sonia eto ambany dia milaza marina fa vidiny manontolo sy ambim-bidy tena marina no voalaza ao amin'ity sora-panekena ity".

Io andalana voalaza eo ambony anaty farango sosona io dia tsy maintsy atao sora-tanan'ny mpanao ny filazana na izay olona voalaza ao anatin'ny sora-panekena raha toa ka natao tsy teo anatrehan'ny fanjakana ity farany.

**SOKAJY IV**
**FAMINDRAM-PANANANA MISY SETRINY**
**SORA-PANEKENA NA FAMINDRAM-PANANANA VOAN'NY HABA**

**Fandaozana**
**(zava-misy amin'ny fiantohana na tranga lehibe tsy ampoizina)**

**Andininy 02.02.11**

Ny fandaozana noho ny fanaovana fiantohana na tranga lehibe tsy ampoizina dia iharan'ny lalàna ara-ketra amin'ny haba telo isan-jato.

Ny haba dia voriana arakaraka ny sandan'ny zavatra nilaozana. Mandritra ny fotoan'ny korontana dia tsy mandoa afa-tsy ny antsasany.

**Fifanaraham-panofana**

**Andininy 02.02.12**

I – Raha voafetra ny fotoana, ireo fifanaraham-panofana sy ny fanalavana fifanarahana arakaraka ny faharetany dia mandoa hetra amin'ny taha voatsijara toy izao:

1. 1% ho an'ny ny fifanaraham-panofana fanaka mifaka ka ampiasaina atao trano fonenana, ireo fifanaraham-panofana saha sy sakafom-biby, ireo fifanaraham-panofana momba ny biby ompiana iray karazana na fampahalalana momba ny biby, ireo fifanaraham-panofana momba ny sakafon'ny olona, ary koa ny fifanaraham-panofana fananana mifaka omena ireo mpanao asa-tanana raha tsy mampiasa afa-tsy olona 3 na mihoatra izy ireo ary tsy maintsy hanaovana filazana ara-dalàna any amin'ny fisafoana arak'asa.
2. 2% ho an'ny fampanofana ny tokotanim-barotra sy ireo fanaka manaraka ary koa ireo fifanaraham-panofana fananana mifaka ampiasaina amin'ny zavatra hafa ankoatra ny voalaza ao amin'ny andalana teo aloha.

Ireo fifanaraham-panofana momba ny fananam-panjakana sy ireo vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia mandoa haba sy tatao mitovy amin'ny etsy ambony.

Ho an'ny fifanaraham-panofana ny fananana mifaka izay sady hipetrahana no hanaovana zavatra hafa dia 2% ny taha amerana ny hetra raha tsy hoe angaha misy vidiny manokana voalaza ny efitra atao trano fonenana ary ny fitsinjarana ny efitra araka ny ampiasana azy avy dia voafaritra ao anatin'ny fifanarahana.

II – Ho an'ny fifanaraham-panofana sy fanalavana ny fifanaraham-panofana fanaka, tokontanim-barotra ary fananana mifaka, ny vidiny amerana ny hetra dia araka ny vidiny voalaza sy faharetan'ny fifanarahana ampiana ny loloha zakain'ny mpanofa.

Ny sara dia aloa amin'ny fitambaran'ny hofan-trano mandritra ny faharetan'ny fifanarahana raha tsy hoe ny fandoavana ny hofan-trano dia mitsinjara araka ny fotoam-panofana.

Io fepetra io dia mihatra ihany ho an'ny fifanarahana amin'ny fitrosana vola ombàn'ny fampanofana.

Ho an'ny fifanaraham-panofana maharitra, ny sara dia aloa isaky ny dimy taona amin'ny fitambaran'ny hofan-trano mandritra ny dimy taona. Na izany aza, dia azo atao indray mandoa ho an'ny faharetany manontolo araka izay fifanarahan'ny roa tonta sy ny fepetra voalaza ao amin'ny fifanarahana.

Na izany aza, ny fifanarahana fitrosana vola amin'ny fampanofana natao tao amin'ny orinasa mpampindram-bola ankatoavina, dia iharan'ny sara raikitra manokana Ariary 20.000,00 isaky ny fanaka ary Ariary 100.000,00 isaky ny fananana ho an'ny fananana mifaka na ny tokon-tanim-barotra.

Raha toa ka voalaza fa tsy vola fa zavatra na araka ny vidin'ny vokatra isan-karazany no andoavana ny hofan'ny fananana, ny sara dia kajiana araka ny vidim-bokatra novinavinain'ny roa tonta tamin'ny andron'ny fifanarahana.

Raha aloa amin'ny ampahany ny sara dia ho an'ny vanim-potoana voalohany ihany no manan-kery io vinavina io. Ho an'ny vanim-potoana tsirairay ao aoriana, ny roa tonta dia tokony hanao filazana vaovao misy ny vinavinam-bidin'ny vokatra tamin'ny vanin'andro nanombohan'ny vanim-potoana noheverina ho fototra hikajiana ny hetra.

Ny fepetry ny andalana 3 sy 5 amin'ity paragrafy ity dia ampiharina amin'ny fifanaraham-panofana araka ny ampaham-boankazo no omena ny mpanofa ka io ampahany io dia tokony efa voafaritra na nampahafantarina dieny mialoha.

III – Ho an'ny fifanaraham-panofana izay tsy voafetra ny faharetany, ny vidy hamerana ny hetra aloa dia faritana araka ny hofan-trano isan-taona afa-tsy ny fisian'ny vinavinan'ny faharetan'ny fifanarahana ho fanoratana ataon'ny roa tonta eo ambanin'ny sora-panekena.

Amin'ny fiafaran'io vanim-potoana io dia manaraka an'io fepetra io no andoavana sara vaovao raha toa ka mbola hampiasain'ny mpanofa ilay efitrano.

**Andininy 02.02.13**

I – Ny fifanaraham-panofana mandramaty na tsy voafetra ny faharetany, dia iharan'ny hetra mitovy amin'ny famindrana tompo ny fananana izay voakasik'izany.

II – Ho an'ny fifanaraham-panofana izay tsy voafetra ny faharetany, ny vidiny amerana ny hetra dia araka ny renivola azo avy amin'ny roapolo henin'ny fidiram-bola maharitra na avy amin'ny vidiny sy ny loloha isan-taona, miampy ireo vesatra hafa miankina amin'ny renivola sy ny vola miditra rehetra raha voalaza ao izany.

Ho an'ny fifanaraham-panofana mandramaty, tsy anavahana na olona tokana na maro no mifanaraka, ny vidiny dia faritana araka ny renivola izay folo enin'ny vidiny sy ireo vesatra nandritra ny taona miampy ny fidiran'ny loloha hafa raha toa ka nambara izany.

Ireo entana dia tombanam-bidy araka ny andininy eo ambony.

**Andininy 02.02.14**

Ny fifanarahana tsy voafetra any amin'ny fampanofana fasana dia ahazoana alàlana hivarotra ny fananana mifaka kajiana araka ny vidiny nifanarahana ao anatin'ny taratasim-panekena.

**Andininy 02.02.15**

Ny fifanaraham-panofana izay voafetra ny faharetany momba ny tokontanim-barotra izay antsoina koa hoe "fifanaraham-pitantanana malalaka" dia iharan'ny haba raikitra ao amin'ny andininy 02.02.12 raha toa ka voasoratra ao anatin'ny fifanekena ny tombam-bidin'ny entana ka misy lisitry ny entana na fitaovana tokony averin'ny mpanofa amin'ny mpampanofa amin'ny fotoana hifaranan'ny fifanarahana.

Raha tsy misy ireo fanamarinana ireo, dia tsy maintsy takiana ny saran'ny fampivarotana an'io tokontanim-barotra io. Io sara farany io dia takiana raha tsy nohavaozina ny fifanarahana ary koa ilay mpanofa mbola nanohy ny asany tao amin'ilay toerana nofaina teo aloha.

Mitovy amin'izay ihany raha toa ka misy fifampanofana eo amin'ny tompony sy ny mpanofa araka ny "fitantanana malalaka" ka nanjary ny mpanofa indray no lasa mpampanofa raikitra ny tokontanim-barotra.

**Andininy 02.02.16**

Ny famindrana ny zo ho an'ny fampanofana na fahazoana fanomezam-pitokisam-panofana mikasika ny fananana mifaka manontolo na amin'ny ampahany na inona na inona endrika omen'ny mpifanaiky ny fifanarahana, ka natao ho famindrana ny sara-pidirana na tambim-pialana na hafa noho izany dia ny sara-pamindrana fananana mifaka no ampiharina.

Io sara io dia alaina amin'ny vola na ny tambiny azon'ilay mpanome. Izany dia tsy misy ifandraisany amin'ny sara mety efaina amin'ny famindran-tanana ny zo amin'ny fananana miofa.

**Filazana fisoloana (fifidianana na fanambaràna)**

**Andininy 02.02.17**

Ny fifidianana na filazana fanolorana olona na namana aorian'ny fanomezana amin'ny alalan'ny tolo-bidy na fifanekem-barotra amin'ny fanaka, raha toa ka vita ao aorian'ny telo andro ny fifidianana ilay olona na tsy voalaza anatin'ny tolo-bidy na fifanekem-barotra izany fifidianana izany dia iharan'ny sara alaina amin'ny fivarotana fanaka.

**Andininy 02.02.18**

Ny fifidianana na filazana olona na namana aorian'ny fanomezana amin'ny alalan'ny tolo-bidy na fifanekem-barotra amin'ny fananana mifaka, raha toa ka vita aorian'ny telo andro ny fifidianana ilay olona na tsy

voalaza anatin’ny tolo-bidy na fifanekem-barotra izany fifidianana izany dia iharan’ny sara alaina amin’ny fivarotana fananana mifaka.

**Fifanarahana amin’ny fanambadiana**

**Andininy 02.02.19**

Raha tsy sendra misy izay voalazan’ny andininy 02.02.04 4°, ny fifanarahana amin’ny fanambadiana izay tsy misy fepetra hafa afa-tsy ny fanambaran’ireo hivady izay ho entin’izy ireo ao amin’ny fanambadiany izay tsy misy tombontsoa manokana voafaritra ho azy ireo dia iharan’ny sara raikitra Ariary 10.000,00.

Ny fieken’ny lehilahy tao anatin’izany fa nandray ny fananana nentin’ny vehivavy izy dia tsy akana sara manokana.

Raha toa ny ho mpivady nomen’ireo ray aman-drenin’izy ireo fananana na notoloran’ny mpiray tampo na olon-kafa tsy ao anatin’ny fianakaviana, ao anatin’ny fifanarahana amin’ny fanambadiana, ny sara alaina amin’izany dia ohatran’izay ampiharina amin’ny fifanolorana.

Akana sara raikitra araka ny voafetry ny andalana voalohany eo ambony ny soratra sy ny sora-panekena rehetra izay milaza ny karazany, ny momba azy na ny vidin’ny fananan’ny mpivady tsirairay avy amin’ny fisoratam-panambadiana.

**Fifanakalozana fananana mifaka**

**Andininy 02.02.20**

Ny fifanakalozana fananana mifaka dia iharan'ny haba 4 isan-jato.

Ny haba dia alaina amin'ny vidin'ny tokom-pananana iray raha toa ka tsy misy ny famerenana izany. Raha toa ka misy ny famerenana, ny haba aloa dia 4 isan-jaton'izay toko kely indrindra, ary mitovy ho an'ny fivarotana amin'ny fiverenan'ny tombony.

Na inona na inona karazan'ny fananana mifaka, ny vidiny dia raisina dia atao araka ny tombam-bidy tena izy natao tamin'ny vanim-potoana namindrana azy ary araka ny tombam-pilazana nataon'ireo mpifanaiky.

**Andininy 02.02.21**

Ny famerenana ny fananana mifaka natakalo dia iharan'ny sara alaina amin'ny fivarotana fananana mifaka.

**Tokotanim-barotra sy ny mpividy**

**Famindran-tanana misy setriny**

**Andininy 02.02.22**

Ny famindran-tompo misy setriny ny tokontanim-barotra na ny mpividy dia iharan'ny haba 6 isan-jato.

Io haba io dia alaina amin'ny vidin'ny ivarotan'ny entana amidy rehetra ao anatin'ny tokotanim-barotra, ny famindrana ny zo ahafahana manofa trano sy ireo fanaka na entana hafa ilaina amin'ny asa fivarotana. Ireo fanaka na entana ireo dia tokony ho tanisaina amin'ny antsipirihany sy tombanam-bidy ao anatin'ny taratasy iray miavaka tsara.

Ireo entana vaovao nampidirina ao amin'ny fivarotana dia 2 isan-jato ihany ny tahan'ny haba ampiharina aminy raha toa ka voalaza ao anatin'ny taratasy ny tombam-bidin'ny tsirairay amin'ireo entana, ka ny sosony roa amin'izany dia apetraka ao amin'ny birao nanaovana ny fombafomba rehetra ilaina.

**Andininy 02.02.23**

Ny fepetr'ity fanasokajiana ity ampiharina amin'ny famindran-tompo misy setriny ny tokotanim-barotra na ny mpividy dia itarina amin'izay fifanarahana rehetra misy setriny ka mitarika olona iray hanao asa na asa efa nisy niandraikitra teo aloha, na ohatra aza ka ny fifanarahana natao niaraka tamin'ny nahazo ny tokotanim-barotra dia tsy niaraka tamin'ny fanomezana ny mpividy.

Ny sara dia tsy maintsy takiana amin'ny vola rehetra na inona na inona anarany sy ny vesatra rehetra zakaina araka izay hita ao anatin'ny fifanarahana, izay tokony aloan'ny mpandova.

**Didim-pitsarana sy Didy**

**Andininy 02.02.24**

Raha nisy fanamelohana navoaka araka ny taratasy fangatahana tsy voasoratra ara-panjakana kanefa tokony nosoratana, ny sara izay tokony naloa tamin'io fangatahana io, raha toa ka nifanarahana tao

anatin'ny sora-panekena nifanaovan'ny samy olon-tsotra, dia alaina ankoatry ny sara tsy maintsy aloa tamin'ny sora-panekena na ny didim-pitsarana namoaka ny fanamelohana.

**Andininy 02.02.25**

Ny didim-pitsarana sy ny fifanarahana voalazan'ny andininy 02.02.03 dia tokony hanaovana fitanana an-tsoratra izay apetraka ao amin'ny firaiketan-draharaha ao amin'ny fitsarana mahefa ao anatin'ny fe-potoana roapolo andro ary soratana am-boky raha tsy izany dia tsy manan-kery.

Ny taratasy mikasika izany dia ampiarahina amin'ny sora-panekena.

### Lavanty ataon'ny tompo miombona

**Andininy 02.02.26**

Ny anjara azo tamin'ny fanaovana lavanty ny fanaka itambarana dia iharan'ny sara amin'ny fivarotana fanaka.

**Andininy 02.02.27**

Ny anjara azo tamin'ny fanaovana lavanty ny fananana mifaka itambarana dia iharan'ny sara amin'ny fivarotana fananana mifaka.

### Fizaram-pananana

**Andininy 02.02.28**

Ny fizarana fanaka sy fananana mifaka ataon'ireo tompo miombona na mpiara-mandova na inona na inona antony dia iharan'ny haba raikitra Ar 10.000,00 haloan'ny mpizara tsirairay raha toa ka voamarina.

**Andininy 02.02.29**

Ny fizarana miverin'ny fananana manaraka dia mandoa ny haba amin'ny fampivarotana ny fananana manaraka. Ireo fizarana ny fananana mifaka kosa dia ny haba amin'ny fampivarotana mifaka no ampiasaina.

### Fidiram-bola maharitra

**Andininy 02.02.30**

Ny fiforonan'ny fidiram-bola maharitra, na izy mandrakizay, na mandra-pahafaty sy ny fisotroan-dronono, izay misy sandany ary koa ny famindrana, ny fitaterana sy ny famindrana izay natao mitovy amin'izany, dia voan'ny sara ny 1,50 isan-jato.

Mitovy amin'izany ny fameranam-bola na fanavotana ny fidiram-bola maharitra sy sara amin'ny vokatra amin'ny karazany rehetra.

Ho an'ny famoronana ny fidiram-bola maharitra, na mandrakizay, na mandramaty na ny fisontroan-dronono, sandaina, ny vidiny ilaina hangalana ny hetra dia voafaritra amin'ny renivola voaforona sy novotsorana.

Ho an'ny fivarotana, ny fitantanana sy famindrana hafa momba ny fidiram-bola maharitra na fisontroan-dronono, sy momba ny letsi-trosa na fividianana indray, ny vidiny dia voafaritra amin'ny renivola voaforona na inona na inona vidiny voalaza amin'ny fitaterana na letsi-trosa.

**Andininy 02.02.31**

1 - Ho an'ny fitaterana sy letsin-trosan'ny fidiram-bola maharitra sy ny fisotroan-dronono noforonina tsy misy filazana renivola, ny vidiny ilaina amin'ny fangalana ny hetra dia avy amin'ny renivola, in-droapolon'ny fidiram-bola maharitra mandrakizay sy impolon'ny fidiram-bola maharitra mandra pahafaty, na ohatrinona na ohatrinona tombam-bidin'ny fitaterana na letsin-trosa.

2 – Ho an'ny fanombanana, tsy misy fanavahana amin'ny fidiram-bola maharitra mandra-pahafaty sy ny fisotroan-dronono noforonina ho an'olon-tokana sy ho an'olona maro.

3 - Ireo fidiram-bola maharitra sy fisotroan-dronono aloa amin'ny alalan'ny zavatra mivaingana na amin'ny alalan'ny sandan'ireo vokatra hafa dia tombanana amin'ny renivola mitovy, araka ny filazana tombatomban'ny entana amin'ny fotoan'ny sora-panekena.

### Sosaiety

**Andininy 02.02.32**

a) Ireo taratasy famoronana sy fanalavana ny fotoana iasan'ny sosaiety izay tsy misy famindrana fananana manaraka na fananana tsy mifaka eo amin'ny samy mpikambana na olon-kafa, dia iharan'ny tataon-ketra 0,5 isan-jato.

Io haba io dia kajiana amin'ny totalin'ny anjara entina raha lelavola, fanaka na trano anesorana ny trosa noraisin'ny sosaiety.

Ny fandraisan'ny sosaiety ny trosa momba ny anjara dia mahatonga habam-pamindrana mitovy amin'ny varotra fananana mitovy karazana.

Raha ao anatin'ny roa volana manaraka ny daty fahataperan'ny sosaiety, tsy misy sora-panekena na taratasy mampahafantatra ny fanapahan-kevitry ny fivoriam-ben'ny mpikambana hanajanonana ny sosaiety na hanalavana ny fotoana iasana manaraka ny fepetra ny firaiketana amin'ny boky, ny fanalavana ny fotoana iasany dia heverina ho mitohy ary ny haba mifanentana aminy dia alaina amin'ny vola enti-mihetsika afa-karatsaka hita ao amin'ny toe-pananana ny trosa natao amin'ny famerenana ny taom-piasana talohan'ny fe-potoana fahataperan'ny sosaiety.

Ny lazam-bidin'ny haba ampiharina dia izay ampiasaina amin'ny fotoana ahataperan'ny sosaiety.

b) Ny fepetran'ny paragrafy a) etsy ambony dia mihatra amin'ny sora-panekena mirakitra ny fampidirana ny vola tahiry na ny tombontsoa amin'ny renivola ary koa ireo fampitomboana ny renivola amin'ny alalan'ny anjara vaovao.

**Andininy 02.02.33**
Ny anjara momba ny tany sy trano izay atao amin'ny fikambanana niforona araka ny Hitsivolana laharana 60-133 tamin'ny 3 oktobra 1960 sy amin'ireo sendikà matihanina dia mandoa haba mitovy amin'ny anjaran'ny sosaiety sivily na ara-barotra.

**Andininy 02.02.34**
Ireo sora-panekena momba ny fanakambanana sosaiety dia voafehin'ny haba ao amin'ny andininy 02.02.32 araka ny fepetra voalaza manaraka:

- raha misy ny fampiraisana amin'ny alalan'ny fitelemana, ny haba amin'ny vola nentina dia kajiana amin'ny anjara nentin'ny sosaiety levona amin'ny sosaiety nitelina ;
- raha toa ka ny fanakambanana nahatonga ny fahafatesan'ny sosaiety akambana, sy ny famoronana sosaiety vaovao, ny haba amin'ny vola dia kajiana amin'ny totaliben'ny anjara nentina ho an'ny sosaiety vaovao.

Ankoatra izay, ho an'ny fanakambanana ny sosaiety tsy anavahana anarana, voafetran'ny ampaham-bola nentina na amin'ny andraikitra voafetra, ny fandraisan'ilay sosaiety nitelina na ilay sosaiety vaovao ny trosa rehetra na ampahany an'ireo sosaiety taloha dia manome fisokafana ho an'ny sarany raikitra ho Ariary 10.000,00 dia voriana miaraka amin'ny haba amin'ny anjara vola.

**Andininy 02.02.35**
Ny fepetra ny andininy 02.02.34 dia ampiharina mitovy amin'ny fisarahana sy amin'ny ampahan'ny anjara tsirairay amin'ny vola enti-mihetsika ho tanterahina isany fikambanana na Sampandraharaha mandoa hetra amin'ny vola miditra.

**Andininy 02.02.36**
Ho fandiganana ny fepetry ny andininy 02.02.34 voalaza eo ambony, ny fanakambanana ny sosaiety izay manana Foibe eto Madagasikara sy izay manana tanjona manokana hamokatra ho an'ny fanondranana dia tsy mandoa hetra amin'ny anjara entiny noho io asa io.

**Andininy 02.02.37**
Ny taratasy fanafoanana tsotra amin'ny sosaiety dia mandoa haba raikitra Ariary 10.000,00.

Ny sosaiety raha eo amin'ny lafin'ny hetra, dia heverina ho foana miaraka amin'ny famoronana fikambanana iray vaovao raha toa ka ny fivarotana ny anjara na petra-bola iray na maro dia mahalasa eo ampelatanan'ny olon-tokana na fikambanana, tsy mpikambana ao amin'ny sosaiety, ny totalim-bidin'ny renivola.

Io fampivarotana io dia manokatra ho an'ny habam-pamindrana araka ny toetr'ilay fananan'ny sosaiety sy amin'ny fototry ny vidiny marina, na dia eo aza ny tombam-bidin'ny toe-pananana sy trosa na antontan-taratasy hafa.

Ny fivarotana ny totaliben'ny anjara na petra-bola ho an'ny mpikambana na manana petra-bola ao amin'ny sosaiety fara-faharatsiny mandritra ny telo-taona, dia fivarotana ny anjara na ny petra-bola ao amin'ny

sosaiety ka ny fikajiana ny haba dia alaina amin'ny fototra hamerana ny tena vidiny marina. Ao anatin'ny tranga mifanohitra, ny fepetry ny andalana 2° sy 3° voalaza amin'ity andininy ity no ampiharina.

Ny fiantsorohana ny trosa dia andoavana sarany raikitra Ariary 10.000,00 alaina miaraka amin'ireo haba rehetra.

**Fizaràna sosaiety**

**Andininy 02.02.38**

Na dia eo aza ny tomban'ny toe-pananana sy trosa ary ny taratasy hafa.

1°) Sosaietim-pananana enti-mamokatra :

Ny fizaràna tsotra dia voan'ny haba 1% amin'ny vola enti-miasa afa-karatsaka nozaraina tsy misy fanavahana izay niavian'ny fananana zaraina na ny toetr'ilay nandray ny fananana ;

2°) Sosaiety amin'ny endriny hafa :

1% amin'ny vola enti-miasa afakaratsaka zaraina raha toa fizarana fananana azo na nohariana nandritra ny fisian'ny sosaiety.

- Raha tsy misy fampiharana ny fepetry ny andininy 02.01.09 amin'ity fehezan-dalàna ity, raha toa ny fizarana ka atao amin'ny fanaka mivaingana nanaovana tondra tsotra :
- ny fananana omena ny mpitondra : haba raikitra Ariary 10.000,00
- ny fananana omena ho an'ny mpikambana ankoatra ny mpandray anjara, dia ampiharina ny « théorie de la mutation conditionnelle des apports ». Aloa arakaraka ny toetry ny fananana, amin'ny vidiny ankehitriny.

Io haba io dia efaina amin'ny fanoratana ny taratasy fandravana na ao anatin'ny roa volana nahafatesan'ny mpikambana iray. Ny haba efa voaloa dia alaina amin'ny hetra tokony ho aloa amin'ny taratasy ny famaranam-pananana amin'ny fizaràna.

Ireo fepetra ireo dia ampiharina amin'ny sosaiety rehetra izay eo am-pamaranam-pananana.

**Varotra sy fanekena hafa misy setriny mamindra tanana fahazakana na fizakam-bokatry ny tany aman-trano**

**Andininy 02.02.39**

1°) Iharan'ny haba 6 isan-jato ny lavanty, ny fivarotana, ny famarotana, ny famoizana, ny famerenana fanavotana atao aorian'ny fotoana nifanarahana amin'ny fanekem-bokatra azo avotana, sy ny soratra hafa rehetra misy setriny ifanaovan'ny isam-batan'olona na ataon'ny mpitsara amindrana tanana arahin-tsetriny ny fizakana fanana na ny fizakam-bokatry ny fanana-mitoetra.

Kaontina amin'ny vidiny voalaza, miampy ny loloha tsy zanahina ary koa ny onitra rehetra fa ho an'ny mpivarotra na inona fomba na antony anaovana ny haba amin'izany.

Raha toa ka fananana-mitoetra araka ny toetrany sy fananana-mitoetra noho ny fampiasana azy no indray afindra tanana dia tsy maintsy omena vidiny manokana ity farany ary anaovana fanoroana voavisavisa.

Na dia eo aza ny fepetra etsy ambony, ny haba mifanentana amin'ny famindran-tanana voatondro eo ambony dia ampiharina ihany koa amin'ny fahazahoana fananana-mitoetra amin'ny alalan'ny fahafatesam-paik'andro voasoritry ny andininy faha 82 amin'ny hitsivolana laharana faha 60-146 tamin'ny 03 oktobra 1960.

Ny haba dia ferana amin'ny tombam-bidy marin'ny fananana mitoetra izay hafindra tanana amin'ny vaninandron'ny fanapahana ara-pitsarana (didim-pitsarana amin'ambaratonga rehetra) mizaha fototra milaza fa tanteraka ny fetra mitera-jo. Io tombam-bidy io dia voafaritra amin'ny fanombanana an-tsoratra sy voasonia ataon'ny tompony vaovao eo am-pototry ny didim-pitsarana eo ambany ny fanaraha-mason'ny fitondran-draharaha.

2°) Iharan'ny haba voalazan'ny paragrafy I eo ambony ny fivarotana tany aman-tranom-panjakana. Kanefa tsy heverina toy ny loloha tokony hanampy amin'ny vidiny ny onitra noho ny fitanana tsy misy sora-pahazoana. Ny haban'ny fanofanana ihany no mihatra amin'ireo onitra ireo.

3°) Ho fanavahana amin'ny fepetry ny andininy 02.02.46 manaraka eto, dia iharan'ny haba voalazan'ny andalana 1 eo ambony ny fivarotana petra-bola na anjara ao amin'ny fikambanana na amin'ny sosaiety manana ho foto-trasany fanorenana na fividianana tany aman-trano mba hizarazara azy ireo mitsitokotoko mba omena ny mpikambana ho azy ireo ho ampiasainy, ny fitantanana sy ny fikarakarana ireo tany aman-

trano voazara toy izany na koa amin'ny sosaiety manana ho fototr'asany sy fanorenana, ny fividianana na ny fitantanana vondronam-ponenana misy fonenana itambaram-be ; trano fonenana mitokatokana, na mety koa, ny kojakojan'ireo iombonana, ary natao ho zaraina amin'ny mpikambana ho fananany na ampiasain'izy ireo.

Mihatra foana ny fepetr'ity andalana ity na dia manao ny fototra asa voalaza eo ambony miaraka amin'ny asa aman-draharaham-barotra na momba ny taozava-baventy na momba ny fambolena na ny momba ny varotra hitadiavam-bola na tsia, aza ny sosaiety voatondro.

**Andininy 02.02.40**

Iharan'ny hetra efa raikitra ny fanaovana lavanty fananana-manaraka misy sogom-barotra voalaza etsy ambony saingy amin'izay ampahany mihoatra ny vidiny teo aloha ihany raha voaloa ny hetra tamin'izany.

**Andininy 02.02.41**

Ny fividianana ny fananana mifaka izay hanaovana fambolena dia afaka amin'ny hetra momba ny fampivarotana. Mba ahafahana mahazo izany tombotsoa manokana izany, ny mpividy dia tsy maintsy mampiseho ny taratasy fanamarinana avy amin'ny lehiben'ny fokontany na ny solon-tenan'ny fampiadidiana ao amin'ny toerana ahitana ilay fananana, manamarina fa tena ampiasaina amin'ny fambolena io tany io.

Ny mikasika ny tany lava volo na tsy voatrandraka.

Ny fanesoran-ketra dia mifanaraka amin'ny fandraiketana ny mpividy, voasoratra eo ambanin'ny sora-panekena, dia tokony hanajary ao anatin'ny 3 taona manomboka amin'ny daty nanaovana ny sora - panekena.

Ireo fanamboarana dia tokony manaraka ny fepetra voalazan'ny andininy teo aloha.

Raha ohatra ka alohan'ny fahataperan'ny 3 taona, raha namidy ny fananana mifaka na raha tsy mbola natomboka ny fanajariana na mbola tsy vita ao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny andininy teo aloha, ny famenon'ny haba mifanentana dia tsy maintsy haloa araka ny voasoratr'ity fehezan-dalana ity.

Ireo fepetra amin'ity andininy iry dia mihatra amin'ny fividianana fananana mifaka any amin'ny Kaominina ambanivohitra. Hisy didy aman-pitsipika hamaritra ny fampiharana ity fepetra ity.

**Fivarotana na fanekena hafa misy setriny**
**Mamindra tanana fanana-manaraka sy fanaka**

**Andininy 02.02.42**

Iharan'ny haba 4% ny lavanty ampahibemaso, ny fivarotana, ny fivarotana indray, famoizana, famerenana ary fanekena hafa rehetra na sivily na ara-pitsarana misy setriny mamindra tanana ny fizakam-panana fananana manaraka, vokatra eny am-potony kiritr'ala sy ala hazo vaventy, ary koa fanaka rehetra na inona na inona karazany na dia fivarotana fananam-panjakana mitovy toetoetra amin'ireo aza.

Nefa kosa, mahazo fampihenana an-tsasaky ny haba na 2% ny fividianana
- fiarakodia lehibe, camion, camionette, fourgonette na koa trakitera ;
- fiarakodia natokana ho an'ny fitaterana olona ary misy toerana mihoatra ny folo ;
- remorques sy semi-remorques.

Afahana amin'ny hetra voalaza etoana ny fividianana ireto fitaovana manaraka ireto :
- tracteur ampiasaina manokana amin'ny fambolena ;
- scarpers, bulldozers sy ny fitaovana hafa fanarenan-tany ;
- fitaovana fibatana sy fampakaran'entana sy ny mitovy aminy.

Ny sara dia kaontina amin'ny vidiny voalaza sy ny renivolan'ny loloha izay mety miampy amin'ny vidiny na amin'ny vinavinan'ny andaniny raha toa ka ny tena tombam-bidiny dia mihoatra ny vidiny nampian'ny loloha izay eo ambanin'ny fanaraha-maso sy Sampandraharaha ny hetra.

Na izany aza, ho an'ny fiarakodia, ny fototra amerana ny hetra dia tsy latsaka ny vidiny farafahakeliny voalazan'ny fanapahan-kevitry ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra.

Iharan'ny haba mitovy amin'izany ny fanaovana lavanty fananana manaraka misy songom-barotra tsy notanterahina, saingy amin'izay ampahany mihoatra ny vidiny teo aloha ihany raha voaloa ny hetra tamin'izany.

Amin'ny tetin'ny vola voalaza mitambatra ao amin'ny fitanana an-tsoratra ny fotoam-pivarotana soratana amin'ny fotoana voafetra no handraisana ny hetran'ny lavanty misy songom-barotra fananana manaraka, entana, entam-barotra, hazo, voankazo, vokatra ary fanaka hafa rehetra ataon'ny mpiraiki-teny araka ny fombafomba voatondron'ny andininy faha 02.04.23 sy ny manaraka, ny haba dia raisina amin'ny fitambaran'ny vola aloa izay voalazan'ny fitanana an-tsoratra ary raiketina ao anatin'ny fe-potoana voalaza.

Raha toa ka aloa tsikelikely ny vidiny, ny fifampivarotana ataon'ireo solontenan'ny mpanao fiarakodia sy ireo manana anton-draharaha mivarotra fiarakodia dia andoavana hetra raikitra manokana Ariary 40.000,00 isaky ny fitaovana.

Ny fifanekena fividianana sambom-barotra sy izay mety fiaramanidina, na atao araka ny fombam-barotra izany na fifanekena tsotra dia andoavana haba tsy miova Ariary 200.000,00 isaky ny fitaovana.

**Andininy 02.02.43**
1°) Iharan'ny haba 2 isan-jatony ny fanekena fivarotana petra-bola, ny anjara fandrain'ny mpanorina na ny fivarotana anjara zanabolan'ny sosaiety izay manana-renivola tsy voazara ho petra-bola.

Io haba io dia jerena araka izay voalaza ao amin'ny andalana faharoa amin'ny andininy 02.01.05.

Anjaran'ny sosaiety nivarotra anjara tsy nanaovana fifanarahana ny manao filazana eny amin'ny birao mahefa misahana ny famerana ny hetran'ny foiben'ilay sosaiety ao anatin'ny 2 volana nivarotana ary mandoa sarany raikitra ho Ariary 2.000,00.

Raha ohatra ka misy fivarotana anjara nataon'ny sosaiety fehezin'ny lalàna malagasy, manana ny foibeny eto Madagasikara tamin'ny alalan'ny fifanarahana natao tany ivelany ary ireo voakasika dia monina ivelan'ny tanim-pirenena, ireo sara-panoratana mifanaraka aminy dia aloan'ny sosaiety voakasik'izany, raha tsy misy fangatahana nataony amin'ireo amindrana.

2°) Ireo sora-panekena momba ny fivarotana taratasim-bola notrosaina nifampiraharahian'ny sosaiety, ny vondrom-paritra ny fanjakana sy ireo antokon-draharaham-panjakana dia mandoa hetra ho 0,50 isan-jato.

Ny fikajiana io haba io dia manaraka ny voalaza ao amin'ny andalana faha efatra amin'ny andininy 02.02.42.

**Andininy 02.02.44**
Ho an'ny famoriana hetra, ny anjara tsirairay dia tombanana mitokana miaraka amin'ny laharan'ny petra-bola tsirairay. Raha tsy misy ireo fanombanana sy toro-marika ireo, ny haba dia alaina amin'ny sanda ami'ny tany sy trano.

Ireo fepetra teo aloha dia ampiharina amin'ny fivarotana ireo anjara ao amin'ny sosaiety raha tsy mizara ho ampahan-drenivola ny renivola, raha ohatra ireo fivarotana ireo ka mihatra ao anatin'ny telo taona ahavitana tanteraka ny anjara ho an'ny sosaiety.

Amin'ny tranga rehetra, raha ohatra ka nahatonga famoriana hetra ny famindran-tompo momba ny fivarotana anjara amin'ny sosaiety araka ny voalaza amin'ity andininy ity, ny fanomezana tsotra ireo entana amin'ny fotoana fanafoanana ny sosaiety soloin'ireo sora-pizakana dia tsy angalana hetra amin'ny famindram-pananana raha tsy amin'ny olona hafa ankoatra ny mpivarotra.

**Andininy 02.02.45**
Ireo fitaterana, fivarotana sy ireo famindran-tompo hafa misy setriny dia mandoa haba 0,50 isan-jato

**Fivarotana fananana manaraka sy fananana mifaka miaraka**

**Andininy 02.02.46**
Raha ohatra ka misy fananana manaraka sy fananana mifaka ny sora-panekena famindran-tompo na mampizaka vokatra, ny saram-panoratana dia alaina amin'ny vidiny rehetra, amin'ny tatao naloa ho an'ny fananana mifaka, raha toa ka tsy misy vidiny manokana ho an'ny fananana manaraka ary voalaza isan'andininy ao anatin'ny fifanekena.

**Andininy 02.02.47**
Ireo fepetra ao amin'ny andininy 02.02.02 dia ampiharina amin'ny hetran'ny famindrana ny fananana manaraka sy/na fananana mifaka.

## TOKO III
## FAMINDRAN-TANANA TSY MISY SETRINY

### SOKAJY I
### FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy 02.03.01**
Amin'ny tranga rehetra raha ohatra ka tamin'ny alalan'ny vinavina nataon'ny andaniny sy ny ankilany ny haba naloa dia tokony atao an-tsipiriany ny fanambaràna sy ny vinavina.

Ny karazana fanambaràna toy izao, alohan'ny fanoratana, dia hamarinina sy soniavina eo ambanin'ny sora-panekena na didim-pitsarana raha ohatra ireo vidiny tokony hamerana ny haba mitombo an-dàlana ka tsy fantatra.

**Andininy 02.03.02**
Ho an'ireo famindran-tanana tsy misy setriny momba ny fananana manaraka ankoatra ny vidin'ny anjara voamarika ireo fampitrosana, fidiram-bola maharitra sy fisotroan-dronono, ny vidiny akana ny hetra dia avy amin'ny fanambaràna an-tsipiriany sy voavinavinan'ny andaniny roa, tsy anavahana ny vesatra.

**Andininy 02.03.03**
Hoan'ny vidin'ny anjara na inona na inona karazany ao amin'ny marika ofisialy na marika eo amin'ny tsenam-pifanankalozan-tsanda, ny renivola hamerana ny fikajiana sy fandoavana ny haba famindrana tsy misy setriny dia ferana amin'ny salanisan'ny sandam-bola eo amin'ny tsena amin'ny andro famindrana.

Eo anatrehan'ny lanja voamarika miaraka ao anatin'ny toeram-pifanakalozana maro sy indrindra amin'ny kitapom-bola toeram-pifanakalozan'i Paris, dia manaraka tanteraka ny sandam-bolan'io toeram-panakalozana io.

**Andininy 02.03.04**
Ho an'ny fampitrosana maharitra, ny haba dia raisina amin'ny renivola voalaza ao anatin'ny sora-panekena milaza izany.

Na izany aza, ny haba amin'ny famindran-tanana tsy misy setriny dia kajiana avy amin'ny filazana tombantombana avy amin'ny andaniny sy ny ankilany mikasika ny fampitrosana ka ny hananana trosa dia ao anatin'ny bankirompitra, famaranam-pananana ara-pitsarana na tsy fahombiazana tanteraka.mandritra ny fanaovana ny taratasy fanolorana na fanokafana ny fandovàna.

Ny vola rehetra voaangona avy amin'ny ananana trosa tamin'ny fampitrosana taorian'ny fanombanana ary ambonin'io, dia tokony hanaovana filazana. Dia ampiharina amin'ireo filazana ireo ny fomba izay mifehy ny filazam-pamindran-tanana noho ny fahafatesana amin'ny ankapobeny, indrindra amin'ny fomba fijery ireo fetra, ireo sazy noho ny fahatarana sy ny fahalaniana paikandro, ny fitakiana ny hetra dia hahemotra amin'ny andron'ny famoriana tanteraka na ny ampahany amin'ny fampitrosana nampitaina.

**Andininy 02.03.05**
1°Ho an'ny fidiram-bola maharitra sy ny fisotroan-dronono voaforona tsy misy filazana renivola, ny lanja ampiasaina ho fototry ny hetra dia faritana miainga avy amin'ny renivola namboarina ho roapolo avo heny amin'ny fidiram-bola maharitra mandrakizay sy avo folo heny amin'ny fidiram-bola maharitra na fisotroan-dronono.

2° tsy misy fanavahana eo amin'ny fidiram-bola maharitra sy ny fisotroan-dronono voaforona amin'ny olona iray sy ireo voaforona amin'ny olona maro avy amin'ny tombany.

3°ny fidiram-bola maharitra sy ny fisotroan-dronono midika fa azo aloa amin'ny natiora na miankina amin'ny sandan'ny vokatra sasantsasany izay tombanana mitovy amin'ny renivola, aorian'ny filazana tombam-bidin'ireo vokatra amin'ny datin'ny famindran-tanana.

**Andininy 02.03.06**
Ho amin'ny fikajiana sy ny fandoavana ny haba amin'ny famindrana maimaimpoana, ireo fananana mifaka, na toy inona karazany, dia ho tombanana araka ny tombam-bidy tena izy amin'ny datin'ny fandefasana, aorian'ny filazana amin'ny antsipirihany sy voatomban'ny andaniny sy ny ankilany, eo ambanin'ny fanarahamason'ny tompon'andraikitry ny hetra.

Na izany aza, ho an'ny trano efa miorina amin'ny fitaovana raikitra, ny tombany dia tsy azo atao latsaky renivola voaforona im-polo avo henin'ny hofantrano herintaona ho an'ny trano ampanofàna, na amin'ny renivola voaforona im-polo ankevi-kofany amin'ny sisa rehetra.

**Andininy 02.03.07**
Ho an'ny fikajiana sy ny fandoavana ny haba, ny tomban'ny fananana mifaka tsy miaraka amin'ny vokatra sy ny fizakam-bokatra dia ho faritana ao anatin'ny fepetra ny andininy 02.02.08 voalazan'ny fisokajiana.

**Andininy 02.03.08**
Raha toa ny famindran-tanana ka atao amin'ny fananana mifaka tsy miaraka amin'ny vokatra na fizakam-bokatra, ny taratasy sy ny filazana mikasika ny famindran-tanana tsy misy setriny dia tokony mampahafantatra, ny fotoana sy ny toerana nahaterahan'ny mpizakam-bokatra ary raha teraka ivelan'i Madagasikara, dia tsy maintsy hamarinina alohan'ny firaiketana am-boky.

Raha tsy izany, dia haba farany ambony no raisina izay azo aloa any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana, afa-tsy ny famerenana ny vola mihoatra ao anatin'ny roa taona amin'ny fampisehona ny sora-pahaterahana, raha ohatra ka tany ivelan'i Madagasikara.

## SOKAJY II
## FEPETRA MANOKANA AMIN'NY FANOLORANA

**Andininy 02.03.09**
Ho an'ny fidiram-bola maharitra sy ny fisotroan-dronono noforonina tsy misy renivola, ny tombam-bidiny dia nofaritana mifanaraka amin'ny fepetra voalazan'ny andininy 02.03.05.

**Andininy 02.03.10**
Afa-tsy izay ambaran'ny andininy 02.03.05, raha sora-panekena natao teto Madagasikara, ny famindrana amin'ny samy velona, tsy misy setriny, fananana tsy mifaka avy any ivelany, azo tsapain-tanana na tsia dia iharan'ny saram-pamindran-tanana mitovy amin'ny karazan-javatra vita malagasy mitovy karazana aminy.

Raha momba ny fiarakodia, ny famindrana maimaim-poana amin'ny samy velona dia voakasiky ny haban'ny famindrana voalaza ao amin'ny andininy 02.02.42, andalana voalohany sy faharoa, tsy hijerena rohim-pihavanana izay mampikambana ny mpifanaiky.

Ny vidiny izay angalana hetra dia tsy tokony ho latsaky ny fara-fahakeliny voafetran'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra.

**Andininy 02.03.11**
Ny lalàna momba ny tamby amin'ny fizarana dia ampiasaina amin'ny tolotra mikasika fizarana, natao amin'ny ray sy reny na avy amin'ny ray-aman-dreny be, ary koa amin'ny fizaram-pananana araka ny didy miafina eken'ny fehezan-dalana momba ny zo isam-batan'olona.

**Andininy 02.03.12**
Ny taratasy mirakitra na ny filazana nataon'ny mpanolotra na ireo solontenany, na ny fampahafatarana ara-pitsarana ny fanomezan-tananna, dia voakasiky ny haba amin'ny tolotra.

Afa-tsy ny fampiasana voamarina indray, ny haba amin'ny tolotra dia mifanaraka amin'ny vola naloa tamin'ny nividianana ny fananana mifaka miampy ny sara raha toa ka ny mpividy no voatondro hisolotena ireo zaza tsy ampy taona izay tsy manana fidiram-bola ampy mba hanamarinana ireo vidin'ny fananana azo.

## SOKAJY III
## FEPETRA MANOKANA MIKASIKA NY LOVA

**Andininy 02.03.13**
Ny mpandova, ny mpandray, ny tolorana, ireo mpiahy na mpiahy ny fananana tsy hita tompo, dia tokony hanao fanambaràna antsipirihany sy voasonia amin'ny taratasy omen'ny Fanjakana.

Ho an'ny trano mihofa, ny taratasy fanambaràna dia tsy maintsy misy ny fitambaran'ny hofatrano.
Na izany aza, mikasika ireo fananana mifaka ao anatin'ny fari-piadidina ny Sampandraharaha ankoatr'ireo efa vita fanambaràna, ny antsipiriany izay tsy tao anatin'ity fampahafantarana ity fa samy hafa arakaraka ny karazan'ny entana ary araka ny taratasy avy amin'ny fanjakana sy soniavin'ny mpilaza.

**Andininy 02.03.14**
I - Ny fanambaràna voalazan'ny andininy teo aloha dia tsy maintsy misy anarana, fanampin'anarana, daty sy toerana nahaterahana.
1°) Ho an'ireo mpandova tsirairay, ny mpandray, ny tolorana;
2°) Ny zaza mpandova tsirairay, ny tolorana na ny mpandray mbola velona amin'ny fotoana hanaovana ny tombam-pananana.

Raha ohatra ka teraka ivelan'i Madagasikara, dia tsy maintsy hamarinina io daty io alohan'ny fanoratana ny fanambaràna, raha tsy izany dia haba farany ambony no raisina izay azo aloa any amin'ny Tahirim-bolam-panjakana afa-tsy ny famerenana ny vola nihoatra toy ny voalaza ao amin'ny andininy 02.03.08 eo ambony.

II – Ankoatry ny voalaza teo aloha, ny filazana dia tsy maintsy misy ny laharana, daty sy toerana nanaovana ny fanamarinana fandovana sy ny kopia nahafatesan'ny maty.

**Andininy 02.03.15**
Ireo mpiasan'ny hetra na mpiraki-teny amin'ny firaiketana na fanoratana no mandray an-tsoratra ny fanambaràna ary manao azy maimaim-poana tsy misy tambiny raha tsy hain'ireo mpanao fanambaràna ny mameno ny taratasy.

Tsy maintsy mandray karama amin'ny fanaovana ireo fanambaràna ireo izy ireo.

**Andininy 02.03.16**
Ny fanambaràna rehetra momba ny famindran-tanana noho ny fahafatesana, nataon'ny mpandova, ireo notolorana sy ny mpandray, ny vadiny, ny mpiahy, ny mpiahy ny fananana tsy hita tompo na ireo mpitantan-draharaha napetraky ny lalàna dia faranana amin'izao teny izao:

« araka ny andininy 366 mikasika ny ady heloka, ny mpanao fanambaràna dia milaza fa voalaza ao anatin'ity fanambaràna ity na ny vola, petra-bola, ny fananana navelan'ny maty na an-tsaha na an-tanàna na manontolo na ampahany. »

Raha toa ka milaza marina tokoa ny mpanambara fa tsy mahay na tsy afaka manao sonia, dia vakiana aminy ny fanambaràna eo ambony, ary koa ny andininy 366 mikasika ny fahazan-dalàna amin'ny ady heloka.

Hamarinina eo amin'ny faritra ambany amin'ny fanambaràna fa natao io fapetra io ary manaiky ny fahamarinan'ny fanambaràna nataony ny mpilaza.

Ny fanambaràna araka ny fepetra voalazan'ny andalana voalohany dia tsy maintsy ataon'ny mpilaza soratanany.

**Andininy 02.03.17**
Raha mihevitra ny anisany mpanao ny filazana alohan'ny fahataperan'ny fetra ara-dalàna fa ampahany amin'io fanambaràna io ary ho fenoina amin'ny fotoana mety, dia tsy takiana ny fanaovany eo no eo ny fanamafisana ny marina.

Fa mba hanamarinana ny tsy fisian'ny fanamafisana, ny fanambaràna dia tokony ho faranana amin'ny marika voamarina fa tena manana endrika ampahany tokoa, aorian'ny famakian-teny atao amin'ny mpanao fanambaràna, raha toa ka manamafy ity farany fa tsy mahay na tsy afaka hanao sonia.

Ny filazana amin'ny ampahany dia tsy azo ekena aorian'ny fetr'andro voafetra ho enim-bolana raha tsy amin'ny tranga manokana ary raha toa ka ny famoriana ny fampitrosana tamin'ny tahirimbolam-panjakana dia misy antoka hafa.

Amin'ny filazana amin'ny ampahany voasoratra, ny mpandoa hetra dia tsy afaka andraikitra tanteraka amin'ny andininy eo anatrehan'ny tahirim-bola, raha tsy tonga ny andro hanaovana ny filazana feno sy voafarana amin'ny fanamafisana ny marina.

**Andininy 02.03.18**
Ny iharan'ny lalàna ara-ketra amin'ny haba aloa amin'ny famindran-tanana noho ny fahafatesana ny tahirimbolam-ampahibemaso, petrabola, taratasim-bola notrosaina, anjara sosialy, fampitrosana sy amin'ny ankapobeny ireo rehetra fananana vahiny tsy mifaka, na inona na inona karazany, miankina amin'ny fandovàna fehezin'ny lalàna Malagasy na ny fandovan'ny teratany vahiny monina eto Madagasikara.

**Andininy 02.03.19**

**I-** Ho an'ny fikajiana sy ny fandoavana ny amin'ny famindran-tanana noho ny fahafatesana, ny tombambidin'ny fananana tsy mifaka izay voafaritra, raha tsy misy porofo manohitra:

**1**°-Avy amin'ny fanombanana misy ao anatin'ny fitanisam-pananana natao ara-pomba ara-dalàna sy ao anatin'ny fepotoana enim-bolana taorian'ny fahafatesana ho an'ny fananana tsy mifaka azo tsapain-tanana;

**2**°-Raha tsy nisy ny fitanisam-pananana, avy amin'ny fanambaràna amin'ny an-tsipirihany sy voatomban'izy ireo. Na izany aza anefa, tsy mila ny fandraharam-panjakana hanamarina ny fisian'izany, ny sanda voan'ny hetra dia tsy tokony ho latsaky ny 8 % ho an'ny trano misy entana sy ny firavaka, vato sarobidy, tahirim-bakoka sy ny tahiry isan-karazany, lamba sy fitoeran'akanjo, ny sandan'ny trano miorina izay trano nonenan'ilay maty ihany na raha tsy misy, ny sandan'ny lehibe indrindra amin'ireo trano miorina;

**3**°-Mikasika ny fandovàna fanaka tsy mifaka tanteraka sy noho ny tsy fisian'ny fitanisam-pananana, ny sanda voan'ny hetra dia tsy mety, ho an'ny olona voan'ny hetra amin'ny hetra amin'ny vola miditra sy ho an'ny trano misy entana, firavaka, vato sarobidy, tahirim-bakoka sy ny tahiry isan-karazany, lamba sy fitoeran'akanjo ho latsaky ny ampahatelon'ny vola miditra amin'ny taona talohan'ny nahafatesany.

Io fepetra io dia ampiharina amin'ny tranga rehetra izay isan'amparitra voalaza ao amin'ny an-dalana faharoa etsy ambony dia manome ny marika ambany miohatra voalazan'ity an-dalana ity

**II**- Ny fepetra voalazan'ity andinin'ity dia tsy ampiharina na amin'ireo fampitrosana, na amin'ireo fidirambola maharitra, petrabola, taratasim-bola notrosaina, sora-pizakàna navoakan'ny fanjakana sy ny fanaka fananana hafa ary ny sandany sy ny fomba fanombanana dia voafaritr'ireo fepetra manokana (andininy 02.03.03 hatramin'ny 02.03.05).

**Andininy 02.03.20**

Rehefa ny mpandova na ny mpandova tanteraka no manana lova ara-bola manokana izay tsy voalaza ao anatin'ny fandovàna kanefa izy no mandoa ny haba rehetra amin'ireo filazana fandovàna ireo, ny haba izay mitovy amin'io kosa dia tsy aloa kosa amin'ny fampitrosana; ary ny fiatraikany, ny haba izay efa voaloan'ny mpandova manokana dia esorina amin'ireo izay aloan'ny mpandova na ny mpandova tanteraka.

### Fiheverana ny fananana

**Andininy 02.03.21**

Araka ny fantatra, araka ny fahitana ara-ketra, raha tsy misy fanamarinana mifanohitra amin'izany, ny fandovana ny mpisitraka ny petrabola, ireo rehetra sanda momba ny fanaka, ny fanaka manaraka rehetra mifaka na ny fananana tsy mifaka an'ilay maty , ho amin'ny fizakam-bokatra, ary ho an'ny fananana miahaka, ny iray amin'ireo izay heverina ho mpandova na ny taranak'izy ireo, na dia tsy ao anatin'ny filazana miafina aza, na ireo nomeny na koa ny mpandova voatondro, toy izany koa ny avy amin'ny didim-pananana miafina taty aoriana, na ho an'ireo olona mpanelanelana, raha tsy hoe nisy koa ny fanomezana ara-dalàna.

Ny olona fantatra fa mpanelanelana :

- **a)** Ny ray sy ny reny (niteraka), ireo zanany sy taranany (ara-drariny na tsia), ny vady (na dia misara-toerana aza) ny mpandova, ny nomena, na mpandova;
- **b)** Eo amin'ny famindrana aorian'ny fahafatesana eo amin'ny mpivady ihany, ireo zanaka na ny iray amin'ny zanaky ny vady mbola velona avy amin'ny fanambadiana hafa indray ary ireo olona izay ny vadiny nanome dia heverina fa mpandova voalohany.

Na izany aza, raha ny fananana miahaka avy amin'ny mpandova, ny nomena, na mpandova na ny olona mpanelanelana taorian'ny fivarotana na fanomezana izay neken'ny maty ho azy, ny haba amin'ny famindran-tanana naloan'ny tompony tanteraka voamarina dia esorina ao amin'ny hetra momba ny famindrana noho ny fahafatesana takiana, miainga amin'ny fanakambanana ny fananana ao anatin'ny fandovàna.

**Andininy 02.03.22**

Heverina ho ao anisan'ny fandovàna , raha tsy misy fanamarinana mifanohitra amin'izany, ho amin'ny fikajiana sy fandoavana ny haba amin'ny famindran-tanana avy amin'ny fahafatesana , ny sora-panekena sy ny sanda tamin'ny vola miditra norasin'ny maty na miainga avy amin'io no nanaovany fikajiana latsaky ny taona iray alohan'ny nahafatesany.

Ny mpiasan'ny hetra manana ny laharana inspektera farafahakeliny na mahafeno ny andraikitra ho mpandray vola ao amin'ny toeram-piasana no afaka mangataka amin'ireo mpandova sy ireo hafa manana alàlana, fanazavana ary koa fanamarinana amin'ny anton'ny mikasika ny sora-pizakana sy ny tombam-

bidin'ny fananana tsy voatanisa ao anatin'ny fanambaràna izay miditra ao anatin'ny vinavinan'ny andininy voalaza etsy ambony.

**Andininy 02.03.23**

Ny sora-pizakana rehetra, totaly sy ny tombany izay misy eo amin'ny mpametraka voatondro ao amin'ny andalana voalohan'ny andininy 02.04.34 sy ao anatin'ny fikajiana tsy voazara na itambarana miaraka ifanekena dia heverina ho raisina ao anatin'ny fandraisana ny haba amin'ny famindrana aorian'ny fahafatesana, toy ny fananana miaraka amin'ny mpametraka sy miavaka amin'ny fandovan'ny tsirairay avy, ho an'ny anjara mafonja, ankoatra ny fanamarinana mifanohitra voatokana na ho an'ny mpiandraikitra ara-panjakana na koa ho an'ny mpandoa hetra ary avy amin'ireto farany na ireo filazana ny fifanarahana tamin'ny fametrahana, na ny sora-pizakana.

**Andininy 02.03.24**

Ny tambatra, sorapi-zakana na zavatra hita ao anaty lalomoara vy nofain'olona maro miaraka dia atao ho fananana miarak'ireo olona ireo ary miankina amin'ny anjara mafonjan'ny fandovana, raha toa tsy misy porofo manohitra ary indrindra ho amin'ny fakana ny haba.

Io fepetra io dia ampiharina amin'ny fonosana vita fitomboka sy kasety mihidy, apetraka ho tahiry any amin'ireo mpiasan'ny banky, mpanakalo, mpandray vola mialoha ary ho an'ireo olona rehetra mpandray mahazatra ireo fonosana mitovy karazana amin'izany.

**SOKAJY IV**
**TAHAN'NY HABA**

**Andininy 02.03.25**

**I-** Ny famindran-tanana noho ny fahafatesana amin'ny fizanahana mivantana ara-drazana sy taranaka ary amin'ny mpivady dia iharan'ny haba raikitra ho **Ar 10.000,00** isaky ny mpandova na ny mpandray tolotra.
Araka ny ambaratongam-pihavanana eo amin'ny maty sy ireo mpandovany, ny hetra dia voafaritra arak'ireto filazam-bidy manaraka ireto :

- eo amin'ny mpiray tampo, zanaky ny mpiray tampo, **Ar 20.000,00** isaky ny mpandova na ny mpandray ny tolotra ;
- eo amin'ny mpihavana mihoatra ny ambaratonga faha 3 ary ny eo amin'ny tsy misy rohim-pihavanana, **Ar 40.000,00** isaky ny mpandova na ny mpandray ny tolotra

**II-** Ny famindran-tanana maimaim-poana amin'ny velona dia iharan'ny haba 6 isan-jato

**III-** Raha mahakasika ny orinasa ny lova , ny sanda voalaza ao amin'ny andalana I- sy II- etsy ambony no ampiharina.

**IV-** Ny fepetran'ny andalana faha II dia ampiharina raha ny famindrana dia mitarika ho amin'ireo singa manontolo nalefa amin'ny fanatanterahana ny lahasa sy raha toa ka ny mpandova dia mandray andraikitra antsoratra amin'ny filazana ny fandovana fa hanohy ny asan'ny orinasa mandritra ny fotoana 3 taona fara-fahakeliny.

**Andininy 02.03.26**

Tsy iharan'ny haba amin'ny famindran-tompo ny lova ho an'ny fanaovana asa soan'ireo antokon-draharaha na fikambanana nekena ho ilain'ny fiaraha-monina avy amin'ny alalan'ny didim-panjakana.

**Andininy 02.03.27**

Ny fandovana madio mangaraharan'ny olona tsy iharan'ireo hetran'ny vola miditra ary izay ny enti-miasa mazava dia tsy mihoatra ny Ar 1.000.000,00 dia tsy andoavana ny haba amin'ny famindran-tanana

**Andininy 02.03.28**

Ho an'ny fandovàna banga sy ny fananan'ny olona tsy eo, ny haba dia raisina amin'ny fomba toy izao:

- raha misy mpandova fantatra, ny sandan'ireo haba tokony halaina dia faritana araka ny ambaratongam-pihavanan'ireo mpandova

- raha tsy misy mpandova fantatra na ireo mpandova fantatra fa tsy nanaiky indray, ny haba dia azo takiana vonjimaika amin'ny taha voafaritra eo amin'ny Mpihavana mihoatran'ny ambaratonga fahatelo ankoatra ny fanonerana amin'ny manaraka raha toa ireo mpandova manana fihavanana akaiky kokoa no miseho.

**Andininy 02.03.29**
Ho an'ny fandraisana ny haba alaina amin'ny famindrana avy amin'ny fahafatesana, io dia tsy hidiran'ny fihavanana vokatry ny fananganana tsotra.

Io fepetra io dia tsy ampiharina amin'ny famindrana atao amin'ny tombotsoan'ny:
**1°** Ny zanaka ao anatin'ny fanambadiana voalohan'ny vadin'ilay mpanangana;

**2°** Ny kamboty ahian'ny firenena ary koa ireo kamboty ray maty ho an'ny tanindrazana;

**3°** Ny natsangana fony mbola tsy ampy taona;

**4°** Ny natsangana ka tapitra maty avokoa ny taranaka amin'ny fianahana mivantana amin'ireo mpanangana ireo.

**Andininy 02.03.30**
Ireo mpandova na ireo nekena ho mpandova manaiky dia tokony andoa ho an'ireo fananana izay azony vokatry ny fadavana tamin'ny fandovana na tamin'ny filazana fandovana miafina, nafahana, eo amin'ny sora-panekena amin'ny haba aloa amin'ny famindrana noho ny fahafatesana, ny totalim-bola izay tsy tokony ho latsaky ny tokony naloan'ireo namoy, raha toa ka manaiky izy.

**Famindrana noho ny fahafatesana**
**Vokatry ny ady, voina nihatra amin'ny firenena**

**Andininy 02.03.31**
Dia tsy iharan'ny hetra avy amin'ny famindrana noho ny fahafatesana ny fandovan'ny miaramilan'ireo tafika Malagasy sy niray andaniny aminy, maty ho an'ny tanindrazana ary ireo olona voamafy vokatry ny adidy tamin'ny voina nihatra tamin'ny firenena.
Izany nahatonga ny fahafatesana izany dia voamarin'ny taratasy ara-panjakana.

## TOKO IV
## IREO ANDRAIKITRY NY MPISOLO VAVA, NOTERA, VADINTANY, MPIRAKI-DRAHARAHAM-PITSARANA, MPITANTSORATRA, MPITSARA, ARIBITIRA, ADIMINISITIRATERA SY MANAMBONINAHITRA HAFA NA MPIRAKI-TSORA-PANJAKANA NA IREO MPANDOA HETRA SY NY MPANDRAY VOLA

### TARATASY VOARAKITRA

**Andininy 02.04.01**
Ny notera, ny vadin-tany, ny mpiraki-draharaham-pitsarana, ny mpisolo vava, ny mpiraki-tsora-panjakana, ny manampahefana ara-panjakana dia tsy mahazo manao na mirakitra an-tsoratra taratasy noho ny na vokatry ny taratasy tsy maintsy raketina am-boky amin'ny soratra to na amin'ny matoa atovana amin'ny soratra to, mandray izany amin'ny firaketany na manome izany ho bireve, tsoatsoratra, kopia na dika, mialoha ny iraiketana azy am-boky, kanefa ny fe-potoana fandraketana am-boky mbola tsy dila.

Avahana ny taratasy nampitaina sy ireo taratasim-panekena izay mitovy aminy izay midika amin'ny ampahany na amin'ireo peta-drindrina sy fanononana.

Na izany aza ny notera dia afaka manao soratra to na taratasy voarakitra izay ny fetra farany ahafahana manao ny fanoratana dia mbola tsy dila, nefa ny tsirairay amin'ireo sora-panekena ireo dia tsy maintsy ampanarahina amin'ilay iray izay voamarika ao izy, tsy maintsy sandaina miaraka amin'ny fombafomba ara-panoratana ary ny notera dia tompon'andraikitra feno, tsy amin'ireo haba amin'ny fanoratana ihany, fa amin'io sora-panekena iharan'ny hetra io dia mety misy sazy ihany koa.

Mikasika ny sora-panekena ara-panjakana sy ny didim-pitsarana navoakan'ny fotoam-pitsarana izay tsy maintsy dia tokony ho voarakitra am-boky amin'ny soratra to, ary ny haba raha mbola tsy voarakitra an-tsoratra eo am-pelatanan'ny tompon'andraikitra ara-panjakana sy ny vadin-tany ao anatin'ny fe –potoana voafaritra amin'ny fandraketana am-boky, ny famorian-ketra dia ampanarahina ny andaniny tambesaran'ny haba sy ny sazy nahavoa azy.

Vokatr'izany, ny mpiraki-draharaha sy tompon'andraikitra ara-panjakana mamatsy ireo mpiasa mahefa ao anatin'ny hafoloana aorian'ny fe potoana voafetra, ny tsoatsoratra mitovy ny sora-panekena sy ny didim-pitsarana voamarin'izy ireo ka haba amin'izany dia mbola tsy voaloan'ny andaniny. Izy ireo dia voatery mandoa izany miaraka amin'ny sazy mety hisy. Omena azy ireo ny tapakila avy amin'ny taratasy tsotra momba ireo tsoatsoratra ireo. Io tapakila nandraisana io dia voarakitra ao anatin'ny boky fitadidiana.

**Andininy 02.04.02**
Ny notera na ny Mpiraki-draharaham-pitsarana rehetra dia voarara, tsy handray sora-panakena na iray aza ho amin'ny fitahirizana raha tsy nahaforona sora-paneken'ny fitahirizana.

Tsy ao anatin'izany ny didy miafina napetraka tany amin'ny notera.

**Andininy 02.04.03**
Marihina amin'ny fandefasana rehetra ny taratasim-panjakana, sivily na ara-pitsarana, izay tsy maintsy voarakitra am-boky, tamin'ny soratra to ny rosian'ny haba famindrana ara-bakiteny ary manontolon'io rosia io.

Fanamarihana mitovy amin'io ihany koa izay vita ao anaty soratra toy ny amin'ny taratasim-panjakana, sivily, ara-pitsarana na hafa ankoatra ny ara-pitsarana izay atao avy amin'ny sora-panekena voasonian'olo-tsotra na mitranga ivelan'ny Madagasikara ary koa sandaina ara-pandraiketana am-boky.

**Andininy 02.04.04**
Amin'ny fisian'ny fanamarihan-diso ara-panoratana na amin'ny soratra to, na amin'ny fandefasana, ny mpandika lalàna dia enjehin'ny ara-panjakana avy amin'ny fitoriana ny diso voalazan'ny mpandray volan'ny hetra.

**Andininy 02.04.05**
Ny sora-panekena rehetra amin'ny fifanaraham-panofana amin'ny zavatra hofàna, fanoloana, famelana na famerenana ny fifanaraham-panofana dia tokony hisy famosahana indray ara-bakiteny ny fanamariham-panoratana am-boky ny fifanaraham-panofana navela manontolo na ampahany.

**Andininy 02.04.06**
Isaky ny misy fanapahakevitra izay raisina ny sora-panekena voarakitra am-boky, ny didim-pitsarana na didi-manokana izay voamarika dia milaza izany sy manambara ny sora-bola naloa, ny vaninandro nandoavana sy ny birao nandoavany azy. Raha nisy ny fanadinoina, ary raha toa ka sora-panekena apetraka ao anatin'ny fotoana voafetra, ny mpiasam-panjakana mahefa dia mitaky ny haba, raha toa ny sora-panekena mbola tsy vita fanoratana tao amin'ny biraony, raha tsy hoe angaha averina ao anatin'ny fetra andro voadidy, raha voamarina avy eo ny fanoratana am-boky ny sora-panekena izay voalazan'ny didi-pitsarana voatonona.

**TARATASY IFANAOVAN'NY OLON-TSOTRA**

**Andininy 02.04.07**
Ny andaniny sy ankilany izay nanoratra ny taratasy ifanaovan'olon-tsotra izay ho entina ho soratana any amin'ny bokim-pandraiketana ao anatin'ny fotoana voafetra dia tokony hanaovana dika mitovy , izay misy ny sonia toy ilay sora-panekena ihany koa ary entina hapetraka ao amin'ny birao miandraikitra ny fanoratana rehefa tontosa araka ny tokony ho izy.

**FANAMAFISANA ARAKA NY HITSINY TOKOA**

**Andininy 02.04.08**
Ny andraikitra apetraka amin'ny olona iharan'ny hetra eo amin'ny lafiny fanamafisana araka ny hitsiny tokoa dia voamarika araka ny andininy 02.02.10 ao anatin'ny fehezan-dalana mikasika ny sora-panekem-pamindran'ny haba tena izy amin'ny fananana mifaka ary ao amin'ny andininy 02.03.16 sy 02.03.17 ny mikasika ny famindrana aorian'ny fahafatesana.

**Andininy 02.04.09**
Tsy miakina tanteraka amin'ny andraikitra izay apetraka ny eo amin'ny filazana fanambaràna diso, ny notera izay nandray sora-panekena fifampivarotana, na fifanakalozana na fizarana dia tsy maintsy namaky ny voalazan' andininy 02.02.10 etsy ambony sy ny andininy 366 amin'ny lalàna famaizana. Ny fanamarihana manokana voalazan'io famakiana io dia atao ao anatin'ny sora-panekena.

**Andininy 02.04.10**
Ny mpiraki-tsora-panjakana ary koa ny mpiasam-panjakana voatendry hanomana ny votoatin'ny sora-panekena dia iharan'ireo andininy 02.02.10 sy ny 02.04.09 voalaza etsy ambony.

**Andininy 02.04.11**
Ny notera izay manatanteraka ny fitanisana aorian'ny fahafatesana , dia tsy maintsy manamafy alohan'ny famaranana fa nandritra ny nanaovanany ny raharaha dia tsy nahamarika na kely aza harena na trosam-bola ankoatra ny voalaza ao anatin'ny sora-panekena, na ny tsy fisian'ny petra-bola any amin'ny banky ivelan'ny Madagasikara manamarika ny tsy fisian'izany, ivelan'ny Madagasikara na petra-bola manokana

mipetraka ho tahiry na taratasy vavolombelona, na koa ny tahirim-bola tsy voazara na iraisana fiombonana antoka.

Ny mpiraki-tsora-panjakana izay manao fanahy iniana filazana diso amin'ireo fepetra etsy aloha ireo na ninia nanamafy filazana tsy ampy sy tsy marina dia iharan'ny sazy izay voasoratra ao anatin'ity fehezan-dalana ity ankoatra ny sazy ara-pitsipika.

**TARATASY FAMETRAHANA**

**Andininy 02.04.12**

Ny notera, vadin-tany, mpiraki-draharaha ara-pitsarana dia, isaky ny mampiseho didim-pitsarana na didim-pitondrana ho entina ho amin'ny fanoratana am-boky, dia tsy maintsy mametraka avy amin'ny alalan'ny taratasim-pametrahana izay mamintina ireo sora-panekena ireo, ny didim-pitsarana na ny didi-pitondrana izay nataony ireo ho dika mitovy araka ny fitsipika amin'ny taratasy izay efa voaomana avy amin'ny mpiandraiki-draharaha ao amin'ny hetra.

Raha tsy izany dia ho lavina ny fombafomba ara-panoratana.

**TARATASIM-PANEKENA SY DIDIM-PITSARANA MILAZA FAMINDRAM-PANANANA NA FANOLORANA FANANANA MIFAKA**

**Andininy 02.04.13**

Ny taratasim-panekena rehetra na didim-pitsarana na manao ahoana na manao ahoana izay mitondra ho lohateny toy ny famindrana na fanolorana ny fizakàna tanteraka fananana mifaka, tsy maintsy hanondro amin'ny fomba voatsinjara, ny anaran'ny fananana, laharan'ny taratasy fananan-tany na ny fangatahana laharam-pamantarana, ny toetra, ny zava-misy eo amin'ny, toerana misy azy, laharan-dalana, ny laharan'ny toko azony avy amin'ny Sampandraharaha Monisipaly. Raha toa ka fananana ara-kadasitra na eo am-panaovana ny kadasitra, ny laharan'ny toko, ny anaran'ny faritra sy ny toerana, dia tsy maintsy ho voatondro. Ho an'ny tany tsy manana laharam-pamatarana na tsy vita kadasitra, ny famandrihana sy ny famaritana mazava no tokony omena.

Toy izany koa ny amin'ireo sora-panekena sy didim-pitsarana dia tsy maintsy hisy fanamarihana ny fiavian'ny fananana ary ny fanamarinana fanoratana am-boky.

**FIVAROTAM-PANANANA SY NY TAHIRIM-BOLAM-BAROTRA**

**Andraikitra manokana**

**Andininy 02.04.14**

Ny olona rehetra na fikambanana izay mivonona amin'ireo kirakira mpanelanelana amin'ny fampanofana, fividianana na fivarotana trano na tahirim-bolam-barotra na koa mividy araka ny mahazatra amin'ny anarany ka io fananana io dia lasa fananany izay kasainy ho amidy:

**1°**dia manao fanambaràna ao anatin'ny iray volana, miatomboka amin'ny fanombohan'ireo kirakira voalaza etsy ambony, ao amin'ny birao fandraisana ny hetra amin'ny faritra misy toera-ponenany, raha toa ka misy, ao amin'ny toerana misy ny tsirairay amin'ireo sampany na masoivohony;

**2°** Mitazona bokim-piraketana roa izay mizara ho tsanganana roa mitandahatra, isan'andro isan'andro, tsy hasiana malalaka tsy voasoratra na elenelan'ny andalan-tsoratra ary ampifanarahana araka ny laharana, ireo fanomezam-pahefana rehetra, fifanekem-barotra, sora-panekena amin'ny famindrana fananana ary ny fisitrahana amin'ny endriny rehetra, ny taratasim-panekena mifandraika rehetra amin'ny asan'ny fanelanelanana na amin'ny maha tompom-pananana, ny iray amin'ireo bokim-piraketana dia atokana ho amin'ny fanaovana fanelanelanana ary ny iray atokana ho amin'ny maha tompon'ny fananana;

**3°**Tokony hanaraka ny fe-potoanan'ny haba amin'ny seraseran'ny mpiasa mpiandraikitra ny hetra amin'ny fahataperan'ny fe- potoana voalazan'ity fehezan-dalana ity.

Ireo bokim-piraketana dia misy ny fitomboka ny sonia rango-pohin'ny filoha na koa ataon'ny mpitsara amin'ny ady eloka tsotra ao amin'ny faritra misy azy na amin'ireo sampany na masoivohony.

**BOKIM-PIRAKETAN'IREO NOTERA, VADIN-TANY, MPIRAKI-DRAHARAHA ARAM-PITSARANA, MPIRAKI-DRAHARAHA ARA-TSORA-PANJAKANA, MPITAN-TSORATRA, MPAMPANAO LAVANTY, MPIANDRAIKITRA MPANELANELAM-BAROTRA.**

**Andininy 02.04.15**
Ireo notera, vadin-tany, mpiraki-draharaha ara-pitsarana, mpiraki-draharaha ara-tsora-panjakana ary ireo mpitan-tsoratra ara-panjakanan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana dia mitazona ny bokim-piraketana misy tsanganana, izay hanoratany, isan'andro isan'andro, tsy hasiana malalaka na elanelana andala-tsoratra ary ampifanarahana araka ny laharana:

**1°** ho an'ireo notera sy ny mpiraki-draharaha ara-tsora-panjakana, ireo rehetra sora-panekena sy fifanarahana izay noraisiny , na koa ireo nampandalovina fanamarinam-pamoronana aza;

**2°** ho an'ireo vadin-tany, ny sora-panekena rehetra sy ny taratasy ampitaina avy amin'ny minisiterany;

**3°** ho an'ireo mpiraki-draharaha ara-pitsarana, ny didy rehetra, didim-pitsarana, sora-panekena, taratasy ampitaina tsy misy ankanavaka, na voarakitra ara-panoratana am-boky, na tsy iharan'ny fombafomba ara-ketra;

**4°** ary ho an'ireo mpitan-tsoratra, ny sora-paneken'ny fitantanan-draharahan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana voatondro ao amin'ny andininy 02.01.11 paragirafy **III**, 3,4 sy 5 n'ity fehezan-dalana ity;

**Andininy 02.04.16**
Ny andininy tsirairay avy ao anatin'ny bokim-piraketana dia hisy:
**1**-Laharan'ny sora-panekena
**2**-ny datin'andro;
**3**-ny momba azy;
**4**-Ny anarana sy fanampin'anaran'ireo mpifanaiky sy ny fonenany;
**5**-Fanondroana ireo fananana, ny toerana misy sy ny vidiny, raha toa ka sora-panekena mikasika an'io fananana io, ny fizakam-bokatra na ny fisitrahana fananana tahiry;
**6**-Fanamarinana ny fanoratana am-boky

**Andininy 02.04.17**
Ireo notera, vadin-tany, mpiraki-draharaha ara-pitsarana, mpirakidraharaha ara-tsora-panjakana ary ireo mpitan-tsoratra ara-panjakanan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana dia mampahafantatra, isaky ny telo volana, ireo boki-piraketany amin'ny mpandray volan'ny hetra, haba sy sanda isan-karazany amin'ny faritra misy azy, izay manamarina sy manambara ao anitin'izany ny isan'ireo sora-panekena voasoratra. Izany fanambaràna izany dia atao isan-taona, ary atao amin'ny hafoloan'ny volana janoary, aprily, jolay ary oktobra.

**Andininy 02.04.18**
Ankoatry ny fanambaràna, voalazan'ny andininy teo aloha, ireo notera, vadin-tany, mpiraki-draharaha ara-pitsarana,, mpiraki-draharaha ara-panjakana ary ny mpitan-tsoratra dia tsy maintsy manolotra ireo boki-piraketana, izay tolorana feno amin'ireo  mpiasan'ny hetra tonga sy hanamarina  ao aminy, isaky ny misy fakàna izany.

**Andininy 02.04.19**
Ireo bokim-piraketana dia misy fitomboka sy ny sonia rango-pohy: ho an'ireo notera, dia ny filoha na koa mpitsara amin'ny ady eloka tsotra ao amin'ny faritra, ho an'ny vadin-tany sy mpiraki-draharaha ara-pitsaran'ny tribonaly, dia an'ny mpitsara ao amin'ny fonenany; ho an'ny vadin-tany sy ny mpiraki-draharaha ara-pitsarana sy an'ireo fitsarana, dia ny filoha na mpitsara izay nampiandraiketiny azy, ary ho an'ireo mpitan-tsoratra ara-panjakana kosa dia ny tompon'andraikitra ambony ara-panjakana ao aminy.

**Andininy 02.04.20**
Ny fepetra izay misy  araka ny fisiany sy voapetraka ao anatin'ireo boki-piraketana dia ampiharina amin'ireo mpampanao lavanty sy ireo mpamindra ara-barotra, nefa kosa voatokana ho an'ny  fitanana an-tsoratra ny fivarotana fanaka sy ireo entam-barotra, ary  ho an'ireo sora-panekena vita avy amin'ny fiatraikan'ireo varotra.

**Andininy 02.04.21**
Ireo fepetra voalazan'ireo andininy 02.04.15 ka hatramin'ny 02.04.18 etsy ambony dia ampiharina amin'ireo fikambanana sy olo-tsotra izay manorina na mitantana trano mitovy maromaro, na trano lehibe iraisana, izay manana efitra mahaleotena folo fara-faha-keliny izay natokana ho hampanofaina, sady vidiana tsikelikely ara-kofatrano, na amidy tanteraka.

Ireo bokim-piraketana dia misy fitomboka sy ny sonia rango-pohin'ny filoha, na fara faharatsiny dia ataon'ny mpitsara amin'ny ady heloka tsotra ao amin'ny foibe-toerany na fonenana.

**Andininy 02.04.22**
Ireo fikambanana na olon-tsotra voalaza ao anatin'ny andininy 02.04.21 etsy ambony dia tokony hanatitra ny filazana ny fisiany ao amin'ny mpandray volan'ny hetra ao amin'ny toerana misy azy ao anatin'ny roa volana nahazoany alàlana araka ny voalazan'ny fehezan-dalana na ny niorenany.

## VAROTRA FANAKA AMPAHIBEMASO NY FANAKA

**Andininy 02.04.23**
Tsy misy na iray aza mpiandraiki-draharaha ara-panjakana manatanteraka lavanty ampahibemaso fanaka raha tsy nahavita mialoha ny filazana tany amin'ny biraon'ny hetra ao amin'ny fari-piadidiana ny toerana hanaovana ny fivarotana.

Kanefa, tsy ilaina ny filazana mialoha amin'ny lavanty ampahibemaso ny fanaka tsy hita vatana, fampidirambola maharitra, sy ireo fampitrosana, na ny fitambaran'ny ifandraisana ara-draharaha izay tsy manana zavatra fananana manaraka.

Ny filazana voalaza etsy ambony dia tokony atao fara-fahakeliny iray andro mialoha amin'ny andro fiasana.

**Andininy 02.04.24**
Ny filazana dia atao dika roa mitovy, vita daty sy sonian'ny mpiandraiki-draharaha ara-panjakana. Ary hita ao anatiny ny anarana, maha izy azy sy ny fonenan'ilay manamboninahitra, ny an'ireo mpangataka sy ny an'ireo tompon'ny entana atao lavanty, ny fanondroana ny toerana hanaovana ny lavanty sy ny andro ary ora ny fisokafany.
Izany dia tsy azo ampiasaina afa-tsy amin'ireo fanaky ny olona voalaza ihany.

Ny filazana dia mitondra amin'ny an-tsipiriany, isan'andininy ireo entana amidy.

Ny filazana dia apetraka ao amin'ny biraon'ny fanoratana am-boky, tsy handoavana sarany. Ny dika mitovy iray amin'ireo filazana izay vita tamin'ny taratasy tsotra dia atolotra ny mpiandraiki-draharahampanjakana misy ny fanamarinam-pandraisan'ny toeram-panoratana am-boky ,izay tsy maintsy hampiarahina amin'ny fitanana an-tsoratra ny fifampivarotana. Ary ny dika mitovy iray hafa vita tamin'ny taratasy tsotra dia tehirizina ao amin'ny birao.

**Andininy 02.04.25**
Mialoha ny anatanterahany ny lavanty, ny mpiandraiki-draharaham-panjakana, dia manome ny vakin'ny andininy 20.01.49 mikasika ny andraikitr'ireo mpividy fiara.

Ny fanamafisana manokana ny vaki-teny dia atao ao anatin'ny firaketana an-tsoratra.

Ny mpiandraiki-draharaham-panjakana izay tsy manatanteraka an'io fehezan-dalana io dia mandray hoan'ny tenany manokana ny sanda sy sazy notakiana, afa-tsy ny fitakiany izany atao amin'ny mpandoa hetra.

**Andininy 02.04.26**
Ny zavatra rehetra nisy nahazo dia raketina eo no ho eo amin'ny fandraiketana an-tsoratra izay tsy maintsy milaza ny anarana, maha izy azy sy fonenan'ireo nahazo; ny vidiny dia atao dika soratra manontolo ary ho soritana ara-marika eny an-tsisiny.

Ny fandaharam-potoana dia faranana sy soniavin'ny mpiandraiki-draharaham-panjakana.

Ny varotra nitranga taorian'ny fitanisam-pananana, dia tokony ho marihina ao anatin'ny firaketan-tsoratra miaraka amin'ny daty nanaovana ny fitanisam-pananana, ny anaran'ny notera izay nanatanteraka izany sy ny rosian'ny Sampandraharahan'ny hetra.

**Andininy 02.04.27**
Ny mpiasan'ny hetra dia mahazo alàlana ho any amin'ny toerana hanaovana ny lavanty ary afaka mitaky ny firaketana an-tsoratra ny fifampivarotana sy ireo taratasy filazana mialoha.

Raketina an-tsoratra ny fandikan-dalàna izay fantany sy voamariny.

Ny fanamarinana didimpananana dia azo atsofoka amin'ny fivarotana ho fandikan-dalàna voalaza etsy aloha.

**Andininy 02.04.28**
Tsy iharan'ny filazana voalazan'ny andininy 02.04.23 ireo mpiasam-panjakana manantanteraka ny fivarotana ny entam-panjakana sy ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana.

Tsy iharan'izany koa ireo mpiasa miandraikitra ny fivarotana ny entana miankina amin'ireo fandovàna izay tantanan'ny nahazo fahefana manokana.

**Andininy 02.04.29**
Ireo mpanelanelana izay manantanteraka an'ireo lavanty ampahibemaso ny entam-barotra am-bongadiny na zavatra napetraka ho antoka, araka ny voalazan'ny lalàna tamin'ny 28 may 1858 na ny andininy faha-93 n'ny lalan'ny varotra, novan'ny lalàna tamin'ny 23 may 1863, izay mitovy amin'ny voalazan'ny fepetra eo ambony; dia tsy maintsy manaraka ireo andinin-dalàna voalaza eo ambony mikasika ny lavanty ampahibemaso ny fanaka.

**TRANO SY TOKOTANIM-BAROTRA**

**NY ANDRAIKITR'IREO MPANDRAY, IREO NOTERA, IREO MPITAHIRY NY FANANAN-TANY ARY IREO MPIRAKI-DRAHARAHA ARA-PITSARANA**

**Andininy 02.04.30**
**1°** Ny mpandray ny zo tena izy amin'ny fananana mifaka na tokotanim-barotra misy eto Madagasikara ary miankina amin'ny fandovana dia tsy afaka mandoa ny vidin'ny fandraisana raha tsy mampiseho ny taratasim-panamarinana tsy misy sara avy amin'ny mpandray hetra ary manamarina fanafahana na ny tsy ilana ny hetra amin'ny famindrana, raha tsy hoe tiany ny hametraka ho anto-bola ho amin'ny tahirim-bolam-panjakana sy mitahiry, mandram-pivoakan'ny fanamarinana avy amin'ny mpandray volan'ny hetra, izay mitontaly mitovy amin'ny sandan'ny hetra voakajy avy amin'ny vidiny.

Toy izany koa ny amin'ny famindrana fiara, ireo trakitera, ireo sambo, botry sy lakana madinika ary ny fiaramanidina madinika miakina amin'ny fandovàna, dia tsy azo tanterahina raha tsy miaraka amin'ny taratasim-panamarinana voalaza etsy ambony.

**2°** Ny fanoratana ao anatin'ny fitahirizana amin'ny fananan-tany sy ao amin'ny biraon'ny kadasitrin'ny sora-panekena na voasoratra manamarina ny famindrana ny zo tena izy amin'ny fananana mifaka na fanoratana ao amin'ny bokin-tany momba ny famindrana ny amin'ireo mitovy zo na fanoratana ao amin'ny bokim-barotra izay famindrana ny tahirim-bola, dia tsy azo tanterahina raha tsy misy ny fampisehoana ny taratasi-panamarinana nomena tsy misy sarany avy amin'ny mpandray volan'ny hetra.

**3°** Ny mpirakitra ny fananan-tany, ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana momba ny varotra, sy lehiben'ny fanoratana, ny lehiben'ny boriborin-tany momba ny ranomasina mandika ny fepetra voalazan'ireo paragrafy 1 sy 2 etsy ambony dia mandoa ny haba sy ny sazy mifanaraka aminy, raha tsy hoe angaha misy fitoriana hanoherana ny mpandoa hetra.

**FAMINDRANA ANJARA**

**Andininy 02.04.31**
**1°** Ny famindrana, ny famindran-tompo, ny famadihana hoan'izay hitondra na famerenana ny fanoratana ny fidiram-bola maharitra momba ny fanjakana na ireo anjara voatendrin'ny sosaiety na vondrom-paritra, avy amin'ny tompony efa maty na voalaza fa tsy hita, dia tsy azo atao raha tsy misy taratasy fanamarinana tsy handoavam-bola avy amin'ny mpandray vola momba ny hetra manamarina ny fandoavana ny haba amin'ny famindran-tompo.

Rijan-teny ankapobeny ity ary mifehy ny famindrana atao amin'ny anaran'olona voatondro, ary koa amin'ny anaran'ny mpandova rehetra tsy misy fampahafantarana azy tsirairay.

Ny taratasy fanamarinana nandoavam-bola dia tsy maintsy atao aorian'ny nahafatesan'ny vadin'ny tompon-toerana voasoratra raha tsy hoe angaha, manana rosia ireo manam-pahefana mahefa fa io anjara io dia an'ilay velona.

Ny taratasy avy amin'ny mpandray vola momba ny hetra dia tsy handoavana haba amin'ny firaiketana am-boky na dia ampiarahana amin'ny taratasy manamarina ny maha tompo aza.

**2°** raha ohatra ka ny famindrana, ny famindran-tompo, ny famadihana ho an'izay mitondra na famerenana dia tsy maintsy hanaovana taratasy manamarina ny maha tompo araka ny fepetra momba ny fitsipika mifehy ny anjara notendrena, anjaran'ny mpiraki-teny ny manamarina, raha ilaina izany, ny taratasy

fanamarinana avy amin'ny mpandray vola momba ny hetra voalazan'ny paragrafy teo aloha. Ny andraikitry ny mpanamarina amin'izany dia ny misolo toerana ny sosaiety na vondrom-paritra.

3°na iza na iza mandika ireo fepetra eo ambony ireo dia mandoa ny haba sy sazy mifanaraka aminy, raha tsy misy fitoriana ny mpandoa hetra.

**Andininy 02.04.32**
Raha ohatra ny famindrana, ny famindran-tompo na famadihana hoan'izay mitondra ka atao ho amin'ny fifampiraharahana momba ny anjara, ny taratasy avy amin'ny mpandray vola momba ny hetra voalaza amin'ny andininy teo aloha dia azo soloina fanambaràna ataon'ireo voakasika amin'ny taratasy tsotra, milaza ny momba ny anjara voakasik'izany sy milaza fa ny famotsorana fitompoam-pananana dia atao ahafahana mandoa ny haba amin'ny famindran-tompo ary ny vokatra amin'izany dia aloa any amin'ny mpandray vola mahefa afaka mandray ny fanambaràna fandovàna amin'ny alalan'ny mpanelanelana tompon'andraikitra amin'ny fifampiraharahana.

Ireo famindrana, famindran-tompo sy famadihana hoan'izay mitondra eritreretina dia ireo izay atao noho ny fifampiraharahana momba ny anjara; tsy tafiditra amin'izany ireo famindrana momba ny fanoratana ny anjara amin'ny anaran'ny mpandova, ary koa ireo famadihana anjara tazomin'ny mpandova..

Ny fanambaràna nataon'ireo voakasik'izany ho solon'ny fanamarinan'ny mpandray vola momba ny hetra dia tsy iharan'ny lalàna ara-ketra amin'ny fomba miavaka. Ampy raha milaza amin'ny fanoroana voalazan'ny lalàna manankery izy ireo.

Ny fanambaràna dia atao amin'ny taratasy tsotra; tsy ilaina ny mirakitra azy am-boky na dia voamarina sy ampiarahina amin'ny taratasim-panamarinana maha tompo nataon'ny notera aza izy.

Raha ohatra ka ny ampahany na ireo anjara rehetra dia voaletsin-trosa, ny famelana natao ho an'ny mpanelanelana momba ny tahiry avy amin'ny famerenana dia manafaka ny trano fiasana ao anatin'ny fepetra mitovy amin'ny nanomezana ny anjara ihany.

**Andininy 02.04.33**
Ny fanoratana, famindrana na famindran-tompon-trosa, na anjara momba ny trosa, avy amin'ny mpampanana vola na tompony efa maty na nolazaina fa tsy hita dia azo atao amin'ny fampisehoana fanamarinana nomen'ny mpandray vola momba ny hetra tsy misy sarany, milaza fa ireo trosa na anjara voalaza ireo dia tafiditra ao amin'ny filazana tombam-pananana.

**Andininy 02.04.34**
1°Ny fandraharahana ara-panjakana, ny orinasa na fikambanana samy hafa iharan'ny fitsirihana ny manampahefana ara-panjakana, ny sosaiety, ny banky, ary mpampisambotra na ny mpiraki-teny na ireo mpandraharaha izay ho mpitana, na nitazona na mpitrosa vola na antoka mikasika ny fandovàna izay atao, dia tsy maintsy mandefa ao amin'ny mpandray volan'ny hetra eo an-toerana, ny lisitry ny sora-pizakàna vola na vidy omena rosia izy amin'izany.

2° Io filazana io dia ampiharina amin'ny sosaiety na fikambanam-piatohana ary ireo orinasa, masoivoho, tranombarotra, foibem-pitondrana isam-paritra na an-toerana eto Madagasikara, momba ny vola, fidiram-bola maharitra, tambin-karama isan-karazany na tamby hafa izay omena azy ireo noho ny antoka ara-pahafatesana.

3°Ny fandraharahana ara-panjakana, ny orinasa, ny fikambanana na olona voalaza ao amin'ny paragrafy 1sy 2 eo ambony dia tsy afaka tsy handoa io vola io, na vidy, fidiram-bola maharitra, tambin-karama na tamby, dia tsy mamerina na mamindra ny sora-pizakana, raha tsy mampiseho ny fanamarinana omena ny mpandray volan'ny hetra maimaimpoana, noho ny fahatsapany na fakamadio, na tsy mandoa haba amin'ny famindrana noho ny fahafatesana n'aiza n'aiza fonenan'ny mpandova na ny mahazo tombotsoa.

4°Na iza na iza mandika ny voalaza ao amin'ity andininy ity dia tompon'andraikitra irery hanefa izany haba sy sazy izany, afa-tsy fitoriana atao amin'ny mpandoa hetra

**Andininy 02.04.35**
Ny fandraharahana ara-panjakana, ny orinasa na fikambanana sosaiety, na olona voatendry amin'ny andininy voalaza dia afaka, amin'ny fangatahana an-tsoratry ny mpandova, ny mpandray, ny tolorana, na mpahazo tombotsoa, atao amin'ny taratasy, ny mandrotsaka manontolo na ampahany amin'ny vola aloa amin'izy ireo izay manana haba famindrana amin'ny maty ao amin'ny mpandray volan'ny hetra eo an-toerana voakasik'izany sy handray ny fanambaràna ny tombam-pananana.

Ny fitondrana afaka milaza fa ny fandoavana ny haba amin'ny tombam-pananana dia azo ho ferana amin'ny tontalin'ny haba ny famindrana noho ny maty tsy maintsy aloa amin'iray amin'ny vola,vidy, tambim-karama na sora-pizakana voalaza ao amin'ny rija-teny sy voalaza amin'ny fanambaràna ampahany ataon'ny mpandoa hetra dika roa mitovy.

Ny iray amin'io dikan-tsoratra io, ny mpandray volan'ny hetra manamarina ny sora-bolan'ny haba tsy maintsy aloa, dia voasonia sy haverina amin'ny mpandoa hetra mba haverina amin'ireo fitondrana na fikambanana ampiarahana amin'ny fangatahana fandrotsaham-bola.Ny iray dia tehirizina ao amin'ny birao mandram-paha voarotsaky ny olona tsirairay na vondron'olona ny vola rehetra voalaza eo ambony.

**Andininy 02.04.36**

Ireo mpametraka voalazan'ny paragrafy voalohany ao amin'ny andininy 02.04.34 dia tsy maintsy aloa anatin'ny telovolana fara fahatarany amin'ny fanokafana kaonty tokana, na itambarana tsy mivaky, mampahafantatra amin'ny mpitam-bolan'ny hetra eo an-toerana ny anarany, fanampin'anarana sy fonenan'ny mpangataka tsirairay, ary koa ny fotoana nanokafana ny petra-bola.
Ankoatra izany koa, tsy maintsy mametraka ao anatin'ny 15 andro nilazan'ny fandraharahan'ny hetra ny fahafatesan'ny iray amin'ireo mpametraka sy eo ambanin'ny sazy voalaza'ny paragrafy farany amin'ny andininy 02.04.34 izay omena ny mpandray volan'ny hetra eo an-toerana ny lisitra sy sora-pizakana, ny vola na sanda misy amin'ny androm-pahafatesana ny trosa izay ikambanana ao amin'ny tahirim-bola izy ireo.

### ANDRAIKITR'IREO MPIRAKI-TENY

**Andininy 02.04.37**

Ny olona voakasiky ny andininy 02.04.15 ka hatramin'ny 02.04.22 ny mpiraki-teny, misahana ny fanamarina ny sora-panekena sy ny olona rehetra izay manao izany dia tsy maintsy manoratra izany ao anaty taratasy ny mombamomba manaraka izao:
a)ho an'ny olo-tsotra mifanaiky na mila izany:

Ny anarana, fanampin'anarana, asa, NIF, fonenana marina na fonenana voatondro, fanoroana ny nihaviana, ny fahafahana ara-panjakana, ny fiaviana, ny fotoana sy toerana nahaterahana miaraka amin'ny anaran'ny vady, ny asany, ny fotoana nahaterahany, ny fotoana nanaovana ny mariaziny, ny fepetran'ny fanambadiana nofidiny raha toa misy izany, ny fotoana nifanekena sy ny anarana, sy ny fonenan'ny mpiraki-teny izay nandray azy.
b) ho an'ny vondron'olona mpifanaiky na mila izany

Ny filazana ny endrika niforonany araka ny lalàna, ny toerana nisy ny foibe, ny laharam-pamantarana ara-ketra sy ny laharam-pamantarana ao amin'ny rejisitry ny varotra ho an'ireo sosaiety misahana ny fivarotana.

### ANDRAIKITRY NY MPIASA

**Andininy 02.04.38**

Ny mpiasan'ny hetra dia tsy afaka manemotra ny fanoratana ny sora-panekena sy famindram-pananana izay efa voaloa ny sara amin'ny taha voafaritr'ity fanasokajiana ity, na na inona na inona antony eny fa na dia nisy aza ny fitsirihana nataon'ny manam-pahaizana manokana.
Tsy azony atao ihany koa ny mampihantona na manajanona ny fizotry ny fombafomba arahina amin'ny fitazonana ny sora-panekena na ny taratasy ampitaina ; kanefa raha tsy misy sosony ahitana ny momba momba na ahafantarana ny sara tokony aloa, ny mpiasa dia afaka manao dika mitovy sy manamarina izany amin'ny matoan-tsoratra izay ataon'ny manam-pahefana mpiandraikitra an'izany. Raha misy fandavana dia azony tehirizina mandritra ny 24 ora ihany mba hahafahany manamarina, iantohany ny fanaovana azy raha tsy hoe miverina angaha, raha tsy misy izany.
Io fepetra io dia ampiharina ho an'ireo sora-panekena natao tsy teo anatrehan'ny fanjakana izay hosoratana am-boky.

### FAMPAHAFANTARANA

**Andininy 02.04.39**

Ny mpiasan'ny hetra dia afaka manome tsoatsoratra amin'ny rejisitra sy ny taha dikan'ireo sora-panekena sy filazana izay ananany amin'ireo olona mpifanaiky na voakasik'izany na amin'olon-kafa mitondra didm-pitsarana manome fahefana haka izany.
Ny fepetry ny fanomezana ireo tambiny dia faritan'ny fanapahan'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra.

## TOKO V
## SARA AMIN'NY HAJIA SY NY TOA AZY

## SOKAJY I
## FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy 02.05.01**

Ny vola azo amin'ny hajia arotsaka ao amin'ny teti-bolam-panjakana ankapobe, dia atao na amin'ny alalan'ny fanomezan-dàlana araka ny hajia, na fampisehoana filazan-javatra na araka ny rafitra am-paritra, izay voamarina tamin'ny fanomezana rosia nalaina tamin'ny rejisitra misy soson'ny biraon'ny Foibem-Paritry ny Hetra mahefa.
Tsy misy fepetra manokana afa-tsy izay voafaritry ny lalàna.

**Andininy 02.05.02**

Ny ampahany dia faritana arakaraky ny vidy voalaza ao amin'ny sora-panekena izay hamerana izany.

### Fomba famerana

**Andininy 02.05.03**

Iharan'ny sara amin'ny hajia amin'ny tapakila nandoavam-bola amin'ny filazana an-taratasy ataony ny sosaiety, orinasa, ny olontsotra voan'ny hetra alaina amin'ny vola miditra.

Tsy maintsy efainy aloan'ny faha-dimy ambin'ny folon'ny volana manaraka farafahatarany ny sara mihàtra amin'ireo soratra rehetra iharan'ny sara amin'ny hajia amin'ny tapakila fandoavambola izay nomena nandritra ny volana teo aloha.

Ho fanohanana izany fandrotsaham-bola izany, ny mpandoa hetra dia mampiseho ny fitanisana vita sonia, atao roa sosona, manondro miavaka tsara araka ny robirika raha ilaina ny karazan'ny titra nandoavana ny vola narotsaka na ny tontalin'ny vola rehetra narotsaka ary ny hetra tsy maintsy naloa.

### Ny fepetra arahina sy fandrarana samihafa

**Andininy 02.05.04**

Fepetra teteza-mita
Tsy misy olona mahazo mivarotra na mizara hajia raha tsy amin'ny alalan'ny fanapahan'ny Tale Jeneralin'ny hetra na ny solo-tenany.

Na izany aza, ny mpiasan'ny Tahirimbolam-panjakana, ny mpiraki-draharaha ao amin'ny fitsarana, ny mpamory hetra, ny mpandray vola na ny mpitantana ao amin'ny biraon'ny paositra, ny mpiasan'ny fadin-tseranana, ny mpitam-bolan'ny Vondrona itsinjaram-pahefana dia manana fahefana sy zo feno hivarotra sy hizara ireo hajia ireo mandrapahatapitry ny tahiry.

## SOKAJY II
## FILAZANA NY SANDAN'NY HABA

**Andininy 02.05.05**

Ferana  ho ariary 1,00 isaky ny ariary 200,00 na ampahany isaky ny ariary 200,00 ny sandan'ny haba mifanetana alaina amin'ny hajia izay mihatra amin'ny taratasy na inona na inona karazany, na voasonia na tsia, na inona na inona endriny ka manafaka trosa na manamarina nandoavam-bola na nandrotsaham-bola.

## SOKAJY III
## SARA AMIN'NY FANOMEZANA ANTONTANTARATASY
## SY FANDRAISAN-KETRA SAMIHAFA

### A-Hajiam-pasipaoro

**Andininy 02.05.06**

Isaky ny fanamarinana ny pasipaorin'ny vahiny sy ny olona tsy fantatra zo-pirenena dia ampiharina ny sarany voalaza ato aoriana amin'ny ARIARY.

-Fahazoan-dàlana hipetraka latsaka na mira telo volana…………………..……………….Ar.140.000,00

-Fahazoan-dàlana hipetrakamihoatra ny telo volana ka hatramin'ny telo taona…………Ar.150.000,00

-Fahazoan-dàlana hipetraka mihoatra ny telo-taona ka hatramin'ny dimy ta…………….Ar.200.000,00

-Fahazoan-dàlana hipetraka mihoatra ny dimy taona sy hipetraka tanteraka ……… ….Ar.250.000,00

-Fahazoan-dàlana hivoaka tanteraka………………………………..………………………Ar.80.000,00

-Fanalavam-potoana hipetrahana…………………………..…….…………………………Ar.80.000,00

Ny sanda voalaza etsy ambony dia mihena ho amin'ny an-tsasany ho an'ireo mpamita iraka na inona na inona finoany sy ny vadiny monina eto Madagasikara ary koa ho an'ireo mpianatra vahiny manohy ny fianarany amin'ireo sekoly lehibe eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**B-Fitazonana Fiadiana**

**Hetra isan-taona amin'ny basy**

**<u>Andininy 02.05.07</u>**

Amin'ny fanomezana na fanavaozana fahazoan-dàlana itondra basy dia andoavana sara amin'ny hajia Ar.20.000,00.

Na izany aza ny fitazonana basy ho an'ny fanatontosana ny asam-panjakana dia tsy andoavana haba.

**<u>Andininy 02.05.08</u>**

Handoavan'olona rehetra hetra isan-taona ny fananana basy na misy tsipika na tsia eo ampelatanany amin'ny voalohan'ny volana janoarin'ny taona amerana ny hetra.

Ny hetra aloa dia ferana ho Ar.20.000,00 isaky ny basy ho an'ny karazany rehetra araka ny fahazoan-dàlana hitazona basy.

**Sehatra tsy ampiharana hetra**

**<u>Andininy 02.05.09</u>**

Tsy voan'ny hetra isan-taona amin'ny basy :

- basy omena ireo miaramila am-perin'asa ;
- basy omena ireo lehibe sy mpiasa mitandrina ny fandriampahalemana ;
- basy omena ireo mpitsara sasantsasany, mpiasam-panjakana sy mpiasan'ny fandraharaham-panjakana ho fampiharana ny fepetran'ny andininy 53 amin'ny lalàna laharana 69 011 tamin'ny 22 jolay 1969 sy ireo rijanteny fampiharana ;
- basy misy any amin'ireo magazay sy ireo toby fametrahana varotra, raha mbola tsy nampiasaina izany.

**TOKO VI**
**HETRA AMIN'NY FIFANEKEM-PIANTOHANA**
**SOKAJY I**
**FOTOTRA HAMERANA NY HETRA**

**<u>Andininy 02.06.01</u>**

Ny fifanarahana ara-piantohana na fidiram-bola maharitra mandra-pahafaty nifanarahana tamin'ny sosaiety fiantohana na mpiantoka malagasy na vahiny, n'aiza n'aiza ny toerana sy fotoana nanaovana ny fifanarahana, dia iharan'ny hetra isan-taona sy tsy maintsy aloa natao ho an'ny tetibolam-panjakana ankapobe, takalon'ny fandoavana izany ny taratasy maneho ny fisiany, ny fanovàna na fanafoanana azy araka ny marimaritra iraisana, ary koa ireo taratasy nalefa, tsoatsoratra na dika mitovy aminy ka nomena, n'aiza n'aiza toerana anovàna na nanaovana azy sy nandraiketana maimaim-poana azy am-boky raha ilaina izany fepetra izany.
Ny hetra dia alaina amin'ny totalim-bola voasoratra ho an'ny mpiantoka sy ny kojakoja azony mivantana na tsia noho ny olona iantohana.

**TAHA**

**<u>Andininy 02.06.02</u>**

Ny lazam-bidin'ny hetra dia ferana ho :

1° 4 isan-jato ho an'ny fiantohana momba ny fivezivezena rehetra eny an-dranomasina, na eny an-dranomamy na eny an'habakabaka

2° ho an'ny fiantohana momba ny fahamaizana:

- 7 isanjato ho an'ny fitaovana natao ho an'ny asa ara-indostria, fivarotana, fambolena, asa-tanana, fitrandrahana, fizahan-tany na fitaterana;
- 20 isan-jato ho an'ny tranga hafa ;

3° 3 isan-jato ho an'ny fiantohana mandra-maty sy ny mitovy aminy, tafiditra amin'izany ny fifanarahana momba ny fidiram-bola maharitra nahemotra ho 3 taona na mihoatra ;

4° 5 isan-jato ho an'ny fifanarahana fidirambola maharitra mandra-pahafaty, tafiditra amin'izany ny fifanarahana momba ny fidirambola maharitra nahemotra latsaka ny 3 taona ;

5° 4,5 isan-jato ho an'ny fiantohana hafa rehetra.

Ireo fahamaizana voaaro amin'ny fiantohana izay momba loza ahiana amin' ny fitaterana dia tafiditra ao amin'ny laharana 1 na faha 5 amin'ity andininy ity, raha fitaterana eny ambony rano, na an'habakabaka na fitaterana an-tanety.

### FANESORAN-KETRA

**Andininy 02.06.03**

Afahana amin'ny haba:

1°) Ny famerenam-piantohana ny loza ahiana amin'ny endriny rehetra

2°) Ny fiantohana mahazo tombony, avy amin'ny fepetra manokana, fanafoanana sara-panoratana am-boky indrindra ny taratasy momba ny loza avy amin'ny asa, ny taratasy manana tanjona manokana hiasa ho an'ny fianakaviana maro sy tsy manana ny ampy, ny taratasy ampiasaina manokana ho an'ny mpikarakara fahasalamana maimaim-poana, ny fiantohana mandalo amin'ny fikambanana na fitehirizam-bolam-piantohan'ny fikambanana momba ny fambolena, ny taratasy ilain'ny fikambanan'ny mpamonjy voina voamarina, ny fiarahan'ny fikambanan'ny mpamonjy voina, ny taratasy ilain'ny fivondronan'ny mpiasa);

3°) Ny fiantohana izay loza ahiana hitranga amin'ny endriny rehetra eny an-dranomasina na an'habakabaka avy any na ho any ivelany.

4°) Ny fanekem-piantohana ny aina na izay hananana mandritry ny fiainana, nataon'ny olona tsy manana toera-ponenana, na fonenana mahazatra eto Madagasikara;

5°) Ny fanekem-piantohana ny entana entina sy ny andraikitry ny mpitatitra.

6°) Fifanekena hafa rehetra, raha ny ao anatin'ny fetra ka ivelan'i Madagasikara no misy loza ahiana na tsy mikasika orinasa mpamokatra, fivarotana na fambolena eto Madagasikara, amin'ny tsy fahampian'ny porofo marina azo tsapain-tanana na tatitra marina miaraka amin'ny orinasa mpamokatra, mpivarotra na mpamboly, dia ekena ho toy ny miantraika any amin'ny fonenana na orinasa niandohan'ny mpanao sonia, ny loza.

Nefa mety tsy ampiasaina eto Madagasikara ny fifanekena, na taratasim-bahoaka, na fitsarana, na eo anatrehan'ny mana-pahefana misy, raha tsy efa nankatoavina mialoha tamin'ny sonia ho tombohina ara-hajia.

Ity fombafomba ity dia omena arakaraky ny fandoavana haba amin'ny vola rehetra ifanarahana ho an'ny mpiantoka, mifanaraka amin'ny taona sisa mbola ho diavina.

### FIKAJIANA NY HETRA SY FANDOAVANA NY HABA

**Andininy 02.06.04**

Ho an'ny fifanarahana nataon'ny mpiantoka malagasy na vahiny manana et,o Madagasikara, na ny Foiben'ny Fikambanana, na orinasa iray, trano fiasana iray, zanak'orinasa iray na solon-tena mpiandraikitra iray, raisina ho ao amin'ny tahirim-bolam-panjakana ny haba avy amin'ny mpiantoka na ny solon-tenany mpiandraikitra na mpiandraikitra fiantohana ao amin'ny Polisy raha mpiantoka maromaro no manao ny fifanekena ary arotsany ao amin'ny biraon'ny Hetra misy ny Foiben'ny fikambanana, trano fiasana na zanak'orinasa na fonenan'ny solon-tena mpiandraikitra araka izao fepetra manaraka izao :

Ny faha-dimy ambinifolon'ny volana manaraka ny telovolana tsirairay fara fahatarany, androtsahana ampahan-ketra mikasika ny telovolana teo aloha izay kajiana amin'ny vola ampaha-dimy izay nikajiana ny haba mifandraika amin'ny taom-piasana efa voaloa, na raha mbola tsy nisy taom-piasana voaloa, dia amin'ny tontalin'ny vola rehetra nifanekena ho an'ny mpiantoka sy izay kojakoja naloan'ny mpandoa hetra mandritry ny telovolana lasa, arakakaraky ny filazan'ny mpandoa hetra.

Ny faha-dimy ambinifolon'ny may isan-taona farafahatarany, dia efa atao ny fikajiana ankapobeny ny haba aloa ho amin'ny taona teo aloha.

Kajiana amin'ny vola azo ny haba ary hanalana amin'ny tontalibe nifanekena tamin'ny mpiantoka sy izay kojakoja naloan'ny mpandoa hetra nandritry ny taona, ny tontalin'ny vola nifanekena tamin'ny mpiantoka sy ny kojakoja naverina nandritra io taona io ihany .

Raha tamin'ny fikajiana sy raha raisina ny ampaham-bola narotsaka isan-telovolana, ka misy fanampiana haba ho an'ny Tahirim-bolam-panjakana, na ho an'ny taona lasa, na ho an'ny telovolana voalohany amin'ny taona diavina, dia aloa avy hatrany, raha tsy izay, ny vola mihoatra dia esorina amin'ny taona itsahina.

Ny fikajiana isan-taona dia atao amin'ny taratasy natontan'ny fanjakana.

**Andininy 02.06.05**
Ho an'ny fikambanam-piantohana manana trano fiasana maro, ho fampiharana ny andininy 02.06.04, ny trano fiasana iray dia mpandoa hetra mitokana, raha tsy manamarika angaha ny fikambanana, ao amin'ny filazana ataony voalaza ao amin'ny andininy 02.06.09 fa mandrotsaka ny haba tsy maintsy aloa any amin'ny biraon'ny hetra misy ny renin'ny orinasa izy.

**Andininy 02.06.06**
Ny fifanarahana amin'ny mpiantoka tsy manana eto Madagasikara, na orinasa, na trano fiasana, na zanak'orinasa, na solon-tena mpiandraikitra, nifanaovana tamin'ny mpanelanelana antselika na olona hafa mipetraka eto Madagasikara izay vonona mandrakariva na sendrasendra amin'ny fanelanelanana amin'ny asam-piantohana, dia raisina ho amin'ny Tahirim-bolam-panjakana ny haba arotsaky ny mpanelanelana ho an'ny fepotoana entitra rehetran'ny fifanarahana, ao amin'ny biraon'ny hetra misy ny fonenany, raha tsy sendra misy filam-bonjy ny manohitra ny mpiantoka; fara fahatarany ny fandrotsaham-bola dia ny faha 15-n'ny volana manaraka ny telovolana izay namaranana ny fifanarahana miaraka amin'ny fakana ny tarehimarika voalaza ao amin'ny andininy 02.06.11.

Kanefa, ho an'ny fifanarahana, manana faharetana hentitra mihoatra ny herin-taona, misy ny fanekena ho tombony an'ny mpiantoka, ny vola na fanampiny aloa araka ny fetr'andro mandritry ny taona, ankoatran'ilay voalahany, azo aloa tsikelikely isan-taona ny haba, raha, ny andaniny mangataka azy, dia lazaina avy amin'ity fangatahana ity ao anaty boky fitadidiana voalaza amin'ny andininy 02.06.11 sy ny fitanana marik'ity boky fitadidiana voalaza ity. Ny mpanelanelana dia tsy mandoa haba hafa mifandraika amin'ny vola nekena hoan'ny mpiantoka sy ny fanampiny tonga amin'ny fetrando mandritry ny taona voalohany.

**Andininy 02.06.07**
Amin'ny raharaha hafa fa tsy izay voalaza amin'ny andininy 02.06.04 sy 02.06.05 ary ho an'ny taona sy ny fotoana izay, ho an'ny raharaha voalaza amin'ny andininy 02.06.06, tsy mandoa ny haba ny mpanelanelana, ny iantohana no mandrotsaka azy any amin'ny biraon'ny hetra misy ny tranony na ny fonenany, na ny toerana hita na izay heverina ho kitoatoa, arakaraky ny fiavahana ateraky ny andininy 02.06.03 fara fahatarany ny faha 15 mai n'ny taona izay manaraka ka misy ny fetr'andro tsirairay ny vola nekena ho tombony ho an'ny mpiantoka mampahafantatra ny andro amin'ny taratasy filazana, ny toetra sy ny fepotoan'ny fifanarahana, ny mpiantoka, ny isan'ny renivola iantohana, ny an'ny vola nekena ho an'ny mpiantoka ary izay fanampiny sy ny andro voafetra.

**FIOMBONANA ANTOKA NY MPANDOA HETRA**

**Andininy 02.06.08**
Amin'ny lafiny rehetra ary tsy mijery ny fepetran'ny andininy 02.06.04 hatramin'ny 02.06.06 aza , ny mpiantoka, ny solotenany mpiandraikitra, ny mpiasany, talen'ny orinasa na ny masoivoho na ny mpisolony, ny mpanao antselika sy mpanelanelana ary ny iantohana dia mifampiombona antoka amin'ny fandoavana ny haba sy sazy.

**ANDRAIKITRY NY MPIANTOKA**

**Andininy 02.06.09**
Ny fikambanam-piantohana sy mpiantoka hafa rehetra, ny mpanao antselika sy mpanelanelana hafa rehetra voalazan'ny andininy 02.06.06, alohan'ny hanombohan'ny asany, dia manao filazana an-tsoratra milaza ny toetry ny asany sy ny anaran'ny talen'ny fikambanana na ny lehiben'ny orinasa any amin'ny biraon'ny Hetra misy ny toeran'ny foiben'ny orinasa na ny fonenany.

Ny fikambanam-piantohana manana trano fiasana maro dia manao filazana an-taratasy miavaka any amin'ny biraon'ny Hetra misy ny toeran'ny trano iasana tsirairay avy ary marihina ao ny anaran'ny mpiasa.

**Andininy 02.06.10**
Ny mpiantoka avy amin'ny firenena ankoatran'i Frantsa sy ny firenena mikambana amin'ny Afrikana sy malagasy ary ny fandaminana afrikana sy malagasy amin'ny fiombonana ara-toekarena dia tsy maintsy mangataka, fanampin'izany mba ho ankatoavin'ny fitantanana ny Hetra, solontena malagasy iray mpiandraikitra mahaleotena, ny haba sy ny sazy.

Ny Fankatoavana sy ny fanalana ny solon-tena mpiandraikitra dia avoaka amin'ny gazetim-panjakana, araka ny hafainganan'ny fandraharahan'ny Hetra. Raha ny tena izy, isan-taona dia mamoaka amin'ny gazetim-panjakana ny Fanjakana, ny lisitry ny mpiantoka manana mpisolontena tomponan'andraikitra ny 31 desambra teo aloha.

**Andininy 02.06.11**

Ny mpanelanelana an-tselika sy ny mpanelanelana voalazan'ny andininy 02.06.06 dia tsy maintsy manana boky voamarina sy voarangopohy sy neken'ny mpitsara ao amin'ny fitsarana ara-barotra, ary ao anatin'izany no anoratany isan'andro araky ny daty sy araka ny fitohizan'ny laharana tsy tapaka ny raharaha rehetra nisian'ny fanelanelanana, soratana amin'izany ny vaninandron'ny fiantohana, ny faharetany, ny anaran'ny mpiantoka, ny anarana sy adiresin'ny iantohana, ny karazan'ny fahasahiana, ny toerana noheverina nitrangany, araka ny fanavahana voafaritry ny andininy 02.06.03, ny renivola iantohana na ny fandraisam-bola maharitra, izay vola voalaza fa omena ny mpiantoka sy ny fanampiny, ny fetra fandoavana an'io vola io, ny haba izay tokony arotsany any amin'ny kitapom-bolam-panjakana na ny antony tsy nandoavany an'io haba io, ny fangatahana fandoavana amin'ny ampahany voafaritry ny andalàna 2 ao amin'ny andininy 02.06.06 mikasika ny fifanarahana misy fepetra fitohizana dia soratana izany ao amin'ny faritra misy ny faharetany. Ny sosom-panovana ny taratasim-piantohana na fampiharana dia misy ny fanamarihan'ny taratasim-piantohana tany ampiandohana.

Isaky ny faran'ny telo volana, ny mpanelanelana an-tselika na mpanelanelana dia mandika ny boky misy ny filaharana mikasika ny telo volana manontolo ary mametraka izany miaraka amin'ny fandrotsaham-bola voafaritry ny andininy 02.06.06.

## FAHATAPERAN'NY PAIK'ANDRO

**Andininy 02.06.12**

Ny andraikitry ny fanjakana amin'ny famoriana ny hetra sy ny sazy dia maty paik'andro ao anatin'ny telo taona nanomboka ny fotoana nitakiana ny hetra.

Io fepotoana io dia natao ho folo taona mikasika ny hetra sy ny sazy aloan'ny mpiantoka na ny mpanelanelana izay tsy nanao ny filazana voalazan'ny andininy 02.06.09.

**Andininy 02.06.13**

Ny haba sy ny sazy voaloa tsy nahy dia azo averina ao anatin'ny telo taona nandoavana azy.

Toraka izany koa ny haba naloan'ny mpiantoka raha toa ka tsy afaka nanao fampidirana voalazan'ny andalana mialoha ny farany ao amin'ny andininy 02.06.04.

**Andininy 02.06.14**

Raha tsy sendra misy ny fepetry ny andalana 2 ao amin'ny andininy eo ambony, ny haba efa voaloa dia tsy azo averina intsony raha tsy hoe angaha nofoanana na nofoanan'ny fitsarana ilay fifanekena mandrapahatapitry ny ampahany mikasika izany.

a) amin'ny vola voalaza omena ny mpiantoka sy ny fanampiny ka ny famerenana ho an'ny iantohana dia nodidian'ny fitsarana.
b) Amin'ny vola voalaza omena ny mpiantoka sy ny fanampiny izay efa nandoavana haba na dia mbola tsy naloa tany amin'ny mpiantoka aza dia tsy azo takiany amin'ny olona iantohana intsony araka ny fepetry ny fanapahan'ny fitsarana.

Ny fangatahana fameranam-bola voalazan'ity andininy ity dia maty paik'andro rehefa afaka herin-taona manomboka ny andro naharaikitra ny fanapahan'ny fitsarana ary na izany na tsy izany dia telo taona farafaha elany ao aorian'ny nandoavana azy.

Ny fepetr'ity andininy ity dia tsy mamono ny fepetry ny andininy 02.06.04 mikasika ny fanesorana ny vola voalaza omena ny mpiantoka sy ny fanampiny izay niharan'ny fanafoanana na famerenana.

## FANENJEHANA SY FITSARANA

**Andininy 02.06.15**

Ny famoriana ny haba sy ny sazy dia iandraiketan'ny fitantanana ara-ketra ary ny fitsarana dia atomboka ary tsaraina tahaka ny atao amin'ny firaiketana am-boky.

**Andininy 02.06.16**

Ny fepetr'ity toko ity dia tsy mifanohitra velively amin'ny fepetra manan-kery mikasika ny fanarahamaso sy fisafoana ny mpiantoka.

## SOKAJY II
## HABA FANAMPINY AMIN'NY FIFANARAHAM-PIANTOHANA FIARAKODIA (TACAVA)

**Andininy 02.06.17**

Nasiana haba isan-taona nomena anarana "HABA FANAMPINY AMIN'NY FIFANARAHAM-PIANTOHANA FIARAKODIA" ho an'ny fiaran'ny olon-tsotra nampidirina ao amin'ny fiara manokana raisina ho amin'ny

Tetibola Ankapobe, izay tsy ho alana amin'ny fototry ny hetra alaina amin'ny vola miditra, amin'ny taha folo isan-jato avy amin'ny vola nekena ho tombony ho an'ny mpiantoka ary ny fanampiny rehetra izay ahazoany tombony mivantana na tsy mivantana avy amin'ny iantohana.

**Andininy 02.06.18**
Afak'haba ny TACAVA, ny fiara manokana atao fitanteram-bahoaka na an'ny fikambanana.

**Andininy 02.06.19**
Ny TA CA VA n'ny fiarakodia dia fehezin'ny lalàna izay mitantana fangatahana, ny famerenana sy famoriana ny haba avy amin'ny fifanaraham-piantohana izay hanampiana azy.

## TOKO VII
## FAMORIANA NY HETRA

### SOKAJY I
### FANDOAVAN-KETRA
### Fandoavana ny sara alohan'ny fanoratana am-boky

**Andininy 02.07.01**
Ny saran'ny taratasy sy ny an'ny famindrana noho ny fahafatesana dia aloa alohan'ny fanoratana am-boky amin'ny taha sy ny antontany mifanaraka amin'ity fitsipika ao amin'ny mpandray volan'ny Hetra, izay tompon'andraikitry ny volan'ny asa izay iandraiketany.

**Andininy 02.07.02**
Tsy misy afaka mampihena na manemotra ny fandoavana noho ny fanoherana ny antotany, na ho amin'ny antony hafa na inona na inona, raha tsy efa manomana fangatahana famerenana raha misy izany.

**Andininy 02.07.03**
I - Tsy misy manampahefana, na ny mpitantana ny Hetra, na ny mpiasam-panjakana eo aminy mahazo manome fampihenana na fanalefahana fetran'ny saram-panoratana am-boky sy ny sazy ampiharina, na mampiantona ny famorian-ketra ka tsy tompon'andraikitra manokana amin'izany.

II – Na izany aza ny Ministra miandraikitra ny fanaovan-dalàna mikasika ny hetra dia afaka manapan-kevitra noho ny fifamaliana ihany, ny fanafoanana na ny famerenana ny sara alaina na noraisina amin'ny alalàn'ny fampiharana ity fisokajiana ny hetra ity atao amin'ny anaran'ny firenena avy any ivelany amin'ny alalan'ny mpanao raharaham-panjakany na ny kaonsiliny rehefa voamarina fa ny taratasy nitovy toetra natao tao amin'ireo firenena vahiny ireoavy amin'ny Fitondram-panjakana Malagasy dia mahazo tombony amin'ny fanafoanana mitovyamin'izany.

**Andininy 02.07.04**
Ny rosian'ny fanoratana am-boky dia atao amin'ny taratasy nosoratana na amin'ny tsoatsoratra avy amin'ny filazana an-tsoratry ny tompony vaovao .Voalaza ao ny daty nanoratana am-boky, laharan'ny boky, ny marika ary, an-tsoratra, ny volan'ny sara voaray.

Raha mirakitra fepetra maro ny taratasy angalana ny haba tsirairay sy manokana, ny mpiasa mahefa dia manamarika izany amin'ny teny fohifohy ao anatin'ny rosiany ary tanisainy mihavaka tsara ny antontan'ny sara tsirairay voaray.

### SOKAJY II
### ANDRAKITRA EO AMIN'NY FANDOAVAM-BOLA

**Andininy 02.07.05**
Ny saran'ny taratasy ho soratana dia aloan'ny :

1° Notera, ho an'ny taratasy nandalo teo aminy

2° Ataon'ny vadintany sy ireo hafa manampahefana amin'ny fanaovana ny taratasy ampitaina sy fitanana an-tsoratra ho an'ny minisiterany.

3° Ataon'ny mpiraki-teny, ho an'ny sora-panekena ny didim-pitsarana (afatsy ny tranga voalazan'ny andininy 02.07.06 etsy ambany) ary ireo izay natao sy noraisana tao amin'ny biraon'ny mpiraki-tenin'ny fitsarana, ary koa ho an'ny fitanana an-tsoratra natao ho fampiharana ny andininy 02.04.20 n'ity fehezan-dalàna ity.

4° Ataon'ny mpiasam-panjakana any amin'ny Sampandraharaham-panjakana foibe sy ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana ho an'ny sora-panekena nataon'ireo ka tokony ampiharana ny fombafomba.

5° Ataon'ny mpifanaiky, ho an'ny sora-panekena natao tsy teo anatrehan'ny fanjakana sy ireo izay natao tany amin'ny firenena ivelany ka tokony ho soratana am-boky, ho an'ny didim-pitsarana nangatahana na fehin-teny, sy ny fanamarinana izay nomen'ny mpitsara azy ireo avy hatrany; sy ho an'ireo sora-panekena na fanapahana noraisiny tamin'ny arbitra raha tsy mbola vita ny fanoratana am-boky.

6° Ny ataon'ireo mpandova, ny mpandray lova sy nomena, ny mpiantoka azy ireo sy mpiahy ny fananana tsy hita tompo, sy ny mpanatanteraka ny didy miafina ho an'ny didy miafina sy ny sora-panekena tsy misy tambiny vokatry ny fahafatesana.

**Andininy 02.07.06**
Ny mpiraki-tenin'ny fitsarana dia tsy mandoa samirery ny sara afatsy izay voalazan'ny andininy 20.01.52 1°.

Ary mbola manohy ny fisitrahana izay volazan'ny andininy 02.04.01 ho an'ny didim-pitsarana sy ny sora-panekena voalaza ao.

**Andininy 02.07.07**
Ny mpifanaiky dia tompon'antoka eo anatrehan'ny Tahirim-bolam-panjakana amin'ny fandoavana ny haba tsotra ary ambonin'izany takiana ny amin'ny didim-pitsarana na didy. Na izany aza, ny mpangataka irery no mandoa ny hetra raha nolavin'ny didim-pitsarana tanteraka na ny didy ny fangatahana.

**Andininy 02.07.08**
Ny filazana ny famindram-pananana noho ny fahafatesana dia aloan'ny mpandova, ny mpandray ny fananana na ny nomena sy ny mpiahy ny fananana tsy hita tompo.

Ny mpiray lova dia tompon'antoka miaraka ny mpandray lova tsirairay dia tsy maintsy mandoa ny sara tsy maintsy aloa tamin'ny anjara noraisiny.

**Andininy 02.07.09**
Ny mpividy ny zo amin'ny fananana mifaka na ny tokontanim-barotra dia tsy maintsy manamarina tsara ny fandoavana ny hetra isan-karazany mikasika ny fananana mialoha ny handoavana ny vidiny. Raha tsy voaloan'ny mpivarotra ny hetra tokony ho naloany dia aloan'ny mpividy ny hetra rehetra mbola tsy voaloa amin'ny andro nanaovana ny fanekena kanefa dia afaka manenjika ny mpivarotra izy amin'izany.

**SOKAJY III**
**FIARAHANA MIZAKA NY HETRA**

**Andininy 02.07.10**
Ny mpiraki-soram-panjakana izay nandoa mialoha ny sara-panoratana am-boky ho an'ny mpifanaiky dia afaka manenjika amin'ny fandoavana izany araka ny fepetry ny fitsipika manan-kery momba ny famoriana ny sara naloa ho an'ny notera sy ny vadintany.

**Andininy 02.07.11**
Ny saran'ny sora-panekena ifanaovan'ny olon-tsotra sy nataon'ny fitsarana misy fifindran-tompo na fizakam-panaka na fananana mifaka, dia zakain'ny tompony vaovao ary aloan'ireo izay nahazo tombony tamin'io sora-panekena io, raha toa ka amin'ny tranga isan-karazany tsy voalaza ny fepetra mifanohitra tamin'ilay sora-panekena.

**TOKO IV**
**FOMBA**
**Fepetra isan-karazany**

**Andininy 02.07.12**
Ny fanafenana voalaza ao amin'ny antoko 1° n'ny andininy 20.01.54 .10 dia azo apetraka lazaina araka ny porofo voarakitra ao amin'ny taranjan'ny fanoratana.

**Andininy 02.07.13**
Ny tsy fahamarinan'ny filazana an-tsoratra na ny filazan-trosa dia azo apetraka amin'ny fombam-porofo rehetra voarakitry ny lalàna itambarana afa-tsy ny fianianana ihany.

Ity taranja ity dia manaraka ny fepetran'ny andininy 02.07.21 afa tsy ao amin'izay mbola miandry tsy mikasika ny fombafomba manokana voafaritr'ity andininy ity.

**Andininy 02.07.14**
Raha ilaina dia azo ampiarahina amin'ny fombafomba voalaza ao amin'ny andininy 02.07.21 sy ny manaraka ary ao anatin'ny telo taona manomboka amin'ny fanoratana am-boky ny taratasy na ny filazana an-tsoratra, fahazoan'ny fanjakana milaza, amin'ny alalan'ny porofo mifanaraka amin'ny fombafomba manokana momba ny fanoratana am-boky, ny tsy fahampian'ny vidy voalaza sy ny tombany natao tao amin'ny taratasy na ny filazana an-tsoratra tratry ny haba mifanentana.

**Fiheverana famindrana**

**Andininy 02.07.15**
Ny famindrana fananana mifaka na fizakam-bokatra dia voalaza tsara, amin'ny alalàn'ny fangatahana ny sara-panoratana am-boky na fanarahana fandoavana avy amin'ny tompony vaovao, na avy amin'ny fahazoana filazan-ketra ny hetran-tany ary fandoavany arak'io filazana io, na fifanaraham-panofana nataony, na farany amin'ny fifanarahana na taratasy hafa ahitana ny tompony na ny mpioty vokatra.

**Andininy 02.07.16**
Ny famindrana ny tokotanim-barotra, na ny mpanjifa dia ampy ilazana, ho an'ny fangatahana na fanarahan'ny saram-panoratana am-boky sy ny sazy vola, amin'ny taratasy na voasoratra izay milaza ny fisian'ny famindrana na izay voatendry ho an'ny filazana amin'ny besinimaro.

**Andininy 02.07.17**
Ny fizakana, na fanofana na fandraisana fananana mifaka iray, dia lazaina ihany koa ho amin'ny fangatahana na fanarahana ny fandoavana ny saran'ny fifanaraham-panofana na fandraketana tsy voasoratra amin'ny alalan'ny taratasy mampahafantatra na amin'ny fandoavana latsakemboka nasian-ketran'ny mpanofa tany, mpanofa sy mpitazona vonjimaika.

**Fahazoana alàlana**

**Andininy 02.07.18**
Ankoatra ny hetsika atao nahazoan-dàlana avy amin'ny andininy 02.07.21 sy 02.07.22 etsy ambany ary ao anatin'ny enim-bolana manomboka ny andro nanoratana ny taratasy, ny fitantanana ny hetra, ho tombotsoan'ny Firenena, dia manana alàlana amin'ny fananana mifaka, haba amin'ny tany sy trano, tokontanim-barotra na fiarahana ara-draharaha, saran'ny fifanaraham-panofana na amin'ny tombony amin'ny fifanomezan-toky ny fifampanofana amin'ny tany na trano rehetra na ampahany haminavina ny vidiny izay heveriny fa mora loatra ka arotsany ho amin'ireo manana ny zo, tataovany avo folo heny.

Io zo io dia mihatra ihany koa ary mitovy fepetra amin'ny varotra fanaka ampiasaina. Ny vadin-tany no mampahafantatra ny hampiasana fahazoana alàlana.

**Fanesorana Fananana**

**Andininy 02.07.19**
Araka ny hitsivolana momba ny fanesorana fananana ho ampiasain'ny fanjakana, indrindra ny lohateny III mikasika ny tambim-panesorana ny fananana, ny fitsarana dia tsy maintsy mandray ho tombany fototra ny filazana an-tsoratra ataon'ny mpandoa hetra amin'ny famindrana misy sarany avo na maimaim-poana amin'ny fahavelomana sy fahafatesana.

**SOKAJY V**
**FITSIPIKA MANOKANA HO AN'NY TSY FAHAMPIANA**

**Andininy 02.07.20**
Raha hita taratra fa kely noho ny tombam-bidin'ny fanana nafindra tompo ny vidiny noheverina na tombam-bidy noraisina ho fototra hamerana ny haba mifanentana, ny fanjakana dia afaka manery ny mpandoa hetra hanaiky ny tsy fahampiana amin'ny alalan'ny fanaovan-tsonia.

Raha toa ka tsy nisy ny fifanarahana teo amin'ny fanombanam-bidy na tsy namaly ny filazana anankiroa nalefa taratasy tsy very mandeha tany aminy ny mpandoa hetra dia afaka manome sora-pamerana azy ny fanjakana araka ny fepetra izay voalazan'ny andininy 20.01.43 sy ny manaraka azy.

Io fombafomba io dia mihatra, ankoatry ny famindram-pananana noho ny fahafatesana, amin'ny sora-panekena na filazana rehetra iharan'ny hetra, ny haba alaina amin'ny fanoratana ahitana ny famindran-tompo na, ny fizakam-bokatra na fisitrahana ny fanana mifaka, ny fanaka, ny tokotanim-barotra, anatin'izany ireo entana vaovao mikasika azy, ny mpividy, ny sambo.

**Andininy 02.07.21**
1°) Ny fitsarana dia afaka, na mandidy tsy misy fierana na araka ny fangatahan'ny mpifanaiky, ny fanaovana fitsirihana ombam-panamarinana izay ataon'ny manampahaizana manokana iray ihany. Na izany aza, raha toa ka nangataka ny mpandoa hetra na ny fanjakana dia azo ankinina amin'ny manampahaizana telo ny fitsirihana.

2°) Raha tsy eken'ny fanjakana na ny mpifanaiky ny fehin-tenin'ny manamahay dia mbola azo atao ny fitsirihana hafa. Ny fangatahana momba izany dia ataon'izay ankilany izay manam-pahefana kokoa amin'ny alalan'ny fangatahana tsotra amin'ny fitsarana momba ny ady madio ka ampafantarina ny andaniny, raha tsy izany dia foana ao anatin'ny iray volana manaraka ny nanaovan'ny mpiraki-teny ny filazana tamin'ny alalan'ny taratasy tsy very mandeha ametrahana ny tatitry ny fitsirihana ao amin'ny mpiraki-teny ao amin'ny fitsarana.

3°) Ny famerenana fitsirihana ombam-panamarinana dia didina araka ny fepetra sy ny fomba nanaovana ny fitsirihana voalohany ; na izany aza anefa, raha ny iray tamin'ny mpifanaiky no nangataka an-tsoratra an'io famerenana io dia ankinina amin'ny manamahay telo ny fanaovana azy.

4°) Ny tatitry ny fitsirihana na ny famerenana fitsirihana dia apetraka farafahatarany ao anatin'ny roa volana manaraka ny fampilazana ny ny fanapahan'ny fitsarana amin'ny manamahay.

5°) Ny fitsarana no mandray ny fanapaha-kevitra farany momba ny fitsirihana na ny famerenam-pitsirihana.

### Fanarahamaso ny famindram-panana

**Andininy 02.07.22**
Ny mombamomba rehetra mikasika ny fananana mifaka na ny tompony dia voriana ao anatin'ny raki-pilazana nasionaly izay tazonin'ny sampandraharaha manokana avy ao amin'ny Foibem-pitantanan-ketra miandraikitra ny fikirakirana azy. Ny didim-panjakana no hametra ny fomba fampiharana ity andininy ity.

## TOKO VIII
## FANAFAHANA ARA-KETRA SY LALÀNA MANOKANA
## SOKAJY I
## FANDRAHARAHANA ANKAPOBENY

### Taratasy ara-panjakàna

**Andininy 02.08.01**
Afahana amin'ny fepetra arahina amin'ny fanoratana ireo taratasy, ireo didim-pitondrana sy fanapahankevitry ny manampahefàna ara-panjakàna, Ankoatra izay mikasika ny fanomezana amin'ny alalan'ny tolo-bidy ny tsenam-panjakàna samihafa sy ny sora-panekena mirakitra famindram-pananana, fizakam-bokatra ary fisitrahana fananana tsy mifaka na fananana mifaka.

### Fikambanana mizaka ny zom-panjakana

**Andininy 02.08.02**
Soratana am-boky maimaimpoana avokoa ireo sora-panekena sy famindram-pananana ho tombotsoam-panjakana , vondrom-bahoaka itsinjarampahefàna ary ireo antokon-draharaham-panjakàna izay tsy manana toetra ara-barotra.

Na izany aza anefa, ny fanafoanana haba ho an'ny tombotsoan'ny fikambanana ivelan'ny Fanjakàna sy ireo Faritra dia tsy azo omena raha tsy amin'ny sora-panekena sy famindrampananana mifaka na zo amin'ny fananana mifaka izay voatokana ho an'ny sampandrahaharahampanjakàna ara-pandraharahana izany na ho fanasoavam-bahoaka, momba ny sekoly sy fikambanana.

Tsy maintsy voasoritra mazava ao anatin'ny sora-panekena mifanaraka tsara amin'ny fanapahan-kevitry ny fivoriambe na koa ny filan-kevi-pitantanana.

**Andininy 02.08.03**
Soratana am-boky maimaimpoana ireo fifanekena, fifanarahana, ary amin'ny ankapobeny, ireo sora-panekena mikasika ny fanomezana amin'ny alalan'ny tolo-bidy ny tsena-draharaha samihafa amin'ny fanjakàna ka ny Fanjakàna na ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefàna , na ireo Orinasa-panjakàna no mizaka ny fandoavana ny vidiny.

**Fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana ekena ho fanasoavam-bahoaka**

**Andininy 02.08.04**

Soratana am-boky maimaimpoana ireo sora-panekena na famindram-pananana ho tombotsoa-na fikambanam-pihariana, na fikambanana ekena ho fanasoavam-bahoaka araka ny didim-pitondràna.

**SOKAJY II**
**IRAKA ARA-PINOANA SY FIANGONANA**

**Andininy 02.08.05**

Ny tombotsoa voalazan'ny andininy 02.08.02 koa dia azo ampiharina amin'ireo iraka ara-pinoana sy fiangonana rehefa voamarina fa ireo sora-panekena sy famindram-pananana ho tombotsoan'izy ireo, dia manokana ireo fananana hampiasaina ho amin'ny fanompoampivavahana, na ho amin'ny fianarana, na ho amin'ny asa fanasoavambahoaka.

Momba ireo fananana mifaka kosa, amin'ny vanimpotoana izay andraisana an-tanana azy ireo, raha toa ka tsy mifanaraka amin'ny fampiasàna izay voalaza teo aloha, dia tsy azo ekena ny tsy fandoavana haba, raha toa ny sora-panekena mikasika izany ka tsy ahitàna ny fanekena amin'ny fanjariana ao anatin'ny telo taona ny fananana mifaka ho an'ny fampiasàna efa voatendry. Ny fandikàna izany fanekena izany dia miteraka ny faharavàn'ny zo fahafahana amin'ny habaary zary manan-kery amin'izay ny fitakiana ny haba.

Ireo fepetra ao amin'ny andalana voalohany amin'ity andininy voalaza ity dia ampiharina ihany koa amin'ireo fikambanana ara-pivavahana noforonina araka ny fepetra voalazan'ny lalàna Hitsivolana laharana faha-62-117 tamin'ny 01 okobra 1962.

**Fifidianana**

**Andininy 02.08.06**

Tsy voakasiky ny firaketana am-boky ireo sora-panekena mirakitra ny paika arahina sy ny fanapahana avy amin'ny fitsaràna ny momba ny fifidianana.

**Sora-piankohonana**

**Andininy 02.08.07**

Tsy voakasiky ny firaketana am-boky , na toa inona na toa inona endriny, ny soratra fananganan-jaza sy ny taratasy manamarina ny maha-zanaka nateraka.

**Andininy 02.08.08**

Tsy voakasiky ny firaketana am-boky ny taratasy rehetra sy ny didim-pitsaràna momba ny sora-piankohonana.

**Fakàna fananana ho fanasoavam-bahoaka**

**Andininy 02.08.09**

Raketina am-boky maimaimpoana, raha toa ka ilaina, ny sora-panekena, na toa inona na toa inona toetriny, mikasika ny fakàna fananana ho fanasoavam-bahoaka, na koa ireo izay voakasiky ny fihariana izay arahi-maso akaiky avy amin'ny alalàn'ny fanoritana ny drafitra maty paika momba ny làlana ifamezivezen'ny vahoaka, eny na dia ny fepetra tsotra momba ny fiombonan'ny tambazotram-pifamoivozana rehetra aza.

**Fampisamboram-bola fanasoavam-bahoaka sy hoan'ny fambolena**

**Andininy 02.08.10**

Tsy voakasiky ny fombafomba ilaina amin'ny firaketana am-boky ireo antonta-taratasy sy fifanekena mikasika ny fampisamborambola eo amin'ny lafiny ara-tsosialy izay ataon'ireo banky sy ireo toerana voatokana ho fisamborambola ary koa izay mikasika ny fampisamborambola ataon'ny orinasa ho an'ny mpiasa ao aminy, mba hanorenan-trano na hahazoana fonenanan ho azy ireo manokana.

Maimaimpoana ny fanoratana ireo antonta-taratasy sy fifanekena mikasika ny fampisamborambola izay natao mba hampivelarana ny famokarana amin'ny fambolena.
Didim-panjakàna no hamaritra ireo fepetra takian'ity andininy ity.

**Trano fonenana mora vidy**

**Andininy 02.08.11**

Maimaimpoana ny firaketana am-boky ny taratasy fifampivarotana, fampanofàna sady fifampivarotana sy fampanofàna trano mora vidy manana ny toetoetry ny trano fonenana araka ny tokony ho izy ka naorin'ny Fanjakàna, ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefàna, ny orinasa misahana ny fanorenan-trano eto

Madagasikara, ary ireo orinasa mpanorina trano izay nahazo fankatoavana tamin'ny alalàn'ny didim-pitondràna omen'ny Minisitra miandraikitra ny fandaminana ara-ketra.

Toraka izany koa ny amin'ny taratasy fifampivarotana mirakitra ny zo amin'ny zavatra naorina, na ny fifanekena fampanofàna lavareny mikasika ny trano fonenana mitovy sokajy amin'ireo.

Tsy azo omena ny fanafahana ny fandoavan-ketra raha tsy hoe angaha ny mpividy, na ny koa ny vadiny, na ny zanany tsy ampy taona , ka tsy manana fananana mifaka tamin'ny fotoana nanaovana ny famindràna amin'ny anarany ny fananana izay novidiany na nofàny ka tena itoerany tokoa izany trano fonenana mora vidy izany.

Ny fandikàna izay voalaza etsy ambony dia mitarika ny fanafoanana ny tsy fandoavan-ketra ho an'izay mpividy.

Azo takiana amin'izay fotoana izay ny haba amin'ny famindram-pananana miaraka amin'ny zanabola fanonerana manomboka amin'ny daty izay tokony ho tsy maintsy nitakiana ny haba.

**Andrim-pitantanana amin'ny famatsiambola madinika**

**<u>Andininy 02.08.12</u>**

Maimaimpoana ny firaketana am-boky ny sora-panekena mikasika fividianana fananana mifaka ilaina amin'ny fananganana andrim-pitantanana famatsiambola ho an'ny fiombonana tahiry na tsia.

Maimaimpoana ny firaketana am-boky ny taratasy milaza tondra entin'ny mpikambana amin'ny andrim-pitantanana amin'ny famatsiambola madinika iombonana tahiry.

Ho an'ireo andrim-pitantanambola tsy iombonana tahiry, dia ny sara raikitra amin'ny fifanekena tsy voatanisa no misolo ny sara mifanentana amin'ny tondra.

**SOKAJY III**

**RAHARAHA ARA-TOEKARENA**
**Fikambanana ombon'asa ho amin'ny fambolena**

**<u>Andininy 02.08.13</u>**

Ho an'ireo fikambanana ombon'asa ho amin'ny fambolena, ny sara raikitra efaina amin'ny taratasy tsy voafaritra no misolo ny sara mifanentana amin'ny tondra.

**Taratasimbola – Fandoavambola amin'ny taratasimbola**

**<u>Andininy 02.08.14</u>**

Raha toa ka tsy misy fepetra dieny mialoha avy amin'ny andininy 20.01.54.14n'ity fehezan-dalàna ity, ny tsy fanomezana faktiora ara-dalàna dia tsy manafoana velively ny fandoavana ny saran'ny hajia amin'ny tapakila manamarina fandoavambola , na dia natao tamin'ny alalan'ny taratasimbola aza ny nandoavana izany, na tamin'ny alalan'ny famindrambola amin'ny alalan'ny banky, na amin'ny alalan'ny paositra, na koa amin'ny alalan'ny taratasy ara-barotra

**Fizahantany**

**<u>Andininy 02.08.15</u>**

Ny fividianana fananana mifaka izay tsy voatokana na natokana ampiasaina amin'ny antony hafa, fa tsy maintsy atokana amin'ny sehatry ny fizahantany, dia mahazo fampihenana antsasany amin'ny sarany aloa amin'ny fifampivarotana. Ny fangatahana ny fampihenana izany sara izany dia tokony ho voarakitra ao amin'ny sora-panekena na voasoratra any amin'ny faran'ny sora-panekena. Tsy omena ny fampihenan-ketra raha toa ny mpividy ka tsy manaiky ampiseho ny taratasy izay mirakitra ny fanasokajiana izany ho tombotsoa eo amin'ny lafiny fizahantany, araka ny fepotoana izay faritan'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity.

Raha toa ka tsy azo na nosintonina, ao anatin'ny telo taona nahazoana izany fananana izany, ny fankatoavan'ny sampandraharahampanjakàna misahana ny fizahantany, dia tsy maintsy takiana ny famenon'ny sara mifanentana ankoatry ny zanabola noho ny fahataràna voafetran'ity fehezan-dalàna ity.

**Laharam-pamantarana - Kadasitra**

**<u>Andininy 02.08.16</u>**

I - Raha toa ka tsy nisy ny vola enti-miomana narotsaka, dia raketina am-boky ao amin'ny kaontin'ny vola takiana noho ny fahabangana ny didimpitsaràna nivoaka momba ny laharam-pamantarana tsy nanome rariny ny toriana izay resy ka voasazy handoa ny lany amin'ny fitsaràna.

Na izany aza, mandra-panefa ny sara izay miantona dia tsy mahazo manome afa tsy kopia tsotran'ny didimpitsaràna ny mpiraki-draharahan'ny Fitsaràna ary apetraka fotsiny any amin'ny tomponandraikitry ny fananantany, ary manambara mazava izany antonantony izany.

Raha tsy misy fepetra mifanohitra amin'izany, ny mpikajy ny fananantany dia tsy afaka manome kopia tena izy amin'io kopia voamarina io raha tsy misy fanamarinana ny nandoavana ny sara banga.

II – Raketina am-boky maimaimpoana ny fanapahana navoakan'ny Fitsaràna ny fananantany , araka ny fepotoana voalazan'ny andininy 02.01.11 III amin'ity fehezan-dalàna ity.

**Fampivondronana tany eny ambanivohitra**

**Andininy 02.08.17**

Raketina am-boky maimaimpoana ireo sora-panekena sy famindram-pananana mitovy tsy misy valaka amin'ny drafi-pandaminana momba ny fampivondronana tany eny ambanivohitra.

## SOKAJY IV
## RAHARAHAM-BAHINY, FANAMPIANA AVY ANY IVELANY

**Andininy 02.08.18**

Maimaimpoana ny firaketana am-boky ny sora-panekena fifampivarotana sy fampanofàna ireo trano ho an'ny sampandraharaha misahana ny fanampiana sy ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena ho tombotsoa ho an'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Maimaimpoana ny fanoratana am-boky an'ireo tsena vatsian'ny tahirimbolan'ny fanampiana iraisam-pirenena.

**Vondron'ny masoivohom-pirenena**

**Andininy 02.08.19**

Maimaimpoana ny firaketana am-boky ireo sora-panekena fividianana sy fanofàna ny toerana ho an'ireo iraka ara-diplomasia, ireo ambasady, ireo vahiny nahazo alàlana sy kaonsilà.

**Andininy 02.08.20**

Afahana amin'ny sara amin'ny fanoratana ny famindran-tompo amin'ny fandovàna ireo lova tsy mifaka an'ny mpiasa vahiny diplomatika sy ny ankohonany.

**Famaritana ny tany iharan'ny haba**

**Andininy 02.08.21**

Raketina am-boky amin'ny sara raikitry ny sora-panekena tsy voafaritra ny sora-panekena sy famindran-tompo natao teto Madagasikara ary mikasika fananana mifaka sy raharaham-barotra mitoetra ivelan'ny tany iadidian'ny Repoblikan'i Madagasikara.

## SOKAJY V

## RAHARAHA MOMBA NY FIAINAM-BAHOAKA

**Loza vokatry ny asa**

**Andininy 02.08.22**

Afahana amin'ny fanoratana am-boky ny taratasy natao ho fanatanterahana ny rijan-teny mikasika ny loza vokatry ny asa.

**Fanampiana ny ankohonana**

**Andininy 02.08.23**

Afahana amin'ny fanoratana am-boky ny fangatahana, ny taratasy fanamarinana, ny fangatahana fanafoanana, ny rosia sy ireo taratasy samihafa natao ho fankatoavana ny rijan-teny momba ny ankohonana sy ny fahaterahana ary mikasika miavaka tsara ny fanampiana ny ankohonana.

**Fanampiana ara-pitsaboana**

**Andininy 02.08.24**

Afahana amin'ny fepetra arahina amin'ny fanoratana am-boky ny fanamarinana, ny fampandrenesana ny didim-pitsaràna, ny fifanekena, rosia sy ny sora-panekena hafa mikasika ny fiahiana ara-pahasalamana ary tsy miantraika amin'ny tombotsoa amin'ny fepetra momba ny fanampiana ara-pitsaràna.

**Tahiry fampirimam-bola**

**Andininy 02.08.25**

Afahana amin'ny fepetra amin'ny fanoratana am-boky ny taratasy fenoina, fifanarahana voasonia sy sora-panekena samihafa ilaina amin'ny raharaha momba ny tahiry fampirimambola .

Soratana am-boky maimaimpoana ny taratasy fanamarinam-pananana takian'ny Tahiry fampirimam-bola ho famerenana, famindràna, na fanavaozana ny bokin'ny maty na tompo voalaza fa tsy hita.

**Tahiry ho an'ny fisotroan-dronono**

**Article 02.08.26**

Afahana amin'ny fepetra fanoratana am-boky ny taratasy rehetra mikasika fotsiny ihany ny fikajiana ny fandoavana fisotroan-dronono omen'ny tahirim-pirenena momba ny fisotroan-dronono.

**Vahoaka sahirana ara-pivelomana**

**Andininy 02.08.27**

Afahana amin'ny fepetra fanoratana am-boky ny taratasy rehetra sy antonta-taratasy ara-panjakàna mikasika ny toetry ny olona sahirana ara-pivelomana.

**Andininy 02.08.28**

Tsy azo ekena hanana izany tombotsoa izany anefa iza voalazan'io andininy eo ambony io afa-tsy ireo olona izay nahazo taratasy fanamarinana amin'ny maha-sahirana ara-pivelomana azy avy amin'ny Filohan'ny fokontany sy fanamarinana fa tsy voan'ny hetra amin'ny vola miditra izy na hetra tambatra.

**Olona ahian'ny Firenena**

**Andininy 02.08.29**

Afahana amin'ny fepetra firaketana am-boky ny taratasy rehetra na singa-taratasy izay miaro miavaka tsara ireo olona ahian'ny Firenena.

**Ombon'asa ifampitsimbinana**

**Andininy 02.08.30**

Soratana am-boky amin'ny sara raikitra ho an'ny sora-panekena tsy voafaritra, raha ilaina ny fepetra momba izany, : ny fepetra momba ny fanorenana, ny fandehanan'ny asa, ny faharavàn'ilay ombon'asa ifampitsimbinana, ny fiombonamben'ireo orinasa ifampitsimbinana ary koa ny lamina matihanina izay mikendry , tao anatin'ny satany, ny fifampitsimbinan'ireo mpikambana ao aminy.

Ireo fepetra ireo dia tsy azo ampiharina amin'ny famindram-pananana, amin'ny fizakam-bokatra ary koa amin'ny fisitrahana ireo tombotsoa azo avy amin'ny fananana tsy mifaka na mifaka na amin'ny samy velona na amin'ny alalan'ny fahafatesana.

**Asa fivelomana**

**Andininy 02.08.31**

Afahana amin'ny fanoratana am-boky ny taratasy fanamarinana arak'asa, ireo taratasin'ny paik'ady, ny didim-pitsrana ary koa ireo antonta-taratasy rehetra ilaina amin'ny fanatanterahana azy ireo eo anoloan'ny Tribonaly momba ny asa.

Ity fepetra ity dia azo ampiharina amin'ireo antony samihafa eo anoloan'ny Fitsaràna ambony na eo anoloan'ny Fitsaràna Tampony.

## SOKAJY VI
## RAHARAHA MIARAMILA SY NY MITOVY AMINY

**Fitsaràna ara-miaramila**

**Andininy 02.08.32**

Maimaimpoana ny filazàna hiatrika fitsaràna, fitoriana sy fampahafantarana ho vavolombelona, voampanga, voalazan'ny fehezan-dalàna momba ny fitsaràna ara-miaramila, izay ataon'ny zandarimaria na tomponandraikitra hafa an'ny fahefam-panjakàna.

## SOKAJY VII
## RAHARAHAM-BAROTRA - BANKY

**Bankiropitra sy fandravonana ara-pitsaràna**

**Andininy 02.08.33**

Tsy iharan'ny fepetra amin'ny fanoratana am-boky, ankoatry ny fanapahankevitry ny fitsaràna, ireo taratasy mirakitra ny fanatanterahana ny lalàna mikasika ny bankiropitra, ary ireo fepetra ara-pitsaràna , raha toa ka tsy mandoa afa-tsy ny sara raikitra Ar 2000,00

**Andininy 02.08.34**

Raha toa ny vola sisa tavela ao amin'ny bankiroty ka tsy ampy hanefàna eo noho eo ny sara takian'ny fitsaràna ho fanambaràna ny maha-bankiroty toy ny : fanaovana peta-drindrina sy ny fampilazàna an-gazety io didim-pitsaràna io, ny fametrahana fitomboka ny fihazonana sy fanesorana ny fitombokase, ny fisamborana sy ny fanagadràna ny tomponandraikitra tamin'io fahabangàna io, koa ny vola aloa mialoha hanatanterahana ireo voatanisa teo dia alaina amin'ny kitapom-bola amin'ny Tahirim-bolam-panjakàna amin'ny alalan'ny hitsivolana ataon'ny mpitsara mpanao famotorana ka averina araka ny tombo-jo, amin'izay fampidiranketra voalohany nefa tsy hanimba ny tombo-jon'ny tompony.

Ity fepetra ity dia azo ampiharina amin'ny paik'ady amin'ny fitsaràna ambony ny didim-pitsràna manambara bankiroty.

**Famorian-ketra nohamoraina ho an'ny fampitrosàna madinika amin'ny varotra**

**Andininy 02.08.35**

Afahana amin'ny fanoratana am-boky ny taratasy fanamarinana ilaina amin'ny fanatanterahana ny fandaminana ny fombafomba famorian-ketra nohamoraina ho an'ireo fampitrosàna madinika amin'ny varotra.

Maimaimpoana ny fampahafantarana amin'ny alalan'ny vadintany ; mirakitra amin'ny fomba entitra sy mazava ity andininy ity izany.

**Andininy 02.08.36**

Raha ilaina dia raketina am-boky maimaimpoana ny taratasy fanamarinana ny tsy fahaloavana vola omen'ny banky, na ny Foiben'ny sheky amin'ny alalan'ny paositra, ho an'ny olona nitondra sheky tsy misy anto-bola amin'ny manontolo na amin'ny ampahany.

## SOKAJY VIII
## TETI-BOLA - TITANAN-KAONTY ARA-DRAFIM-PANJAKANA

**Famorian-ketra sy vola ho an'ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefàna**

**Andininy 02.08.37**

Afahana amin'ny fanoratana am-boky ny :

1 - Taratasy sy singa-taratasy momba ny fanerena, fitazonana fananana sy fivarotana ivelan'ny taratasy nifanekena tamin'ny fifampivarotana na koa ny fitanana an-tsoratra amin'ny fanaovana lavanty, koa ny vola lany rehetra amin'izany dia zakain'izay handray ny zavatra voalaza vidy, ary mikendry ny famoriana :

a) ny hetra ary ny vola rehetra omena ny Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefàna ;

b) ny lamandy sy ny sazy ara-bola, izay ankinina amin'ny Tahirim-bolam-panjakàna ankapobeny ny fitakiana izany .

2- Antontantaratasy fanenjehana sy ny hafa, na amin'ny alalan'ny fangatahana izany na amin'ny alalan'ny fiarovan-tena mitovy antony aminy ;

3 - Fanambaràna apetraky ny mpandoa hetra mikendry ny fikajiana ny hetra samihafa.

**Trosam-panjakàna - Fisamboram-bola**

**Andininy 02.08.38**

Tsy andoavan-ketra amin'ny famindràna lova ny fisamboram-bola nataon'ny Repoblikan'i Madagasikara.

**Fisotroan-dronono ho an'ny olon-tsotra sy ho an'ny tafika**

**Andininy 02.08.39**

Afahana amin'ny firaketana am-boky ny fanamarinam-pahavelomana sy ny sisa, izay omena ny tompon'ny fisotroan-drononoi ho an'ny olon-tsotra na ho an'ny miaramila sy ireo olona mana-jo haka izany ary koa ny taratasy fanomezam-pahefàna omena ireo olona voakasik'izany.

## SOKAJY IX
## FIAHIANA ARA – PITSARANA

**Andininy 02.08.40**

Atao amin'ny taratasy tsotra ny fangatahan'izay maniry hahazo ny fiahiana ara-pitsaràna.

**Andininy 02.08.41**
1 – Eo amin'ny lafin'ny fiahiana ara-pitsaràna, ny olona voakasik'izany dia tsy mandoa amin'ny fotoana voafetra, ny vola takian'ny Tahirim-bolam-panjakàna amin'ny fanoratana izany am-boky ary koa ny firaketana ny lamandy samihafa.

2 – Tsy mandoa ihany koa mandritra ny fotoana voafetra ny vola ho an'ny mpiraki-draharaham-pitsaràna sy ny manam-pahefàna ao amin'ny minisitera ary ho an'ny mpisolovava mba hanefàna ny sara, ny tamby ary ny saran'asa.

3 - Raketina am-boky ny didim-pitsaràna sy ny lalàna ary mitoetra ho trosa.

4 - Ny firaketana am-boky ireo antonta-taratasy fanamarinana sy sira-pizakàna nomen'ny olona ahiana mba hanamafisana ny zony sy ny toetra misy azy dia mijanona ho trosa raha toa ka isan'ireo izay tsy maintsy soratana am-boky amin'ny fotoana voafetra.

Ny hetra aloa amin'ny fanoratana am-boky ireo antonta-taratasy natolotra ireo dia azo takiana eo noho eo aorian'ny didim-pitsaràna raikitra ; toy izany koa ny vola aloa vokatry ny fandikàna ny lalàna mifehy ny hajian-ketra.

5- Ny firaketana am-boky mitoetra ho trosa na koa ny fahazaoan-dalana manokana misolo izany dia tsy maintsy mamaritra mazava ao ny daty nanaovana ny fanapahana izay mankatoa ny fiaihiana ara-pitsarana ; tsy misy fiantraikany amin'ny sora-panekena sy ny sora-pizakana nomen'ny olona voakasik'izany io raha tsy amin'ny raharaham-pitsarana ilana izany ihany.

6- Ny saran-dalan'ireo mpitsara, ireo mpiasan'ny minisitera sy ireo manam-pahaizana manokana, ny saran'asan'ireo, ny sara aloa amin'ireo vavolombelona ankatoavin'ny fitsarana na ny mpitsara ny fihainona azy, ary amin'ny ankapobeany dia ireo vola lany rehetra amin'ireo olona hafa ivelan'ireo tompon'andraikitry ny minisitera dia aloa mialoha amin'ny alalan'ny kitapombolan'ny tahirim-bolam-panjakana. Ny andalana faha-efatra amin'ity andininy ity dia ampiharina amin'ny famoriana ireo vola aloha mialoha.

7- Tompon'andraikitra ny mpirakidraharahan'ny fitsarana ao anatin'ny iray volana namoahana ny didim-pitsarana mirakitra ny fandaniana sy ny fitakiana ny sara ataon'ny mpitsara amin'ny fandefasana izany any amin'ny mpandray vola momba ny hetra, ny tsoatsoaratry ny didim-pitsarana na ny fampiharana izany.

8- Ny fitanisana ny sara nosoritan'ny mpisolo vava na ny vadin-tany na ny mpirakidraharahan'ny fitsarana na ny notera ary tafiditra ao amin'ny fandaniana momba ny fiahiana ara-pitsarana dia tsy maintsy mamoaka mazava tsara ao amin'ny tsanganana manokana ary ho an'ny vola haverina tsirairay ny sora-bolan'ny sara rehetra naloa tao amin'ny tahirimbolam-panjakana.

**Andininy 02.08.42**
Raha toa ka nisy ny fanasaziana ny miady amin'ny olona ahiana handoa ny lany amin'ny fitsarana, ny vola takiana dia mikasika ny haba rehetra, sara samihafa, saran'asa sy tamby tokony ho naloan'ny olona ahiana raha toa izy ka tsy nanana ny fiahiana ara-pitsarana.

**Andininy 02.08.43**
1- Araka izay voasoritra tao amin'io andininy voalaza teo mialoha io, ny fanambaràna ny sazy sy ny fampiharana izany dia atao amin'ny aanaran'ny talem-paritry ny hetra.
Ny famoriana izany dia enjehina toy ny amin'ny fanoratana am-boky ataon'ny sampandraharaham-panjakana momba ny hetra afatsy ny zo ho an'ny olona ahiana ahafahana mamonjy ny taratasy fanenjehana miaraka amin'ny sampandraharaham-panjakana, raha ilaina izany, mba ampiharana ny fanampahankevitra navoaka sy itandroana ny fiantraikan'izany.

2- Ny sara vokatry ny tombotsoa azo amin'ny fiahiana ara-pitsarana, ny fepetra fampiharana izany sy ny fiantonan'ny fampiharana izany ho an'ny olona iadidian'ny fanjakana sy ireo antokon'olona enjehana, ka tsy notohizana na najanona tao anatin'ny fe-potoana mihoatra ny taona iray dia heverina fa tsy maintsy aloan'ny olona nenjehana raha toa ka tsy misy taratasy fanamarinana na fanapahan-kevitra mifanohitra amin'izany.

Ny fampiharana izany dia voafaritry ny andalana voalohany teo mialoha ity andininy ity.

3- Sarahina ny taratasy fampiharana alefa amin'ny anaran'ny Tale-Paritry ny Hetra ho an'ny haba tsy voatery ho tafiditra amin'ny fanatanterahana ny fandoavana ataon'ny ankilany, mijanona ho tsy maintsy efain'ny

olona ahiana izany ho an'ny tahirim-bolam-panjakana araka izay varakitra ao amin'ny andalana faha-efatra ao amin'ny andininy 02.08.41.

4- Ny sampandraharaham-panjakana misahana ny hetra no mizara eo no eo amin'ny olona manan-jo samihafa ny vola azo amin'izany.
Ny lelavola ifampizaran'ny manam-pahefana ao amin'ny minisitera andaniny, ny saranasa sy ny teti-bolampanjakana ankilany, ho an'ny firaketana am-boky ka nahemotra ny famoriana izany dia anomezana baiko andoavana izany amin'izay manan-jo ahazo izany.

5- Ny trosa ny Tahirimbolampanjakana tamin'ny fanefana mialoha ireo vola saram-panoratana am-boky no aloa mialoha ny anjaran'izay mananjo hafa rehetra.

**Andininy 02.08.44**
Raha misy ny fanasaziana ny olona ahiana handoa ny lany rehetra amin'ny fitsarana dia ilaina ny fandraisansa fanapahan-kevitra araka izay voasoratra teo amin'ny andininy teo mialoha ny famoriana ny vola aloha ao amin'ny tahirimbolam-panjakana mba ho fampiharana ny andalana faha-efatra sy faha-enina ao amin'ny andininy 02.08.41.

**Andininy 02.08.45**
Ny fenesorana ny fiahiana dia manakery avy hatrany amin'ny fitakiana eo noho eo ireo sara, saranasa, tamby sy vola aloa mialoha samihafa ary mbola tsy nohefain'ny olona voakasik'izany.

Amin'ny tranga rehetra nisintonana ny fiahiana ara-pitsarana, dia adidin'ny mpitantsoratra ny mampandre izany avy hatrany ny mpan,dray vola momba ny hetra manao ny fandraisana ny vola sy ny fanampariahana izany araka ny fepetra voasoratra ao amin'ny andininy 02.08.43.

**Andininy 02.08.46**
Ferana ho telo taona ny fahazoana mitaky ny vola voalaza ao amin'ny didy nomena ny sampandraharahampanjakana na ny aloan'ny olona ahiana na ho an'ny olona toriana.

**Andininy 02.08.47**
Tsy maintsy alefan'ny mpirakidraharahan'ny fitsarana ao anatin'ni iray volana namoahana ny didy mirakitra ny fikajiana ny vola lany amin'ny fitsarana na ny fitakiana ataon'ny mpitsara amin'ny mpandray vola momba ny hetra ny tsoatsoratry ny didim-pitsarana na ny didy fanatanterahana izany.

**Andininy 02.08.48**
Ny adidin'ny mpisolo vava, vadin-tany, mpirakidraharahan'ny fitsarana, notera mikasika ny fitanisana ny sara dia efa voafaritry ny andininy 02.08.41 etsy ambony.

**Famaizana momba ny heloka bevava, ny fahadisoana sy ny fandikan-dalàna**

**Andininy 02.08.49**
Afahana amin'ny fepetra fanoratana am-boky ny atontan-taratasy rehetra amin'ny paik'ady eo amin'ny sehatry ny famaizana.

**Andininy 02.08.50**
Raiketina am-boky ary mitoetra ho trosa ao anatin'ny roa volana manomboka amin'ny daty namoahana azy ireo didy savaravina sy ireo didim-pitsarana momba ny heloka bevava, ny fanarenana sy ny fanaovana heloka madinika.

**Andininy 02.08.51**
Afahana amin'ny fepetra fanoratana amboky ny tatitra mikasika ny fanaovana heloka madinika na fandikan-dalàna na inona na inona antony niteraka izany.

**Ny adidy amanadraikitry ny fokontany amin'ny isambatan'olona**

**Andininy 02.08.52**
Afahana amin'ny firaiketana am-boky ireo atontantaratasy paika ady ary ny didy avoakan'ny fitsarana mikasika ny adidy amanandraikitry ny fokontany eo anatrehan'ny fanimban-javatra ary koa ny fahavoazana vokatry ny fanaovana heloka bevava sy ny heloka madinika izay nataon'ny andian'olona na vondron'olona mitampiadiana na tsia, ankery ampahibemaso ao amin'ny fokontany misy azy.

**SOKAJY X**
**FEPETRA SAMIHAFA**

**Antonjavatra tsy hitakiana fepetra**

**Andininy 02.08.53**

Amin'ny tranga rehetra izay naminavinàna fahafahana amin'ny fepetra ara-ketra, izany dia miantraika ihany koa amin'ny fepetra amin'ny fombafomba samihafa tokony arahina.

Na izany aza, raha ilaina ny fepetra mikasika izany dia ireo sara raikitra amin'ny taratasy tsy voafaritra notakiana, raha tsy hoe angaha misy ny fepetra manokana manohitra izay voalaza ao amin'ity fehezandalàna ity.

**Famelan- tsazy**

**Andininy 02.08.54**

Ireo sazy izay voarakitra ao amin'ity lalàna ity dia azo ahena amin'ny ampahany na manontolo amin'ny alalàn'ny fanapahan'ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra ny fahefàny amin'ny alalàn'ny fanapahankeviny ho an'ireo Tale, ireo Lehiben'ny Sampandraharaha ary ireo Tale na ny Filohan'ny Sampandraharaham-Paritany izay eo ambany fahefàny.

**Andininy 02.08.55**

Ny sazy tsy maintsy aloa amin'ny sora-panekena, fanambaràna, famindran-tanana ny fananana, ny vokatra na ny fisitrahana fananana tsy mifaka na mifaka, tsy voasoratra am-boky tao anatin'ny fotoana voafetra alohan'ny 01 janoary 2008, dia afahana tanteraka manontolo, raha toa ka entina anatanterahana ny fepetra fanoratana am-boky sy nandoavana manontolo ny sara tsotra mialoha ny 01 janoary 2009 ireo sora-panekena, fanambaràna sy fitanantsoratra ireo.

**FIZARANA FAHATELO**
**HETRA TSY MIVANTANA**

Ovàna toy izao manaraka izao ny fepetra voalazan' ny Lohateny I ao amin' ny FizaranaIII ny Boky I :

**LOHATENY VOALOHANY**
**HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA**
**TOKO VOALOHANY**
**SEHATRA AMPIHARANA**
**SOKAJY I**
**FOTOKEVITRA**

**Andininy 03. 01. 01**

Ireo vokatra niotazana , azo avy amin' ny vokatra hafa, namboarina,nokarakaraina, na nampidirina eto Madagasikara sy ny raharaha voasoritra ao amin' ny tabilao atovana dia iharan' ny hetra tsy mivantana alaina amin' ny fandaniana izay raisina ho ao amin' ny Tetibola ankapobeny ka faritan' io tabilao io ireo taha.

Nefa andaniny izany, ho an' ny sigara tsy mihoatra ny vidiny voafetran'nydidim-pitondrana raisin' ny Minisitra misahana ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra ny vidiny dia ampiharana fanalefahan-ketra 50 isanjato, ankilany, ho an' ny sigarety nampiasana lanjana paraky novokarina eto Madagasikara miabo na mira 60 isan-jaton' ny totalin' ny lanjan' ny paraky nanamboarana azy, dia ampiharana fanalefahan-ketra 15 isan-jato

Ny raharaha voalaza etsy ambony dia tsy manaraka ny fepetra mifehy ny fanamboarana sy ny fivezivezin'ny vokatra

**SOKAJY II**
**VOKATRA TSY VOAN'NY HETRA**

**Andininy 03. 01. 02**

Na dia eo aza ny fanatontosana araka ny fomba arahina izay voalaza amin' ny fepetran' ny andininy 03.01.63, afahana amin' ny hetra tsy mivantana alaina amin' ny fandaniana :

**1°** Ireo vokatra izay tsy nandoavana ny hetra tsy mivantana alaina amin' ny fandaniana, nalaina sy notaterina eto amin' ny tany sy ny Fanjakana voatokana ho any am-pita ary taterina amin' ny alan'ny filazana omban'antoka.

**2°** Ireo alikaola tsy mifangaro natokana fikarakarana ireo fanafody ampiasaina amin' ireo tobim-pahasalamana na siantifika ary koa ny alikaola etilika novan-toetra araka ny fomba voafetra ny didy amam-pitsipika.

**3°** Ireo vokatra sy akora miditra amin' ny fanamboarana fanafody.

## TOKO FAHAROA
## HANA IFOTORAN'NY FANDOAVAN-KETRA

**Andininy 03. 01. 03**

Ny hana ifotoran' ny fandoavan-ketra dia :

**1°** Hoan' ny vokatra nafarana, ny fanambaràna atao amin' ny faditseranana, raha hanafatra entana.

**2°** Hoan' ny vokatra vita teto an-toerana, ny fanamboarana na ny fanoloran-ko-jifaina azy. ;

**3°** Hoan' ny vokatra nahazoana fampihantonana ny fanefan-ketra, ny fanoloran-ko-jifaina azy. Ny fampihantonana ny fanefan-ketra dia mihatra amin' ny entana izay ahazoana fampihantonana ny fanefan-ketra amin' ny alalan' ny fandraisam-pilazana omban' antoka

**4°** Hoan' ny fanaterana vokatra ho an' ny tena ihany, ny fandraisana azy.

## TOKO FAHATELO
## FOMBA FAMERANA NY HETRA

**Andininy 03. 01. 04**

Ny fototra hamerana ny haba amin' ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana alaina amin' ny fandaniana ara-bidy dia :

a. Amin' ireo vokatra afarana, ny sandany hamerana ny haba dia miankina amin' ny sandan' ireo vokatra amin' ny fotoana anaovana filazana any amin' ny fadin-tseranana, izany hoe fototra amerana ny haba amin' ny fanafaran' entana.

b. Amin' ireo vokatra eto an-toerana, ny sandam-pamokarana tataovan' ny tombony ara-panodinam-bokatra tsy misy hetra tsy mivantana alaina amin' ny fandaniana (DA), izany hoe, ny vidiny marina ampiharina eo amin' ny toerana namokarana azy izay tsy azo atao latsaka amin' ny lany amin' ny famokarana miampy ny tombom-barotra ara-panodinam-bokatra.

**Andininy 03. 01. 05**

Ny famerana ny hetra amin' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana dia mifototra amin' ny volamaty marina

## TOKO FAHAEFATRA
## FEPETRA MIFEHY NY FIOTAZANA SY NY FANAMBOARANA NY VOKATRA IHARAN'NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN' NY FANDANIANA
### SOKAJY I
### NY FANOMEZAN-DÀLANA AMIN'NY FANAMBOARANA NA FIOTAZANA

**Andininy 03. 01. 06**

Tsy misy afaka mioty na manamboatra vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana raha tsy manao fanambaràna amin' ny mpiasan' ny hetra ao amin'ny faritra iadidiany sy tsy nahazo mialoha ny fahazoan-dàlana avy amin' ny Minisitra misahana ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra, na Tale Jeneralin' ny hetra izay afaka mamindra ny fahefany.

Ny fahazoan-dàlana dia omena araka ny fanapahana voasoratra mamaritra ny toetr' asa sy ny andro ary ny ora fiasan' ny orinasa.

**Andininy 03. 01. 07**

Ho an'ny vokatra atao ho fihinana, azo atao ny mamokatra ampahambokatra ho fanandramana izay alefa mialoha ho tilian' ny laboratoara mahefa.

Ny fanomezan-dàlana dia araky ny valin' ny fitiliana mahafa-po ny ampahambokatra natao fanandramana izay nalain' ny Sampandraharahan' ny hetra.

**Andininy 03. 01. 08**

Ny fahazoan-dalàna voalaza ao amin' ny andininy 03.01.06 etsy ambony dia voatokana ho an' ny tena irery.

**Andininy 03. 01. 09**

Ny famindrana tompo ny fahazoan-dàlana na ny famindrana ny toeram-pamokarana ho any amin' ny toeran-kafa dia eo ambanin' ny fanapahan' ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra ny fahefany amin' ny Talem-paritry ny hetra amin' ny faritra iadidiany

**Andininy 03. 01. 10**

Ny olontsotra na ny fikambanana mikasa hanamboatra na hioty ny vokatra fehezin' izao fepetra izao dia tsy maintsy mandefa fangatahana milaza amin' ny Talem-paritry ny hetra :

1° Ny toeram-panamboarana na fiotazana sy ireo trano izay tsy maintsy ampiasaina amin' izany.

2° Ny fomba famokarana sy fiotazana izay hampiasaina ary ny fatra mety ho azon' ny mpanamboatra na ny mpioty isan' andro, isambolana, na isaky ny taom-pamokarana ;

3° Ny fepetra fanamboarana sy ny fiotazana mikasika ny andro sy ny ora iasana ;

4° Ny famaritana ny fitaovana ampiasaina.

5° Raha toa ka sosaiety na koperativa, ny anarana sy adiresin' ny mpitantanana na ny olona notendrena iandraikitra.

Isaky ny fangatahina dia tsy maintsy ampiarahina atao dika roa mitovy:
1° Ny sary manondro ny ao anatin'ny toeram-panamboarana na ireo faritra izay mamaritra ny toeram-pamokarana miaraka amin' ny fanondrona ireo momba azy rehetra

2° Raha toa ka sosaiety na kaoperativa, ny fanamarinan'ny fiforonany ara-dalàna, ny sata, ny anarana, ny fanampin' anarana, ny adiresin' ny mpitantana ny sosiety na ireo mpikambana ao amin'ilay kaoperativa, ny dika iray mitovy ny fahefana nomena ny mpitantana ny sosiety na ireo olona notendrena

3° Raha toa ka ilaina, ny sary amin' ny antsipirihiny ny trano natokana iasana sy ipetrahan' ny mpiasa mpanara-maso ao amin' ny sampandraharahan' ny hetra

**Andininy 03. 01. 11**
Ny fanamboarana na ny fiotazana ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana dia manaraka ny fepetra fanotontosan' ny sampandraharahan' ny hetra ny asa.

**Andininy 03.01.12**
Ny asa atao eo anivon' ny toby famokarana, eo ambany fanaraha-maso tokoa ary tsy tapaka ataon' ny mpiasan' ny sampandraharahan' ny hetra, dia miainga avyamin' ny fanapahan-kevitry ny Ministra misahana ny fandrindrana ara-ketra izay afaka mamindra ny fahefany amin' ny Tale Jeneralin' ny hetra

## SOKAJY II
## FANDRINDRANA NY TOERAM-PAMOKARANA, NY FITAOVAM-PIOTAZANA NA NY FAMOKARANA

### I- FANDRINDRANA NY TOERAM-PAMOKARANA

**Andininy 03.01.13**
Ny trano natokana ho an'ny fiotazana na ny fanamboarana ary koa ny trano fitahirizana miankina amin' ireo dia tsy maintsy mihidy tanteraka sy mikambana ao anaty fefy iray arakan' ny nameran' ny Talem-paritry ny hetra azy na ny solotenany mba ahamora ny fanaraha-maso ataon'ireo mpiasan'ny hetra.

Voarara ary tsy maintsy foanana ny fifandraisana ao anatin' ireo toeram-piasana amin' ireo trano manodidina na ampiasaina na tsia ampiasain' nympanamboatra na ny mpamokatra na ny mpiasany.

Ny fanovana atao amin' ny firafitrin' ny toeram-pamokarana dia tsy maintsy anaovana filazana arahina sary vaovao ary hazoana ny fankatoavan' ny Talem-paritry ny hetra, tsy miankina amin' ny fepetra hafa anaty fitsipiky ny lalàna manankery.

**Andininy 03.01.14**
Raha ilaina ny fanarahamaso maharitry ny mpiasan' ny hetra iray na maro ny halehiben' ny famokarana na ny fanamboarana, ny Talem-paritry ny hetra dia afaka mitaky amin' ny mpamokatra na ny mpanamboatra ny fanomezana trano fonenana misy efitra efatra farafahakeliny (efitra fandraisam- bahiny iray, efitrano roa, birao iray) miaraka amin' ny fanampiny (efitra fidiovana, lakozia,fanasana lamba,lava-piringa) izay hatao trano fonenana sy biraon' ny lehiben' ny fanarahamason' ny orinasa.

Ireo trano fonenana dia tsy maintsy hankatoavin' ny Talem-paritry ny hetra ary voakarakara tsaran' ny mpanamboatra na ny mpamokatra.

Raha ohatra misy mpiasan' ny hetra hafa voatendry hanara maso ny orinasa, ny mpanamboatra na ny mpamokatra dia tsy maintsy manome trano fonenana misy efitra telo farafahakeliny miaraka amin' ny fanampiny koa (trano fidiovana, lakozia, fanasan-damba, lava piringa).

**II – Fandrindrana ny toerana sy ny fampiasana ny fitaovana**

**Andininy 03.01.15**

Ny fitaovana natokana ho an' ny fiotazana na ny fanamboarana dia mahazo laharana miaraka amin' ny filazana ny fatrany amin' ny litatra raha misy, alohan' ny ampiasana azy.

Ny laharana sy ny marika filazana ny fatrany dia tsy maintsy voasoratra amin' ny loko, farafaharatsiny dimy santimetatra ny haavony, ary ny vola lany momba izany dia andraikitry ny mpanamboatra na ny mpioty.

Ny fatran'ny vilany be, lalambika, ny sinibe, ny fantsona, ny koveta ary ny fitaovana fanatatazana hafa dia amarinin' ny mpiasan' ny hetra amin' ny alalan' ny fitsapam- patra ara-drefy ary raha ilaina, amin' ny alalan' ny famindram-patra.

Eo amin' ny fanatanterahana amin' ny alalan'ny famindram-patra, ny mpiasan' ny hetra dia manao izany eo anatrehan' ny mpanamboatra na ny mpioty amin' ny fitsinjaram-patra miaraka amin' ny filazana ny hadirin' ny fanatatazana.

Ny fitaovam-pandrefesana na ny fandanjana izay efa voamarin' ny Sampandraharaha misahana ny fandrefesana dia tsy voakasik' io fepetra voalaza io.

Aorian' ireo fanamarinana ireo dia tsy maintsy misy fitanana an-tsoratra atao mirakitra ny filazalazana sy ny tsiahy ilaina rehetra ary voasonian'ny andaniny roa miaraka.

**Andininy 03.01.16**

Tsy misy fanovàna azo atao amin' ny fitaovana voarindra raha tsy misy ny filàzana vaovao an-tsoratra ho an' ny mpiasan' ny hetra eo amin' ny faritra misy.

Io filazàna io dia mirakitra ny fanekena ny tsy hampiasana ny fitaovana fanatatazana raha tsy aorian' ny fanamarinana ny fatran' izy ireo.

**Andininy 03.01.17.**

Hoan' ny fandanjana ny vokatra fototra sy ny vokatra vita ary ny fatran' ireo farany, ny mpioty na ny mpanamboatra dia tsy maintsy mamatsy ny fitaovana sy ny mpiasa ilaina amin' ny fanamarinana sy ny fanisana izay hitan' ny mpiasan'ny hetra fa tokony hatao.

**III Fepetra manokana mifehy ny lalambika**

**Andininy 03.01.18**

Ireo mpanamboatra na ny mpivarotra fitaovana na ampaham-pitaovana ilaina amin' ny fanasitilina, amin' ny fanamboarana sy ny fampitana ny alikaola na ireo vokatra misy alikaola dia tsy maintsy manao filazana momba ny asa atao alohan' ny fanombohana ny fanamboarana na ny fivarotana, manao fanambaràna momban' ny asany amin' ny mpiasan' ny hetra eo amin' ny faritra misy azy ary milaza ny isa, karazana ary ny fatran' ireo fitaovana na ampaham-pitaovana izay ananany.

**Andininy 03.01.19**

Ny mpamokatra na ny mpivarotra ny lalambika dia tsy maintsy mitana rejisitry ny lalambika izay handraisana an-tsoratra indrindra ny fotoana nanamboarana sy ny nandraisana azy ireo nifanesy, ny fanoloram-bokatra ary koa ny filazana voarakitra ao amin' ny fanomezan-dàlana mivezivezy amin' ireo fitaovana ireo.

Ireo fanoratana ireo dia atao arakaraka ny fahavitana na fanaterana ny fitaovana na ny ampahan' ny fitaovana. Ny fitaovana rehetra na ny ampahan' ny fitaovana vaovao efa nampiasaina na eo am-panamboaranadia tokony ho hita eo amin'io kaonty io

**Andininy 03.01.20**

Ny olon-tsotra izay manamboatra ny lalambika natokana ho ampiasainy manokana dia tsy maintsy manao filazana mialoha amin' ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana mikasika ny fanamboarana kasainy atao.

Rehefa vita ny fitaovana dia tsy maintsy manao filazam-pitazonana izy izay ho raisin' ny mpiasan' ny hetra ao amin' ny « rejisitra filazana ny lalambika »

**Andininy 03.01.21**

Na iza na iza raha vao mihazona lalambika dia tsy maintsy manao filazana manambara ny asa, ny toetra sy ny fatran' ireo fitaovana na ampaham-pitaovana ireo izay ho raisin' ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana ao anatin' ny rejisitry ny filazana lalambika.

**Andininy 03.01.22**
Ny filazana voalazan' ny andininy eo ambony dia tsy maintsy mahakasika ny fitaovana na ny ampaham-pitaovana fanasitiliana rehetra na toy inona na toy inona karazany na fatrany.

Ny lalambika fanandramana ihany no tsy voakasik' io fitsipika io.

Heverina ho toy ny lalambika fanandramana ireo fitaovana ampiasaina amin' ny famatrarana mitsitapitapy, tsy misy fitaovana fanitsiana na fampihenana izay tsy manome ny fatran' ny vilanibe mihoatran' ny iray litatra.

**Andininy 03.01.23**
Ny filazana rehetra izay natao ao amin' ny « rejisitry ny filazana lalambika » dia hanaovan' ny mpiasan' ny hetra dika iray izay tsoahina amin' io rejisitra io ary alefa tsy misy atakandro amin' ny Talem-paritry ny hetra izay mitana ny fitadidiana ankapoben'ny lalambika iray tazomina ao amin' ny Faritra.

**Article 03.01.24**
Ankoatran' ireo lalambika fanandramana voafaritra ao amin' ny andininy 03.01.22 eo ambony, ny fitaovana na ny ampaham-pitaovana mety ampiasaina amin' ny fanamboarana ,amin' ny fanitsiana, na amin' ny fampitana an' ireo alikaola na vokatra misy alikaola dia tsy afaka mivezivezy amin' ny toerana rehetra ivelan' ny faritra voatokana, na inona na inona anton' ny famindran-toerana , afatsy amin' ny alalan' ny fahazoandalana mivezivezy izay nomen' ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana.

Io fahazoandalana io dia takian' ny sampandraharahan' ny fanditseranana alohan' ny hakana ny fitaovana sy ampaham-pitaovana nafarana avy any ivelany.

**Andininy 03.01.25**
Ankoatran' ny anarana sy adiresin' ny mpandefa sy ny handefasana, ny fahazaondalana mivezivezy dia tsy maintsy manambara ny isa,ny toetra, ny fatra na halehiben' ny fitaovana ary koa ireo filazalazana voafaritra ao amin'ny taratasy fahazoan-dàlana mivezivezy.

**Andininy 03.01.26**
Raha toa ka tsy manaraka ny fepetra voasoritra ao amin' ny fahazon-dalana mivezivezy ireo entana, dia mety hanaovana fitanana an-tsoratra hoan' ny handefasana.

**Andininy 03.01.27**
Ny fitaovana na ny ampaham-pitaovana fanasitiliana dia tsy maintsy hasian' ny mpiasan' ny hetra fitombo-kase mandritry ny fotoana tsy hampiasana azy ;

Azo tehirizina an-trano na hapetraka any amin' ny toerana nankatoavin' ny Fanjakana.

Ny fitombo-kase dia tsy azo kitihina, raha tsy nohon' ny antony voalaza ny andininy 03.01.28 eo ambany ; tsy ho entina raha tsy eo antrehan' ny mpiasa sampandraharahan' ny hetra.

**Andininy 03.01.28**
Ny fangatahana fanesorana tombo-kase dia manambara ny antony izay iantsoana ny sampandraharaha hanatanteraka io asa io .Valo andro mialoha fara faharatsiny no anaovana izany any amin' ny mpiasan' ny hetra eo amin' ny faritra iadidiany, ary raisina ao amin' ny « rejisitry ny filazana fanaovana ny tombo-kase sy ny fanesorana ny tombo-kase ny lalambika » izany.

Raha toa ka tsy tonga manala ny tombo-kase ny mpiasan' ny hetra, efatra amby roapolo ora aoriana ny fotoana nomen' ny mpanao filazana, ito farany afaka manampotika izany fa kosa mamerina ny fira-mainty sy ny potikin' ny tombo-kase any amin' ny mpiasan' ny hetra.

**Andininy 03.01.29**
Ny filazana fametahana tombo-kase, fanesorana tombo-kase ary koa ireo filazana fanapotehana dia raisina ao amin' ny « rejisitry ny filazana fanaovana ny tombo-kase sy ny fanesorana ny tombo-kase ny lalambika ».

**Andininy 03.01.30**
Tsy misy fanapotehana lalambika azo ato raha tsy nanaovana filazana an-tsoratra mialoha, voasonian' ny mpitazona eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra miandraikitra ny fandraisana ao amin' ny « rejisitry ny filazana fametahana tombo-kase, sy filazana fanesorana ny tombo-kase ny lalambika »

**Andininy 03.01.31**
Ankoatran ' ny toe-javatra voalazan' ny andininy 03.01.28 eo ambony, ny asa fametahana tombo-kase, ny fanesorana tombo-kase ary koa ny asa fanapotehina dia tsy azo atao raha tsy eo anatrehan' ny mpiasan'ny hetra izay manao fitanana an-tsoratra mikasika izany.

**Andininy 03.01.32**
Ny mpanamboatra, mpivarotra ary mpitazona lalambika dia tsy maintsy mampiseho ireo amin' ny mpiasan' ny hetra raha vao takiana aminy izany ary raha mbola eo am-pelatanany ny fitaovana dia voatery izy ireo tsy maintsy manaiky ny fanaraha-maso ataon' ireo mpiasan' ny hetra ireo ihany, araka ny fepetra mifehy ny mpanamboatra na mpioty ny vokatra eo ambanin' ny satan' izao sokajy izao.

Tsy maintsy manamora ny asa fanamarinana izy ireo ary izy ireo ihany na ny solotenany no tsy maintsy manao ny filazana ny habetsahana sy ny karazana ary koa ny fatra  na ny halehiben' ny fitaovana, na ny ampahan' ny fitaovana eo am-pelatanany.

**Andininy 03.01.33**
Na izany aza dia afaka tsy manaraka ny fitsipikin' ny fametahana tombo-kase na ny fisafoana amin 'ny alina:

1° Ny mpitazona lalambika andrana.

2° Ireo toeram-pikarohana ara-tsiansa na ara-pampianarana ho an' ny fitaovana manokana ampiasaina amin' ny fanandramana.

3°Ny mpivarotra fanafody.

4°Ny olona izay manamarina ny antony izay tsy maintsy ampiasina tsy tapaka fitaovana fanasitiliana.ho amin' ny asa voafaritra ary tsy mampiasa akora misy alikaola.

Ny fahazoana io fanafahana io dia tsy azo omena afa-tsy ho an' ny mpitazona manana fahazoan-dàlana amin' ny anarany manokana ary azo foanan' ny Talem-paritry ny hetra.

**SOKAJY III**
**NY ASA AMIN' NY TOERA-PANAMBOARANA SY NY TOERAM-PAMOKARANA**

**Andininy 03.01.34**
Ny atao hoe asa dia ny fitambaran' ireo raharaha izay andraikitry ny mpiasan' ny hetra ny manara-maso azy mba hiantohana sy hahitana ny fototr' ireo haba.
Toy izao avy ireo raharaha ireo :
-Fampidirana ireo akora fototra ao amin' ny toeram-pamokarana na toeram-panamboarana na amin' ireo toerana fanampiny.
-Ny fanamboarana, ny famokarana, ny fampitana indray, ny fanitsiana na ny fandrendrehana ;
-Ny fampidirana ao amin' ny toeram-pitobina ivelan' ny orinasa na trano fitehirizana ;
-Ny fikirakirana isan-karazany izay atao ao amin'ny toeram-panamboarana, toeram-pamokarana, ao amin' ny trano fanangonam-bokatra na fitehirizana ;
-Ny fanondranana sy ny fivezivezen' ny vokatra.

**Andininy 03.01.35**
Ny fampidirana ao amin' ny toeram-panamboarana na ao amin' ny toeram-pamokarana na ao amin' ireo fanampiny an' ireo akora fototra natokana ho an' ny fanamboarana ireo vokatra voan' ny haba dia tsy maintsy voamarina.

Arakarakan' ny fidiran' ireo akora fototra no andraisan' ny mpanamboatra na mpioty an-tsoratra ny isany,ny lanjany na hadiriny, ny vidiny sy ny karazany , ao amin' ny rejisitry ny fanamboarana ao amin'ny fanoratana ny akora fototra.Io fanoratana io dia anesoran' ny mpanamboatra na mpioty arakarakan' ny habetsahan'ny akora ampiasaina na aondrana tsy misy fanovana any ivelany, omban' ny taratsy fahazoan-dàlana mivezivezy.

**Andininy 03.01.36**
Ny mpiasan' ny hetra dia afaka miditra an-tsehatra mba hanamarina ny toetry ny ambin' ny akora fototra ary manao ny fifandanjan' ny fanoratana isaky ny heverany ilana izany.

Ny mihoatra avokan' ny fifandanjan' ny fanoratana dia anampiana ireo miditra .Ny tsy ampy kosa dia soratana any amin' ny mivoaka. Raha voamarin' ny mpanamboatra fa ny tsy ampy ao amin' ny akora fototra dia avy amin 'ny fisian' ny fahaverezana, ny Talem-paritry ny hetra dia manafaka azy ireo amin' ny haba izay mety hiatra aminy.

Ny fahaverezana tsy voamarina dia tonga dia iharan' ny hetra avy hatrany. Ny haba dia kajiana amin' ny alalan' ny vokatra avy amin 'ny famokarana azo nandritrin' ny volana teo aloha na mandritrin' ny volana manarakan' ny fahitana fototra.

**Andininy 03.01.37**

Ny fanamboarana na fiotazana sy ny asa rehetra mifandray amin' izany na mivantana na tsy mivantana, dia tsy maintsy anaovan' ny mpanamboatra na mpioty filazana izay raisina ao amin' ny rejisitry ny fanamboarana na fiotazana, mba ahazoana manara-maso ny fanovana ny fitaovana, mahita fototra, ary mametra ny azo avy amin' ny vokatra, ny faikany ary ny vokatra azo.

**Andininy 03.01.38**

Amin' ny fivoahany eo amin ' ny toeram-panamboarana na fiotazana, ny vokatra vita dia azo amidy avy hatrany na apetraka any amin' ny trano fitobiam-bokatra ivelan' ny orinasa na trano fitehirizana ankatoavin' ny sampandraharahan' ny hetra araka ny fepetra voafaritra ao amin' ny andininy 03.01.42 sy 03.01.43 eo ambany.

Ny vokatra tsy lavorary kosa dia tsy maintsy tehirizina ao amin' ny magazay manokana eo am-piandrasana ny famerenana azy ireo indray amin' ny fanamboarana.

**Andininy 03.01.39**

Eo amin' ny toeram-panamboarana na mpiotazana, ny fanisana ny vokatra vita dia azo tanterahina amin' ny fotoana rehetra sy arakaraky ny filan' ny sampandraharahan' ny hetra azy.
Ny mpanamboatra na ny mpioty dia tsy maintsy manao filazana ny fatra-bokatra eo am-pelatanany. Ny sakana rehetra, ny fandavana rehetra, ny fahatarana rehetra avy aminy dia midika fandavana ny fanaovana ny asa.

Raha toa ka misy ny fatiantoka hita fototra avy amin' ny fanisana, ny fandoavana ny haba amin' ny tsy ampy, tsy voasaron' ny ampahany ekena izay hita ao amin' ny andininy 03.01.40 manaraka, dia takiana araka ny rariny.
Kanefa, ny fatiantoka avy amin' ny tsy azo anoarana voamarina ara-dalàna dia tsy tokony iaran' ny sazy na andoavana haba.

Ny mihoatra nekena dia soratana avy hatrany ao amin' ny « rejisitrin' ny fanamboarana na ny fiotazana ». Raha misy fiahiahiana halatra, dia mety hanaovana fitanana an-tsoratra noho ny tsy fisian' ny filazana.

**Andininy 03.01.40.**

Afaka ekena ho faikam-panamboarana (fanamainana, fanajariana ho entona, fandrendrehana indray, …) ny fihenana voakajy avy amin' ny vidim-bokatra voavotra izay miovaova ny taha amin' izany araka ny toetran' ny vokatra dia ho feran' ny fanapahan-kevitrin' ny Talem-paritry ny hetra aorian' ny fanandramana hiadian-kevitra.

**Andininy 03.01.41**

Ny fepetra hita rahateo ao amin- ny andininy 03.01.34 ka hatramin ' ny 03.01.40 eo ambony dia tsy azo ampiasaina amin ' ny orinasa tenany izay mampiasa ny fomba nentim-paharazana amin' ny famokarany.

## SOKAJY IV
## NY AMIN'NY TRANO FITOBIAM-BOKATRA IVELAN'NY ORINASA SY NY TRANO FITEHIRIZAM-BOKATRA SAHANIN'NY SAMPANDRAHARAHAN'I HETRA
## I – FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy 03.01.42**

Ny trano fanangonam-bokatra na ny trano fitehirizana eo an-toerana dia ny fahefana omena ny mpanamboatra na ny mpamokatra ampiditra amin 'ny fihantonan' ny fandoavana ny haba, ny vokatra vita avy amin' ny toera-panamboarana, ho ao amin' ny magazay iray miorina na eo anivon' ny toera-panamboarana na amin' ny toerana rehetra izay misy Sampandraharaha-pisafoana, fanarahamaso, foibe na toerana izay fehezin' ny fitondram-paritanin' ny hetra, na ny toerana rehetra maha-mora ny fifandraisana amin' ireo foibe ireo.

Ny lalana mankany amin'ilay trano fitehirizana dia tsy ilàna fepetra manokana eo amin'ny fiarovana**.**

**Andininy 03.01.43**
Ny trano fitehirizana sahanin' ny sampandraharahan' ny hetra dia ny fahafahana omena ny mpanamboatra sy ny mpioty hampiditra amin' ny fihantonan' ny fandoavana ny haba, ny vokatra vita avy amin' ny fanamboarana, ho ao anaty magazay izay ilaina miorina eo amin' ny toerana iray izay misy biraon' ny hetra. Iray ihany ny fivoahana tokony hisy. Mba ahazoana antoka tsara dia asiana fitoerana fanalahidy roa ny varavarana ka samy manana fanalahidy iray avy. Ny fanalahidy iray dia any am-pelatanan' ny mpiandraikitra ny trano fitehirizanam-bokatra, ny faharoa omena ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana.Ny fivoahana afa rehetra (varavarambe, ny loaka ary ny varavarankely) dia tsy maintsy asiana fitombo-kase na vonoina avy any anatiny na asiana harato vy izay makarakara.

Ny trano fitehirizana sahanin' ny sampandraharahan' ny hetra dia tsy azo sokafana raha tsy eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra.Ny ora izay hanaovana ny famoahana ny vokatra dia feran' ny mpiasan' ny hetra arakarakan' ny sokajy, sy ny habetsahan' ny fanekena momba ny varotra ;

**Andininy 03.01.44**
Ny trano fitobiam-bokatra na fitehirizam-bokatra izay iharan' ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniana dia ny fitohizan' ny fanamboarana ary noho izany dia eo ambanin'ny tantanin' ny mpamokatra ihany.

Noho ny famelana handingana ny fepetra etsy ambony, ny Talem-paritry ny hetra dia afaka manome alàlana ho an' ny olon-kafa ny fitantanana ny trano fitobiam-bokatra, na fitehirizana miorina eny amin' ny toerana rehetra ankoatran' ny toeram-panamboarana, raha tsy hoe misoratra amin' ny anarana sy eo ambany fiandreketana tanteraky ny mpanamboatra ire trano fiasana ireo.

### II – Fepetra fanokafana trano fitobiam-bokatra na trano fitehirizana

**Andininy 03.01.45**
Ny fanokafana ny trano fitobiam-bokatra na trano fitehirizana paraky sy ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny andaniana dia amin' ny alalan'ny fanomezan-dalàn' ny Talem-paritanin' ny hetra araka ny fangatahana mazava ataon' ny mpanamboatra.

Ny isan' ny trano fitobiam-bokatra na ny fitehirizana dia azo sokafana ao anaty faritany iray amin' ny anaran' ny olona iray ihany, ary mety ho feran' ny fanapahan-kevitry ny Talem-paritanin' ny hetra araka ny toerana sy ny karazam-bokatra.

### III – Fahafantarana ny vokatra eo am-pahatongavana

**Andininy 03.01.46**
Tsy azo raisina ao amin' ny trano fitobiam-bokatra na fitehirizana ireo vokatra raha tsy aorian' ny filazan'ny andefasana sy ny misolo-tena azy any amin' ny mpiasan' ny hetra mpandefa. Io filazana ny trano fitobiam-bokatra na fametraham-bokatra io dia tsy maintsy atao avy hatrany raha vantany vao tonga any amin' ny toerana andefasana azy ny entana ; izany dia fiantohana ho ao amin'ny trano fanangonam-bokatra na fitehirizana ny habetsahan' ny vokatra fantatra tamin 'ny alala,n' ny fanamarinana, mba ho fitsinjovana ny fahefan' ny Fanjakana amin' ny fahitana fototra ny fandikan-dalàna.

Alohan' ny hampidirana ireo vokatra ao amin' ny trano fitobiam-bokatra na ny fitehirizana, ny mpiasan' ny hetra eo amin' ny toerana ahatongavana dia tsy maintsy manao fanamarinana amin' ny antsipirihany mikasika ny karazana, ny habetsahany, ny lanja, ny hadiry

Amin' ny lafiny rehetra, io fahafantarana io dia tsy maintsy atao mialohan' ny fanafahana ny taratasy fahazoan-dàlana mivezivezy.

### IV- Ny fihetsehan' ny vokatra-Fikirakirana samihafa

**Andininy 03.01.47**
Voarakitra an-tsoratra ao anatin' ny rejisitrin'ny fitanana an-tsoratra ny trano fitobiam-bokatra tazonin' ny mpiasan' ny hetra eo an-toerana ny fihetsehan' ny vokatra.

Ny habetsahan' ny vokatra raisina an-tsoratra dia izay neken' ny mpiasan'ny hetra eo an-toerana ny fihetsehany.
Fa izay nivoaka kosa dia ireo nalefa niaraka tamin'ny taratasy filazana fivezivezena ary koa ny fatiantoka sy ny tsy ampy nekena teo amin'ny fanalana.

**Andininy 03.01.48**
Afa-tsy ny raharaha iharan'ny fepetra manokana, dia mety ho azo atao ao amin' ny trano fitobiam-bokatra na fitehirizana, ny fikirakirana rehetra mba hanomezana endrika ara-barotra ilaina hoan' ny vokatra, kanefa ny fanaovana izany dia tsy tokony hitarika fiovana eo amin' ny karazan' ireo vokatra.

Ny raharaha famonosan' entam-barotra sy fametahana soratra hilazana ny karazana atao amin'ny zava-pisotro misy alikaola kosa dia tsy maintsy ahazoana alàlana avy amin'ny fanapahin'ny Talem-paritry ny hetra.

### V- Ny Fanisana ny vokatra

**Andininy 03.01.49**

Mety hisy ny fanisana ny vokatra napetraka any amin' ny trano fitobiam-bokatra amin' ny fotoana tsy voafaritra ary matetika mihitsy araka izay heveran' ny sampandraharahan' ny hetra ilana izany.Ny elanelana eo amin' ny miditra sy mivoaka no mandrafitra ny tahirim-bokatra tokony hita ao amin' ny trano fanangonam-bokatra,ka izany fitambaran' ny vokatra hita ao amin' ny trano fitobiam-bokatra izany dia tsy maintsy mifanaraka amin' ny fitambaram-bokatra tena misy ao.

Raha ao aorian' ny fanisana, ka hita avy amin' ny fampifandanjana ny kaonty ny mihoatra mihitsy hita fototra na eken' ny mpiandraikitrin' ny trano fitobiam-bokatra, io mihoatra io dia azo tazonina ary anaovana fitanana an-tsoratra.

Ny tsy ampy hita dia voasazin' ny lalàna raha tsy hoe voasaron' ny fanesorana voafetran' ny didy amam-pitsipika .Azo raiketina amin' ny fitanana an-tsoratra koa izany.

Ny fatiantoka naterakin' ny fahaverezana tsy nahy voalaza tsy misy atak' andro sy voamari-pototry ny mpiasan' ny hetra dia tsy iharan'ny fitakian-ketra mihitsy.

**Andininy 03.01.50**

Mety hisy fanisana atao araka ny filan' ny Sampandraharahan' ny hetra any amin' ny trano fitehirizana. Afa-tsy ny tsy ampy avy amin' ny halatra na avy amin' ny teti-pamitahana, ny fatiantoka rehetra na ny fahaverezana hita fototra tao aorian'ny asam-panisana dia afahana ary tsy voan' ny haba.

## TOKO V
## FITSIPIKA MIFEHY NY FANOVAN-TOETRAN'NY VOKATRA IHARAN' NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN'NY FANJIFAINA
## SOKAJY I
## FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy 03.01.51**

Ny olona rehetra mikasa hanova toetra an' ireo vokatra na zavatra iharan' ny hetra dia tsy maintsy manao fangatahana avantana amin' ny Talem-paritry ny hetra izay manapaka izany.

Ny fangatahana dia tsy maintsy manondro:

- Ny toerana izay tsy maintsy hanatanterahina ny fanovan-toetra ary ny magazay ho ampiasaina amin' izany;
- Ny karazana, ny toetra, ny habetsahan' ny vokatra ovana toetra sy ny mety ampiasana ireo vokatra ireo;
- Ny karazana ranon-javatra entina manova toetra;
- Ny satan' ny fanamboarana raha amin' ny andro sy ora fiasana.

Tsy maintsy ampiarahana amin' io fangatahana io ny sary mampiseho ny toeram-panamboarana sy izay miankina aminy miaraka amin' ny fanondroana azy rehetra.

**Andininy 03.01.52**

Raha misy hosoka sy tsy fanarahan-dalàna tafahoatra hita fototra avy amin 'ny mpanova toetra dia azon' ny Talem-paritry ny hetra atao ny misintona ny fanomezan-dàlana nomeny.

**Andininy 03.01.53**

Azo atao ny fanovan-toetra na amin' ny toeram-pamokarana na amin' ny toeram-pitrandrahana, na amin'ny trano fiasana izay hikarakara ny vokatra, na avy amin' ny trano fitobiam-bokatra nosokafana amin' ny anaran' ny mpanova toetra.

**Andininy 03.01.54.**

Ny asa fanovan-toetra dia tsy maintsy anaovana filazana mialoha eny anivon' ny mpiasan'ny hetra eo an-toerana, izy no mampahafantatra ny mpanao filazana ny andro sy ny ora izay anatrehany ny asa.

Ny fanovan-toetra dia tsy maintsy atao eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra ka ny lany amin' izany dia anjaran' ny mpanova toetra.

Raha noho ny antony hafa ka tara ny fanovan-toetra dia tsy azon' ny mpanova-toetra atao ny mangataka onitra.

**Andininy 03.01.55**

Ny vokatra natokana hovana toetra any amin'ny toeram-piasana ankoatra ny toeram-panamboarana na toeram-pitobiam-bokatra dia alefa amin' ny alalan' ny fira-maintin'ny fitantanan' ny hetra ary amin' ny alalan'

ny filazana omban' antoka, ary misy fitombokasen' ny sampandraharahan' ny hetra ny vokatra amin ' ny fandraisana azy.

**Andininy 03.01.56**

Ny fanovan-toetran' ny vokatra noraisina tamin' ny fepetra voalazan' ny andininy 03.01.55 eo ambony dia tsy maintsy atao avy hatrany aorian' ny fahafantarana ny vokatra.

Raha tsy izany, ny vokatra dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny trano manokana eo ambany fanarahamason' ny mpiasan' ny hetra.

Ny vokatra dia tsy azo esorina amin' io toerana io raha tsy eo anatrehan' ny mpiasan' ny hetra ary raha tsy anaovan' ny mpanao fanovan-toetra filazana fanovan-toetra mialoha.

**Andininy 03.01.57**

Ny mpanao fanovan-toetra dia tsy maintsy mahazo mivantana ny akora mpanova toetra ilainy amin' ny tao zavatra ataony.

Ny akora mpanova toetra voatana ampiasaina dia misy sombiny amarinina any amin'ny tranom-pitiliana ara-dalàna ary nalain'ny sampandraharahan' ny hetra maimaim-poana. Izy ireo dia afaka mitaky ny taratasin' entana milaza ny fiavin' ny entana na taratasy fanamarinana hafa.

**Andininy 03.01.58**

Rehefa heveriny fa ilaina, ny sampandraharahan' ny hetra dia maka maimaimpoana ao amin' ny trano fiasana na magazay ny sombiny amin' ny vokatra ampiasaina amin' ny akora manova toetra na eo an-dalam-panomanana. Afaka maka sombony amin' ny vokatra alefa ihany koa izy mandritrin' ny fotoana fanesorana na fitaterana.

## SOKAJY II
## ANDRAIKITRIN'NY MPANAO FANOVAN-TOETRA

**Andininy 03.01.59**

Ny mpanao fanovan-toetra nahazo alàlana dia eo ambanin' ny fitsipik' asa fanaraha-maso sy fisafoana, sahala ny amin' ny mpanamboatra sy mpamokatra ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana. Fanampin' izany, izy ireo dia voafehin' ny andraikitra mitovy amin' ireto farany indrindra momban' ny fitazonana rejisitra, ny fandoavana ny haba, ny fitsipika mifehy ny trano fitobiam-bokatra na fitahirizana, ny fivezivezen' ny vokatra.

**Andininy 03.01.60**

Ny mpanao fanovan-toetra rehetra izay mijanona amin' ny asany na izay nosintonina aminy ny fahazoan-dàlana nohon' ny andininy 03.01.52 dia tsy maintsy mandefa ny tahirim-bokatra araka ny toetrany sy ireo vokatra novan-toetra any amin' ny mpanova toetra hafa na tonga dia mandoa avy hatrany ny hetra sy ny haba amin' ny tataom-bidy alaina araka ny karazam-bokatra.

## SOKAJY III
## MOMBA NY FANOMEZAN-DÀLANA HO FAMPIASANA VOKATRA NOVAN-TOETRA

**Andininy 03. 01. 61**

Ny olona rehetra izay hampiasa vokatra novan-toetra voan' ny haba ao amin 'ny tao zavatra ataony na ao amin' ny fambolena dia tsy maintsy manao fangatahana an' izany amin' ny Talem-paritanin' ny hetra izay manome na mandà ny fanomezan-dàlana.

Ny fangatahana dia manoro ny habetsahan'ny vokatra novan-toetra sy ny fampiasana izay anokanana ireo vokatra ireo.

**Andininy 03. 01. 62**

Ho an' ny famokarana izay mety hitaky fampiasana vokatra voan' ny haba tsy misy fanovan-toetra mialoha ao amin' ny tao zavatra na ao amin' ny fambolena, ny Talem-paritrin' ny hetra dia afaka manome alàlana ny fampiasana ny vokatra amin' ny karazana maha izy azy raha toa ka ny mpampiasa :

**1**. manamarina ny filana ny fampiasana ny vokatra tsy novan-toetra amin' ny alalan'ny iray amin' ireo fomba nahazoan-dalana

**2.** mitàna rejisitry ny miditra sy mivoaka amin' ny vokatra tsy novan-toetra.

Amin’ ny fotoana rehetra, ny mpiasan’ ny hetra dia afaka manamarina ny habetsahan’ ny vokatra misy. Ampiana amin’ ny miditra ny ambiny izay voamarina. Raha mampiseho tsy fahampiana kosa ny fanamarinana, dia iharan’ny hetra manotolo io tsy ampy io.

## TOKO VI
## FEPETRA MIFEHY NY FIVEZIVEZEN’NY VOKATRA IHARAN’ NY HETRA TSY MIVANTANA AMIN’ NY FANDANIANA
## SOKAJY I
## FEPETRA ANKAPOBE

### I – FOTO-KEVITRA

**Andininy 03. 01. 63**
Ny fanesorana, famindrana, na fitondrana vokatra iharan’ ny hetra tsy mivantana amin’ ny fandaniana dia tsy azo atao manerana ny tany sy ny Fanjakana raha tsy misy taratasy fanamarinana ny fivezivezeny :

**1**°; Ny taratasy fanesorana ho an’ ny vokatra izay tsy maintsy takiana eo amin’ ny fankana azy ny haba sy ny hetrany;

**2**° Ny taratasy mbay lalàna hoan’ ny vokatra izay efa nandoavan-kaba;

**3**°;Ny filazana omban’ antoka hoan’ ny vokatra izay ahazoana fampihatona ny fitakiana sy ny fanefan-ketra ary haba amin’ ny fitondrana azy;

**4**° Ny taratasy fanafahan-ketra hoan’ ny vokatra izay mivezivezy ka nafahana ny hetrany.

**Andininy 03. 01. 64**
Noho ny famelana handingana ny fepetra etsy ambony:

**1**° Afahana amin’ ny fomba arahina amin’ ny fivezivezena:

**a**.Ny vokatra na zavatra taterina, alefa na amidin’ ny mpivarotra antsinjarany ho an’ ny olon-tsotra fotsiny
**b**.Ny vokatra na zavatra efa nandoavana haba sy hetra entin’ ny olon-tsotra;
**c**. Ny vokatra izay manana fototra divay na alikaola natokana ho fanao fanafody ka tsy afaka ho jifaina toy ny zava-pisotro.
.
Ho fampiharana ny fepetra voalaza ao amin’ ny andalana a sy b n’ ity andininy ity, ny fanafahan-ketra hoan’ ny zava-pisotro misy alikaola dia tsy azo omena afa-tsy hatramin’ ny dimy litatra ny hadirin’ ny zava-pisotro voasitily sy ny toa azy ary folo litatra hoan’ ny zava-pisotro mandraotra ,

**2**° Taterina araka ny fatoran’ny filazana omban’antoka.

Amin’ny toerana fakana ho ao amin’ ny seranana fanondranana, ny vokatra tsy nandoa haba sy hetra , alaina sy taterina haondrana any ivelany ;
Ny vokatra mivezivezy eto amin’ ny tany sy ny Fanjakana manaraka ny fepetra ny seranam-tsambo mankeny amin’ny seranam-tsambo

Na izany aza nefa, ny filazan’ omban’ antoka dia tsy azo omena hakana ny vokatra iharan’ ny hetra tsy mivantana izay miditra ho akora sy kojakoja amin’ ny fanamboarana vokatra iharan’ ny hetra tsy mivantana amin’ ny fanjifana koa.

**Andininy 03. 01. 65**
Ny fandefasana ny vokatra iharan’ ny hetra tsy mivantana amin’ ny fanjifana na afarana izany, na voaodina eto an-toerana izany dia tsy maintsy hanaovan’ny mpandefa filazana mialoha ny hakana azy izay soniavin’ ny mpandefa, ary arak’izay ny anaovana ny taratasy ahafahana mivezivezy.

Ireo fanoroana hita ao amin’ ny filazana fanesorana dia manondro indrindra ny karazan’ ny vokatra, ny isan’ ny fonosan’ entana, ny marika sy ny nomerao raha misy, ny ao anatin’ ny fonosana, lanja na hadiry marina, ny havesarany, ny sandany……. ;,ny anarana, fanampin’ anarana, asa sy ny toerana ipetrahan’ ny mpandefa sy ny andefasana, ny andro, ny taona sy ny ora fakana voasoratra amin’ ny litera, ny fomba sy ny faharetan’ ny fitondrana ary ny rangopohin’ ny mpanao filazana.

Ho an’ ny alikaola, ny filazana dia manondro koa ny maritry ny alikaola amin’ ny mari-pana
15 ° santigirady sy ny mariky ny alikaola tsy mitampoka .

Ny famaritana ny habetsahan' ny alikaola tsy mitampoka dia tsy maintsy atao amin' ny santilitatra. Raha toa ny fikajiana ny alikaola manome ampahany santilitatra, ireo ambanin' ny isa dimy dia tsy raisina.

**Andininy 03. 01. 66**
Ny filazana fampidiram-bokatra amin' ny trano fitobiana izay ataon' ny mpamokatra dia mitovy lanja amin'ny taratasy fanamarinana fivezivezena ho fandraisana ny vokatra alefa avy amin' ny orinasa ho any amin' ny trano fitobiam-bokatra.

**Andininy 03. 01. 67**
Ny taratasy fanamarinana fivezivezena izay tsy maintsy ampanarahina ny fitondrana ny vokatra iharan' ny hetra dia tsy maintsy mamerina ny fanondroana hita ao amin' ny filazana fanesorana araka ny modely nataon' ny Fanjakana. Ireo dia tsoahina ao amin' ny rejisitra fototra izay manana fizarana telo :
-ny taratasy fototra izay mety, manan-danja filazana fakana araky ny zava-misy ;

-ny sosony izay ampanarahina ny vokatra;

-sy taratasy fazahoana mamoaka izay tsy maintsy alefa any amin' ny mpiasan'ny hetra izay misy ny toerana andefasana amin' ny fotoana indrindra hakana ny vokatra mba ahafahana manara-maso ny fandefasana sy ny fitaterana.

Ny taratasy fototra sy ny soson' ny taratasy fanamarinana ny fivezivezena dia tsy maintsy mitovy.

**Andininy 03. 01. 68**
Ireo rejisitrin' ny filazan' omban' antoka sy ny filazana fanafahan-ketra dia tazomin' ny mpiasan' ny hetra.

Ny rejisitrin'ny taratasy fanamarinana fivezivezena izay ampiasain' ny mpamokatra, ny mpioty, ny mpanana trano fitobiana, sy ireo mpanana trano fitehirizam-bokatra dia omen' ny Sampandraharahan' ny Hetra.
Ny mpivarotra dia tsy maintsy miantoka ny rejisitrin'ny taratasy mbay lalàna izay ilainy amin'ny andefasana vokatra.

Ny rejisitrin' ny taratasy fanamarinana ny fivezivezena dia tsy maintsy voamarika sy misy sonia rangom-pohy ny Talem-Paritry ny Hetra ny faritra iadidiny.

**Andininy 03. 01. 69**
Ireo mpitantitra ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana dia tsy maintsy mampiseho amin'ny fisavan' ny mpiasa afaka manao fitanana an-tsoratra ny fandikan- dalàna mikasika ny hetra, ny taratasy ahafahana mivezivezy manaraka ny vokatra hoentina. Ny mpitondra Ankoatra izany dia tsy maintsy manamora ny fanamarinana ny vokatra entina izay ataon' ny mpiasa mahazo manao izany ka manisy sonia ny taratasy fanamarinana fivezivezena.

## II - Fe-potoan'ny fitanterana

**Andininy 03. 01. 70**
Ny vokatra dia tsy maintsy entina any amin' ny toerana voalaza, anatin' ny fe-potoana voarakitra ao amin' ny taratasy fandefasana..
Io fe-potoana io dia voafaritra arakin' ny fahalavirana aleha, ny fomba sy ny fitaovana itaterana.
Ny faharetan' ny fitanterana an-dalamby sy amin' ny fiarakodia dia voafaritra araky ny ora ofisialin' ny lalàna.

**Andininy 03. 01. 71**
Raha tsy maintsy ampiasaina fomba fitaterana samihafa ny fitondrana ny vokatra dia misy fe-potoana manokana voafetra hoan' ny lalana izay aleha.

## III -Fampandalovana

**Andininy 03. 01. 72**
Amin' ny hetra tsy mivantana, ny atao hoe fampandalovana dia ny fepetra voatokana amin' ny fampiantonana tsy maintsy atao amin' ny fitanterana entana ary noho izany antony izany dia mijanona mihoatra ny valoamby efapolo ora amin' ny toerana iray.

Ny fepetran' ny fampandalovana dia tsy ampiharina raha tsy ho an'ny taratasy filazana fivezivezena omena ny mpamokatra, mpioty vokatra, ny mpanana fitobiam-bokatra sy fitehirizana iharan'ny hetra.

**Andininy 03. 01. 73**

Ny mpitondran'ny entana izay mihantona ny fitaterana nohon' ny tsy fihetsehana voafetra na maharitrin' ny fiara dia tsy maintsy manao filazana any amin' ny mpiasan' ny hetra na ny tobin'ny zandarimaria akaiky indrindra ao anatin' ny fe-potoana valo amby efapolo ora sy alohan' ny fampidinana ny vokatra tanterina.

Ny fe-potoana omena hitondrana dia ampiana ny fe-potoana naharetan' ny fihantonan' ny fitaterana.

Tsy misy fepetra voatokana ho an' ny fampidinana ny vokatra alohan' ny filazana raha tsy misy loza tsy azo anoharana ilaina anaovana izany.

**Andininy 03. 01. 74**

Ireo filazana ny fampandalovana dia tsy maintsy atao an-tsoratra ary milaza ny toerana marina misy ny entana sy ny anton' ny fihantonana ;

Mba isian' ny fangatahana fampandalovana, ny vokatra dia tsy maintsy mivoaka avy any amin'ny mpandefa ary ny taratasy filazana ny fivezivezena izay ampiarahina azy dia manondro ho toerana aleha, toeran- kafa ankoatra ny isian' ny fijanonan' ny fitaterana.

Raha toa ny vokatra lavin' ilay andefasan' entana, dia afaka hanaovana filazana fampandalovana izany, fa ny fametrahana izany dia tsy afaka atao any amin'io nandefasan'entana io.

Ilaina koa ny filazana fampandalovana ho an' ireo vokatra izay nahato ny fitaterana nohon' ny loza

**Andininy 03. 01. 75**

Ny taratasy fandefasana asehon' ny mpitatitra dia apetraka ao amin' ny toeram-piasana misahana ny filazana hatramin' ny fanohizan'ny fitaterana indray.

Ny andraikitry ny manana fametraham-bokatra dia maharitra hatramin' ny fotoana fitohizan' ny fitaterana.Izany fotoana izany (andro sy ora) dia voasoratra amin 'ny litera ao ambadikin' ny taratasy filazana fivezivezena ;

Ny faharetan' ny fijanonana, arakan'ny fanamarihan'ny mpiasan' ny hetra na ny tobin' ny zandarimaria dia miampy ny fe-potoana voasoratra ao amin' ny taratasy fandefasana ; Ny entana dia mijanona toy ny tamin' ny fotoana nametrahana ny taratasy fandefasana mandritra ny fe-potoana ambiny ijanona.

**Andininy 03. 01. 76**

Ny vokatra amin' ny fampandalovana dia tsy maintsy tehirizina anaty fitoerana misaraka amin' ireo vokatra hafa izay an' ny manana trano fametrahana.

Mandritra ny fampandalovana, tsy maintsy mijanona amin' ny toetra ohatran' ny tamin' ny nahatongavany ny vokatra.

Ny raharaha ilaina amin' ny fitahirizana ny vokatra no hany omena alàlana, tsy maintsy atao izany eo anatrehan' ny mpiasan'ny hetra, raha tsy hoe loza tsy azo anoharana izay tsy maintsy hitan'ny mpiasan' ny hetra ifotony haingana na, raha toa tsy misy mpiasan' ny hetra dia ny zandarimaria.

## SOKAJY II
## NY TARATASY FAKANA
## SY NY TARATASY MBAY LALANA

**Andininy 03. 01. 77**

Ny taratasy fakana dia omen' ny mpamokatra, mpioty, manana fametraham-bokatra sy manana fitobiam-bokatra

Ny taratasy mbay lalàna dia ataon' ny mpivarotra, ary amin'ny fakana ny vokatra iharan' ny hetra izay atao eny amin' ny ladoany alefa ho jifaina kosa dia ny mpisan' ny hetra na raha tsy eo ireo dia ny mpandray volan' ny ladoany na izay olona manao raharaha any amin' ny ladoany hoan' ny tenany na hoan'olon-kafa.

Ireo rejisitrin' ny taratasy fakana ny taratasy mbay lalàna dia tsy maintsy voamarika sy misy sonia rango-pohy mialohan' ny mpiasan' ny hetra an-toerana.

**Andininy 03. 01. 78**

Ny filazana fanesorana voalazan' ny andininy 03.01.65 amin' ity lohateny ity dia tsy takiana raha ohatra ka ny Talem-paritry ny hetra dia nanome alalàna ny mpanao filazana, ny rejisitry ny taratasy mbay lalana na ny

taratasy fanesorana .Amin' izany, ny taratasy fototra mikasika ny fandefasana dia mitovy lanja amin' ny filazana fanesorana ka tsy maintsy mampiseho ny fanondroana izay ilaina amin' ny fanoratana azy.

## SOKAJY III
## NY FILAZANA OMBAN'ANTOKA
### I – Ankapoben-javatra

**Andininy 03. 01. 79**

Amin'ny fanomezana ny filazan' omban' antoka, ny mpamokatra ny mpioty, ny manana fametrahan' entana na fitobian' entana dia tsy maintsy manao fanekena ny hamerina amin' ny fe-potoana voalazan' ny andininy 03.01.84 manaraka etoana ny taratasy fanamarinana nahitana fototra ny fahatongavan' ny vokatra any amin' ny toerana alehany izay voalaza ny fivoahany ny tany sy ny fanjakana malagasy, ary manao fanekena handoa, raha toa tsy misy fanamarinana, ny indroan' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana izay iantohan' ny filazan' omban' antoka.

Ankoatr' izany, tsy maintsy manolotra antoka izay miray antoka aminy amin' ny famerenana ny fanamarinan'ny fanalana arakaraka na ny fandoavana ny indroa ny haba voalaza etsy ambony.

Amin' ny tsy fisian' ny antoka, izay manao ny filazan' omban' antoka dia tsy maintsy manoratra ao ny tontalin' ny indroan' ny haba izany.

**Andininy 03. 01. 80**

Ny rejisitry ny filazan' omban' antoka, alohan' ny ampiasana azy dia isaina sy asiana sonia rango-pohin' ny Talem-paritry ny hetra amin' ny faritra iadidiany.izay afaka mamindra ny fahefany

**Andininy 03. 01. 81.**

Alohan' ny anendahana ny filazan' omban' antoka amin' ny taratasy fototra,ny sampandraharaha dia tsy maintsy mampanao sonia ny rejisitrin'ny mpanao filazan' antoka sy ny mpiantoka afaka mandoa raha toa ka ny totalin' ny voalazan' ny andininy 03.01.79 voalaza etsy tsy voasoratra ;

Fa, ny sonian'ny mpadefa sy ny antoka dia azo soloina amin' ny filazana lazain' ny 03.01.65 an' ity fehezan-dalana ity.

Nefa kosa, mba hanamorana ny raharaha mikasika ny fitaterana ny vokatra voalazan'ity toko ity, ny mpanamboatra, mpioty, ny mpanana tranom-pitobiana, ny mpanana trano fitehirizan' entana dia afaka mampanao an' ny mpiantoka azy ny fanekena ankapobeny izay ampiharina tsy misy fanavahana amin' ny filazan'omban' antoka rehetra mety angatahina ao anatin' ny taona iray.

**Andininy 03. 01. 82**

Raha ohatra ka tsy misy mpiasan' ny hetra tokony hanome filazana omban' antoka ao amin' ny toerana fanesorana na ny manodidina ny toerana, ny mpanamboatra, mpioty, mpanana tobin' entana na mpanana fametrahan'entana izay manana vokatra halefa amin' ny alalan' ny taratasy filazana fivezivezena, dia afaka omen' ny Talem-paritry ny hetra alàlana ahafahan'izy ireo manao taratasy fanesorana vonjimaika hoan' ny tenany hatreo amin' ny biraon' ny hetra handalovana voalohany.

Amin' izany, ny sampandraharahan'ny hetra manome azy ireo ny rejisitry ny filazana fanesorana izay tsy maintsy hamarininy ny fampiasana azy. Izany filazalazana fivezivezena izany dia tsy maintsy misy ny toro-marika rehetra.

Amin' ny toerana handalovana voalohany misy mpiasan' ny hetra, ny filazana fanesorana vonjimaika dia soloina filazana omban' antoka izay omena araka ny fomba tsotra.

Raha toa tsy misy mpiasan' ny hetra amin' ny làlana handalovana, na any amin' ny toerana hanaterana, tsy misy filazana fanesorana. Amin' izany toe-javatra izany, ny mpandefa dia tsy maintsy manana filazan' omban'antoka alohan' ny fanesorana raha tsy izany dia iharan' ny sazy natokana ho an' ny fitaterana tsy misy taratasy filazana fivezivezena.
Ireo vokatra mivezivezy miaraka amin' ny filazana fanesorana vonjimaika ivelan' ny toerana izay tsy maintsy hanoloana azy dia heverina ho tsy misy taratasy filazana fivezivezena miaraka aminy ka noho izany dia mety ho giazana. Toy izany koa raha toa ka ny taratasy filazana fanesorana vonjimaika tsy mihatra manontolo amin'ny entana.

### II – Taratasy fanamarinana fanalana arakaraka

**Andininy 03. 01. 83**

Ny filazan' omban' antoka omena mba ampanarahana ny vokatra iharan' ny hetra alefa any ivelany dia halàna arakaraka aorian' ny fanondranana ireo vokatra ireo, fanondranana izay hita fototra ary hamarinin' ny sampandraharahan' ny ladoany. Ny vokatra izay alefa eto an-toerana, na inona na inona fomba fitaterana, dia tsy halàna arakaraka raha tsy aorian' ny fandraisana ny habetsahana voalaza, raha toa ny mpandefa voafehin' ny asan' ny mpiasan' ny hetra na aorian' ny fandoavana ny haba raha toa izany tsy maintsy efaina amin' ny fahatongavana, na aorian' ny fanamarinana materialy ny vokatra raha toa tsy misy fiantohana na tsy misy fandoavan-ketra.

Raha toa ny fitanterana atao amin' ny biraon' ny ladoany mankany amin' ny toerana izay misy ny biraon' ny ladoany hafa, na tsy misy biraon' ny hetra ao amin' io toerana io, na ny tompon' ny entana nalefa tsy manana toeram-pitobiam-bokatra, na fametraham-bokatry ny hetra, ny fanalàna arakaraka dia ataon' ny mpandray volan' ny ladoany izay manao ny fitakian-ketra.

Izany fanalàna arakaraka izany dia atao miaraka amin' ny fanalana arakarakin' ny omban' antokan' ny ladoany izay miaraka amin' ny entana.

**Andininy 03. 01. 84**

Tsy maintsy averina ao anatin' ny fe-potoana roa volana izay manaraka ny fahataperan'ny fe-potoana voafetra hoan' ny fitaterana ny fanamarinana fanalàna arakaraka, raha toa ka ny toerana andefasana ny entana voalaza dia ao anatin' ny faritra, ary ao anatin' ny efa-bolana raha toa ivelan' ny faritra.

**Andininy 03. 01. 85**

Raha nomena fanamarinana fanalàna arakaraka ny taratasy filazan' omban' antoka, na, raha toa misy fahaverezan' izany taratasy fandefasana izany, ka misy fampisehoana dikasolo ara-dalàna an' ireo taratasy fanamarinana fanalana arakaraka, ny teny ifanomezan' ireo mpanao omban' antoka, sy ireo mpiantoka dia foanana, na haverina ny vola napetraka ho antoka afa-tsy ny notazonina ho an' ny haba amin' izay tsy hita tao amin' ny fanaovana fitiliana tamin' ny fahatongavana.

**Andininy 03. 01. 86.**

Raha toa ka misy elanelany eo amin' ny habetsahana ary fantatra fa izany elanelana izany dia avy amin' ny fanovana, na fanampiana na fanesorana, alàna amin' ny taratsy filazan' omban' antoka ny habetsahana izay hita ankoatran' ny fitanana an-tsoratra mety ho atao.

Raha toa ka ambany ny elanelany, tsy maintsy manefa ny habetsahana tsy ampy aorian' ny fanomezana fihenan-ketra aterakin' ny zava-miseho eo am-pitaterana ny mpandefa vokatra. Raha ambony ny elanelany, tsy maintsy manefa ny vola amin' ny mihaotra ny mpandray ny vokatra nalefa.

**Andininy 03. 01. 87**

Raiketina an-tsoratra eny amin' ny toerana ahatongavan' ny vokatra ny fanamarinam-panalana arakaraka.Tsy maintsy omena ny taratasy dikasolo isaky ny misy fitakiana.

### III - Fandavana ny taratasy fanamarinana ny fanalana arakaraka

**Andininy 03. 01. 88**

Tsy mahazo manome taratasy fanamarinana ny fanalana arakaraka ho an' ny vokatra tsy naseho, na naseho fa taorian' ny fitsaharan' ny fotoana voafetran' ny taratasy filazan' omban' antoka, na ho an' ireo izay tsy mitovy karazana amin' izay voalazan' ny taratasy filazan' omban' antoka ny mpiasan' ny hetra.

### IV- Fahalaniana Paikandro

**Andininy 03. 01. 89**

Raha toa ka tsy tafaverina ao anatin' ny fe-potoana voalazan' ny andininy 03.01.84 etsy ambony ny taratasy fanamarinana ny fanalana arakaraka ary raha toa tsy misy petra-bola teo amin' ny fiaingana, ny mpiasan' ny hetra dia tsy manome taratasy fanefan-ketra ho an' ny mpandefa entana sy ny taratasy mandidy ny fandoavan-ketra ho an' ny mpandefa entana sy mpiray antoka aminy mba hanefa ny haba voalazan' ny fanekena natao.
Tsy maintsy mitory ny sampandraharahan'ny hetra, amin'ny sazin-panonganana, ao anatin'ny enim-bolana manomboka eo amin'ny fahataperan'ny fe-potoan'ny fitanterana.

**Andininy 03. 01. 90**

Raha toa tafaverin' ireo mpandefa entana ao anatin'ny fe-potoana enimbolana aorian' ny fahataperan' ny fe-potoana ambaran' ny filazana, ny taratasy fanamarinana fanalana arakaraka ara-dalàna, dia averina amin'izy ireo ny vola naloa.

Aorian’ ny enim-bolana dia tsy misy fitakiana azo atao, ny haba dia mirotsaka any amin’ ny tahirim-bolam-panjakana toy ny fakana ny hetra mahazatra hatramin’ ny totalin’ ny hetra, ary ny ambiny atao lamandy.

**Andininy 03. 01. 91**

Raha toa hita fa hosoka ny taratasy fanamarinana ny arakaraka, ny mpandefa sy ny mpiantoka dia tsy voatana afatsy amin’ ny fanamelohana amin’ ny ady tsotra fotsiny araka ny filazany, tsy manakana ny fanenjehana an’ izay tokony hanaovana an’ izay, toy ny amin’ ny fanaovana soratra an-kosoka na ovaina.

Ny sampandraharahan’ ny hetra manana efa-bolana mba ahitana ny fahamarinan’ ny taratasy fanamarinana fanalana arakaraka sy hanaovana fitoriana. Aorian’ io fe-potoana tsy afaka manao fangatahana intsony izy.

**Andininy 03. 01. 92**

Ny fahalanian’ ny paikandro efabolana voalaza etsy ambony dia tsy ampiasaina amin’ ny ady heloka madinika izay aterakin’ ny fandikan-dalana mikasika ny hetra.

Izany ady heloka izany dia atao ao anatin’ ny fe-potoana sy ny fomba mahazatra.

**V - Fihenan-ketra aterakin’ny zava misy eo am-pitanterana na Fahaverezana mandritra ny fitaterana**

**Andininy 03. 01. 93**

Afatsy ny fisian’ ny fiahiana hosoka sy ny fanararaotam-pahefana, azo omena ny vokatra alefa miaraka amin’ ny taratasy filazana omban’ antoka ny fisitrahan’ ny fanomezana fanafahan-ketra raha toa ny fantiantoka dia avy amin’ ny toetran’ ny vokatra entina sy ny lalana nodiavina dia feran’ ny fanapahan’ ny Tale-jeneralin’ ny hetra.

Ny tahan’ny fihenan-ketra ateraky ny zava-misy eo am-pitanterana araka ny toetran’ ny vokatra dia feran’ ny Talem-paritry ny hetra.

**Andininy 03. 01. 94**

Afatsy ny fahaverezana tsy nahy voaporofo marina, ny fatiantoka rehetra ambonin’ ireo taha ireo dia hanefana haba ary toy izany koa ireo voasaron’ ny fanomezana araka izay voalaza etsy ambony nefa tsy voaporofo dia tsy heken’ny sampandraharahan’ ny hetra.

Na inona na inona, ny fampihenana voafetran’ ny fihenan-ketra aterakin’ ny zava misy eo am-pitaterana dia tsy azo omena raha toa ny fahabangana nozahana hita fototra ara-dalàna dia tsy avy amin’ ny fahasimbana azo mandritran’ ny fitaterana.

**Andininy 03. 01. 95**

Raha miseho tsy nahy ny fahaverezan’ ny entam-barotra hiaran’ ny hetra izay mivezivezy amin’ ny alalan’ ny filazan’ omban’ antoka, ny mpamily dia tsy maintsy mampizaha ifototra eo noho eo izany ny mpiasan’ny hetra na, raha tsy misy izany, ny mpiasam-panjakana nahavita fianianana ara-dalàna.

Ny mpiasan’ ny hetra na ny mpiasam-panjakana dia tsy maintsy milaza marina fa ny vokatra very dia izay voalaza ao amin’ ny filazana omban’ antoka, manaraka tsara ny filazalazana voarakitra ao anaty taratasy fivezivezena, manaraka tsara ny làlana voatondro ary ny fe-potoana nomena amin’ ny fitaterana dia tsy mbola tapitra.

Raha toa misy izany, tsy maintsy mandinika izy raha misy faritra ranon-javatra miraraka eo amin’ ny tany, raha tsy nokitihina ny saron’ ny fitoerana ary raha tsy misy tsentsina na faritra ranon-javatra mety heverana ny fisian’ ny fanesorana.

Raha toa ampahany ny fahaverezana, ny fitaterana dia azo tohizana amin’ ilay filazan’ omban’ antoka tovanana fitanana an-tsoratra ara-panjakana milazalaza ny loza.

Raha izy rehetra no very, tazonin’ ny mpiasan’ ny hetra na ny mpiasam-bahoaka nanao ny fizahana ifototra ny filazan’ omban’ antoka ary alefany miaraka amin’ny fitanana an-tsoratra ara-panjakana any amin’ ny Talem-paritry ny hetra.

**SOKAJY IV**
**TARATASY FANAFAHAN-KETRA**

**Andininy 03. 01. 96**

Manome taratsy fanafahan-ketra hoan’ ny fanesorana vokatra afahana amin’ ny hetra ny mpiasan’ny hetra.

Ny rejisitry ny taratasy fanafahan-ketra dia isaina sy asiana sonia rango-pohin' ny mpiasan' ny hetra mpisafo na mpitsapa alohan' ny ampiasan'azy.

Raha misy taratasy fanafahan-ketra omena mba hitondrana vokatra nafarana, dia tsy maintsy asiana sonia fanamarinan' ny mpandray hetran' ny ladoany alohan' ny fanesorana.

Torak' izany, rehefa any amin' ny toerana ahatongavana, ny sonia fanamarinan'izany taratasy izany dia tsy maintsy atao eo anivon' ny mpiasan' ny hetra amin' ny faritra iadidiany izay misy ny toerana ahatongavana.

Tsy maintsy misy sonia fanamarinana izay voalaza etsy ambony vao afaka mampiasa malalaka ny vokatra.

## TOKO VII
## NY ANDRAIKITRA SAMIHAFA NY MPANDOA HETRA
## SOKAJY I
## FOMBA FITANANA NY REJISITRA

### I - Rejisitrin'ny fanamboarana

**Andininy 03. 01. 97**

Ireo izay mpamokatra, mpanomana na mpioty vokatra iharan' ny hetra eo ambanin' ny fitsipika ny asa dia tsy maintsy mitazona arak' andro rejisitrin' ny fanamboarana.

Ny firafitr'io rejisitra io dia feran' ny fanapahan'ny Talem-paritry ny hetra, ifanarahana amin' ny mpanamboatra, izay araka nytoetran' ny vokatra namboarina.

**Andininy 03. 01. 98**

Ny rejisitry ny fanamboarana alohan'ny ampiasana azy, voalaza eo aminin' ny andininy etsy ambony dia tsy maintsy asiana isa sy sonia rango-pohin' ny mpiasan' ny sampandraharahan'ny hetra amin' ny faritra iadidiany ary ampiasaina tsy misy soratra sy elanelany.

Voarara ny fikikisana ary ny takosona na ny soratra mihoatra, ireo dia tsy maintsy voamarina.

**Andininy 03. 01. 99**

Hoan' ny vokatra ilana fitazonana kaonty manokana, ny firafitrin' ny rejisitrin' ny fanamboarana dia mety ahazoana alàlana avy amin' ny Talem-paritry ny hetra.

**Andininy 03. 01. 100**

Ny mpandoa hetra voakasik'izany no miantoka ny rejisitry ny fanamboarana ary torak' izany koa ny lany

### II - Rejisitry ny filazana fivezivezena

**Andininy 03. 01. 101**

Ny amin' ny fandefasana vokatra iharan' ny hetra, ny mpanamboatra, ny mpanana trano fitobiam-bokatra dia tsy maintsy manome na omena taratasy filazana fivezivezena araka ny fepetra voalazan' ny andininy 03.01.63 sy ny manaraka an' ity fehezan-dalàna ity.

## SOKAJY II
## fametrahana fanambaràna fanjifana ny vokatra
## Fandoavana ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana

**Andininy 03.01.102**

Ny mpanamboatra ny vokatra iharan' ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniana dia tsy maintsy manao filazana ny habetsahana, sara handoavan-ketra ary manefa ny haba mifanaraka amin' izany eny amin' ny mpandray vola ao amin' ny faritra iadidiany, farafahatarany ny dimy ambin' ny folon' ny volana manaraka ny volan' ny fanamboarana na ny fandefasana fanjifana ny vokatra.

Nefa kosa, ho an' ny mpanafatr' entana, ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana dia tsy maintsy anaovana fanambaràna ary efaina eny amin' ny foiben-ketra amin' ny faritra mahefa alohan' ny fanesorana any amin' ny ladoany.

**Andininy 03.01.103**

Ny fifanolanana amin' ny hetra tsy mivantana amin' ny fandaniana dia manaraka ny fitsipika voalazan' ny Lohateny II sy IV ao amin' ny Boky III ao anatin' ity fehezan-dalàna ity.

**SOKAJY III**
**FITSIRIHANA SY FANARAHA MASO**

**Andininy 03. 01. 104**

Ireo mpanamboatra, mpamokatra, mpanana trano fitobiana na trano fitehirizana ny vokatra iharan' ny hetra dia tsy maintsy manaiky ny fitsirihana sy ny fanaraha-maso izay tontosain' ny mpiasan' ny hetra araka ny fepetra mikasika ny famaizana fandikan-dalàna.

**SOKAJY IV**
**FANOHIZANA NY ASA MANARAKA NY FIZARAN-TAONA**

**Andininy 03. 01. 105**

Ireo mpioty na mpanamboatra mpanana trano fitobiam-bokatra na manana trano fitehirizam-bokatra nahazo alàlana, isan-taona, iray volana, alohan' ny fanombohan' ny asa, raha toa izy tsy miasa amin' ny fotoana maharitra, dia tsy maintsy manao filazana amin' ny Talem-paritry ny hetra mikasika ny fanohizan' ny asam-piotazana na fanamboarana, ary raha toa misy fiovana entina amin' ny fandraharahana hatramin' ny fitsaharan' ny asa farany.

**SOKAJY V**
**FITSAHARANA AMIN'NY ASA**

**Andininy 03. 01. 106**

Ireo mpanamboatra, mpioty, mpanana fitobiam-bokatra, na fitehirizam-bokatra izay mitsahatra amin' ny asany dia tsy maintsy manao filazana amin' ny mpiasan' ny hetra amin' ny faritra iadidiany, izay manao fitanana an-tsoratra ny isan' ny zavatra tafajanona ao amin' ny magazay, ary tsy maintsy manefa ny haba sy sara tokony aloha amin' ny habetsaham-bokatra nisaina sy ny tsy ampy raha toa misy izany.

**ANNEXE**
**TABLEAU DU DROIT D'ACCISES**

Ovaina toy izao manaraka izao ny tabilaon' ny sara alainaamin' ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniana :

| TARIF NUMERO | | | | DESIGNATION DES PRODUIT | Taux et Tarif | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | local | Import |
| 22 03 | 00 | | | Bières de malt | | |
| | | | 10 | ---D'un titre alcoolique de 4° ou moins ......……….. | 53 | 69 |
| | | | 90 | ---D'un titre alcoolique de plus de 4° ……..………… | 53 | 69 |
| 22 04 | | | | Vins de raisins frais, y compris les vins enrichis en alcool ; moûts de raisin autres que ceux du n°20.09 | | |
| | 10 | | | -Vins mousseux : | | |
| | | | 10 | ---De champagne ………………………..…………… | 140 | 225 |
| | | | 90 | ---Autres ………………………………..…………... | 140 | 225 |
| | | | | -Autres vins; moûts de raisins dont la fermentation a été empêchée ou arrêtée par addition d'alcool : | | |
| | 21 | 00 | | --En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l ……………………………………………………… | 40 | 69 |
| | 29 | | | --Autres | | |
| | | | | ---Vins (autres que les vins de liqueur et assimilés et les vins mousseux) provenant exclusivement de la fermentation des raisins frais ou du jus de raisin frais : | | |
| | | | 11 | ----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l ……………………………………………………. | 40 | 69 |
| | | | 19 | ----Autres ….……………………………………….. | 40 | 69 |
| | | | | ---Vins de liqueur, mistelles ou moûts mutés à l'alcool, provenant exclusivement de raisin frais ou du jus de raisin frais: | | |
| | | | 21 | ----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l …………………………………………………… | 135 | 205 |
| | | | 29 | ----Autres ….………………………………………… | 135 | 205 |

| TARIF NUMERO | | | DESIGNATION DES PRODUIT | Taux et Tarif | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | local | Import |
| | | | ---Vins vinés : | | |
| | | 31 | ----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l ………………………………………………… | 40 | 69 |
| | | 39 | ----Autres …………………………………………….. | 40 | 69 |
| | | 90 | ---Autres ……………………………….. ………… | 40 | 69 |
| | 30 00 | | -Autres moûts de raisin ……………………..……. | 40 | 69 |
| 22 05 | | | Vermouths et autres vins de raisins frais préparés à l'aide de plantes ou de substances aromatiques. | | |
| | 10 | | -En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l | | |
| | | 10 | ---Vermouths ………………………………………… | 135 | 205 |
| | | 90 | ---Autres ..............……………………………..... | 135 | 205 |
| | 90 | | -Autres : | | |
| | | 10 | ---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l …………………………………………………… | 135 | 205 |
| | | 90 | ---Autres ..........…………………………………….. | 135 | 205 |
| 22 06 | 00 | | Autres boissons fermentées (cidre, poiré, hydromel, par exemple); mélanges de boissons fermentées et mélanges de boissons fermentées et de boissons non alcooliques, non dénommées ni comprises ailleurs. | | |
| | | | ---Cidre, poiré et hydromel présentés : | | |
| | 11 | | ----En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l…………………………………………………….. | 40 | 69 |
| | 19 | | ----Autres .............…………………………………... | 40 | 69 |
| | 90 | | ---Autres boissons fermentées (betsabetsa, jus fermenté de cocotier,etc) ………………….. ……… | 40 | 69 |
| 22 07 | | | Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus; alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres. | | |
| | 10 00 | | -Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus... | 170 | 170 |
| | 20 00 | | -Alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres ………………………………………………… | 170 | 170 |
| 22 08 | | | Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de moins de 80p.100 vol; eaux-de-vie, liqueurs et autres boissons spiritueuses. | | |
| | 20 | | -Eaux-de-vie de vin ou de marc de raisin : | | |
| | | 10 | ---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l……………………………………………………..... | 140 | 205 |
| | | 90 | ---Autres .........……………………………………… | 140 | 205 |
| | 30 | | -Whiskies : | | |
| | | 10 | ---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l ……………………………………………………. | 180 | 326 |
| | | 90 | ---Autres ..........……………………………………... | 180 | 326 |
| | 40 | | -Rhum et tafia : | | |
| | | 10 | ---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l……………………………………………………. | 140 | 205 |
| | | 90 | ---Autres ..........……………………………………. | 140 | 205 |
| | 50 | | -Gin et genièvre : | | |
| | | 10 | ---En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l ……………………………………………………. | 140 | 205 |
| | | 90 | ---Autres ...............……………………………… | 140 | 205 |
| | 60 00 | | -Vodka ............……………………… …………. | 140 | 205 |

| TARIF NUMERO | DESIGNATION DES PRODUIT | Taux et Tarif | |
|---|---|---|---|
| | | local | Import |
| 70 00 | -Liqueurs ………………………… ……………….. | 140 | 205 |
| 90 | -Autres : | | |
| | ---Boissons spiritueuses, titrant en alcool (acquis et en puissance) : | | |
| 11 | ----moins de 15°.......………………… ………….. | 140 | 205 |
| 12 | ----15° et plus .......………………… ……………….. | 140 | 205 |
| 90 | ---Autres ........…..............…………….. ………… | 140 | 205 |
| | | | |
| 24 01 | Tabacs bruts ou non fabriqués ; déchets de tabac | | |
| 10 00 | -Tabacs non écotés……………………………….. | ex | 5 |
| 20 00 | -Tabacs partiellement ou totalement écotés……… | ex | 10 |
| 30 00 | -Déchets de tabac…………………………………… | ex | 10 |
| | | | |
| 24 02 | Cigares (y compris ceux à bouts coupés), cigarillos et cigarettes, en tabac ou en succédanés de tabac | | |
| 10 00 | -Cigares (y compris ceux à bouts coupés) et cigarillos, contenant du tabac ……………………… | 242 | 270 |
| 20 00 | -Cigarettes contenant du tabac ……………………. | 150 | 250 |
| 90 00 | -Autres ………………………………………………… | 150 | 250 |
| | | | |
| 24 03 | Autres tabacs et succédanés de tabac, fabriqués; tabacs "homogénéisés" ou "reconstitués"; extraits et sauces de tabac. | | |
| 10 00 | -Tabac à fumer, même contenant des succédanés de tabac en toute proportion ……………………….. | 80 | 150 |
| | -Autres : | | |
| 91 00 | --Tabacs "homogénéisés" ou reconstitués"………. | 80 | 150 |
| 99 | --Autres : | | |
| 10 | ---Tabac à mâcher : ……………………………….. | 44 | 80 |
| 20 | ---Carottes, poudre à priser (poudre pure)………... | 60 | 120 |
| | | | |
| | **DESIGNATION DES SERVICES :** | | |
| | Communication par téléphonie :……………………. | 7 | 7 |

Soloina toy izao manaraka izao ny andinindininy raiketin'ny LOHATENY II ao amin'ny FIZARANA III - BOKY I

**LOHATENY II**
**HABA SY HETRA SAMIHAFA**
**TOKO I**
**HABA MANOKANA ALAINA AMIN'NY ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA, PARAKY VOAHODINA ARY NY LALAO MIANKINA AMIN'NY KISENDRASENDRA**
**SOKAJY I**
**FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 03.02.01**

Foronina ny haba manokana alaina amin'ny zava-pisotro misy alikaola, paraky voahodina ary ny lalao miankina amin'ny kisendrasendra. Ireo mpamboatra sy mpanafatra avy any ivelany zava-pisotro misy alikaola sy paraky voahodina, ary ny mpitrandraka lalao miankina amin'ny kisendrasendra no mandoa ny haba, amin'ny alalan'ny filazana izay apetrany any amin'ny Foiben-ketra misy ny toerana anaovany ny raharahany.

**SOKAJY II**
**TAHA SY FOMBA FAMORIANA NY HABA MANOKANA**

**Andininy 03.02.02**

Ny taha, ny fomba amerana sy amoriana ny haba manokana dia ho faritana amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana iombonan'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra sy ny Minisitra miandraikitra ny Tanora sy ny Fanatanjahantena.

**SOKAJY III**
**FANOKANANA NY VOKATRY NY HABA MANOKANA**

**Andininy 03.02.03**

Ny vokatry ny haba manokana alaina amin'ny zava-pisotro misy alikaola, paraky voahodina ary ny lalao miankina amin'ny kisendrasendra dia atokana ho an'ny Tahirim-pirenena ho amin'ny Fampivoarana sy Fampandrosoana ny Tanora, ny Fanatanjahantena ary ny Fialam-boly (TAFITA)

**SOKAJY IV**
**FEPETRA SAMIHAFA**

**Andininy 03.02.04**

Ireo mpandoa hetra voakasik'ity haba ity dia tsy maintsy manao filazana ny habetsaky ny vokatra na ny sora-bola voan'ny hetra, ary mandoa ny haba mifandraika amin'izany any amin'ny Mpandray vola momba ny hetra miadidy ny faritra misy azy ny faha-15 n'ny volana manaraka ny telovolana nanamboarana ny vokatra na nandraisana ny vidin'ny vokatra farafahatarany.

**Andininy 03.02.05**

Ny sazy voafaritra ao amin'ny andininy faha 03.01.114 ka hatramin'ny 03.01.119 dia ampiharina amin'ity haba manokana ity, araka izay tandrify azy.

**TOKO II**
**FAKANA MIALOHA AMIN'NY LABIERA**
**SOKAJY I**
**FEPETRA ANKAPOBENY**

Anaovana fakana mialoha ny famokarana labiera. Izany fakana mialoha izany dia aloan'ny mpanamboatra labiera, ary kajiana isam-bolana arakaraky ny habetsahan'ny vokatra lafony nandritra ny volana teo aloha.

**SOKAJY II**
**TAHAN'NY FAKANA MIALOHA**

**Andininy 03.02.07**

Ny tahan'ny fakana mialoha amin'ny labiera dia ferana ho ariary isaky ny litatra.
Afahana amin'ity fakana mialoha ity ireo labiera novokarina ka aondrana any ivelany miaraka amin'ny taratasy manaraka entana.

**SOKAJY III**
**FANOKANANA NY VOKATRY NY FAKANA MIALOHA**

**Andininy 03.02.08**

Ny vokatry ny fakana mialoha amin'ny labiera dia atokana ho famatsiam-bola ny ady atao amin'ny hosoka amin'ny fandoavan-ketra, ary arotsaka anatin'ny kaontim-pametraham-bola ao amin'ny Mpandray Vola Ankapobe eto Antananarivo, izay misoratra amin'ny anaran'ny Foibem-pitondrana Ankapobe momba ny Hetra.

**SOKAJY IV**
**ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA**

**Andininy 03.02.09**

Ny mpamokatra labiera rehetra dia tsy maintsy manao filazana ireo vokatra voan'ny fakana mialoha ary mandoa ny hetra mifanandrify amin'izany ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andro voalohany amin'ny volana manaraka ny volana namoahana ny entana hampiasaina. Raha tsy voaloa ao anatin'ny fotoana tsy maintsy nanaovana izany ny haba, dia ampiharina ireo paika momba ny fitakiana ny hetra tsy mivantana mivantana alaina amin'ny fandaniana.

**TOKO III**
**FAKANA MIALOHA AMIN'NY VOKATRA AZO AMIN'NY KILALAO**

**Andininy 03.02.10**

Ny vokatra tsy afa-karatsaka amin'ny lalao ara-bola fanao anaty trano filokana, ary ny zavatra rehetra aroso eo amin'ny vahoaka ka manome fanantenana vola azo amin'ny kisendrasendra, ao anatin'izany ny loka itambarana rehetra sy ny hazakazan-tsoavaly dia voan'ny fakana mialoha 30 isan-jato izay manala amin'ny fandoavana ny haba amin'ny tataom-bidy, izay harotsaka ao amin'ny teti-bolam-panjakana ankapobe.

**Andininy 03.02.11**

I. Ho an'ny vokatra tsy afa-karatsaka amin'ny lalao ara-bola fanao anaty trano filokana, ny vola miditra isan-taona iharan'ny fakana mialoha dia ny vola iray manontolon'ny lokam-bola atao ao an-trano filanonana sy ao an-trano filokana.

Ny tontona dia ny vokatra tsy afa-karatsaky ny lalao, izany hoe ny totalin'ny sara raikitra, ireo fakàna mialoha na sara voahangona ho an'ny trano filanonana na ny trano filokana noho ny nisian'ny mpifaninana.

Ny vola miditra isam-bolana dia anaovan'ny filohan'ny komitin’ny lalao, filazàna ao amin'ny Sampandraharahan'ny hetra mahefa eo an-toerana.

Ny hetra mikasika ny volana lasa dia takiana ao anatin'ny fe-potoana telo andro manomboka amin'ny fahataperan'io volana io, ary tsy maintsy voarotsaka any amin’ny Mpandray vola momba ny hetra eo anivon’ny Foiben-ketra mahefa eo an-toerana.

II. Ho an’ny zavatra rehetra aroso eo amin'ny vahoaka ka manome fanantenana vola azo amin'ny kisendrasendra, ny fakana mialoha dia kajiana avy amin’ny volan-doka tsy afa-karatsaka voahangona.

Io fakana mialoha io dia andraikitry ny mpikarakara ny mitazona azy ary mandrotsaka izany any amin'ny Sampandraharahan'ny hetra mahefa eo an-toerana, ao anatin'ny folo andro manaraka ny fisarihana, amin'ny alalan’ny taratasy fandrotsaham-bola atao dika roa mitovy.

Ankoatra ny sazy voatondro ao amin'ny andininy 02.06.94 -III sy ny fandoavana ny sara tsotra takiana, ny tsy fametrahana io taratasy fandrotsahana io dia andoavana lamandy Ar 40.000

**<u>Andininy 03.02.12</u>**
Ny trano filalaovana sy ny trano filokana, dia tsy maintsy mitana an-tsoratra ny kaontim-bola miditra sy mivoaka araka ny Drafi-pitanan-kaonty ankapobe manankery (Plan Comptable Genéral).

Ankoatra izany, dia terena koa izy ireo hitazona kaotim-bola fanampiny momba ny lalao, araka ny fepetra izay soritana amin'ny didim-panjakana.

Ovàna toy izao manaraka izao ny lohaten’ny LOHATENY III:

**LOHATENY III**
**NY FIKAJIANA SY NY FAMORIANA HO AN’NY HABA TSY MIVANTANA**
**TOKO I**
**FIKAJIANA SY FAMORIANA**

**<u>Andininy 03.03.01</u>**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy :
“Ny sara, ny haba sy ny vola miditra ho an’ny haba tsy mivantana dia kajiana ary voriana eny anivon’ny Foiben-ketra mahefa eo an-toerana.”

**<u>Andininy 03.03.04</u>**
Amin’ny faran’ity andininy ity, ampiana andalana iray mivaky toy izao :
“Ny fitantanana ny vola miditra ho an’ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandaniana dia hanomezana tambi-karama iray isan-jaton’ny vola tafiditra, ary zaraina amin’y fotoana voafaritra sy araka ny fepetran’ny Fanapahana ataon’ny Ministra miandraikitra ny fanapahana ara-ketra izay afaka mamindra ny fahefany amin’ny Tale jeneralin’ny hetra.”

**<u>Andininy 03.03.05</u>**
Foanana ny fepetran’ity andininy.

**<u>Andininy 03.03.06</u>**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin’ity andininy ity :
“Eo amin’ny fikajiana ny haba tsy mivantana alaina amin’ny fandaniana dia esorina amin’ny haba hefaina, raha misy izany, ny fanesorana voalazan’ny didy amam-pitsipikiny ny andininy 03.01.40.”

Foanana ny fepetra voalazan’ny TOKO II ao amin’ny LOHATENY III

**TOKO II**
**FANENJEHANA**

**TOKO III**
**FIANTOHANA NY HABA**

**<u>Andininy 03.03.15</u>**
Soloina ny “Tale-paritanin’ny Hetra” amin’ny “Tale-paritrin’ny Hetra”

**Andininy 03.03.17**
Soloina ny “Tale-paritanin’ny Hetra” amin’ny “Tale-paritrin’ny Hetra” eo amin’ny an-dàlana voalohan’ity andininy ity.

**Andininy 03.03.19**
Soloina ny “Tale-paritanin’ny Hetra” amin’ny “Tale-paritrin’ny Hetra” eo amin’ny an-dàlana faharoan’ity andininy ity.

**TOKO IV**
**TROSAN-KABA EO AMPIANGAN’NY VOKATRA**
**TROSAN-KABA**

**Andininy 03.03.20**
Soloina ny “Talen’ny Tahirim-bolam-panjakana” amin’ny “Tale jeneralin”ny Tahirim-bolam-panjakana”

**a-Trosan-kaba eo ampiangan’ny vokatra**

**Andininy 03.03.23**
Soloina eo amin’ny andalana voalohan’ity andininy ity ny hoe : “Talen’ny Tahirim-bolam-panjakana” amin’ny “Tale jeneralin”ny Tahirim-bolam-panjakana”

**b- Trosan-kaba**

**Andininy 03.03.26**
Soloina eo amin’ny andalana voalohany sy fahatelon’ity andininy ity ny hoe : “Talen’ny Tahirim-bolam-panjakana” amin’ny “Tale jeneralin”ny Tahirim-bolam-panjakana”.

**Andininy 03.03.27**
Soloina eo amin’ny andalana voalohany sy faharoan’’ity andininy ity ny hoe : “Talen’ny Tahirim-bolam-panjakana” amin’ny “Tale jeneralin”ny Tahirim-bolam-panjakana”.

**Andininy 03.03.29**
Soloina ny “Tale-paritanin’ny Hetra” sy “Talen’ny Tahirim-bolam-panjakana” amin’ny hoe “Tale-paritrin’ny Hetra” sy “Tale jeneralin’ny tahirim-bolam-panjakana”.

**TOVANA VOALOHANY**
**MODELIN’NY TARATASIM-PIANTOHANA HO AN’NY FANEFANA IREO HABA MIKASIKA NY FAKANA NY VOKATRA AMIN’NY ALALAN’NY FILAZANA OMBAN’ANTOKA**

Ovàna ny rijan-teny “Faritany” sy “Tale-paritanin’ny hetra” amin’ny hoe “ “Faritra” sy “Tale-paritry ny hetra”.

Foanana ireo fepetran’ny FIZARANA FAHA DIMY “Fepetra manokana ho an’ny vokatra hanaovana ny fanaraha-maso ara-panjakana” aminin’ ny BOKY VOALOHANY

**BOKY II**
**HETRAN’NY VONDROM-BAHOAKA**
**LOHATENY VII**
**FITSIPIKA ARA-KETRA HO AN’NY LALAO**

Foanana ny andinindininy raiketin’ny TOKO III:

**TOKO III**
**FAKANA MIALOHA AMIN’NY VOKATRY NY LALAO**

Ovàna toy izao manaraka izao ny lohaten’ny Fizarana VI:

**FIZARANA VI**
**HABA AMIN’NY TATAOM-BIDY (TVA)**
**TOKO II**
**SEHATRA FAMPIHARANA**
**SOKAJY II**
**Olona sy orinasa iharan’ny haba**

**Andininy 06.01.04**
a) Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana voalohany amin’io andininy io :

« Ny olona rehetra na sampandraharaha izay manana vola maty afak'haba mihoatra na mira Ar 200.000.000 isan-taona dia tsy maintsy iharan'ny TVA ».

b) Ampio andalana faha 3 mirafitra toy izao manaraka izao :
« Na izany aza nefa, ireo olona izay manana vola maty afak'haba latsaky ny Ar 200 000 000 ka mangataka dia afaka misafidy ho an'ny lalàna momba ny TVA raha toa ka voamarin'ny mpanamarina kaonty ireo fitanan-kaontiny. »

Ovàna toy izao manaraka izao ny lohaten'ny Sokajy III:

**SOKAJY III**
**Vokatra sy raharaha tsy voan'ny haba**

**Andininy 06.01.06**
Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ity andininy ity:
"Tsy ampiharana haba:

**1°** Ny saram-pianarana aloa ho sandan'ny fampianarana ankapobe, teknika na matihanina ;

**2°** Ny zana-bola omen'ny Tahirim-bolam-panjakana;

**3°** Ireo raharaha, afa-tsy ny raharaha fitahirizana sy fitantanana, momba ny petra-bolan'ny sosaiety na fikambanana,ireo taratasim-bola notrosaina ary ireo sora-pizakana hafa, ankoatra ireo sora-pizakana entana sy petra-bola izay manome, araka ny lalàna na araka ny tokony ho izy, fizakana manarampo fananana mifaka na ampahana fananana mifaka;

**4°**a- Ny zana-bolan'ny trosa, petra-bola, antoka voalazan'ny andininy 01.04.02 avy amin'ny banky izay manana foibe eto Madagasikara;

b- Ny zana-bola alain'ny orinasa mpampindram-bola amin'ny famatsiam-bola avy amin'ny fandoavam-bola sy sonia omena ny mpanjifa;

c- Ny zana-bola azo avy amin'ny petra-bola sy vola nampidramina ny mpikambana ao amin'ny andrim-pamatsiam-bola madinika.

**5°** a- Ny fifanekem-piantohana aro aina sy tahiry ho an'ny sarambabem-bahoaka ifanaovana amin'ny fikambanam-piantohana manana foibe eto Madagasikara;

b- Ny fifanekem-piantohana tambabe ifanaovana amin'ny fikambanam-piantohana manana foibe eto Madagasikara ary ahazoana fanampiam-bola fisotroan-dronono, na ahazoana renivola raikitra raha misy fahafatesana am-perin'asa;

**6°** Ny fanjifàna rano madio sy herin'aratra ho an'ny olona tsirairay ho filàna ao an-tokatranony hatramin'ny 10 $m^3$ ny rano, ary 100 KWh ny herinaratra;

**7°** Ny fisahanan-draharaha atao amin'ny fikarakaram-pahasalamana ;

**8°** Ny fanafarana sy fivarotana fanafody;
Ny fivarotana ny zavatra sy kojakoja fampiasa amin'ny fanamboarana fanafody sy ireo zavatra famonosana voatokana amin'ny fivarotana antsijarany azy;

Ny tombontsoa amin'ny fanafahan-kaba dia tsy azo omena raha tsy nahazoana "attestation de destination» nataon'ny mpanamboatra fanafody izay nekena sy voamarin'ny Sampandraharahan'ny hetra mialoha ireo zavatra sy kojakoja ireo.

**9°** Ny fanafarana sy ny fivarotana taratasy fanaovan-gazety; ny fanafarana, ny famoahana sy fivarotana gazety sy revio, afa-tsy ny vola miditra avy amin'ny famoahana dokam-barotra sy filazàna;

**10°** Ny fanafarana sy fivarotana hajia paositra sy vola manakery;

**11°** Ny fanafarana sy fivarotana boky sy boky voazaitra sy mifono taratasy sy taratasy vita printy manana endrika fanabeazana sy fampianarana;

**12°** Ny fanafarana sy fivarotana fitaratra solomaso mpanitsy;

**13°** Ny fanafarana sy ny fivarotana ireo kojakoja fampiasa manokana amin'ny fambolena;

Ny fanafarana sy ny fivarotana ny ovy fanao masomboly vaovao na nampangatsiahina, katsaka ary vary akotry.

**14°** Ny fanafarana na ny fivarotana ny « Tracteurs » ilaina amin'ny fambolena: « Motoculteurs" sy ny hafa;

**15°** Ny fanafarana entana voalazan'ny andininy faha-2 ka hatramin'ny faha-33 amin'ny didim-pitondrana laharana faha-1945 tamin'ny 17 novambra 1960 ho fampiharana ny andininy faha 240 amin'ny Fehezan-dalàna momba ny fadin-tseranana;

**16°** Ankoatra ny fifanarahana nifanaovana, ireo entana na saikin'asa izay novidiana na azon' ny olona voatendrin'ny fanjakana hanao firaharahana amin'ny fanjakana hafa na olona avy amin'ny masoivohom-panjakana mipetraka any an-tany hafa ary ireo olona mahazo fahefana eto Madagasikara ka manana satan'ireo olona voatendrin'ny fanjakana hanao firaharahana amin'ny fanjakana hafa tamin'ny olona iharan'ny lalàna ara-ketra;

**17°** Ny fanafarana sy ny fivarotana lay misy ody moka sy mosquitos;
Ny entana voasoritry ny 8°, 9°, 10°, 11°, 12°, 13°,14° sy 17°, dia natao anaty lisitra fanampiny.

**18°** Ny fitaterana olona sy entana an'abakabaka sy an-dranomasina miondrana na avy any ivelany;

**19°** a- Ny saram-pidirana sy ny latsakemboky ny mpikambanan"ny foibe-pitatanana mandritry ny telo taona voalohany niforonany;

b- Ny vokatry ny fihetsehana natokana ho an'ny fiofanana na fampahafantarana ny mpikambana omen'ny foibe-pitatanana."

**Andininy 06.01.07**
Foanana ny fepetra voalazan'io andininy io.

Foronina ny Sokajy IV mirafitra toy izao manaraka izao:

**SOKAJY IV**
**VOKATRA SY RAHARAHA IVELAN'NY SEHATRA AMPIHARANA**

**Andininy 06.01.08**
Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny 4° amin'io andininy io:
"4° Ny tolo-pananana enti-mihetsika avy amin'olon-tsotra na fikambanana fandraisana anjara amina sosaiety voafehin'ny lalàna Malagasy"

**TOKO VI**
**TAHAN'NY HABA**

**Andininy 06.01.12**
Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'ny andalana voalohan'ity andininy ity:
"Ny tahan'ny haba amin'ny tataom-bidy dia ferana ho 20 isan-jato."

**TOKO VIII**
**FOMBA FAMERANA NY HABA**

**Andininy 06.01.15**
Ovàna toy izao manaraka izao ny rijatenin'io andininy io:
"Ny famerana ny haba dia atao amin'ny alalan'ny filazana isam-bolana.

Ny filazana isam-bolana dia tsy maintsy mampiseho miavaka tsara ny fitambaran'ny raharaha andoavan-ketra sy ireo tsy andoavan-ketra vitan'ny mpandoa hetra iray."

**Andininy 06.01.16**
a) Soloina ny vondron-teny « isam-bolana na isan-telovolana » ho « isam-bolana" ao amin'ny andalana 1.

b) Soloina ny vondron-teny « ao anatin'ny 20 andro voalohan'ny volana » ho « farafahatarany amin'ny faha 15 n'ny volana" ao amin'ny andalana 1.

d) Soloina ny vondron-teny « ho an'ny volana na telo volana iray » ho « ho an'ny volana iray" ao amin'ny andalana 2.

## TOKO IX
## FOMBA FANESORANA

### A - FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy 06.01.17**

Ampiana andalana 3° toy izao manaraka izao amin'ny faran'ny d- :

"3° a) Ny haba amin'ny tataom-bidy avy amin'ny zavatra novidiana nataon'ny mpampitrosa mpampanofa amin'ny entana natao ho fampitrosana fampanofana ka nampiasain'ny mpanofa mpitrosa na inona na inona ny karazan'ny entana, ahazoana fanesorana TVA na tsia.

b) Ny haba amin'ny tataom-bidy avy amin'ny hofan'ny entana nomen'ny mpanofa mpitrosa ho an'ny entana ahazoana fanesorana araka ny fepetra voalazan'ny andininy 06.01.18."

### B - SOLIKA

Ampiana andalana faha 3 mirafitra toy izao manaraka izao:

"Ireo haba amin'ny tataom-bidy avy amin'ny fividianana solika voatondro etsy amin'ny andalana ambony ka nampiasaina tamin'ny tany hiompiana hazan-drano dia azo esorina.»

**Andininy 06.01.21**

Ampiana andalana iray mirafitra toy izao manaraka izao amin'ny faran'ity andininy ity:

"Na izany aza ny fepetra voalazan'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity, ny haba amin'ny tataom-bidy avy amin'ny fampiasam-bola goavana dia azo esorina rehefa voaray ny taratasy fanamarinana sy fanomezan-dàlana avy amin'ny talen'ny orinasa vaventy."

## TOKO X
## FAMERENANA SORA-BOLA ANDOAVANA HABA

**Andininy 06.01.24**

Soloina ao amin'ny andalana faha efatra ny vondron-teny "enim-bolana" ho " telo volana".

## TOKO XIII

Foanana ny I-

### I-SAZY MANOKANA

**Andininy 06.01.29**

Foanana ny fepetra voalaza an'io andininy io.

Amin'ny II- foanana ny vondron-teny «II-»

### TOVANA 2

a) Foanana amin'ny lohatenin'ny FANAMPINY 2 ny vondron-teny: "sy ny TST"

b) Soloina ao amin'ny listra FANAMPINY 2 ireto vondron-teny ireto: « 11° » ho « 8° » ; « 12° » ho « 9° » ; « 13° » ho « 10° » ; « 14° » ho « 11° » ; « 16° » ho « 12° » ; « 17° » ho « 13° » ; « 18° » ho « 14° »; "21°" par "17°".

c) Foanana ao amin'ny listra FANAMPINY 2 ny andininy 06.01.06 15°.

Foanana ny fepetra rehetra ao amin'ny LOHATENY II amin'ny FIZARANA VI amin'ny BOKY I.

**LOHATENY II**
**HABA AMIN'NY FIFANAKALOZANA (TST)**

Foanana ny fepetra rehetra voalazan'ny LOHATENY I ao amin'ny BOKY II

**LOHATENY I**
**HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAHA**

Soloina ny andian-teny « LOHATENY II » ho « LOHATENY I »

**LOHATENY I**
**HETRAN-TANY**

Amin'ny Lohateny I soloina ny vondron-teny " andininy 10.02.01, andininy 10.02.02, andininy 10.02.03, andininy 10.02.04, andininy 10.02.05, andininy 10.02.06, andininy 10.02.07, andininy 10.02.08, andininy 10.02.09, ary andininy 10.02.11" ho "andininy 10.01.01, andininy 10.01.02, andininy 10.01.03, andininy

10.01.04, andininy 10.01.05, andininy 10.01.06, andininy 10.01.07, andininy 10.01.08, andininy 10.01.09 ary andininy 10.02.10".

**TOKO V**
**ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

**Andininy 10.01.08**
Soloina ao amin'ny andalàna 1° amin'ity andininy ity ny vondron-teny " biraon-ketra mahefa ara-paritra" ho "Biraon'ny Kaominina misy ny fananana mifaka"

**Andininy 10.01.09**
Ovaina toy izao ny firafitr'ity andininy ity :
"Amin'ny lafiny rehetra, raha ilaina, ny mpiasan'ny Kaominina na izay olona notendren'ny biraon'ny Kaominina misy ny fananana mifaka dia afaka manao ny fanisana na fanamarinana eny an-toerana izay tokony handoavana hetra"

Foanana ny fepetran'ny Toko VI

**TOKO VI**
**SAZY VOATOKANA**

Soloina ny vondron-teny "Toko VII" ho "Toko VI"

**TOKO VI**
**FEPETRA SAMIHAFA**

Soloina ny vondron-teny "Lohateny III" ho "Lohateny II"

**LOHATENY II**
**HETRA AMIN'NY HETRAN-TRANO**

Amin'ny Lohateny I vaovao soloina ny vondron-teny "andininy 10.03.01, andininy 10.03.02, andininy 10.03.03, andininy 10.03.04, andininy 10.03.05, andininy 10.03.06, andininy 10.03.07, andininy 10.03.08, andininy 10.03.09, andininy 10.03.10, andininy 10.03.11, andininy 10.03.12, andininy 10.03.13" ho " andininy 10.02.01, andininy 10.02.02, andininy 10.02.03, andininy 10.02.04, andininy 10.02.05, andininy 10.02.06, andininy 10.02.07, andininy 10.02.08, andininy 10.02.09, andininy 10.02.10, andininy 10.02.11, andininy 10.02.12, andininy 10.02.13".

**TOKO II**
**SEHATRA AMPIHARANA**
**SOKAJY II**
**TRANO AFAHANA AMIN'HETRA**

**Andininy 10.02.05**
Soloina ny vondron-tenin'ny andalàna 1° n'ity andininy ity "biraon-ketra mahefa any an-toerana" ho "biraon'ny Kaominina misy ny fananana mifaka"

**TOKO V**
**FOMBA FAMERANA NY HETRA**
**Andininy 10.02.08**

Ovàna ny firafitry ny andalàna 1°-n'ity andininy ity ho toy izao :
"Ny fanombanana fampiasaina ho fototra hamerana ny hetran-trano dia ataon' Kaominina rehefa avy nakana ny hevitry ny vaomiera Monisipaly izay misy :

Filoha :
Ny Ben'ny tanàna na ny Lefiny

Mpikambana :
Ny Lehiben'ny Distrika na ny Lefiny
Ny solon-tenan'ny mponina ka olona roa isaky ny ampahan'ny mponina 50.000, atsasany tendren'ny Ben'ny tanàna, atsasany tendren'ny Lehiben'ny Distrika.

Teknisianina roa avy amin'ny Sampandraharahan'ny Fiadidian-dàlana.
Ny solon-tenan'ny mpiasan'ny Hetra na mpitan-tsoratry ny vaomiera"

**Andininy 10.02.09**
Esorina ao amin'ny andalàna 1° n'ity andininy ity ny vondron-teny "vinavinan'ny vondrom-bahoaka tompon'anjara"

**TOKO VI**
**FIKAJIANA NY HETRA**

**Andininy 10.02.10**

Ovàna ny rijan-tenin'ity andininy ity ho toy izao :
« Ny hetra dia kajiana amin'ny fampiharana taha mifandanja amin'ny ankevin-kofa tondroin'ny fepetry ny andininy 10.02.06. Ny taha dia anaovana latsa-bato amin'ny farany ambony sy farany ambany ferana toy izao : 10 isan-jato sy 5 isan-jato.

Na izany aza anefa, ny hetra aloa dia tsy ho latsaky ny Ariary 2.000 isan-trano. »

**TOKO VII**
**ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

**Andininy 10.02.11**

a) Soloina ny vondron-tenin'ny andalàna 1° n'ity andininy ity "biraon-ketra mahefa any an-toerana" ho "biraon'ny Kaominina misy ny fananana mifaka".
b) Foanana ao amin'ny 4° ny vondron-teny "Izay mandefa dika mitovy any amin'ny birao ny Hetra mahefa any an-toerana alohan'ny 31 octobra".

**Andininy 10.02.13**

Ovàna ny firafitry ny rijan-tenin'ity andininy ity ho toy izao :"
"Amin'ny lafiny rehetra, raha ilaina, ny mpiasan'ny Kaominina ao amin'ny toerana misy ny trano, na ny mpiasa notendreny dia afaka manao ny fanisana na fanamarinana eny an-toerana izay tokony hamerana ny hetra"

Foanana ny Fepetry ny Toko VIII

**TOKO VIII**
**SAZY VOATOKANA**

Foanana ny fepetry ny Lohateny IV n'ny boky II.

**LOHATENY IV**
**HETRA ATOVANA AMIN'NY HETRAN-TRANO**

Foanana ny fepetry ny lohateny V ny boky II

**LOHATENY V**
**FANAMPIN-KABA AMIN'NY SORA-PANORATANA**

Soloina ny vondron-teny ao amin'ny Lohateny VI "NASIANA ALIKAOLA" ho " MISY ALIKAOLA"

**LOHATENY VI**
**HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DÀLANA MIKASIKA NY ALIKAOLA**
**SY NY ENTANA/VOKATRA MISY ALIKAOLA**
**TOKO I**
**FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 10.06.02**

Foanana ny fepetra voalazan'ity andininy ity

**Andininy 10.06.06**

Ovàna toy izao ny firafitry ny rijan-tenin'ny andalàna 10° amin'ity andininy ity
"Ny mpampisakafo sy mpampiantrano-mampisakafo, ny mpampiasa trano fandriam-bahiny - fisotroana - fisakafoanana, Fisotroana - fisakafoanana"

**Andininy 10.06.07**

**Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :**
"Tsy misy fanafarana vokatra misy alikaola azo atao raha tsy mahazo alàlana mialoha avy amin'ny Talem-paritry ny Hetra mahefa ao an-toerana. Ny fahazoan-dàlana dia an'olo-tokana sy tsy azo afindra.

Ireo mpamatra anaty tavoahangy na mpanamboatra nomena alàlana ary ny mpivarotra manana fahazoan-dàlana hivarotra sokajy voalohany, ara-dàlana eo amin'ny fandoavan-ketra ihany no azo omena alàlana hanafatra vokatra misy alikaola.

Ny mpandoa hetra rehetra maniry hahazo alàlana hanafatra dia tsy maintsy mametraka fangatahana ho an'ny herin-taona ao amin'ny Talem-paritry ny hetra mahefa ao an-toerana. Tsy maintsy marihana ao

anatin'ny fangatahana, arakaraka ny tranga, ny marika sy habetsahan'ny zava-pisotro hohafarana, na ny habetsahan'ny litatry ny alikaola tsy mitampoka hafarana na ny litatry ny tsiranoka misy alikaola ilaina, ary koa ny Biraon'ny Fadin-tseranana izay hamoahana ny entana".

**FOMBA FAMERANA NY HETRA**
**HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DÀLANA HIVAROTRA**

**Andininy 10.06.08**
Ovàna toy izao ny firafitry ny rijan-tenin'ity andininy ity ;
"Ny sandan'ny hetra aloa mifanaraka amin'ny sokajin'ny fahazoan-dàlana hivarotra dia tapahin'ireo Mpanolotsaina Monisipaly sy Kominaly miadidy ny toerana misy ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola, isan-taona, izay ferana amin'ny ambony sy ambany indrindra toy izao : Ar 100.000 sy Ar 200.000.

Mety miova arakaraka ny sokajin'ny fahazoan-dàlana hivarotra io sara io.

Ambonin'ny sanda tapaky ny Mpanolotsaina Monisipaly sy Kominaly, dia tataovana 50 p 100 ho an'ny trano fiasana amin'ny alina : Trano filokana, fandihizana sy izay mitovitovy aminy.

Isan-telo volana ny fandoavana ny hetran'ny fahazoan-dàlana hivarotra, any amin'ny fiandohan'ny ny telo volana itsahana no fandoavana azy, ka ny telo volana natomboka dia aloa manontolo"

**TOKO III**
**FANOKANANA NY VOKATRY NY HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA**

**Andininy 10.06.10**
Ovàna toy izao ny firafitry ny rijan-tenin'ity andininy ity
"Ny vokatry ny hetra amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra dia miditra amin'ny tetibolan'ny Kaominina misy ny toeram-pivarotana zava-pisotro misy alikaola »

**TOKO IV**
**FAMERANA NY FIVAROTANA ALIKAOLA SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA**
**SOKAJY I**
**FIVAROTANA ALIKAOLA**

**Andininy 10.06.12**
Soloina ao amin'ny an-dalàna 2° amin'ity andininy ity ny vondron-teny "Filohan'ny komity Mpanatanteraky ny Faritany" ho " Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany teo aloha".

**Andininy 10.06.13**
Soloina ato anatin'ity andininy ity ny vondron-teny "Filohan'ny Komity Mpanantanteraky ny Faritany", "Talem-paritanin'ny Hetra", sy "Filoha Mpanatanteraka ny Fivondronam-pokontany" ho " Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany teo aloha", "Talem-paritry ny Hetra", sy "Lehiben'ny Distrika".

**Andininy 10.06.14**
Soloina eo amin'ny andalàna 1° n'ity andininy ity ny vondron-teny "Talem-paritanin'ny Hetra" ho " "Talem-paritry ny Hetra"

**SOKAJY II**
**VAROTRA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA**
**I- Karazan'ny famelana hivarotra**

**Andininy 10.06.17**
Ovàna toy izao ny firafitry ny rijan-tenin'ity andininy ity :
"Mizara sokajy roa ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro misy alikaola :
1° sokajy voalohany : fahazoan-dàlana hivarotra ambongadiny ny zava-pisotro misy alokaola rehetra.
2° sokajy faharoa : fahazoan-dàlana hivarotra atsijarany, enti-mody na sotroina eo an-toerana ny zava-pisotro misy alikaola rehetra"

**Andininy 10.06.19**
Soloina ao amin'ny andalàna 1° n'ity andininy ity ny vondron-teny " fahazoan-dàlana sokajy fahatelo" ho " fahazoan-dàlana hivarotra sokajy faharoa".

**II- Alàlana**

**Andininy 10.06.23**
a) Soloina ao amin'ny Andalàna 1° n'ity andininy ity ny vondron-teny "Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany" ho "Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany teo aloha"

b) Foronina ny andalana 3° mirija toy izao :

« Ny fahazoan-dàlana hivarotra zava-pisotro misy alikaola eo amin’ny toerana tsy raikitra, dia tsy azon’ny tompony ampiasaina mihoatry ny 72 ora mifampitohy. Raha ohatra ka te-hanitatra ny fotoam-piasany mihoatra io fe-potoana voalaza io ny tompon’ny fahazoan-dàlana, dia terena izy mba hangataka fahazoan-dàlana hivarotra araka ny voalaza ao amin’ny andininy 10.06.27 sy ny manaraka »

**Andininy 10.06.24**
Soloina ny vondron-teny "Talem-paritanin’ny Hetra" ho "Talem-paritra ny Hetra".

**Andininy 10.06.25**
Foanana ny fepetra voalazan’ity andininy ity

**III- Fepetra amin’ny fanomezana fahazoan-dàlana hivarotra**
**A - Fangatahana**

**Andininy 10.06.27**
Soloina ny vondron-teny "Talem-paritanin’ny Hetra" ho " Talem-paritry ny Hetra".

**Andininy 10.06.28**
Soloina ny vondron-teny "Fahazoan-dàlana hivarotra sokajy fahatelo" ho "Fahazoan-dàlana hivarotra sokajy faharoa".

**B – Fahafaha–manaon’ny mpangataka manoloana ny lalàna**

**Andininy 10.06.29**
Soloina ny vondron-teny "Komity Mpanatanteraky ny Faritany" ho " Komity Mpanatanteraky ny Faritany teo aloha".

**Andininy 10.06.30**
Soloina ny vondron-teny " Fivarotana zava-pisotro vondrona 1° sy 2°" ho "Fivarotana zava-pisotro misy alikaola".

**D – Fitrandrahana maro loha**

**Andininy 10.06.31**
Soloina ny vondron-teny "Fivarotana sokajy fahatelo" ho "Fivarotana sokajy faharoa"

**Andininy 10.06.32**
Soloina ny vondron-teny "Fivarotana zava-pisotro sokajy fahatelo" ho" Fivarotana zava-pisotro sokajy faharoa".

**E - Fandaminana ny toerana ampiasaina hivarotana zava-pisotro misy alikaola**

**Andininy 10.06.35**
Esorina ny vondron-teny "ary ny fahazoan-dàlana hivarotra sokajy fahatelo"

**F - Famerana ny isan'ny fivarotana**

**Andininy 10.06.36**
Soloina eo amin'ny andalàna 3° n'ity andininy ity ny vondron-teny "Fahazoan-dàlana hivarotra sokajy fahatelo" ho " Fahazoan-dàlana hivarotra sokajy faharoa"

**IV- Fomba arahina amin'ny fandinihana ny fangatahana fahazoan-dàlana hivarotra**

**Andininy 10.06.40**
a) Soloina eo amin'ny an-dalana 1° n'ity andinin'ity ny vondron-teny "Talem-paritanin’ny Hetra" sy "Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Fivondronam-pokontany" ho " Talem-paritry ny Hetra" sy "Lehiben'ny Distrika".
b) Soloina eo amin'ny an-dalana 2° ny vondron-teny " Fahazoan-dàlana hivarotra sokajy fahatelo" ho " Fahazoan-dàlana hivarotra sokajy faharoa".

Foanana ny fepetra ao amin’ny VI., Sokajy II - Toko IV.

**VI. Fahalanian’andro, fampihantonana na fisintonana ny fahazoan-dàlana hivarotra**

### VII. Fandraràna

**Andininy 10.06.47**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :
"Raràna ary mahavoasazy araka ny voalazan'ny andininy faha 10.06.83 sy 10.06.84 etsy ambany :

a) Ho an'ireo tsy manana fahazoan-dàlana hivarotra afa-tsy atsinjarany, ny mametraka ao amin'ny toeram-pivarotany sy izay miankina aminy, latabatra, seza, vera sy fanaka hafa na fitaovana azo heverina hisotroana eo an-toerana;
b) Ho an'ny olona rehetra tsy manana fahazoan-dàlana hivarotra sokajy faharoa, ny mampiasa tokotanim-barotra, ny mitana na mamela fihinanana zava-pisotro misy alikaola ao amin'ny toeram-piasany, afa-tsy raha misy fanafahana mazava voalazan'ity lohateny ity".

**Andininy 10.06.48**
Soloina ny vondron-teny "zava-pisotro vondrona 1° sy 2° " ho "zava-pisotro misy alikaola".
Foanana amin'ny lohatenin'ny Sokajy III ny vondron-teny "vondrona faharoa".

## SOKAJY III
## FAMETRAHANA FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA

**Andininy 10.06.51**
Esorina ny vondron-teny "vondrona faharoa"

**Andininy 10.06.52**
Soloina ao amin'ny andalàna 1° n'ity andininy ity ny vondron-teny "Filohan'ny Faritany" ho "Filohan'ny Komity Mpanatanteraky ny Faritany teo aloha".

## TOKO V
## ANDRAIKITRY NY MPANDOA HABA
## SOKAJY I
## FITANANA NY BOKY

**Andininy 10.06.59**
Soloina ny vondron-teny "Talem-paritanin'ny Hetra" ho "Talem-paritry ny Hetra".

## SOKAJY III
## FANDOAVANA HETRAN'NY FAHAZOAN-DÀLANA HIVAROTRA

**Andininy 10.06.63**
Soloina ao amin'ity andininy ity ny vondron-teny "Ao anatin'ny 20 andro voalohany" ho « farafahatarany ny andro faha 15 »

**Andininy 10.06.64**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :
"Ny hetran'ny fahazoan-dàlana hivarotra amin'ny toerana tsy raikitra dia tsy maintsy voaloa any amin'ny Mpandray volan'ny Kaominina alohan'ny hanombohana ny raharaham-barotra ".

## TOKO VI
## DOKAM-BAROTRA

**Andininy 10.06.73**
Soloina ny vondron-teny "zava-pisotro vondrona faharoa" ho "zava-pisotro nalona (mandroatra)

**Andininy 10.06.74**
a) Soloina ao amin'ny an-dalàna 1° n'ity andininy ity ny vondron-teny "zava-pisotro vondrona voalohany " ho "zava-pisotro notanehina (voasitily)".
b) Soloina ao amin'ny an-dalàna 2° n'ity andininy ity ny vondron-teny "zava-pisotro vondrona faharoa " ho "zava-pisotro nalona (mandroatra).

Foanana ny fepetra voalazan'ny Toko VIII

## TOKO VIII
## SAZY VOATOKANA

Soloina ny vondron-teny "Toko IX" ho "Toko VIII".

**TOKO VIII**
**ANTOKON-DRAHARAHA MANDINIKA MOMBA NY FIDOROHANA**

**Andininy 10.06.76**
Soloina ao amin'ny 2° n'ity andininy ity ny vondron-teny "Komitim-paritanin'ny ny Fandinihana sy Fampahafantarana momba ny fidorohana" ho "Komitim-paritry ny Fandinihana sy Fampahafantarana momba ny fidorohana ".

Soloina ny vondron-teny "andininy 10.06.90" ho "andininy 10.06.77"

**Andininy 10.06.77**
Soloina ny vondron-teny "andininy 10.06.91" ho "andininy 10.06.78".

**LOHATENY VII**
**FITSIPIKA ARA-KETRA HO AN'NY KILALAO**

Foanana ny fepetry ny Toko I:

**TOKO I**
**FEPETRA ANKAPOBENY**

Foanana ny fepetry ny Toko III:

**TOKO III**
**FAKANA MIALOHA AMIN'NY VOKATRA AZO AMIN'NY KILALAO**

Ovàna toy izao ny lohatenin'ny BOKY III:

**« BOKY III**
**FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY »**

**LOHATENY I**
**FAMORIANA NY HETRA**
**TOKO I**
**FAMORIANA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA**
**SOKAJY I**
**TOETRA MAHA-TSY MAINTSY TAKIANA NY HETRA**

**Andininy 20.01.01**
Ovàna ny rijan-tenin'ity andininy ity :
« Ny hetra mivantana sy haba toa azy ao amin'ny lohateny I sy II amin'ny Boky II amin'ity fehezan-dalàna ity dia takiana manomboka ny 01 martsa amin'ny taona amerana ny hetra. Ny vola aloa dia ampahafantarin'ny Sampandraharahan'ny fameran-ketra ao amin'ny Kaominin'ny toerana misy ny trano, ny mpandoa hetra, miaraka amin'ny filazana fameran-ketra.

Ny mpandoa hetra rehetra dia tsy maintsy mandoa ny hetrany ao anatin'ny telo volan'ny fetr'andro naharaisan'ny filazana fameran-ketra. »

**Andininy 20.01.02**
a) Foanana ny vondron-teny hoe : « misoratra ao anaty raoly »

b) Soloina ny vondron-teny « Komity mpanatanteraky ny Faritany Mizaka Tena » ho « Lehibem-paritra »

**Andininy 20.01.03**
Soloina ny vondron-teny « Ireo Filohan'io Komity mpanatanteraka » ho « Ireo Lehibem-paritra ».

**Andininy 20.01.04**
a) Amin'ny faran'ny 2° amin'ity andininy ity dia foanana ny vondron-teny « Amin'io tranga io, raha tahiny mbola tsy misoratra ao anaty raoly na filazana, ny famoriana ny latsakemboka ataony dia atao manaraka filazana misy anarana izay raisina avy amin'ny raoly na filazana fanarenana ».

b) Foanana ny fepetra ao amin'ny 5° amin'ity andininy ity.

**SOKAJY II**
**FANDOAVANA NY HETRA**

**Andininy 20.01.06**
Ovaina toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny hetra mivantana sy haba toa azy dia azo aloa lelavola miasa ara-dalàna eto Madagasikara na manaraka fomba fandoavana nahazoan-dàlana avy amin'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika ara-ketra any amin'ny Mpitantana ny famoriam-bola miandraikitra ny famoriana ny hetran-tany sy trano izay tendrena amin'ny alalan'ny Didim-pitondrana ataon'ny Ben'ny Tananan'ny Kaominin'ny toerana misy ny trano, izany dia mifanaraka amin'ny fepetry ny taratasy fampahafantarana iraisan'ny minisitera laharana faha 012-MEFB/MDAT tamin'ny 17 Novambra 2006 ».

## SOKAJY III
## TOMBON'ANTOKY NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA

**Andininy 20.01.07**

Soloina ny vondron-teny « manomboka ny vaninandro fampiharana ny famoriana ny raoly na filazana fandoavan-ketra » ho « manomboka ny vaninandron'ny filazana fandoavan-ketra ».

## SOKAJY IV
## ANDRAIKITRY NY HAFA

**Andininy 20.01.16**

Soloina ny vondron-teny « ny raoly na filazana fandoavan-ketra izay efa voavory ara-potoana » ho « Ny filazana fandoavan-ketra nampahafatarina ara-potoana ».

## SOKAJY V
## TATAON-KETRA NOHO NY FAHADISOAM-POTOANA

**Andininy 20.01.21**

a) Foanana ny vondron-teny « noraisina tamin'ny alalan'ny raoly na filazana fandoavam-bola ».

b) Soloina ny vondron-teny « ny fandraiketana anaty rejistra ny raoly na ny filazana fandoavana ataon'ny mpiasan'ny famorian-ketra » ho « ny fampahafantarana ny filazana fandoavan-ketra ».

## SOKAJY VI
## FOMBA FANENJEHANA

**Andininy 20.01.23**

Tovanana ny vondron-teny toy izao amin'ny faran'ity andininy ity : « Araka ny fepetra voalazan'ny andininy 20.01.43 sy ny manaraka ao amin'ity fehezan-dalàna ity. ».

**Andininy 20.01.24**

Foanana ny fepetra voalazan'ity andininy ity.

**Andininy 20.01.25**

Soloina ny vondron-teny ao amin'ny an-dalana voalohan'io andininy io « Ny mpiasa mpandray vola mitazona ny raoly na filazana fandoavana » ho « ny olona miandraikitra ny famorian-ketra ».

**Andininy 20.01.28**

Soloina ny vondron-teny « manomboka amin'ny andro namorian-ketra araka ny raoly » ho « manomboka amin'ny andro namorian-ketra ».

**Andininy 20.01.29**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitr'io andininy io :

« Ireo mpiasa mpandray vola miandraikitra ny famorian-ketra mivantana sy ny haba toa azy, dia tomponandraikitra amin'ny famorian-ketra ataony ary tsy maintsy manamarina ny zava-bitany manontolo raka ny fepetry ny lalàna manan-kery »

"Foronina ny andininy 20.01.29bis izay mirafitra toy izao :

**Andininy 20.01.29bis**

Ny famoriana ny haban'ny hajia sy ny sazy tamin'ny fandikan-dalàna miankina aminy dia enjehina amin'ny alalan'ny sora-pamerana ary raha sendra misy fanohanana dia dinihana sy tsaraina araka ny fomba arahina voafaritry ny andininy 20.01.40 sy ny manaraka amin'ity Fehezan-dalàna ity ».

## SOKAJY VII
## FANOHERANA NY FANENJEHANA

**Andininy 20.01.31**

Soloina ny vondron-teny amin'ny andalana faran'io andininy io « voasoratra ao anaty raoly na filazana fandoavana » ho « voasoratra ao anaty fandoavan-ketra ».

## TOKO II
## FAMORIAN-KETRA ATAON'NY SAMPANDRAHARAHA MIANDRAIKITRA NY HETRA

**SOKAJY I**
**FOTO-KEVITRA**

**Andininy 20.01.40**
Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny andalana farany amin'io andininy io :
« Ireo hetra sy ny haba dia aloa lelavola manankery eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fametrahana seky na taratasim-bola hafa avy amin'ny banky na paositra, na amin'ny alalan'ireo fitaovana elekitronika, fandrotsahana na famindrana vola amin'ny iray amin'ireo kaontim-bola ivelany misokatra amin'ny anaran'ny mpitana kaontim-panjakana na araka ny fomba fandoavam-bola hafa neken'ny Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra »

Foanana ny sokajy II

**SOKAJY II**
**FANDOAVAN-KETRA**
**IBS-IRNS**

Foanana A

**A – AMPAHAM-BOLA NAROTSAKA MIALOHA**

**Andininy 20.01.41**
Foanana ny fepetra ao amin'ny andininy io.

Foanana B.

**B – AMPAHAM-BOLA ALOA MIALOHA ANY AMIN'NY LADOANY**

**Andininy 20.01.42**
Foanana ny fandaharana amin'ny andininy.

**SOKAJY III**
**SORA-PAMERANA**

**Andininy 20.01.43**
Ampiana andalana farany mirafitra toy izao amin'ny faran'io andininy io :
« Ny saran'ny fanenjahana izay iantsorohan'ny mpandoa hetra hanatanterahana ny sora-pamerana dia azo atao hoe fanampin'ny hetra ihany mifanampy amin'ny trosan'ny mpandoa hetra ary manaraka ny anjara zakain'ny renin-ketra. Ireo sara voalaza dia azo henjehina toy ny fomba amam-panao amin'ny hetra ihany »

**SOKAJY IV**
**FANDAVANA NY SORA-PAMERANA**

**Andininy 20.01.44**
Foanana ny fepetra ao amin'io andininy io.

**SOKAJY V**
**FANENJEHANA**

**1 – Fe-potoana - fomba**

**Andininy 20.01.45**
Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny an-dalana 1° amin'ity andininy ity :
« Ny fanenjehana amin'ny alalan'ny sora-pamerana dia azo atao ao anatin'ny roapolo andro manaraka ny fampandrenesana io sora-pamerana na ny baiko handoa vola rehefa tsy voaloan'ny mpandoa hetra ny vola tokony haloany.

Io fe-potoana roapolo andro io dia tsy azo ekena raha ohatra atahorana ho very ny antoky ny Sampandraharaha ny hetra.
Ovàna toy izao ny lohateny « 2 – Fanoherana ny sora-pamerana » ho « Fifanolanana eo amin'ny famoriana ny hetra ».

**2 – Fanoherana ny sora-pamerana**

**Andininy 20.01.46**
Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-teny ao amin'ny andalana 1° amin'ity andininy ity :
« Ny fitarainana momba ny sora-pamerana sy ny taratasy fanenjehana dia tsy azo afototra afa-tsy amin'ity tsy fihetezan'ny toetra ny taratasy, na ny tsy fitakiana ny vola rehetra, tokony aloany na ny fahalanian'ny paik'andro na antony samihafa tsy manova ny fototra hamerana sy fikajiana ny ao anatin'ny dimy ambin'ny folo andron'ny fampahalalana an-taratasy ».

**SOKAJY VI**
**FEPETRA IRAISANA AMIN'NY FANOHERANA**

**Andininy 20.01.47**
a) Ovàna ny rijan-teny ao amin'ny andalana 2° amin'ity andininy ity :

« Ny tahiri-kevitra dia tsy manan-kery raha tsy voapetraka ao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny andininy 20.01.46 ».

b) Ovàna ny rija-teny ao amin'ny andalana 3° amin'ity andininy ity :

« Ny Tale manapaka ao anatin'ny volana nametrahana na nandraisana ny tahiri-kevitra. Afaka manome fahefana hanapa-kevitra izy ».

c) Soloina ny rija-teny ao amin'ny andalana 7° amin' ity andinin-teny ity « telo volana » ho « Iray volana ».

**SOKAJY VIII**
**ANDRAIKITR'OLON-KAFA**

**Andininy 20.01.49**

Ovàna ny rijan-teny ao amin'ny andalana 3° amin'ity andininy ity :

«Ny mpanofa tany, mpanofa, mpiandraikitra ny famorian-ketra, tomponandraikitry ny fitantana ny sekoly sy hopitaly, sampandraharaham-pitantanam-bola, ireo rehetra miandraikitra ny fitantanana ny volam-panjakana avy amin'ireo mpandoa hetra izay ampiharana ny tombotsoan'ny Sampandraharahan'ny hetra, dia tomponandraikitra amin'ny fanefana eo amin'ny toeran'ny mpandoa hetra hatramin'ny vola tokony efaina, ary izany dia miankina amin'ny fampisehoana ny famahana fitsivalalanana ny fanefana »

**SOKAJY IX**
**FEPETRA MANOKANA**

**Andininy 20.01.50**

Soloina ny andalana farany amin'ity andininy ity « andininy 02.01.23 » ho « andininy 02.01.19 ».

**TOKO III**
**SAZY SY LAMANDY**
**SOKAJY I**
**FEPETRA ANKAPOBENY**

**Andininy 20.01.51**

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity :

"Ny sazy sy lamandy amin'ity toko ity dia manasazy ny fandikan-dalàna hita ao amin'ny fehezan-dalàna ankapobe mifehy ny hetra.

Ny fandikan-dalàna rehetra voalazan'ity toko ity dia ampiharana tatao-ketra vokatry ny fahataràna voalaza ao amin'ny andininy 20.01.53.

Na izany aza anefa dia azo ekena ny fanalefahan-tsazy sy lamandy tsy fametrahana ara-potoana ny filazana ho an'ireo izay nandika lalàna voalohany, ary izany dia atao eny amin'ny Sampandraharahan'ny hetra miandraikitra ny mpandoa hetra. Ny fanapahana izany dia an'ny Ministra miandraikitra ny didy amam-pitsipika momba ny hetra izay afaka mamindra manontolo na ampahany izany zo izany amin'ny Tale jeneralin'ny hetra, ny Tale, ary ny Lehiben'ny Sampandraharahan'ny hetra. »

**SOKAJY II**
**TSY FAMETRAHANA FILAZANA**

**Andininy 20.01.52**

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity :

"Ny tsy fametrahana filazana amin'ny vola raisna isan-taona, haba, hetra, amin'ny fanoratana, vola maty, raharaha andoavan-ketra, na ireo vola rehetra fandoa ara-potoana, fametrahana filazana noho ny famarotana, fampiantohana manontolo na amin'ny ampahany ny asa ataon'ny orin'asa, na noho ny antony famindrana izany, na ny iray amin'ireo atonta-taratasy takian'ny Sampandraharaha misahana ny hetra araka'ity fehezan-dalàna ity, amin'ny fe-potoana voalaza ao, dia iharan'ny sazy Ar 200 000.

**Andininy 20.01.52.1**

Ny notera, vaditany, ireo mpiasa manana andraikitra hampita taratasy, fitananana an-tsoratra, ny mpiraki-draharaha ny fitsarana, ka tsy nanao ny fanoratana tao anatin'ny fe-potoana voafetra ny soara-panekena tokony nataony, dia tompon'andraikitra amin'ny fandoavana ny sazy Ar 200 000. Izy ireo ihany koa no tompon'andraikitra amin'ny fandoavana ny haba raha toa ka tsy nitaky izany tany amin'ny tompon'asa avy eo, ka ny haba ihany.

Ankoatra ny fepetra voalaza etsy amin'ny an-dalana voalohany, izay rehetra tompon'andraikitra manoloana ny tahirim-bolam-panjakana dia tompon'andraikitra ihany koa amin'ny fandoavana ny sazy sy ny haba fanampiny.

**Andininy 20.01.52.2**

Ny sandan'ny sazy ampiharina amin'ny hetra tany sy trano dia Ar 10 000."

Ovàna toy izao ny lohateny amin'ity sokajy III ity :

**SOKAJY III**

**TATAON-KETRA AMIN'NY FAHATARANA AMIN'NY FANEFANA, FANDROTSAHANA, SY FANORATANA**

**Andininy 20.01.53**

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity :

"Ny fahatarana amin'ny sora-panekena, soratra, amin'ny fandoavana ny hetra, haba na ireo vola takiana amin'ny fari-panjakana, na ny fandrotsahana ataon'ny olona izay tokony hanao izany dia saziana 1 isan-jato isakin'ny volana nahatarana.

Ny volana miantoboka dia handoavana feno avy hatrany.

**Andininy 20.01.53.1**

Ny mpandova, donataires, légataires, ka tsy nahavita ny filazana ny fampindram-pananana noho ny fahafatesana tao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny lalàna dia mandoa lamandy 1 isan-jato isaky ny volana na ny ampaham-bolana nahatarana.

Mba ahafahan'ireo izay voakasik'izany hanarina sy hanefa ny hetra tokony naloany, dia tsy tataovana sazy ny fahatarana eo amin'ny fanambaràna raha toa vita atao alohan'ny 1 jaonary 2009 izany.

Ny mpiantoka, ireo olona voatendrin'ny fanjakana mba hitantana ny vola, no mizaka ny sazy voalaza etsy ambony raha misy tsy fahavitan'ny filazana tao anatin'ny fe-potoana voalazan'ny lalàna.

**SOKAJY IV**

**LAMANDY AMIN'NY FANAMBARÀNA TSY AMPY, TSY FAHAMARINANA, FANADINOANA NA FAMPIHENANA**

**Andininy 20.01.54**

Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity:

"Ny tsy fahampiana, tsy fahamarinana, fanadinoana, fampihenana na fahadisoana hita eo amin'ny filazana misy vanim-potoana na sendrasendra, mba hamerana ny hetra, haba dia anefana lamandy 40 isan-jaton'ny fanampin-ketra takiana.

Ankoatra ny fampiharana ireo fepetra manokana voalazan'ity fehezan-dalàna ity, raha toa ka misy famolavolana hosoka, ny lamandy ampiharina dia 80 isan-jaton'ny fanampin-ketra takiana, ary 150 isan-jaton'ny fanitsiana azo avy amin'ny fanambaràna eo am-pelatanan'ny fandraraharahana ara-ketra, raha toa ka misy ny fitsivalanana ny fisafoana ara-ketra. Izay rehetra miara-mikotrika izany famolavolana izany dia tompon'andraikitra amin'ny fanefana ny lamandy.

Raha misy olon-tsotra, na fikambanana tsy manaraka ny andraikitra amin'ny fanomezana faktiora, mampiasa fakitiora tsy marina, mampiasa anaran-kindramina, ireo karazana hosoka hanamboarana taratasin-draharaha tsy ara-dalàna, tsy misy akory, hosoka, izany dia saziana lamandy 100 isan-jato n'ny haba nanaovana hosoka ankoatry ny fanenjehana amin'ny ady heloka amin'ny hosoka sy ny fampiasana hosoka.

**Andininy 20.01.54.1**

Ireo olon-tsotra na fikambanana mandoa karama, izay ampiharana ny hetra alaina amin'ny vola miditra sy ny mitovy aminy, amin'olon-kafa, ka nanadino ny nanala manontolo na amin'ny ampahany izany, araka ny voalazan'ny andininy 01.03.10 sy ny manaraka, dia ampiharana ny lamandy 40 isan-jaton' ny hetra izay tsy notazomina, ankoatra ny fandoavana io hetra io.

Ireo olon-tsotra na fikambanana nanao ny fanalana ny hetra alaina amin'ny vola miditra sy ny mitovy aminy, ka nanadino ny nanefa izany amin'ny ampahany na manontolo, eny amin'ny tompon'andraikitra mpitaky ny hetra, dia ampiharana ny lamandy 80 isan-jaton' ny hetra tsy naloa, ankoatra ny fandoavana io hetra io.

Ny mpandoa hetra voalaza eo amin'ny andininy 01.03.14 izay nanadino nandrotsaka manontolo na amin'ny ampahany ny hetra tokony narotsaka dia ampiharana ny lamandy 80 isan-jaton' ny hetra tsy naloa, ankoatra ny fandoavana io hetra io.

**Andininy 20.01.54.2**
Ho an'ny haba amin'ny tataom-bidy,

**1°** Ny fanalana tsy ara-dalàna na famolavolana hikendreana famerenan-kaba, dia ampiharana lamandy 80 isan-jaton'ny haba nanaovana hosoka, nialana, na nitsikombakombana, ka nahazoana nanala na namerina haba. Ho an'ny raharaha an-doavan-kaba amin'ny taha 0 isan-jato sy ny raharaha ahafahana amin'ny haba, ny lamandy ampiharina dia 80 isan-jaton'ny fanitsiana ataon'ny Sampandraharahan'ny hetra izay kajiana amin'ny taha 20 isan-jaton'ny fanitsiana natao.

**2°** Ny tsy fahamarinana atao eo amin'ny filazana ny trosan-kaba dia ampiharana lamandy 80 isan-jaton'ny filazan-trosa tsy voamarina.

**3°** Ny fanalana haba izay tsy voasoratra miavaka amin'ny faktiora, ankoatry ny fanefana ny haba tsy tokony nesorina, dia ampiharina ny lamandy 80 isan-jaton'izany haba izany.

**4°** Ny tsy fampiasana faktiora eo amin'ny samy mpandoa haba, ankoatry ny fanefana ny haba nalaina araky ny tsy tokony ho izy, dia ampiharina ny lamandy 80 isan-jaton'ny haba kajiana amin'ny sanda an-tsena ny fananana na ny raharaha novarotana.

**5°** Ny fanaovana faktiora tsy mifanaraka amin'ny raharaha atao dia ampiharana lamandy 80 isan-jaton'ny sanda voalaza ao amin'izany faktiora izany .

**6°** Ny varotra izay hanaovana faktiora tsy ara-dalàna na tsy voasoratra ara-dalàna ao amin'ny fitana-kaonty dia ampiharana, ankoatry ny fanefana ny haba mifandraika amin'izany, ny lamandy 80 isan-jaton'ny sandan'ny haba

**7°** Ny fanaovana faktiora anehoana haba amin'ireo zavatra sy raharaha ahafahana amin'ny haba dia ampiharana, ankoatry ny fanefana ny haba nanaovana faktiora, lamandy 80 isan-jaton'ny sandan'ny haba voasoratra.

**8°** Ny mpandoa hetra ka nanadino ny fanoratana ny haba amin'ny faktiora ho an'ny vokatra iray na maromaro tokony handoavan-kaba dia ampiharana, ankoatry ny fanefana ny haba mifandraika amin'izany, lamandy 80 isan-jaton' ny haba nanaovana hosoka, nialana, nitsikombakombana, ka nahazoana nanala na famerenan-kaba.

**Andininy 20.01.54.3**
Ho an'ny hetra tany sy trano, ny lamandy amin'ity sokajy ity dia 40 isan-jaton'ny hetra tsy naloa.

**Andininy 20.01.54.4**
Ireo mpikambana vaovao ao amin'ny fikambam-pitantanana nahazo alàlana, dia tsy hiaran'ny sazy ara-ketra raha toa ka ahitàna tsy nahy tsy fahampiana, tsy fahamarinana na fanadinoana ao amin'ny filazàna momba ny hetran'izy ireo araka ny fepetra voafehin'ny lalàna.

**Tsy fahampiana**

**Andininy 20.01.54.5**
Raha tsy fahampiana hita araka ny voalazan'ny andininy 02.07.20 sy 02.07.22, ny roa tonta dia tompon'andraikitra ankoatry ny fandoavana ny hetra takiana, fanampin-ketra tombanana:

**1°** Raha toa ka nifanarahana ny fanambaràna tsy fahampiana, dia ampiharina ny lamandy 40 isan-jaton'ny fanampin-ketra takiana;
**2°** Raha natao tao aorian'ny fampahafantarana am-panerana ny fifanarahana fanambaràna tsy fahampiana, ary mialoha ny fiantsoana manoloana ny Fitsarana, lamandy 40 isan-jaton'ny fanampin-ketra takiana ;
**3°** Raha tao aorian'ny fiantsoana manoloana ny fitsarana, fa talohan'ny fametrahana ny tatitra mikasika ny fitsirihana eny amin'ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana, no nahafantarana fa nisy fifanarahana fanambaràna tsy fahampiana, lamandy mitovy amin'ny fanampin-ketra takiana, miampy ireo sara rehetra mety ho lany amin'ny fombam-pitsarana arahina ;
**4°** Ho an'ny tranga hafa ankoatr'ireo voalaza eo ambony ireo, ampiharina ny sazy roa avoheny ny fanampin-ketra takiana, miampy ireo sara rehetra mety ho lany amin'ny fombam-pitsarana arahina.

**Andininy 20.01.54.6**
Na dia izany aza anefa, dia tsy ampiharina ny sazy, sara rehetra mety ho lany amin'ny fombafomba arahina dia raisin'ny fanjakana an-tanana, raha latsaky ny iray ampaha sivin'ny fanambaràna ny tsy fahampiana hita. Na inona na inona, sara nefain'ny mpandoa hetra mba hiatrehana na hisolo-tena azy amin'ny fomba rehetra arahina ara-panjakana dia tsy zakain'ny fanjakana izany.

**Fanafenana**

**Andininy 20.01.54.7**
**1°** Foana ary tsy manan-kery ny raki-tsoratra hafa ahitana fitomboam-bidy na fifanekena hafa entina hanefenanan ampaham-bidy amin'ny fivarotana fanana-mifaka na tokotanim-barotra na fitambaran'ny fifandraisan-draharaha na amin'ny fivarotana ny zo amin'ny fifanaraham-panofana na amin'ny fanekem-pifanaraham-panofana amin'ny ampahany na manontolo ny fanana-mifaka, amin'ny ampahany na manontolo amin'ny amby amin'ny fifanakalozana na amin'ny fifampizarana ahitana fanana-mifaka, tokotanim-barotra na ny fitambaran'ny fifandraisana ara-draharaha.

**2°** Ny fanafenana ny vidy nivarotana ny fanana-mifaka na tokotanim-barotra na fitambaran'ny fifandraisan-draharaha na amin'ny fivarotana ny zo amin'ny fifanaraham-panofana na amin'ny fanekem-pifanaraham-panofana amin'ny ampahany na manontolo ny fanana-mifaka, amin'ny ampahany na manontolo amin'ny amby amin'ny fifanakalozana na amin'ny fifampizarana ahitana fanana-mifaka, tokotanim-barotra na ny fitambaran'ny fifandraisana ara-draharaha dia saziana lamandy 40 isan-jaton'ny fanampin-ketra takiana. Tomponandraikitra amin'ny fanefana izany ny roa tonta, na hifampizarana mitovy izany.

**3°** Ireo rehetra niara-namolavola, niray tsikombakomba, nikotrika fomba hialana amin'ny amin'ny fandoavan-ketra dia tomponandraikitra manokana, ankoatry ny famaizana (sanctions disciplinaires), raha toa ka solompampanoa lalàna no nanao izany, dia ampiharina ny lamandy 80 isan-jaton'ny vola tokony nefaina tamin'ny Tahirim-bolam-panjakana."

**Andininy 20.01.54.8**
Raha toa ka hita ny fisian'ny raki-tsoratra hafa tsy vita sonia teo anatrehan'ny Fanjakana, ankoatry ireo momba ny fanafenana voalaza ao amin'ny andininy 20.01.54.7, ahitana fitomboam-bidy amin'ny sora-panekena ara-panjakana na raki-tsoratra tsy vita sonia teo anatrehan'ny fanjakana ka efa voasoratra am-boky talohan'izany, takiana ny fandoavana lamandy 80 isan-jaton'ny haba tokony nefaina voasoratra tao anatin'izany."

**Andininy 20.01.54.9**
Raha toa ka nisy fifanekena, fifanarahana, natao tamim-pihavanana na natao am-pitsarana ka niteraka fihenan-kaba, takiana ny fandoavana sazy roa avohenin'ny ny haba tokony naloa. Tomponandraikitra amin'ny fandoavana izany ny roatonta.

**Andininy 20.01.54.10**
Ny fanambaràna tsy marina ankoatry ny voalazan'ny andininy 20.01.54.5 ka hatramin'ny 20.01.54.7 voalaza etsy ambony dia saziana lamandy 40 isan-jaton'ny sora-bola voarakitra tao amin'ny fifanekena. Tomponandraikitra amin'ny fandoavana izany ny roatonta.

Ireo rehetra niara-namolavola, niray tsikombakomba, nikotrika fanatanterahana fanambaràna tsy marina, dia tomponandraikitra amin'ny fandoavana lamandy 80 isan-jaton'ny hetra tokony naloa.

**SOKAJY V**
**LAMANDY AMIN'NY FAMERAN-KETRA SY FANITSIANA TSY MISY FIERANA**

**Andininy 20.01.55**
Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity:
"Ny mpandoa hetra izay ampiharana ny fameran-ketra araky ny fari-pananana na hanaovana fameran-ketra tsy misy fierana noho ny antony voalazan'ny Lohateny III Boky III n'ity fehezan-dalana ity, dia ampiharana, ankoatry ny fanefana ny hetra, lamandy 40 isan-jaton'ny hetra tokony hefaina.

**SOKAJY VI**
**FANDIKAN-DALANA HAFA**

**Andininy 20.01.56**
Ovàna toy izao ny rijan-teny amin'ity andininy ity:
« Ny fandikan-dalàna rehetra amin'ireo didy amam-pitsipika natao hampiharana ity fehezan-dalàna ankapobeny Ity, nefa tsy voalaza any amin'ny andininy dia voasazy lamandy Ar 200 000.

Ny fandoavan-ketra amin'ny taratasim-bola tsy misy antoka dia voasazy lamandy 150 isan-jaton'ny vola tsy maintsy hefaina.

**Andininy 20.01.56.1**
Amin'ny hetra alaina amin'ny vola miditra, raha fatiantoka ny filazàna natao, ny lamandy ampiharina dia 80 isan-jaton'ny fanitsiana ataon'ny Sampandraharahan'ny hetra izay kajiana tamin'ny fanitsiana natao.

Ny tsy fisian'ny fitanankaonty manara-penitra araka ny drafim-pitan-kaonty 2005 napetraky ny Didim-pitondràna faha 2004 - 272 tamin'ny 18/02/04 sy araka ny fepetra voafaritra ao amin'ny andininy 01.01.20, dia voasazy lamandy 1 isan-jaton'ny vola maty nandritra ny taom-piasàna ankoatra ny sazy hafa voalazan' ity fehezan-dalàna ankapobe Ity.

**Andininy 20.01.56.2**
**1.** Ny fanadinoana fametrahana filazan-ketra manaraka vanim-potoana, ny fanadinoana fandoavan-ketra na haba ataon'ny mpandoa hetra, na dia efa natao aza ny antso fampitandremana, ny Fanjakàna dia afaka manonona ny fanakatonana manontolo na amin'ny ampahany ny orinasa amin'ny taratasy tsy very mandeha na fax, mandritra ny fotoana tsy mihoatra ny 15 andro.

**2.** Raha toa ka tsy mbola natao ny fanarenana izany mandritra ny 8 andro nandraisana ny fampilazàna sy fanerena voalaza etsy ambony, dia manambara ny didy fanapahana fanakatonana manontolo na amin'ny ampahany ny orinasa ny Tale jeneralin'ny hetra.
Atao ny fanakatonana voamarika fitombokase amin'ny ampahany na manontolo ny orinasa, amin'ny alalan'ny vadintany nomena fahefana amin'izany.
Apetraka amin'ny fomba mazava eo amin'ny lafin-drindrina na varavaran'ny orinasa, ny antony nanaovana ny fanakatonana, mandritra ny fotoana hanaovana izany.

**3.** Ny fitsivalanana amin'ireo voalaza eo ambony ireo, na ny famolavolàna tetika hitohizan'ny asa aman-draharaha dia fahadisoana ara-keloka be vava, ampidirana am-poja iray ka hatramin'ny telo volana.

**4.** Raha toa ka alohan'ny fotoana fahataperan'ny fanakatonana, ka nahatanteraka ny andraikitra mikasika ny fanambaràna sy ny fanefàna ny mpandoa hetra, na nametraka antoka eken'ny Fanjakàna, ary nifanaraka fa tompon'andraikitra miaraka amin'ilay mpandoa hetra amin'ny fandoavana hetra sy ny sazy takiana, omena fahefàna ny vadintany hanao ny fombafomba fanokafana ny orinasa.

**Andininy 20.01.56.3**
Ho an'ny hetra trano (IFPB), ny tsy fanekena fanomezan-dàlana voalaza ao amin'ny andininy 10.03.08, 5° sy 10.03.13 dia iharan'ny lamandy Ar 200 000.

**Andininy 20.01.56.4**
Ny tsy fanekena hampisehoana na hampahafantarana ary ny filazàna ny tsy fitazonana na ny fahasimban'ny boky, ny fifanahana na ny antontan-taratasy dia iharan'ny lamandy Ar 200 000.

**Andininy 20.01.56.5**
Ireo manamahay momba ny kaonty, ny mpitàna kaonty nahazo fankatoavana, ny mpanolo-tsaina momba ny hetra, amin'ny ankapobeny, ireo olona rehetra tsy mpikaràma raikitra, misolo ny mpandoa hetra na manampy azy amin'ny fanatanterahana ireo filazan-ketra, fanamboarana ireo antonta-taratasy mikasika ny fitanan-kaonty na amin'ny fanatanterahana ireo andraikitra ara-ketra voalaza amin'ity fehezan-dalàna ity, dia tompon'andraikitra miaraka amin'izay mety ho vokatry ny asa niaraha-nanao. Ny fanaovan'ireo olona voatanisa eo ambony ireo, fanampiana, fampiasàna, fitarihana amin'ny famerana ny hetra, antontan-taratasy tsy marina, dia heverina ho toy ny famolavolàna hosoka ampiharina lamandy 80 isan-jaton'ny hetra, haba mifanaraka amin'ny tsy fahampiana, noho ny tsy fahampiana natao, izany dia tsy latsaky ny Ar 200 000.

Io lamandy io dia manaraka ireo fepetra ao amin'ny andininy 20.01.43 »

Foanana ny fepetry ny TOKO IV:

**TOKO IV**
**TATAO-KETRA AMIN'NY FAHATARANA**

Foronina ny toko IV: **"FANDIKAN-DALANA MANOKANA AMIN'NY TOAKA SY SIGARA"**

Foronina ny toko V mirafitra toy izao manaraka izao :

# TOKO V
# FEPETRA MANOKANA MIKASIKA NY PARAKY SY NY ALIKAOLA
## SOKAJY I
## FANDIKAN-DALANA ARA-KETRA AMIN'NY FAMBOLENA SY FANAMBOARANA PARAKY

**Andininy 20.01.57**

Ankoatra ny fandikan-dalàna mikasika ny paraky afarana avy any ivelany izay amarinina sy enjehina ary faizina araka ny lalàna mifehy ny fadin-tseranana, ny fandikana ireo fepetra aman-dalàna mikasika ny fambolena sy fanamboarana ireo paraky dia faizina araka izao manaraka izao :

1°Ketsa sy voly tsy ara-dalàna:

- Voly natao teny amin'ny tany ankalamanjana: lamandy Ar 140 isaky ny paraky roapolo fototra na ampahany amin'ny roapolo fototra voavoly tsy ara – dalàna ary fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo.
- Voly natao teny amin'ny tany voafefy rindrina: lamandy Ar 280 isaky ny paraky roapolo fototra na ampahany amin'ny roapolo fototra voavoly tsy ara – dalàna ary fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo.

Ivelan'izany,tsy maintsy fongorina tsy misy hatakandro ireny ketsa sy voly tsy ara-dalàna ireny ka ny lany amin'izany dia zakain'ny mpamboly; Kanefa, ny Fanjakana,raha hitany ny mahamety azy dia mety handray ny paraky fa tsy hamotika azy ary hanohy ny raharaha amin'ny fihazonana azy.

2° Ireo fandikan-dalàna momba ny ravim-paraky, toy ny:

- Fitehirizana paraky mihoatra ny habetsahana voafetran' ny fandaminana ara-dalàna manan-kery ao aorian'ny fe-potoana voalaza ho an'ny fanaterana ny vokatra
- Fitazonana ravim-paraky amin'ny fomba hafa noho izay voalazan'ny lalàna manan-kery
- Fanomezana maimaim-poana na andoavam-bola any amin'ny fonenana na amin'ny fitondrana paraky raviny, fampivarotana na varomaizina ny vokatra amin'ny samy mpamboly
- Fanaovana paraky tsy nahazoan-dàlana na fitazonana miaraka fitaovana sy paraky raviny na paraky eo am-panamboarana na paraky voavoatra tsy misy hajia, na toy inona na toy inona habetsahany

Dia iharan'ny lamandy Ar 500 isaky ny ravim-paraky iray kilao ka hatramin'ny Ar 2 500 raha kely indrindra sy fampidirana amponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na ny iray amin'ireo sazy ireo, ankoatra ny fihazonana ny paraky voaray sy ny fitaovana nampiasaina tamin'ny fivarotana sy, tamin'ny fitondrana paraky ary ny fihazonana ny fitaovam-pitaterana, nefa mba ho antoka ny sazy ihany.

3° Fitazonana fitaovam - panamboarana paraky ataon'ny olona izay tsy nanao filazana tamin'ny Sampandraharahan'ny hetra ny fananana ireny fitaovana ireny: lamandy Ar 10 000 ankoatra ny fihazonana ny fitaovana voaray.

4° Filazana tsy marina, tsy fanaovana filazana, fandavana ny asa ataon'ny mpanamarina :Isaky ny paraky iray kilao, lamandy Ar 400 ka raha kely indrindra Ar 3 000 ary fihazonana ny paraky tratra tsy ara-dalàna, ny fitaovana ary ny fonony ;

5° Ireo fandikan-dalàna momba ny paraky voavoatra:

- Fitazonana, famarotan'ny mpanamboatra, ny mpivarotra na olon-kafa, ny paraky voavoatra amin'ny fomba hafa noho ny voalazan'ny lalàna mifehy ny famarotam - paraky : isaky ny paraky iray kilao, lamandy Ar 600 ka raha kely indrindra dia Ar 4 000 ary fihazonana ny paraky voaray ;
- Fitazonana, fampiasana faneva sy hajia efa niasa, fanontana, fitazonana ary fampiasana faneva sy hajia hosoka : Lamandy Ar 40 000 ankoatra ny fihazonana ny faneva sy ny hajia, ny fonosan'entana hosoka, ny fitaovana nampiasaina ary fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny enim-bolana na iray amin'ireo sazy ireo ihany, afa-tsy ny sazy voalaza ao amin'ny andininy 142 sy 143 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny ady heloka, izay ampiharina amin'ny fanatontana faneva sy hajia hosoka.

6° ny fandikan-dalàna hafa rehetra amin'ny fepetran'ny didy aman-dalàna atao ho fampiharana ity lohateny ity dia voasazy lamandy Ar 40 000.

## SOKAJY II
## FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FANAMBOARANA ALIKAOLA SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA

**Andininy 20.01.58**

Iharan'ny lamandy Ar 1 000 isaky ny litatra amin'ny zava-pisotro voavoatra, ka Ar 10 000 raha kely indrindra ary fampidirana am-ponja avy hatrany iray ka hatramin'ny roa taona ny fanamboarana izay tsy nahazoan-dàlana ny zava-pisotro misy alikaola.

**Andininy 20.01.59**

- Ny famerenana na fikasana hamerina ny alikaola novan-toetra ho alikaola tsotra, ny tetika rehetra mikendry hanodikodina ny alikaola novan-toetra na entina hovan-toetra, na mikendry hampanova toetra ny alikaola efa vita;
- Ny hosoka natao tao amin'ny orinasa fanasitiliana taoka amin'ny alalan'ny zohy ambanin'ny tany na fomba hafa familiana na fitanterana miafina ny alikaola na vokatra misy alikaola;

- Ny tsy fitanana antsoratra na ny fitanana antsoratra diso ao anatin'ny rejistra voadidy;
- Ny fandavana ny hampiseho ireo rejistra ireo amin'ny mpiasan'ny hetra;
- Ny tsy famelana ireo mpiasan'ny hetra hanao avy hatrany fitsidihana sy fanamarinana amin'ny fotoana rehetra angatahany hanao izany;
- Ny fandavana hiaraka amin'ireo mpiasan'ny hetra ireo amin' ny fitsidihina ataony na ny tsy fanambaràna na ny fahabetsahana na ny herin' ny alikaola sy ny vokatra misy alikaola, na ny tsy fanokafana araka ny fangatahany ny magazay, lakavy fitehirizana divay sy ny toerampitahirizana entana ary ny toerana hafa rehetra;
- Ny tsy fanekena hakana santionam-bokatra hanaovana fanandramana, hanaovana fitsirihana ny vokatra voavoatra, taterina, tazonina, hamidy na lafo;
- Ny fitazonana, famarotana alikaola sy ny vokatra misy alikaola tsy mbola nandoavana hetra dia iharan'ny lamandy Ar 100 000 ary fampidirana am-ponja iray ka hatramin'ny roa taona na iray ihany amin'ireo sazy ireo.

## SOKAJY III
## FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FANAMBOARANA SY FAMAROTANA VOKATRA IHARAN'NY HABA HAFA NOHO NY ALIKAOLA SY NY PARAKY

**Andininy 20.01.60**

Ny fandikan-dalàna mikasika ny fanamboarana sy famarotana vokatra iharan'ny haba hafa noho ny alikaola sy paraky , ny tetika rehetra mikendry hanodinkodina mba tsy handoavanketra dia iharan'ny lamandy ar 100 000 sy fampidirana amponja iray ka hatramin'ny enimbolana na ny iray ihany amin'ireo sazy ireo, ary lamandy avo roa heny noho ny haba nanaovana hosoka , ankoatra ny fihazonana ny vokatra na entana voaray.

## SOKAJY IV
## FANDIKAN-DALANA MIKASIKA NY FIVEZIVEZEN'NY PARAKY SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA

**Andininy 20.01.61**

Voasazy handoa lamandy Ar 40 000 ny fandikan-dalàna rehetra mikasika ny fivezivezen'ny paraky sy ny vokatra misy alikaola indrindra fa:

1° ny fanesorana, famindrana na fitondrana vokatra tsy misy taratasy fanamarinana ny fivezivezeny na misy taratasy fanamarinana fivezivezena tsy ampy, tsy ara-dalàna na tsy azo ampiasaina;

2°ny tsy anomezana taratasy fanamarinana avy amin'ny olona nahazo alàlana hanao izany na ny fanomezana taratasy fanamarinana kanefa ny filazana ao anatiny dia tsy mitovy amin'ny voasoratra amin'ny vodi-takila, na feno tsipitsipika, kosokosoka na na elanelan-tsipika;

3°ny fanaovana filazana fanesorana na taratasy fanamarinam-pivezivezena amin'ny anarana sandoka na amin'ny anaran'olon-kafa tsy nahazoana ny fanekeny na natao mba hanafenana ny famindrana ny vokatra iharan'ny haba izay tsy natao akory;

4°ny fandavana ny hanamarinana ny vokatra taterina, ny tsy fanamorana ny fanamarinana sy ny tsy fampisehoana avy hatrany amin'ny fiangavian'ny mpiandraikitra voatondro ny taratasy fanamarinana ny fivezivezena;

5°ny fanesorana, famindrana na fitaterana ny vokatra tsy mbola nandoavana hetra.

## SOKAJY V
## FEPETRA IOMBONAN'IREO SAZY ISANKARAZANY MOMBA NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA

**Andininy 20.01.62**

Ankoatry ny sazy voalaza ao amin'ny andininy 20.01.57 ka hatramin'ny andininy 20.01.61 etsy ambony, dia tsy maintsy holazain'ny mpitsara mpamoaka didy avy hatrany:

- ny fanorenana ny haba nosolokiana;
- ny fihazonana ny vokatra voaray miaraka amin'ny fitaovana itoerany;
- ny fandoavana ny lamandy avo roa heny amin'ny hetra tokony efaina amin'ny hosoka isanisany.

**Andininy 20.01.63**

Ny didimpitsarana mamoaka ny sazy voalazan'ity lohateny ity dia afaka mandidy ny fanesorana ny fahazoan-dàlana sy ny fanakatonana vonjimaika na tanteraka ny trano fiasana.

Ny fanakatonana vonjimaika na tanteraka voalazan'ny didim-pitsarana na ny didim-pitondrana dia tsy miteraka, ny famerenana ny haba efa voaloa, fa kosa manery tsy misy hatakandro ny fandoavana ny haba sisa tavela.

**Andininy 20.01.64**

Ny sazy voalazan'ny andininy 20.01.57 ka hatramin'ny 20.01.61 amin'ity lohateny ity dia ampiharina ihany koa amin'izay olona miaiky ankitsirano fa nanamora ny hosoka na nanome fiasana hanatanterahana azy.

**Andininy 20.01.65**
Ny ambony indrindra amin'ny lamandy sy ny fitanana am-ponja, raha voatondro koa ity sazy farany ity , dia tsy maintsy hampiharina amin'izay olona efa niharan'ny sazy tondroin'ny andininy 20.01.57 ka hatramin'ny 20.01.64 eo ambony,raha mbola mamerina indray ny fandikan-dalàna mitovy amin'ilay voalohany ao anatin'ny herintaona miantomboka amin'ny vaninandro nanaovana ny filazana antsoratra.

**Andininy 20.01.66**
Raha tsy misy mpiantoka manan-kaloa, na anto-bola mitovy amin'ny habetsahan'ny lamandy mihatra, ny fandikana ny fepetra tondroin'ity toko ity dia mitarika ny fandraisana ny fiara ,ny soavaly ary ny fitaterana hafa rehetra ampiasaina, mba hatao antokyny lamandy fotsiny.

**Andininy 20.01.67**
Amin'ny lafiny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana dia afaka ahantona na sintonina araka ny fanapahan-kevitry ny manampahefana mahefa raha toa ka misy fandikan-dalàna bevava na fahatsapana tsy ara-dalàna eo fandoavan-ketran'ilay olona na orinasa voakasika.

**SOKAJY VI**
**FANDIKAN-DALANA AMIN'NY HETRA AVY AMIN'NY ALÀLANA HIVAROTRA ALIKAOLA SY VOKATRA MISY ALIKAOLA**

**I- Sazy**

**Andininy 20.01.68**
Sazina lamandy Ar 1 000 isaky ny litatra tazonina na namidy ary tsy mahazo latsaky ny Ar 10 000 miampy fanagadrana iray ka hatramin'ny roa taona an-tranomaizina, ny fihazonana na ny fivarotana zava-pisotro misy alikaola avy amin'ny tsy fanarahan-dalàna ankoatry ny fandidian'ny fitsarana ny fihazonana ny vokatra sy entana voageja ary ny fitehirizana misy azy ireo.

**Andininy 20.01.69**
Sazina lamandy Ar 100 000 miampy fanagadrana iray ka hatramin'ny roa taona an-tranomaizina, ny fivarotana na fihazonana zava-pisotro misy alikaola izay nampidirana alikaola novan-toetra ny fanamboarana azy

**Andininy 20.01.70**
Na dia eo aza ny fepetra manokana voalazan'ny andininy 20.01.68 sy 20.01.69 dia sazina lamandy Ar 40 000 ireo nanao fandikan-dalàna amin'ny fivezivezen'ny vokatra misy alikaola.

**Andininy 20.01.71**
Sazina lamandy Ar 40 000:
- Ny tsy fanaovana fanoratana na fanoratana hosoka amin'ny rejistra;
- Ny fandavana fampisehoana ireo rejistra amin'ny mpiasan'ny hetra;
- Ny fandraisana ireo vokatra halatra amin'ny toerana hafa ankoatra ny azo ivarotana na tsy voalaza;
- Ny fandavana hampiseho ny taratasy manaraka ny entana manamarina ny fitondrana ara-dalàna, isaka ny mandray alikaola na vokarta misy alikaola;
- Ny fandavana hamela ireo mpiasan'ny hetra amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny fitakiana voalohany hanao fisafoana sy fisavana ;
- Ny fandavana hamela hakana sombiny, hamatra sy hampafantatra ireo vokatra nampidirina;
- Ny fandavana ny fiarahana ireo mpiasan'ny hetra mandritra ny fitsidihina, ny filazana ny habetsany sy ny toetry ny alikaola sy ny vokatra misy alikaola, ny fanokafana ireo magazay, efi-trano fitehirizana divay sy fitoerana mangatsiaka fitehirizana divay sy toerana hafa rehetra, ankoatra ireo natao azo ivarotana;
- Ny fivarotana alikaola na vokatra misy alikaola natao tamin'ny fandikana ireo fepetran'ny andininy 10.06.66 n'ity Fehezan-dalàna ity";
- Ny fandikan-dalàna amin'ny alàlana hivarotra zavapisotro misy alikaola ankoatra ny fanagadrana iray ka hatramin'ny enim-bolana.

**Andininy 20.01.72**
Ankoatra izany, ny didimpitsarana mamoaka ny sazy voalazan'ity lohateny ity dia afaka mandidy ny fanesorana ny fahazoan-dàlana sy ny fanakatonana vonjimaika na tanteraka ny trano fiasana.
Ny fanakatonana vonjimaika na tanteraka voalazan'ny didim-pitsarana na ny didim-pitondrana dia tsy miteraka, ny famerenana ny haba efa voaloa, fa kosa manery tsy misy hatakandro ny fandoavana ny haba

sisa tavela ho an'ny telo volana hitsahina, na ny telo volana lasa raha toa ka mbola tsy voaloa, na oviana na oviana ny fotoana nanakatonana.
Ny lazaina hoe telo volana hitsahina dia izay fotoana nivoahan'ny didim-pitsarana na ny didim-pitondrana ka naharaisan'ny mpandika lalàna azy na ny solotenany"

**Andininy 20.01.73**
Ireo fandikan-dalàna voalazan'ny andininy 20.01.62 hatramin'ny 20.01.67 n'ity dia ampiharina tsy misy valaka amin'ny fandikan-dalàna ny hetra tsy mivantana amin'ny fandaniana.

### II- Fanafoanana, fampiatoana na fisintonana ny fahazoan-dàlana hivarotra

**Andininy 20.01.74**
Afa-tsy amin'ny antony tsy azo anoharana, fe-potoana telo volana manomboka amin'ny fampahafatarana ny fahazoan-dàlana hivarotra no omena ireo olona voakasik'izany mba hanomboana ny fitrandrahana ny fahazoan-dàlana nomena. Io fe-potoana io dia lasa heri-taona ho an'ireo fahazoan-dàlana sokajy fahatelo. Foanana avy hatrany ny fahazoan-dàlana raha dila ireo fe-potoana ireo,
Ankoatra izany, heverina ho toy ny mikatona mandrakizay ka tsy azo sokafana intsony raha tsy misy alàlana ara-panjakana vaovao ny trano fivarotana zava-pisotro misy alikaola izay nanajanona ny fitrandrahana mandritra ny enim-bolana farafahakeliny, afa-tsy noho ny antony fanamboarana , fanovana na fanitarana ny toerana na noho ny antony tsy azo anoharana.

**Andininy 20.01.75**
Na rahoviana na rahoviana dia azo atao ny fampiatoana na fisintonana amin'ny alalan'ny fanapahana ataon'ny manampahefana mahefa voalazan'ny andininy 10.06.27 etsy ambony ny fahazoan-dàlana hivarotra noho ny tsy fahaloavan-ketra alaina amin'ny fivarotana zava-pisotro na noho ny mahabevava ny fandikana ny didy amam-pitsipika na noho ny tsy fanajana ny fepetra voalazan'ny didy aman-dalàna manankery araka ny tatitra ataon'ny Talen'ny fizahantany.

**Andininy 20.01.76**
Na inona na inona antony, ny fanakatonana vonjimaika notapahan'ny fanapahana ara-panjakana dia tsy manafaka ny mpivarotra antsinjarany amin'ny fandoavana ny hetra avy amin'ny fahazoan-dàlana hivarotra.
Ny tsy fandoavana ny haba manontolo nampiana ny sandan'ny zana-bola ateraky ny fahatarana, ao anatin'ny fe-potoana iray taona manomboka amin'ny datin'ny fanapahana nandidy ny fanakatoanana vonjimaika, dia miteraka ny fanafoanana ny fahazoan-dàlana.

**Andininy 20.01.77**
Ny fanatsoahana ny fanomezan-dàlana hivarotra alikaola sy vokatra misy alikaola dia tsy ahazoana famelana na famerenana ireo hetra avy amin'ny fahazoan-dàlana.

### III- Sazy ara-panjakana

**Andininy 20.01.78**
Ny tsy fanarahana ny fe-potoana fitrandrahana ny fahazoan-dàlana mivarotra zava-pisotro misy alikaola mandehandeha araka ny fepetra voalazan'ny andininy 10.06.23 dia miteraka fandoavana ireo hetra sy haba izay tokony aloan'ny tompon'ny fahazoan-dàlana mivarotra zava-pisotro misy alikaola voalazan'ny andininy 10.06.17.

Foronina ny TOKO V izay mitondra ny lohateny hoe" FITSINJARANA NY VOKATRY NY LAMANDY SY NY FAMABOANA

## TOKO V
## FITSINJARANA NY VOKATRY NY LAMANDY SY NY FAMABOANA

Ny vokatra rehetra avy amin'ny lamandy, famaboana ary ny vola rehetra voavory avy amin'ny hetra sy haba noho ny fanantanterahana ny fifanarahana nifanekena na fanamelohana voalazan'ny fitsarana dia anesorana mialoha ireto voalaza manaraka ireto, alohan'ny fizarana azy:
1° Ny haba voasoloky izay arotsaka amin'ny Tetibola Ankapobe na amin'ny Tetibolam-bondrom-bahoaka, araka izay zava-miseho;
2° Ny sara isankarazany; ny ambiny no vokatra azo ampiasaina;
3° Ny anjaran'ny tetibolan'ny mpandray tombotsoa avy amin'ny hetra sy haba izay voafetra ho 25 isanjaton'ny vokatra azo ampiasaina;
4° Ny vola sisa mijanona aorian'ireo esotra mialoha ireo no vokatra afa-karatsaka hozaraina ho an'ny vola itambarana sy ho an'ireo nanjanona araka ny fanapahan-kevitry ny Minisitra miadidy ny didy amam-pitsipika momba ny hetra.

**LOHATENY II**
**FIFANOLANANA ARA-KETRA**
**FEPETRA ANKAPOBENY**
**TOKO I**
**SEHATRY NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA SY NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO**

**Andininy 20. 02. 01**
Ovàna toy izao ny rijantenin'io andininy io :
« Ireo hetra, haba sy sara na ireo karazam-bola tokony haloa ato anatin'ny faritany dia azo anaovan'ny mpandoa hetra fitarainana na anaovan'ny Sampandraharahan'ny hetra na ny Sampandraharaha miandraikitra ny famerana ny hetra famotsorana ankitsirano. »

**TOKO II**
**NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FAMINDRAM-PO**

**Andininy 20. 02. 05**

Soloy ny vondron-teny « sampandraharaha miandraikitra ny hetra izay iankinan'ny toerana amerana ny hetra na ny haba ho an'ireo hetra mivantana natao avy amin'ny raoly » ho « sampandraharaha miandraikitra ny famerana ny hetra ao amin'ny Kaominina itoeran'ny fananana mifaka ho an'ireo hetra, haba sy sara sami hafa voarakitra ao anatin'ny Lohateny II,III ary IV n'ny Boky II amin'ity fehezan-dalàna ity. »

**Andininy 20. 02. 06**
Ao amin'ny faran'ity andininy ity dia ampio vondron-teny hoe « na avy amin'ny Lehiben'ny Sampandraharaha miandraikitra ny famerana ny hetra ao amin'ny Kaominina itoeran'ny fananana mifaka ho an'ireo hetra, haba sy sara samihafa voarakitra ao anatin'ny Lohateny II,III ary IV n'ny Boky II amin'ity fehezan-dalàna ity. ».

**Andininy 20. 02. 10**
Foano ny vondron-teny « natao avy amin'ny raoly »

**TOKO III**
**NY SAMPAM-PITSARANA MIKASIKA NY FIFANOLANANA FITARAINANA**

**Andininy 20. 02. 13**
a)Soloy ao amin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity ny vondron-teny « sampandraharaha miandraikitra ny hetra izay iankinan'ny toerana amerana ny hetra na ny haba ho an'ireo hetra mivantana natao avy amin'y raoly » ho « sampandraharaha miandraikitra ny famerana ny hetra ao amin'ny Kaominina itoeran'ny fananana mifaka ho an'ireo hetra, haba sy sara samihafa voarakitra ao anatin'ny Lohateny II,III ary IV n'ny Boky II amin'ity fehezan-dalàna ity »

b)Ovàna ny rijan-tenin'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity :
« Ireo fitarainana mikasika ny famerana ireo hetra hafa ankoatra ireo izay voalazan'ity fehezan-dalàna ity dia avantana ao amin'ny biraon-ketra miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra na any amin'ireo Sampandraharaha foibe miandraikitra ny fisavana ara-ketra. »

**Andininy 20. 02. 14**
Ovàna ny rijan-tenin'ity andininy ity :
« Ny fe-potoana hitarainana dia iray volana manomboka ny nandraisana ny fampahafatarana farany ireo fanitsiana.

Ireo hetra voalazan'ity fehezan-dalàna ity dia azo takiana iray volana aorian'ny fampahafatarana ny valiny faran'ny fanitsiana raha tsy misy fitarainana.

Raha toa ka miaiky ny tsy fanarahany fitsipika voalaza tao anatin'ny fampahafantarana farany ny mpandoa hetra, tonga dia azo takiana avy hatrany ireo hetra, haba sy sara tokony haloany. »

**Andininy 20. 02. 16**
Soloy ny vondron-teny « Ny fandraharahana ara-ketra » ho « Ny fandraharaharana miandraikitra ny famerana ny hetra. »

**Andininy 20. 02. 17**
Ao amin'ny faran'ity andininy ity dia ampio vondron-teny hoe « … na avy amin'ny Lehiben'ny Sampandraharaha miandraikitra ny famerana ny hetra ao amin'ny Kaominina itoeran'ny fananana mifaka ho

an'ireo hetra, haba sy sara samihafa voalaza ao anatin'ny Lohateny II,III ary IV n'ny Boky II amin'ity fehezan-dalàna ity. ».

**Andininy 20. 02. 18**
Ovana toy izao ny firafitry ny andalana voalohany amin'ity andininy ity :
« Ny Sampandraharaha momba ny hetra no manapaka amin'ny fitarainana sy ny famotsorana ankitsirano tsy misy fierana novolavolain'ny mpiasa miandraikitra ny famerana ny hetra na ny fitakiana ny hetra ao anatin'ny fe-potoana iray volana manomboka ny andro nanaterana azy ireo. »

## TOKO IV
## NY FOMBA ARAHINA EO ANATREHAN' NY FITSARANA

Ovàna toy izao ny lohatenin'ny Sokajy I :

### SOKAJY I
### SAMPAM-PITSARANA MAHEFA

**Andininy 20. 02. 20**
Soloy ao amin'ny andalana faharoa ny vondron-teny « enim-bolana » ho « iray volana ».

**Andininy 20. 02. 21**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :
« Ny fitarainana dia tsy maintsy ampidirina ao anatin'ny iray volana manomboka ny andro nandraisana ny filazana ny fanapahan-kevitra na manomboka ny andro nahataperan'ny fe-potoana iray volana izay voalazan'ny andininy 20.02.20 »

**Andininy 20. 02. 22**
Ovàna toy izao ny rijan-teninity andininy ity :
« Amin'ny lafiny hetra mivantana, ho an'ny hetram-panjakana, ny fitarainana dia tsy maintsy ampidirina ao amin'ny filan-kevi-panjakana ao amin'ny Fitsarana tampony ary ao amin'ny Fitsarana raharaham-panjakana ho an'ny hetram-bondrom-bahoaka.

Amin'ny lafiny sara-panoratana, haba amin'ny hajia sy hetra tsy mivantana ary haba mitovy aminy, indrindra ny haba amin'ny tataom-bidy, ho fandikana ny fepetra amin'ny fehezan-dalàna momba ny paika ady madio, ny fitsarana mahefa dia ny Fitsarana momba ny ady madio, amin'ny ambaratonga voalohany sy faratampony. »

## TOKO V
## FAMAIZANA FANDIKAN-DALAN'NY PARAKY SY ALIKAOLA
### SOKAJY III
### MOMBA NY FISAFOANA SY NY FISAVANA
#### 2- Momba ny fakana mialoha ireo sombiny sy ireo fanombanana

**Andininy 20. 02. 62**
Soloy ny vondron-teny « sarany amin'ny vokatra » ho « hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana ».

### SOKAJY IX
### FITORIANA
#### 1- FEPETRA ANKAPOBENY

**Andininy 20. 02. 105**
Foano ao anatin'io andininy io ny teny hoe "sarany amin'ny vokatra"

**Andininy 20. 02. 106**
Foanana ny fepetran'io andininy io

**Andininy 20. 02. 107**
Foanana ny fepetran'io andininy io

#### 2 - RAHARAHAM-PIHAVANANA

**Andininy 20. 02. 115**
Soloina hoe " Tale Jeneralin'ny Hetra" ny vondron-teny hoe "Minisitra miandraikitra ny didy amam-pitsipika mifehy ny hetra"

Foanana ny fepetra mikasika ny Sokajy XII "FITSINJARANA NY VOKATRY NY LAMANDY SY FIHAZONANA”

**SOKAJY XII**

**FITSINJARANA NY VOKATRY NY LAMANDY SY FIHAZONANA**

**SOKAJY XIII**

**FEPETRA ANKAPOBENY**

Foronina ao anatin’io Sokajy XIII io ny andininy 20.02.126 mirafitra toy izao:

**“ Andininy 20.02.126**

Ny vokatra rehetran’ny lamandy, fihazonana ary vola hafa voavory tamin’ny alalan’ny hetra,haba ary sara dia zaraina araka ny paika arahina voalaza amin’ny andininy 20.01.79

**LOHATENY III**

**FOMBA FAMERANA NY HETRA**

**FEPETRA IRAISANA**

**I- FAMERANKETRA SY FANITSIANA**

**A- TSY FISIANA NA FAHATARAN’NY FILAZANA**

**Andininy 20.03.02**

Foanana ny vondronteny” Raha tsy sendra misy ny fepetry ny andininy 20.03.03 manaraka eto”

**Andininy 20.03.03:**

Foanana ny fepetran’io andininy io

**LOHATENY IV**

**IREO FETRA FAHALANIANA ANDRO**

Amin’ny IV, foano ny vondron-teny hoe “ sara-panoratana amin’ny boky fananantany”

**IV- SARA- PANORATANA SY HABA AMIN’NY HAJIA SY NY HABA MITOVY AMINY**

**Andininy 20. 04.07**

Ampio andalana faharoa mirafitra toy izao :

Ny fetra fahalaniana andro telo taona dia mihatra amin’ny lamandy amin’ny fandikan-dalàna mikasika ny fehezan-dalàna momba ny hajia. Io fetra fahalaniana andro io dia manomboka ny fotoana nizahan’ny mpiasan’ny hetra ifotony ny sora-panekena nalefa hosoratana.

**LOHATENY V**

**LAHARAM-PAMATARANA NY MPANDOA HETRA**

**FEPETRA SAMIHAFA**

**Andininy 20. 05.07**

Soloy ny vondron-teny « avy amin’ireo andininy 10.01.29 sy 10.06.65» ho « avy amin’ny andininy 10.06.65 »

**LOHATENY VI**

**FAHEFANA MITAKY-FAHEFANA MISAVA SY MANAMARINA-TSIAMBARATELON’NY ASA (DC-DV-SP)**

**SOKAJY I**

**FAHEFANA MITAKY**

**Andininy 20. 06.01**

Ovana toy izao ny rijantenin’ity andininy ity:

“ Ny mpiasan’ny hetra dia manana fahefana malalaka hitaky amin’ny olon-tsotra na fikambanana, miankina na tsy miankina amin’ny Fanjakana, ny taratasy na antontan-taratasy rehetra sy ny fampahalalana rehetra mety ho azo, ary afaka mitazona ireo antontan-taratasy sy ireo fitaovana ara- solosaina ilaina amin’ny famerana ireo hetra voalazan’ity fehezan-dalàna ity.

Ny fampahalalana rehetra sy ireo antontan-taratasy notakiana dia tsy maintsy omena ao anatin’ny folo andro manomboka ny daty nandraisana ny fangatahana ary tsy misy hatakandro aorian’ny fampisehoana ny baiko fanirahana ho an’ny fitazonana ireo antontan-taratasy ara- solosaina.

**Andininy 20. 06.03**

Ampio andalana faharoa sy fahatelo mirafitra toy izao:

“ Ny sosaiety, mpiantoka, mpiasa, masoivoho, tomponandraikitra, mpanelanelana dia tsy maintsy mampiseho ny boky izay teren’ny lalàna hotazonina , hatramin’ny Lohateny II amin’ny fehezan-dalàna momba ny varotra ka hatramin’ny fehezan-dalàna mikasika ny fisavana sy fanaraha-mason’ny fiantohana, ny fifanarahana na fifanekem-piarahamiasa manankery ary ao anatiny ireo nohavaozina tamin’ny alalan’ny fanohizana raha tsy misy mitsipaka na tapitra tao anatin’ny fotoana latsaky ny enina taona, isaky ny misy

fangatahan'ny mpiasan'ny hetra,ny boky fitadidiana voalazan'ny andininy 02.06.11 ary ny boky sasany rehetra na antontan-taratasy mety ilaina amin'ny fisavana ny haba.
Ny olona iantohana amin'ny tranompiantohana tsy manana na toerampiasana, na masoivoho na sampanana na solotena tomponandraikitra eto Madagasikara dia tsy maintsy manome, isaky ny misy fangatahan'ny mpiasan'ny hetra , ny mombamomba ny fifanekem-piaraha-miasany manankery, ka ao anatin'izany koa ireo nohavaozina tamin'ny alalan'ny fanohizana raha tsy misy mitsipaka na tapitra tao anatin'ny fotoana latsaky ny enina taona.

**Andininy 20. 06.07**
Foanana ny fepetra mikasika ity andininy ity.

**SOKAJY II**
**TSIAMBARATELON'NY ASA**

**Andininy 20. 06.14**
Foanana ny fepetra mikasika ity andininy ity.

**SOKAJY III**
**ANDRAIKITRY NY ISAM-BATAN'OLONA NA FIKAMBANANA MANDROTSA- BOLA IHARAN'NY HETRA**

**Andininy 20. 06.12**
a)Soloy ao amin'ny andalana voalohany ny vondron-teny « 1 may » ho « 1 martsa » sy « Sampandraharaha miandraikitra ny famerana ny hetra » ho « Sampandraharaha miandraikitra ireo fanamarinana ».
b) Ovàna toy izao ny firafitry ny fehezan-teny voalohany ao amin'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity :
« Ny filazana mampiseho ny antsipirihan'ny vola voalaza dia tsy maintsy misy tohana « informatique » sy filazana mamintina amin'ny dika roa mitovy izay modely nomen'ny Sampandraharahan'ny hetra. »
d) Foano ao amin'ny tsipika fahefatra ao amin'ny andalana faharoan'ity andininy ity ny vondron-teny « sy numeraon' ny taratasy fanamarinana voalazan'ny andininy 10.01.29 etsy ambony ».

**SOKAJY IV**
**ANDRAIKITRY NY MPANAO TAOZAVATRA, MPIVAROTRA SY MPANAO ASA-TANANA**

**Andininy 20. 06.18**
Foano ao amin'ny tsipika voalohany amin'ny andalana fahefatra amin'ity andininy ity ny vondron-teny « nomeraon' ny taratasy fanamarinana voalazan'ny andininy 10.01.29 »

**SOKAJY V**
**ANDRAIKITRY NY MPAHAY MOMBA NY KAONTY, MPITANA KAONTY ANKATOAVINA SY NY MITOVY AMINY**

**Andininy 20. 06.19**
Foanana ny fepetra mikasika ity andininy ity.

**SOKAJY VII**
**FANAMARINANA ENY AN-TOERANA**

**Andininy 20. 06.24**
Soloy ao amin'ny andalana faharoa amin'ity andininy ity ireo vondron-teny « fampahafatarana » ho « taratasy fampahafatarana » sy « telopolo andro raikitra » ho « dimy ambinifolo andro raikitra »

**LOHATENY VIII**
**FOIBEM-PITANTANANA**

**Andininy 20.08.01**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :
« Ny foibem-pitantanana izay manampy ara-pitantanana ireo mpandoa hetra manana vola maty sy/na vola miditra latsaky ny Ar 200.000.000 miasa amin'ny sehatry ny taozava-baventy, sehatry ny varotra, asa-tanana, fambolena,ary mampandroso ny fampiasana ny fitanan-kaonty sy manamora ny fanatontosana ny andraikitra ara-pitantanan-draharaha sy mikasika ny hetra ny mpikambana manana anton'asa mahaleotena sy ny tompon'ny vesatra sy ny andraikitra dia ankatoavina araka ny fepetra voafaritry ny lalàna ».

**Andininy 20.08.02**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :
« Ireo foibe ireo dia niforona avy amin'ny hetsiky ny mpahay kaonty na sosaiety misoratra ao amin'ny Holafitry ny mpahay kaonty sy fitantanam-bola eto Madagasikara (O.E.C.F.M), na ny Antenimieran'ny varotra, ny fambolena, ny indostria, sy ny asa-tanana, na ny holafitra, na ny fikambanana arak'asa mijoro ara-dalàna ».

**Andininy 20.08.04**
Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« Ny foibe irery ihany no mahazo manao, ho an'ireo mpikambana ao aminy izay voalan'ny andininy 20.08.01, ny filazana natokana ho an'ny fandraharahana ara-ketra, mpiasan'ny hetra iray no manampy ara-teknika ny foibem-pitantanana nankatoavina, araka ny fepetra voalazan'ny fifanarahana nisy teo amin'ny foibe sy ny fandraharahana ara-ketra ».

**Andininy 20.08.06**

Soloina ao amin'ity andininy ity ny vondron-teny « Ny Talem-paritanin'ny hetra » ho « Ny Talem-paritry ny hetra ».

**Andininy 20.08.08**

Soloina ao amin'ity andininy ity nyvondron-teny « Ny Talem-paritanin'ny hetra » ho « Ny talem-paritry ny hetra »

Foano ireo fepetra voalazan'ny LOHATENY VII amin'ny BOKY III

**LOHATENY VII**

**RAOLY**

**ANDININY FAHA-2**

**FADITSERANANA**

A- Ireo fepetra ao amin'ny fehezan-dalana momba ny Faditseranana dia ovàna sy fenoina toy izao manaraka izao :

a) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 29 amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

## Sokajy II

## Fandrarana mikasika ireo entana hosoka

**Art. 29.- 1°/- Voarara ny fanafarana na fanondranana ny entana rehetra hosoka.**

**2°/- Ny antsoina hoe hosoka araka ny dikan'ity andalana voalohany amin'ity andininy ity :**

**a) ny famokarana indray, ny fampiasana, ny fametahana na ny fakan-tahaka ny mari-panamboarana mitovy na mifanahantsahana amin'ilay voalaza ao amin'ny firaketana, ka tsy nahazoana alàlana avy amin'ny tompony na ny manana ny zo manokana hitrandraka ;**

**b) ny fandikana, fanafarana na ny fivarotana ny famoronana vaovao, tsy nahazoana fankatoavana avy amin'ny tompon'ilay birendy ;**

**c) ny famokarana indray, manontolo na amin'ny ampahany ny sary na maodely, tsy nahazoana alàlana avy amin'ny tompony ;**

**d) ny fanontana ireo raki-tsoratra, ny fandrindrana ny mozika, ny sary, ny printy, na ireo famokarana hafa rehetra voarakitra an-tsoratra na amin'ny takila manontolo na amin'ny ampahany ary koa ireo famokarana indray rehetra, ny fampisehoana indray na ny famoahana ny asan'ny saina sy ny fanahy manohitra ireo zon'ny mpamorina ;**

**e) ireo famerana, famokarana indray, faneraserana na fanomezana ny be sy ny maro hakana vola na maimaimpoana, ny raharaha iray, ny oronam-peo, ny oronan-tsary na fandaharana, notrontosaina tsy nahazoana alàlana, rehefa takian'ilay mpanakanto mpindrana sangan'asa izany, ny mpamokatra ny oronam-peo na oronan-tsary na ilay orinasa mpiserasera.**

**3°/- Amin'ny sehatry ny fanenjehana ireo fandikan-dalàna vokatry ny fandrarana, ny faditseranana dia afaka mitana mandritra ny folo (10) andro amin'ny andavanandro farafahabetsany ireo entana rehetra ahiana ho mitondra fanelingelenana eo amin'ny zo mifandraika amin'ny fananana ara-toe-tsaina, fa amin'ny alalan'ny fametrahan'ny manan-jo fangatahana mialoha eny amin'ny faditseranana.**

**4°/- Nefa kosa, ho an'ireo voakasiky ny hosoka ara-mari_panamboarana, ny samoan-draharahan'ny faditseranana dia afaka avy hatrany mampihatra ireo fombafomba momba ny fanagiazana ny entana isaky ny miariary ireny hosoka ireny. Noho izany, araka ny fepetra momba ny fombafomba amin'ny faditseranana amin'ny famaizana ny ny hosoka, ireo entana manana mari-panamboarana halatra dia tanana aorian'ny fanapahana avy amin'ny fitsarana na misy fitsipika nifanarahana.**

5°/- Ny Fandraharahana ny Faditseranana no afaka hamotika izany tsy misy onitra mihitsy na toy inona na toy inona na handefa izany any amin'ny toerana hafa voasoritra ho ao amin'ny tandrifim-pahefany, kanefa tsy tokony ho tafiditra eo amin'ny tsena ka hamono antoka ny tompon'ny mari-panamboarana nahazoan-dalàna na mandetsy ny zon'ny mpamorona.

6°/- Ny fanondranana ny entana any ivelany indray misy mari-panamboarana hosoka na entana nasiam-pangalarana dia tsy azo atao.

7°/- Ny fandrarana toy izany dia mahakasika ny fanafarana entana avy any ivelany ka tsy ahitana endrika varotra.

b) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 61§1°a amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« **61 1°a :** Ho fanambaràna tsotsotra :

- ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo miaraka raha ilaina izaany, amin'ny dikan-teniny marina, misy raha kely indrindra ny zavatra tokony ho fantatra mikasika ny mombamomba ilay entana, ny famantarana ny fasiana azy, ny isan'ny entana, ny filazana ny mpampiakatra ny entana, ny tompon'andraikitry ny fandraisana (Banky, ny tena nandefasana). **Ny taratasy manambara ny entana entin'ny sambo dia hapetraka amin'ny alalan'ny fitahirizana an-taratasy any amin'ireo birao tsy mbola misy solo-saina, na amin'ny alalan'yn fomba elektronika any amin'ireo birao mampiasa solo-saina.**
- ny taratasy manokana manambara ny vatsy eny ambony sambo sy ny kojakojan'entana an'ny mpikambana ao amin'ny famoriana ; »

c) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 102 amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« **102 1° : Any amin'ireo birao tsy mampiasa solo-saina, ny fanambaràna amin'ny antsipirihany eken'ny mpiasan'ny faditseranana fa azo raisina dia soratan'izy ireo avy hatrany amin'ny boky manokana ary omena nomerao izy amin'izany.**

**2° Any amin'ireo birao mampiasa solo saina, ny fandraketana ny fanambaràna dia ataon'ny mpanambara amin'ny fomba elektronika.**

**3° Heverina ho tsy azo raisina any fanambaràna tsy ara-dalàna eo amin'ny endriny na tsy nampiarahina amin'ny tahirin-kevitra izay tsy maintsy atao ny fanolorana azy.** »

d) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 116 amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« **And 116 : Foana.** »

e) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 117 amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« **And 117 : Foana.** »

f) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 126§1° amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« **126 -1° : I**reo Mpandray vola momba ny faditseranana dia afaka mamela ho alaina ny entana araka ny fizotry ny fanamarinana, sy alohan'ny famaranana sy fanefana ny sara sy haba tsy maintsy aloa, rahefa misy fametrahana antoka ara-dalàna ataon'ireo mpandoa vola :

a) ny fanefana ny sara sy haba dia tsy maintsy aloa sy ireo vola hafa rehetra tokony aloa amin'ny Fandraharahana **ao anatin'ny dimy amby folo andro (15) ngarangidina** farafahatarany ;

b) ny fanefana, ambonin'ny sara sy haba, ny saram-panelanelanana izay kajiana amin'ny habetsahan'izany sara sy haba izany.»

g) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny sokajy **III** ny toko **IV** amin'ity fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

**FAMPITROSANA MOMBA NY FAKANA NY ENTANA AVY AMIN'NY SOLIKA**

**Art 126 bis : 1°/ Ireo hananan-ketra dia afaka maneho ireo fiandreketana voaantoka izay ny fetra hanefana azy dia feran'ny Minisitra misahana ny faditseranana, amin'ny fandoavana ny sara sy haba amin'ireo entana avy amin'ny solika takian'ny Sampandraharahan'ny faditseranana ;**

**2°/ ireny fiandreketana ireny dia tsy ekena raha latsaky ny sandam-bola 2 000 000 ariary rehefa vita ny fanisana azy ;**

**3°/ ireny fiandreketana ireny dia hakana zana-bola amin'ny fitrosana sy saram-panelanelanana ka ny tahan'izany dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny faditseranana ;**

**4°/ ny fitsinjarana ilay saram-panelanelanana amin'ny mpikajy ny volan'ny Tahirim-bolam-panjakana sy ny an'ny faditseranana dia ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny faditseranana. »**

h) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 204§2 amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :

« **204 :** Amin'ny fanafarana azy ireo indray, ny vokatra sy ny entana izay nanaovana fanondranana entana tsy maharitra ho fanatsarana ny vola miala dia, na izany ekena indray ao **amin'ny fampidirana entana tsy**

**maharitra ho amin'ny fanatsarana ny ho enti-mihetsika** izay notononina tam-boalohany, na apetraka ho amin'ny fanjifana araka ny fepetra voalazan'ny 3° etsy ambany sy ny andininy faha 199 etsy ambony.»

i) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 205-1° amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :
« **Art 205-1° a) :** ny sara sy haba takiana dia izay manan-kery amin'ny vaninandro handraiketana am-boky ny fanambaràna amin'ny antsipirihiny **amin'ireo vokatra naodina.**
**b) ny karazana sy ny lazam-bidy sy ny habetsahan'ny vokatra nahodina no atao fototra hikajiana ireo sara sy haba ;** »

j) Soloy ny fampandriana an-tsoratra ny andininy faha 369§2 amin'ny fampandriana an-tsoratra vaovao arafitra toy izao manaraka izao :
« 369 2° : Ny fanambaràna diso rehetra izay manana tanjona na fiatraikany amin'ny fanalàna ny fampiharana ny fepetra mandrara. Na izany aza anefa, ny entana voarara teo am-pidirana na teo am-pivoahana izay nambara araka ny anarana nampivoitra ny fandraràna izay nihatra taminy dia tsy hogiazana mihitsy ; ireo natokana ho amin'ny fanafarana dia averina any ivelany, **na raha tsy izany, dia potehina ka hiantsorohan'ny mpandika lalàna ny sara ka ny fombafomba fampiharana dia ferana amin'ny alalan'ny fanapahana raisin'ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana.»**

Ny ambiny tsy misy fanovana

B- Momba ny lazam-bidy amin'ny faditseranana :
Jereo any amin'ny dika-teny Frantsay (pejy 138)

j) Remplacer la rédaction de l'article 369§2 par la nouvelle rédaction rédigée comme suit :
« **Art 369 : 2°** Toute fausse déclaration ayant pour but ou pour effet d'éluder l'application des mesures de prohibition.

Cependant, les marchandises prohibées à l'entrée ou à la sortie qui ont été déclarées sous une dénomination faisant ressortir la prohibition qui les frappe ne sont point saisies ; **celles destinées à l'importation sont renvoyées à l'étranger, ou à défaut, détruites aux frais du contrevenant dont la modalité sera fixée sur décision du Directeur Général des Douanes.**

Le reste sans changement.

**B- Tarif des douanes :**

**I./ <u>MODIFIER COMME SUIT LE TAUX DE LA TVA POUR TOUS LES PRODUITS QUI EN SONT FRAPPES</u>**

| Au lieu de | Lire |
|---|---|
| 18 | 20 |

**II./ <u>INSERER LES SOUS-POSITIONS CI-APRES :</u>**

1./ 29.30.50.00 : - Captafol ( ISO ) et méthamidophos ( ISO )

2./ 65.05 :

| | |
|---|---|
| 65.05 | Chapeaux et autres coiffures en bonneterie ou confectionnés à l'aide de dentelles, de feutre ou d'autres produits textiles, en pièces ( mais non en bandes ), même garnis ; résilles et filets à cheveux en toutes matières, même garnis. |
| 65.05.10.00 | - Résilles et filets à cheveux |
| 65.05.90 | - Autres |
| 65.05.90.10 | - - - Casques en liège |
| 65.05.90.20 | - - - Coiffures en lingerie non montées sur carcasses |
| 65.05.90.30 | - - - Casquettes, képis et similaires |
| 65.05.90.40 | - - - Bérets, bonnets, calottes, fez, chéchias et coiffures similaires en bonneterie foulée ou feutrée |
| 65.05.90.90 | - - - Autres |

3./ 84.32.29.00 : -- Autres

4./ 85.23 40 : - Supports optiques

| | | |
|---|---|---|
| 85.23.40 | 10 | - - - Pour la reproduction des phénomènes autres que le son ou l'image |
| 85.23.40 | 90 | - - - Autres |

5./85.23.59 : - - Autres

| | | |
|---|---|---|
| 85.23.59 | 10 | - - - Pour la reproduction des phénomènes autres que le son ou l'image |
| 85.23.59 | 90 | - - - Autres |

6./ 85.23.80 : - Autres

| | | |
|---|---|---|
| 85.23.80 | 10 | - - - Pour la reproduction des phénomènes autres que le son ou l'image |
| 85.23.80. | 90 | - - - Autres |

7./ 90.21.40.00 : - Appareils pour faciliter l'audition aux sourds, à l'exclusion des parties et accessoires

8./ 93.03.10.00 : - Armes à feu ne pouvant être chargées que par le canon

9./ 98.08.00.00 : - Travaux informatiques
10./ 98.09.00.00 : - Dépouilles mortelles

**III./ <u>CREER LES SOUS POSITIONS NATIONALES SUIVANTES</u>**

| TARIF N° | Désignation des produits | U.Q.N | DD | DA | TVA | DS |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | - - - De 4 tonnes et plus de charges utiles | | | | | |
| 8716.20 11 | - - - - Neufs | U | Ex | Ex | 20 | Ex |

| | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|
| 8716.20 12 | - - - - Usagés | U | Ex | Ex | 20 | Ex |
| | - - - Autres | U | | | | |
| 8716.20 91 | - - - - Neufs | U | 10 | Ex | 20 | Ex |
| 8716.20 92 | - - - - Usagés | U | 10 | Ex | 20 | Ex |

**IV./ SUPPRIMER LES SOUS-POSITIONS SUIVANTES**

1./ 12.07.92.00 : - - Graines de karité
2./ 29.07.14.00 : - - Xylénols et leurs sels

**V./ RECTIFIER LES LIBELLES DES SOUS-POSITIONS CI-APRES :**

1./

| | | |
|---|---|---|
| 03.03.61 | 00 | Mettre deux tirets ( - - ) au lieu de trois tirets ( - - - ) |

2./

| | | |
|---|---|---|
| 03.03.62 | 00 | Mettre deux tirets ( - - ) au lieu de trois tirets ( - - - ) |

3./

| | | |
|---|---|---|
| 11.03.20 | Au lieu de : | - Pellets |
| | Mettre : | - Agglomérés sous forme de pellets |

4./

| | | |
|---|---|---|
| | Au lieu de | Mettre |
| 12.10.20.10 | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 12.10.20.90 | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |

5./
19.02 Dans le libellé, mettre **Point Virgule** ( ; ) avant « **couscous** « .

6./

| | | |
|---|---|---|
| 19.05.90 | 10 | Mettre trois tirets ( - - - ) au lieu de deux ( - - ) |

7/

| | | |
|---|---|---|
| 19.05.90 | 90 | Mettre trois tirets ( - - - ) au lieu de deux ( - - ) |

8./

| | | |
|---|---|---|
| 20.06. | Au lieu de : | 20.06 |
| | Mettre : | **20.06.00** |

9./

| | | |
|---|---|---|
| 22.08.40 | Au lieu de : | - Rhum et tafia |
| | Mettre : | - Rhum et autres eaux-de-vie provenant de la distillation, après fermentation, de produits de canne à sucre |

10./

| | | |
|---|---|---|
| | Au lieu de | Mettre |
| 23.06.10.00 | - de coton | - de graines de coton |
| 23.06.20.00 | - de lin | - de graines de lin |
| 23.06.30.00 | - de tournesol | - de graines de tournesol |
| | - de navette ou de colza | - de graines de navettes ou de colza : |
| 23.06.41.00 | - de navette ou de colza à faible teneur en acide érucique | - de graines de navette ou de colza à faible teneur en acide érucique |

11./

| | | |
|---|---|---|
| 26.18.00.00 | Au lieu de : | Laitier granulé ( sable-laitier) provenant de la fabrication du fer et de l’acier |
| | Mettre | Laitier granulé ( sable-laitier) provenant de la fabrication de la fonte, du fer ou de l’acier |

12./

| | | |
|---|---|---|
| 26.20. | Au lieu | Cendres et résidus ( autres que ceux de la fabrication du fer ou de l'acier) contenant de l'arsenic, des métaux ou des composés de métaux |
| | Mettre | Scories, cendres et résidus ( autres que ceux provenant de la fabrication de la fonte, du fer ou de l'acier) contenant des métaux, de l'arsenic ou leurs composés |

13./
Mettre le libellé suivant au-dessus de la sous-position 27.07.91.00 :
- Autres :

14./
28.09 : Supprimer le mot " **et** "entre « acide phosphorique » et " acides polyphosphoriques" et remplacer ce mot par un **Point Virgule ( ;** ).

15./

| | | |
|---|---|---|
| 29.03.15.00 | Au lieu de : | - - 1,2 Dichloéthane ( chlorure d'éthylène ) |
| | Mettre | - - Dichlorure d'éthylène ( ISO )( 1,2-dichloroéthane) |

16./

| | | |
|---|---|---|
| 29.30.30.00 | Au lieu de : | - Mono-,di- ou tétrasulfures de thiorame |
| | Mettre : | - Mono-,di- ou tétrasulfures de **thiourame** |

17./

| | |
|---|---|
| 30.06.10.00 | Ajouter « **les** « devant « fils resorbables stériles « |

18./

| |
|---|
| 32.10.00.10 Mettre trois tirets (- - - ) au lieu de deux tirets ( - - ) |

19. /

| |
|---|
| 32.10.00.90 Mettre trois tirets ( - - - ) au lieu de deux tirets ( - - ) |

20./

| | | |
|---|---|---|
| 37.05.10.00 | Au lieu de : | - Pour la production offset |
| | Mettre : | - Pour la reproduction offset |

21./

| | Au lieu | Mettre |
|---|---|---|
| 39.19.10.10 | Deux tirets( - - ) | Trois tirets (- - -) |
| 39.19.10.90 | Deux tirets( - - ) | Trois tirets( - - ) |
| 39.19.90.10 | Deux tirets( - - ) | Trois tirets (- - -) |
| Plaques en chlorure de polyvinyle | Deux tirets( - - ) | Trois tirets (- - -) |
| 39.19.90.21 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 39.19.90.29 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 39.19.90.90 | Deux tirets( - - ) | Trois tirets( - - - ) |

22./
48.05.19.00 Après cette sous-position, supprimer les mots " **- Papiers et cartons multicouches** "

23./
60.01.21.00 Au lieu de un tiret ( - ) Mettre deux tirets ( - - )

24./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 60.03.10.00 | Deux tirets ( - - ) | Un tiret ( - ) |
| 60.03.20.00 | Deux tirets ( - - ) | Un tiret ( - ) |
| 60.03.30.00 | Deux tirets ( - - ) | Un tiret ( - ) |
| 60.03.40.00 | Deux tirets ( - - ) | Un tiret ( - ) |
| 60.03.90.00 | Deux tirets ( - - ) | Un tiret ( - ) |

25./

| | Au lieu | Mettre |
|---|---|---|
| En tissusde paka ( Uréna ) | Deux tirets ( - - ) | Deux tirets ( - - ) |

| | | |
|---|---|---|
| 63.05.10.21 | Trois tirets( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 63.05.10.22 | Trois tirets( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| En tissus d'autres fibres textiles libériennes | Deux tirets ( - - ) | Deux tirets ( - - ) |
| 63.05.10.31 | Trois tirets( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 63.06.10.32 | Trois tirets( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |

26./
70.0910.00 Après cette sous-position, supprimer le groupe de mots :
" **Miroirs en verre, même encadrés, y compris les miroirs rétroviseurs**"

27./
73.06 Ajouter **deux points ( : )** en fin de phrase après le groupe de mots "tubes et tuyaux de cuvelage ou de production des types utilisés pour l'extraction du pétrole ou de gaz "

28./
82.01.10 Au lieu de : – Bûches et pelles Mettre : - Bêches et pelles

29./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| Bouchons métalliques, bondes filetées capsules déchirables | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 83.09.90.11 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 83.09.90.19 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| Capsules de surbouchage. | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 83.09.90.21 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 83.09.90.29 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| Autre | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 83.09.90.91 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 83.09.90.99 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |

30./
Chapitre 84. Dans la Note de sous-position 1.-, remplacer " **5B)**" par " **5C)** " .

31./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 84.18.50.00 | Autres coffres, armoires, vitrine, comptoirs et meubles similaires, pour la production du froid | Autres meubles ( coffres, armoires, vitrines, comptoirs et similaires), pour la conservation et l'exposition des produits, incorporant un équipement pour la production du froid. |

32./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 84.18.61.00 | Groupes à compression dont le condenseur est constitué par un échangeur de chaleur | Pompes à chaleur autres que les machines et appareils pour le conditionnement de l'air du n° 84.15 |

33./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 84.32.10.10 | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 84.32.10.90 | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |

34./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 84.42.30.00 | - Autres machines, appareils et matériel | - Machines, appareils et matériels |

35./

| | |
|---|---|
| 84.7130.00 | Supprimer « **numériques** « ainsi que la **virgule ( , )** qui suit ce mot |
| - Autres machines de traitement de l'informati numériques | Supprimer » **numériques** « dans ce libellé |
| 84.71.50.00 | Supprimer » **numériques** « dans ce libellé |

36./
Chapitre 85. Dans la Note de sous-position 1.-, supprimer le groupe de mot:
" **lecteurs de cassettes et** " .

37./
Chapitre 87. Remplacer **« UC »** dans la première colonne par **« UQN »**.

38./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| De 4 tonnes et plus de charges utiles | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets (- - - ) |
| 87.16.40.10 | Trois tirets (- - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 87.16.40.20 | Trois tirets (- - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| Autres | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets (- - - ) |
| 87.16.40.91 | Trois tirets (- - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 87.16.40.92 | Trois tirets (- - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |

39./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 88.02.30.00 | Avions et autres véhicules aériens, d'un poids vide excédant 2.000kg mais n'excédant pas 15.000kg | Avions et autres véhicules aériens, d'un poids **à** vide excédant 2.000kg mais n'excédant pas 15.000kg |
| 88.02.40.00 | Avions et autres véhicules aériens, d'un poids vide excédant 15.000kg | Avions et autres véhicules aériens, d'un poids **à** vide excédant 15.000kg |

40./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 89.01.90.12 | Quatre tirets ( - - - - ) | Cinq tirets ( - - - - - ) |
| 89.01.90.19 | Quatre tirets ( - - - - ) | Cinq tirets ( - - - - - ) |

41./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 89.06.10.00 | - Bateaux de guerre | - Navires de guerre |

42. /:
Chapitre 90.dans la Note 1h) :

- Remplacer :
  « caméras de télévision, appareils photographiques numériques et caméscopes ( n°85.25 ) »
  par
  " **les** caméras de télévision, **les** appareils photographiques numériques et **les** caméscopes ( n°85.25 )"
- Remplacer :
  " connecteurs pour fibres optiques "
  par
  " connecteurs **de** fibres optiques "

43./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| Lunettes correctrices | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 90.04.90.11 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 90.04.90.12 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 90.04.90.13 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 90.04.90.19 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| Autres | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |

| | | |
|---|---|---|
| 90.04.90.91 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 90.04.90.92 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 90.04.90.93 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |
| 90.04.90.99 | Trois tirets ( - - - ) | Quatre tirets ( - - - - ) |

44. /

| | Au lieu | Mettre |
|---|---|---|
| 90.22.19.00 | - - Pour tous usages | - - Pour autres usages |

45./

| | Au lieu | Mettre |
|---|---|---|
| 95.04.20.00 | - Billards et leurs accessoires, y compris les craies de billards | - Billards de tout genre et leurs accessoires |

46./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 97.01.10.10 | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 97.01.10.90 | Deux tirets ( - - ) | Trois tirets ( - - - ) |

47./

| | Au lieu | Mettre |
|---|---|---|
| 97.02.00.10 | Un tiret ( - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 97.02.00.90 | Un tiret ( - ) | Trois tirets ( - - - ) |

48./

| | Au lieu de | Mettre |
|---|---|---|
| 97.03.00.10 | Un tiret ( - ) | Trois tirets ( - - - ) |
| 97.03.00.90 | Un tiret ( - ) | Trois tirets ( - - - ) |

**VI./ MODIFIER COMME SUIT LES TAUX DES DROITS DES DOUANES SUR LES SOUS-POSITIONS SUIVANTES.**

| ***Position tarifaire*** | **Désignation** | **DD** Au lieu de | **DD** lire |
|---|---|---|---|
| 1701.11 90 | - - - Autres | 20 | 5 |
| 1701.12 90 | - - - Autres | 20 | 5 |
| 1701. 91 00 | - - Additionnés d'aromatisants ou de colorants | 20 | 5 |
| 1701. 99 90 | - - - Autres | 20 | 5 |
| 8701.20 | - Tracteurs routiers pour semi-remorques | | |
| 8701.20 10 | - - - Neufs | 10 | Ex |
| 8701.20 20 | - - - Usagés | 10 | Ex |
| | - Autres remorques et semi-remorques pour le transport de marchandises | | |
| 8716.31 10 | - - - - Citernes de 4 tonnes et plus de charges utiles, neufs | 10 | Ex |
| 8716.31 20 | - - - - Citernes de 4 tonnes et plus de charges utiles, usagés | 10 | Ex |
| 8716.39 31 | - - - - - Autres remorques et semi-remorques pour le transport de marchandises, de 4 tonnes et plus de charges utiles, neuves | 10 | Ex |
| 8716.39 32 | - - - - - Autres remorques et semi-remorques pour le transport de marchandises, de 4 tonnes et plus de charges utiles, usagées | 10 | Ex |
| 8716.40 | - Autres remorques et semi-remorques | | |
| | - - De 4 tonnes et plus de charges utiles | | |
| 8716.40 10 | - - - Neufs | 10 | Ex |
| 8716.40 20 | - - - Usagés | 10 | Ex |

………………………………Le reste sans changement ………………………………………

## II. FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA
## MIFEHY NY FITANTANAM-BOLA AMIN'NY TAONA 2008

### ANDININY FAHA-3

Ny vokatra sy ny vola miditra azo ampiharina amin'ny Tetibola amin'ny taona 2008 dia vinavinaina ho **2.544,8 miliara Ariary** araka ny tabilao manaraka etoana :

Miliara Ariary

| FANONDROANA | TETI-BOLA 2008 |
|---|---|
| | |
| **1. Fampandehanan-draharaha** | **1.948,2** |
| - Vola miditra avy amin'ny hetra | 1827,2 |
| - Vola miditra ankoatry ny hetra | 35,0 |
| - Fanampiana ara-bola tsy averina | 86,0 |
| - Vola miditra avy amin'ny fisintahan'ny fanjakana | 0,0 |
| - Vola miditra manokana | 0,0 |
| - Renivola miditra ( IADM – FMI) | 0,0 |
| **2. Fampiasam-bola** | **596,6** |
| - Fanampiana avy any ivelany/PIP | 596,6 |
| ***FITAMBARANY*** | ***2.544,8*** |

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

### ANDININY FAHA-4

Ny farafahabetsaky ny Sorabola anomezan-dàlana, ho an'ny zana-bola amin'ny trosa ivelany, ny Andrim-panjakana, ny ho entin-manana ireo Minisitera, ny fandaniana iraisan'ireo Minisitera, ny fanomezana ho an'ny Kaominina ary ny Fandaniana ho amin'ny famokarana (Famatsiam-bola anatiny sy ivelany) ao amin'ny Tetibola Ankapobe amin'ny taona 2008 dia mitentina **3.246.576.533.000 Ariary**.

### ANDININY FAHA-5

Ao anatin'io fetra faratampony io, dia sokafana amin'ny taona 2008 ny sorabola izay ampiharina :

- Hatramin'ny **192.713.451.000 Ariary** ho an'ny zana-bolan'ny trosa ivelany
- Hatramin'ny **146.199.821.000 Ariary** ho an'ireo Andrim-panjakana

izany hoe :

Arivo ariary

| LAHA-RANA | ANDRIM-PANJAKANA | KARAMA | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA | | | FITAM-BARANY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Tambi-karama | Entana sy raharaha | Famin-dram-bola | Fitam-barany | Ivelany | Anatiny | Fitam-barany | |
| **01** | **FIADIDIANA NY REPOBLIKA** | **3 764 404** | **5 069 546** | **15 288 073** | **2 879 152** | **23 236 771** | **28 500 000** | **24 315 182** | **52 815 182** | **79 816 357** |
| 010 | Fiadidiana ny Repoblika | 3 764 404 | 5 069 546 | 15 288 073 | 2 879 152 | 23 236 771 | 28 500 000 | 24 315 182 | 52 815 182 | 79 816 357 |
| **02** | **ANTENIMIERAN-DOHOLONA** | **0** | **4 053 205** | **2 089 117** | **190 465** | **6 332 787** | **0** | **767 718** | **767 718** | **7 100 505** |
| 020 | Antenimieran-doholona | 0 | 0 | 530 000 | 90 465 | 620 465 | 0 | 767 718 | 767 718 | 1 388 183 |
| 021 | Antenimieran-doholona - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 4 053 205 | 1 559 117 | 100 000 | 5 712 322 | 0 | 0 | 0 | 5 712 322 |
| **03** | **ANTENIMIERAM-PIRENENA** | **0** | **7 790 608** | **3 968 732** | **174 347** | **11 933 687** | **0** | **1 116 680** | **1 116 680** | **13 050 367** |
| 030 | Antenimieram-pirenena | 0 | 7 790 608 | 3 968 732 | 174 347 | 11 933 687 | 0 | 1 116 680 | 1 116 680 | 13 050 367 |
| **04** | **FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA** | **0** | **759 506** | **983 998** | **21 051** | **1 764 555** | **0** | **158 619** | **158 619** | **1 923 174** |
| 040 | Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana | 0 | 759 506 | 961 240 | 21 051 | 1 741 797 | 0 | 158 619 | 158 619 | 1 900 416 |
| 041 | Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana – Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 0 | 22 758 | 0 | 22 758 | 0 | 0 | 0 | 22 758 |
| **05** | **FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA** | **4 133 450** | **731 048** | **1 613 593** | **528 370** | **2 873 011** | **18 300 000** | **19 002 957** | **37 302 957** | **44 309 418** |
| 050 | Fiadidiana ny Praiministra | 3 856 867 | 173 317 | 511 631 | 106 389 | 791 337 | 18 300 000 | 19 002 957 | 37 302 957 | 41 951 161 |
| 051 | Fiadidiana ny Praiministra - Fandraharahana sy Fandrindrana | 276 583 | 557 731 | 1 101 962 | 421 981 | 2 081 674 | 0 | 0 | 0 | 2 358 257 |
| | **FITAMBARANY** | **7 897 854** | **18 403 913** | **23 943 513** | **3 793 385** | **46 140 811** | **46 800 000** | **45 361 156** | **92 161 156** | **146 199 821** |

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

- hatramin'ny **2.907.663.261.000 Ariary** ho an'ireo minisitera izany hoe :

Arivo ariary

| LAHA-RANA | MINISITERA | KARAMA | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA | | | FITAM-BARANY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Tambi-karama | Entana sy raharaha | Famin-dram-bola | Fitam-barany | Ivelany | Anatiny | Fitam-barany | |
| **11** | **MAE** | **41 728 542** | **1 452 000** | **6 481 245** | **2 929 107** | **10 862 352** | **0** | **1 586 193** | **1 586 193** | **54 177 087** |
| 110 | Raharaham-bahiny | 836 065 | 1 266 666 | 4 620 022 | 477 107 | 6 363 795 | 0 | 1 586 193 | 1 586 193 | 8 786 053 |
| 111 | Raharaham-bahiny – Fandraharahana sy Fandrindrana | 40 892 477 | 185 334 | 1 861 223 | 2 452 000 | 4 498 557 | 0 | 0 | 0 | 45 391 034 |
| **12** | **MDN** | **145 978 550** | **8 517 178** | **16 319 538** | **1 891 604** | **26 728 320** | **546 000** | **3 172 751** | **3 718 751** | **176 425 621** |
| 120 | Fiarovam-pirenena | 78 634 842 | 5 270 770 | 7 124 710 | 160 563 | 12 556 043 | 0 | 1 205 507 | 1 205 507 | 92 396 392 |
| 121 | Fiarovam-pirenena Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 2 774 256 | 4 266 170 | 1 304 862 | 8 345 288 | 546 000 | 952 081 | 1 498 081 | 9 843 369 |
| 130 | Filaminanana anatiny | 67 343 708 | 472 152 | 4 928 658 | 426 179 | 5 826 989 | 0 | 1 015 163 | 1 015 163 | 74 185 860 |
| **14** | **MININTÈR** | **13 490 317** | **234 158** | **10 460 904** | **208 644** | **10 903 706** | **2 300 000** | **4 692 842** | **6 992 842** | **31 386 865** |
| 140 | Fandraharahana ny lafin-tany sy ny fanavaozana ny Fitondran-draharaham-panjakana | 13 490 317 | 190 480 | 4 023 047 | 29 543 | 4 243 070 | 2 300 000 | 4 692 842 | 6 992 842 | 24 726 229 |
| 141 | MIINTER - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 43 678 | 6 437 857 | 179 101 | 6 660 636 | 0 | 0 | 0 | 6 660 636 |
| **15** | **SESP** | **47 492 411** | **371 579** | **4 237 319** | **304 558** | **4 913 456** | **0** | **5 586 193** | **5 586 193** | **57 992 060** |
| 150 | Filaminam-bahoaka | 47 492 411 | 371 579 | 3 824 068 | 304 558 | 4 500 205 | 0 | 5 586 193 | 5 586 193 | 57 578 809 |
| 151 | SESP - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 0 | 413 251 | 0 | 413 251 | 0 | 0 | 0 | 413 251 |
| **16** | **MIN.JUSTICE** | **30 764 745** | **4 665 000** | **14 237 613** | **3 427 786** | **22 330 399** | **1 450 000** | **7 241 701** | **8 691 701** | **61 786 845** |
| 160 | Fitsarana | 30 764 745 | 0 | 8 974 083 | 178 600 | 9 152 683 | 1 450 000 | 7 241 701 | 8 691 701 | 48 609 129 |
| 161 | MINJUS – Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 4 665 000 | 5 263 530 | 3 249 186 | 13 177 716 | 0 | 0 | 0 | 13 177 716 |
| **17** | **MPRDAT** | **614 310** | **514 733** | **8 072 560** | **62 577 313** | **71 164 606** | **191 839 000** | **15 024 970** | **206 863 970** | **278 642 886** |
| 170 | Fitsinjaram-pahefana | 241 526 | 123 905 | 137 840 | 0 | 261 745 | 65 200 000 | 4 866 901 | 70 066 901 | 70 570 172 |
| 171 | MDAT - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 244 300 | 7 779 700 | 62 569 313 | 70 593 313 | 0 | 0 | 0 | 70 593 313 |
| 620 | Fanajariana ny Tany | 372 784 | 146 528 | 155 020 | 8 000 | 309 548 | 126 639 000 | 10 158 069 | 136 797 069 | 137 479 401 |
| **21** | **MFB** | **78 766 947** | **6 461 002** | **70 213 671** | **119 666 088** | **196 340 761** | **34 160 000** | **84 057 134** | **118 217 134** | **393 324 842** |
| 210 | Fitantanam-bola | 16 996 571 | 46 078 | 1 401 756 | 9 919 538 | 11 367 372 | 14 540 000 | 1 463 533 | 16 003 533 | 44 367 476 |
| 211 | MFB - Fandraharahana sy Fandrindrana | 8 766 298 | 26 416 | 2 632 319 | 806 105 | 3 464 840 | 13 570 000 | 14 536 787 | 28 106 787 | 40 337 925 |
| 230 | Teti-bola | 53 004 078 | 6 388 508 | 66 179 596 | 108 940 445 | 181 508 549 | 6 050 000 | 68 056 814 | 74 106 814 | 308 619 441 |
| **25** | **MECI** | **6 417 851** | **142 806** | **4 310 506** | **6 110 449** | **10 563 761** | **8 000 000** | **5 789 330** | **13 789 330** | **30 770 942** |
| 250 | Toekarena | 4 406 713 | 85 806 | 288 668 | 393 987 | 768 461 | 4 700 000 | 2 467 987 | 7 167 987 | 12 343 161 |
| 251 | MECI - Fandraharahana sy Fandrindrana | 730 099 | 38 000 | 3 278 986 | 5 716 462 | 9 033 448 | 0 | 1 446 609 | 1 446 609 | 11 210 156 |
| 280 | Sehatra tsy miankina | 474 446 | 12 000 | 431 176 | 0 | 443 176 | 700 000 | 40 000 | 740 000 | 1 657 622 |
| 340 | Indostria | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 1 000 000 | 468 981 | 1 468 981 | 1 468 981 |
| 360 | Varotra | 806 593 | 7 000 | 311 676 | 0 | 318 676 | 1 600 000 | 1 365 753 | 2 965 753 | 4 091 022 |
| **32** | **MINFOPTLS** | **3 255 579** | **71 000** | **967 815** | **1 348 412** | **2 387 227** | **1 005 000** | **1 317 527** | **2 322 527** | **7 965 333** |
| 310 | Asa sy ny Lalàna Sosialy | 781 708 | 5 000 | 87 000 | 0 | 92 000 | 0 | 111 034 | 111 034 | 984 742 |
| 320 | Asam-panjakana | 2 137 364 | 7 900 | 73 000 | 0 | 80 900 | 400 000 | 1 131 045 | 1 531 045 | 3 749 309 |
| 321 | MINFOPTLS - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 54 100 | 754 815 | 1 348 412 | 2 157 327 | 0 | 0 | 0 | 2 157 327 |
| 330 | Fampiasana | 336 507 | 4 000 | 53 000 | 0 | 57 000 | 605 000 | 75 448 | 680 448 | 1 073 955 |
| **41** | **MAEP** | **17 268 516** | **1 284 715** | **5 016 904** | **14 487 062** | **20 788 681** | **157 983 000** | **67 774 519** | **225 757 519** | **263 814 716** |
| 410 | Fambolena | 10 867 549 | 878 419 | 2 803 488 | 605 686 | 4 287 593 | 129 219 418 | 60 348 519 | 189 567 937 | 204 723 079 |
| 411 | MAEP - Fandraharahana sy Fandrindrana | 207 972 | 183 658 | 1 651 267 | 13 745 704 | 15 580 629 | 0 | 55 000 | 55 000 | 15 843 601 |
| 420 | Fiompiana | 1 685 975 | 76 603 | 291 501 | 40 800 | 408 904 | 5 356 000 | 5 691 000 | 11 047 000 | 13 141 879 |
| 430 | Jono | 4 507 020 | 146 035 | 270 648 | 94 872 | 511 555 | 23 407 582 | 1 680 000 | 25 087 582 | 30 106 157 |
| **44** | **MEEFT** | **5 081 579** | **386 943** | **1 789 250** | **815 719** | **2 991 912** | **50 000 000** | **12 697 188** | **62 697 188** | **70 770 679** |

| LAHA-RANA | MINISITERA | KARAMA | FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA | | | | SORA-BOLA ENTI-MAMOKATRA | | | FITAM-BARANY |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | Tambi-karama | Entana sy raharaha | Famin-dram-bola | Fitam-barany | Ivelany | Anatiny | Fitam-barany | |
| 350 | Fizahan-tany | 650 359 | 18 274 | 682 797 | 418 626 | 1 119 697 | 0 | 1 319 710 | 1 319 710 | 3 089 766 |
| 440 | Tontolo iainana | 4 124 800 | 43 679 | 129 451 | 369 325 | 542 455 | 50 000 000 | 11 377 478 | 61 377 478 | 66 044 733 |
| 441 | MEEF - Fandraharahana sy Fandrindrana | 306 420 | 324 990 | 977 002 | 27 768 | 1 329 760 | 0 | 0 | 0 | 1 636 180 |
| **51** | **ENERGIE &MINES** | **1 937 219** | **652 602** | **1 920 946** | **54 621 179** | **57 194 727** | **89 000 000** | **24 408 769** | **113 408 769** | **172 540 715** |
| 510 | Angovo | 685 632 | 125 430 | 60 429 | 54 000 000 | 54 185 859 | 17 815 500 | 8 681 225 | 26 496 725 | 81 368 216 |
| 511 | MEM - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 307 082 | 1 032 365 | 225 179 | 1 564 626 | 0 | 0 | 0 | 1 564 626 |
| 520 | Rano sy ny fanadiovana | 139 014 | 150 490 | 723 533 | 380 000 | 1 254 023 | 57 039 180 | 14 570 686 | 71 609 866 | 73 002 903 |
| 530 | Harena an-kibon'ny tany | 1 112 573 | 69 600 | 104 619 | 16 000 | 190 219 | 14 145 320 | 1 156 858 | 15 302 178 | 16 604 970 |
| **61** | **MTPM** | **8 419 001** | **223 477** | **9 559 454** | **103 676** | **9 886 607** | **258 870 000** | **76 777 822** | **335 647 822** | **353 953 430** |
| 610 | Asa Vaventy | 7 691 192 | 120 807 | 8 640 387 | 33 842 | 8 795 036 | 258 870 000 | 76 232 171 | 335 102 171 | 351 588 399 |
| 611 | MTPT - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 49 324 | 788 289 | 24 483 | 862 096 | 0 | 0 | 0 | 862 096 |
| 680 | Toetrandro | 727 809 | 53 346 | 130 778 | 45 351 | 229 475 | 0 | 545 651 | 545 651 | 1 502 935 |
| **63** | **M.T** | **890 074** | **109 215** | **3 999 225** | **8 315 628** | **12 424 068** | **47 000 000** | **16 167 866** | **63 167 866** | **76 482 008** |
| 630 | Fitaterana | 890 074 | 58 723 | 2 829 497 | 8 261 551 | 11 149 771 | 47 000 000 | 16 167 866 | 63 167 866 | 75 207 711 |
| 631 | MT - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 50 492 | 1 169 728 | 54 077 | 1 274 297 | 0 | 0 | 0 | 1 274 297 |
| **66** | **MTPC** | **2 438 914** | **38 994** | **1 866 804** | **1 803 625** | **3 709 423** | **16 320 000** | **12 549 432** | **28 869 432** | **35 017 769** |
| 370 | Fifandraisana | 2 438 914 | 38 994 | 1 773 051 | 1 803 625 | 3 615 670 | 2 820 000 | 11 830 193 | 14 650 193 | 20 704 777 |
| 660 | Fifandraisan-davitra | 0 | 0 | 0 | 0 | 0 | 13 500 000 | 719 239 | 14 219 239 | 14 219 239 |
| 661 | MTPC - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 0 | 93 753 | 0 | 93 753 | 0 | 0 | 0 | 93 753 |
| **71** | **MINSANPF** | **67 722 148** | **642 867** | **37 979 773** | **11 030 857** | **49 653 497** | **120 200 000** | **18 464 707** | **138 664 707** | **256 040 352** |
| 710 | Fahasalamana | 65 744 155 | 0 | 21 206 115 | 13 544 | 21 219 659 | 107 089 121 | 16 182 350 | 123 271 471 | 210 235 285 |
| 711 | MINSANPF - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 642 867 | 15 786 658 | 11 007 313 | 27 436 838 | 6 883 614 | 61 700 | 6 945 314 | 34 382 152 |
| 720 | Fandriandrana ny Fiainam-pianakaviana | 118 039 | 0 | 402 000 | 0 | 402 000 | 2 900 000 | 69 200 | 2 969 200 | 3 489 239 |
| 760 | Mponina | 1 189 654 | 0 | 165 000 | 0 | 165 000 | 410 600 | 1 743 520 | 2 154 120 | 3 508 774 |
| 770 | Fiahiana ny mpiara-belona | 670 300 | 0 | 420 000 | 10 000 | 430 000 | 2 916 665 | 407 937 | 3 324 602 | 4 424 902 |
| **78** | **MSCL** | **6 487 547** | **156 318** | **2 006 443** | **1 724 709** | **3 887 470** | **1 637 000** | **4 065 224** | **5 702 224** | **16 077 241** |
| 750 | Tanora | 190 131 | 0 | 27 898 | 0 | 27 898 | 1 128 000 | 410 000 | 1 538 000 | 1 756 029 |
| 780 | Fanatanjahan-tena | 4 345 319 | 40 444 | 225 418 | 243 778 | 509 640 | 0 | 2 766 043 | 2 766 043 | 7 621 002 |
| 781 | MJS - Fandraharahana sy Fandrindrana | 0 | 94 874 | 1 311 471 | 279 931 | 1 686 276 | 0 | 0 | 0 | 1 686 276 |
| 790 | Fialamboly | 93 596 | 0 | 26 000 | 0 | 26 000 | 0 | 39 000 | 39 000 | 158 596 |
| 860 | Kolontsaina | 1 858 501 | 21 000 | 415 656 | 1 201 000 | 1 637 656 | 509 000 | 850 181 | 1 359 181 | 4 855 338 |
| **81** | **MENRES** | **278 410 982** | **1 200 000** | **32 566 026** | **87 932 186** | **121 698 212** | **122 000 000** | **48 384 676** | **170 384 676** | **570 493 870** |
| 810 | Fanabeazana ambaratonga voalohany | 224 049 131 | 720 592 | 22 034 641 | 40 469 030 | 63 224 263 | 109 595 500 | 34 637 081 | 144 232 581 | 431 505 975 |
| 811 | MENRS - Fandraharahana sy Fandrindrana | 3 389 765 | 186 754 | 6 988 908 | 922 813 | 8 098 475 | 0 | 1 573 180 | 1 573 180 | 13 061 420 |
| 820 | Fanabeazana ambaratonga faharoa ankapobeny | 23 372 254 | 20 714 | 2 528 917 | 1 045 803 | 3 595 434 | 10 708 335 | 6 819 678 | 17 528 013 | 44 495 701 |
| 830 | Fampianarana arak'asa sy teknika | 8 781 481 | 212 440 | 348 560 | 2 437 563 | 2 998 563 | 0 | 1 000 000 | 1 000 000 | 12 780 044 |
| 840 | Fampianarana ambaratonga ambony | 15 811 962 | 59 500 | 350 000 | 40 526 977 | 40 936 477 | 791 665 | 3 212 383 | 4 004 048 | 60 752 487 |
| 850 | Fikarohana Siantifika | 3 006 389 | 0 | 315 000 | 2 530 000 | 2 845 000 | 904 500 | 1 142 354 | 2 046 854 | 7 898 243 |
| - | **FITAMBARANY** | **757 165 232** | **27 124 587** | **232 005 996** | **379 298 602** | **638 429 185** | **1 102 310 000** | **409 758 844** | **1 512 068 844** | **2 907 663 261** |

Anisan'izany **106.940.015.000 Ariary** izay ao anatin'ny entimanan'ireo minisitera ho fampiasam-bola tantanin'ny faritra ka mitsinjara toy izao :

Arivo ariary

| FARITRA | SORA-BOLA |
|---|---|
| ANALAMANGA | 1 200 359 |
| BONGOLAVA | 916 334 |
| ITASY | 3 214 117 |
| VAKINANKARATRA | 15 338 954 |
| DIANA | 2 045 105 |
| SAVA | 3 590 914 |
| HAUTE MATSIATRA | 1 363 935 |
| ATSIMO-ATSINANANA | 5 118 128 |
| AMORON'I MANIA | 2 310 244 |
| IHOROMBE | 1 112 047 |
| VATOVAVY-FITOVINANY | 4 489 995 |
| BOENY | 8 373 481 |
| BETSIBOKA | 665 218 |
| MELAKY | 887 127 |
| SOFIA | 2 527 550 |
| ATSINANANA | 9 470 162 |
| ANALANJIROFO | 970 511 |
| ALAOTRA-MANGORO | 5 739 366 |
| ATSIMO-ANDREFANA | 29 921 410 |
| ANDROY | 710 054 |
| MENABE | 6 125 145 |
| ANOSY | 849 859 |
| **FITAMBARANY** | **106 940 015** |

Izany hoe ny fitambarany rehetra:

| ROBIRIKA | Sora-bola ( Ariary) |
|---|---|
| **Zana-bolan'ny trosam-panjakana** | **192.713.451.000** |
| **Enti-manan'ny Andrim-panjakana** | **146.199.821.000** |
| **Enti-manan'ny Minisitera** | **2.907.663.261.000** |
| ***Ka ho fampiasam-bola tantanin'ny faritra*** | ***106.940.015.000*** |
| **FITAMBARANY** | **3.246.576.533.000** |

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

## ANDININY FAHA-6

Araka ny fitsinjarana hita ao amin'ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity, ny andinindininy dia ekena ny fanoratana ny soritr'asa nomen-dàlana ao amin'ny Tetibola ankapobe 2008 izay mitentina **4.740,3 miliara Ariary** mba ho fandaniana ho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany).

## ANDININY FAHA-7

Ny fetra faratampon'ny sorabola azo aloa araka ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity ao amin'ny Tetibola Ankapobe 2008 dia mitentina **1.604.230.000.000 Ariary** mba ho fandaniana ho amin'ny famokarana (Tahirim-bola anatiny, Vola notrosaina avy any ivelany, Fanomezana avy any ivelany, Sandan'ireo entana fanomezana avy any ivelany).

**ANDININY FAHA-8**

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniana azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Paositra sy Fifandraisan-davitra amin'ny taona 2008 dia novinavinaina ho toy izao :

Ariary

| FANONDROANA | TETI-BOLA 2008 |
|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **4.500.000.000** |
| - Vola miditra ho fampandehanan-draharaha | 4.500.000.000 |
| - Renivola miditra | 0 |
| **FANDANIANA** | **4.500.000.000** |
| - Fandaniana ho fampandehanan-draharaha | 4.500.000.000 |
| - Fandaniam-pampiasam-bola | 0 |
| *.Alàlana handraikitra fandaniana* | *0* |
| *.Sora-bola fanefana* | *0* |

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-9**

Ny vokatra azo raisina, ny fidiram-bola ary ny fandaniana azo ampiharina amin'ny Tetibola anankina an'ny Tranom-piritim-pirenena amin'ny taona 2008 dia novinavinaina ho toy izao :

Ariary

| FANONDROANA | TETI-BOLA 2008 |
|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **10.673.210.000** |
| - Vola miditra ho fampandehanan-draharaha | 9.933.210.000 |
| - Renivola miditra | 740.000.000 |
| **FANDANIANA** | **10.673.210.000** |
| - Fandaniana ho fampandehanan-draharaha | 9.933.210.000 |
| - Fandaniam-pampiasam-bola | 740.000.000 |
| *.Alàlana handraikitra fandaniana* | *740.000.000* |
| *.Sora-bola fanefana* | *740.000.000* |

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-10**

Ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirim-bolam-Panjakana dia vinavinaina ho **246,5 miliara Ariary** amin'ny vola miditra ary ho **438,5 miliara Ariary** ho an'ny fandaniana araka ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity.

Miliara Ariary

| FANONDROANA | TETI-BOLA 2008 |
|---|---|
| **VOLA MIDITRA** | **246,5** |
| - kaontim-bola nindramina | 92,4 |
| - Kaontim-pandraisana anjara | 1,4 |
| - Kaontim-barotra | 152,7 |
| **VOLA MIVOAKA** | **438,5** |
| - kaontim-bola nindramina | 20,0 |
| - Kaontim-pandraisana anjara | 265,8 |
| - Kaontim-barotra | 152,7 |

Ny antsipiriany dia hatovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-11**

Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola ary ny Teti-bola dia omena alàlana amin'ny taona 2008 hanome vola mialoha, fampisamborana ary fandraisana anjara tsy mihoatra ny **285,8 miliara Ariary** araka ny ny tabilao atovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-12**

Ny fampiasana ny vola vidin'entana fanomezana avy any ivelany sy izay mitovy lenta amin'izany amin'ny taona 2008 dia vinavinaina ho **3,0 miliara Ariary** amin'ny fandaniana ary **8,5 miliara Ariary** eo amin'ny vola miditra.

**ANDININY FAHA-13**

Ny vinavina ny fampiasana ny trosam-panjakana dia noferana toy izao manaraka izao:

| | Miliara Ariary |
|---|---|
| **- eo amin'ny vola miditra** | **2.829,6** |
| **- eo amin'ny fandaniana** | **1.941,3** |

**ANDININY FAHA-14**

Ny fifandanjana ankapoben' ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola amin'ny taona 2008 dia ferana araka izao tabilao manaraka izao:

## FIFANDANJANA ANKAPOBEN'NY LALANA
## MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA AMIN'NY TAONA 2008

Miliara Ariary

| *FANONDROANA* | *VOLA MIVOAKA* | *VOLA MIDITRA* |
|---|---|---|
| FIZARANA I | | |
| *TETI-BOLA ANKAPOBE* | | |
| a. Lahasa fampandehanan-draharaha | 1.642,5 | 1.948,2 |
| b. Lahasam-pamokarana | 1.604,2 | 596,6 |
| FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANKAPOBE | 3.246,6 | 2.544,8 |
| *Hanisisa fizarana I* | | -701,8 |
| FIZARANA FAHA II | | |
| *TETIBOLA ANANKINA* | | |
| a. Lahasa fampandehanan-draharaha | | |
| b. Lahasam-pamokarana | | |
| FITAMBARAN'NY TETIBOLA ANANKINA | 15,2 | 15,2 |
| *Hanisisa fizarana II* | | *0* |
| FIZARANA FAHA III | | |
| *FAMPIASANA NY KAONTY MANOKANA* | | |
| *NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA* | 438,5 | 246,5 |
| FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA III | 438,5 | 246,5 |
| *Hanisisa fizarana III* | | *-192,0* |
| FIZARANA FAHA IV | | |
| *FAMPIASANA NY TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA* | | |
| *FANOMEZANA AVY ANY IVELANY* | 3,0 | 8,5 |
| FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA IV | 3,0 | 8,5 |
| *Hanisisa fizarana IV* | | *+5,5* |
| FIZARANA FAHA V | | |
| *FAMPIASANA HO RENIVOLA* | | |
| *NY TROSAM-PANJAKANA* | | |
| a.-Trosa natiny fohy ezaka : | | |
| . Fanefana/Fanangonana anatiny | 64,4 | 64,4 |
| . Bons du Trésor | 1.692,9 | 1.821,7 |
| . Rafitry ny banky | 125,7 | 241,1 |
| . Samihafa | 14,2 | |
| - Trosa ivelany fohy ezaka | | 16,5 |
| - Trosa ivelany akaiky sy lavitra ezaka | 36,9 | 572,5 |
| - Fanampiana avy any ivelany | | |
| b.- Sisa eo am-pelatanana azo etsehina | 7,2 | |
| . Famatsiam-bola manokana | | 113,4 |
| FITAMBARAN'NY FIZARANA FAHA V | 1.941,3 | 2.829,6 |
| *Hanisisa fizarana V* | | *+888,3* |
| **FITAMBARAMBENY** | **5.644,6** | **5.644,6** |

## III FEPETRA MANOKANA

### ANDININY FAHA-15

Manomboka ny taona 2008 dia misy ampahan'ny vola miditra ankapobeny amin'ny Fanjakana izay afindra amin'ny Vondrombahoakam–Paritra Itsinjarampahefana.

Didim-pitondrana iraisan'ny Ministra misahana ny Tetibolam-panjakana sy ny Minisitra misahana ny Fitsinjaram-pahefana no mamaritra ny fomba sy ny fepetra mikasika izany famindrana izany araka ny fahafahan'ny Vondrombahoaka tsirairay manangon-ketra.

### ANDININY FAHA-16

Foanana manomboka ny taona 2008 ny Tetibola anankina momba ny Tobim-piarakodiam-panjakana niforona araka ny Didim-pitondrana laharana faha-75.074 tamin'ny 12 jolay 1975.

Manomboka ny taona 2008, ny tetibolan'ny Sampandraharahan'ny Tobim-piarakodiam-panjakana dia ampidirina sy ahian'ny "Direction du Patrimoine de l'Etat" ao amin'ny Minisiteran'ny Vola sy ny Tetibola araka ny Tetibola Ankapoben'ny Fanjakana.

### ANDININY FAHA-17

Foanana manomboka ny taona 2008 ny Tetibola anankina momba ny Toby sy Toeram-panamboarana ny Fitaovan'ny Asa vaventy niforona araka ny Didim-pitondrana laharana faha-60.109 tamin'ny 25 may 1960.

### ANDININY FAHA-18

Mba ho fanatontosana ireo vinavinan'asa ho fampandrosoana dia homen-dàlana ny Governemanta hisambo-bola eo amin'ny loharanom-pamatsiana eto an-toerana sy avy any ivelany hatramin'ny 800.000.000.000 Ariary.

### ANDININY FAHA-19

Foronina, manomboka ny taona 2008 , ao amin'ny tahirim-bolam-panjakana ny kaonty fametrahana manokana vatsian'ny ampahany amin'ny tambin'ny fampiasana ny GasyNet alaina ao anatin'ny fampandehanana ny Tradenet natokana ho an'ny fandaniana momba ny fanpandehanan-draharaha, ny famatsiana ara-pitaovana ary ny fanatsarana ny Fitondrana Ankapobe ny Faditseranana.

Ireo fepetra fitantanana io kaonty io dia ferana amin'ny alalan'ny didim-panjakana.

### ANDININY FAHA-20

Nankatoavina ny didim-panjakana famindrana sora-bola ho fampandehanan-draharaha sy famokarana, noraisina nandritra ny taom-pampiharana teti-bola 2007, ho fanatanterahana ny andininy faha-19 ao amin'ny Lalàna Fehizoro laharana faha – 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 mikasika ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana.

**ANDININY FAHA-21**

Ankatoavina ny Rafi-pandaniana ivo ezaka 2007-2011 (ampahany 2008) atovana amin'ity lalàna ity.

**ANDININY FAHA-22**

Havoaka amin’ny Gazetim-panjakan’ny Repoblika izao Lalàna izao. Ho tanterahina izany fa Lalam-panjakana.

Antananarivo, faha– 14 desambra 2007

**Marc RAVALOMANANA**